

UNIVERSITE D'ANTANANARIVO
ECOLE NORMALE SUPERIEURE

DEPARTEMENT DE LA FORMATION INITIALE
EN LANGUE ET LETTRES MALGACHES

MEVORE DE CAPEN



NY FANABEZANANA TARAFIN'NY AO AMIN'NY

AMBOARAN - TONONKALO

AKO SY ANTSO



Mpanajontosa :

Ramatoa MASOLOARISOA Claudine



Mpitarika :

Andriamatoa ANDRIAMANATSIAYO Seih

Maître de Conférences

BOKY II

Antanontonivo - Jona 2012

UNIVERSITE D'ANTANANARIVO

ECOLE NORMALE SUPERIEURE

DEPARTEMENT DE LA FORMATION INITIALE

CER LANGUE ET LETTRES MALGACHES

MEMOIRE DE CAPEN

**NY FANABEAZANA TARAFINA AO AMIN'NY
AMBOARAN-TONONKALO**

AKO SY ANTSO

MPANATONTOSA : RASOLOARISOA CLAUDINE

MPITARIKA : ANDRIAMATO A ANDRIAMANATSILAVO SETH

MAITRE DE CONFERENCES

BOKY II

ANTANANARIVO - 27 JONA 2012

SARY 1 : RABENJA Solomon



TENY FISAORANA

Tsy hainay ny tsy hisaotra an'Andriamanitra izay nanome hery sy tanjaka ary fahasalamana, ka nahatontosana izao asa fikarohana izao. Ho Azy irery anie ny voninahitra mandrakizay.

Tolorana fisaorana feno Andriamatoa, RAHARIJAONA Alphonse, mpampianatra matihanina eto amin'ny "Ecole normale Supérieure", ao amin'ny Sampana Teny Malagasy nanaiky ho filoha hitarika izao asa fanohanana ampahibemaso ny asa fikarohana nataonay izao. Andriamanitra manan-karem-pahasoavana anie tsy hitsahatra ny handrotsaka ny fitahiany manana amby ampy ho anao sy ny ankohonanao. Ho tojo izay irina, tsy ho solafaka am-pandehanana anie ianao, tompoko.

Tsy azo odian-tsy hita Andriamatoa, RAKOTOARINIA RATREMA William, mpampianatra matihanina eto amin'ny "Ecole Normale Supérieure", ao amin'ny Sampana Teny Malagasy nanaiky hitsara izao asa fikarohana izao. Ankasitrananay ny famakiana ny asanay, ary raisinay am-pitiavana ny fanitsiana sy ny toro-lalana narosanao, mba ho fanatsarana izao asa izao. Andriamanitra anie hanome hery sy tanjaka ary fahasalamana ho anao sy ny vady aman-janakao. Hambinin-java-manasatra anie ianao, tompoko, ary tsy ho diso ny sambatra sy ny mananjara.

Singanina etoana ianao, Andriamatoa ANDRIAMANANTSILAVO Seth, mpampianatra matihanina eto amin'ny "Ecole Normale Supérieure", ao amin'ny Sampana Teny Malagasy, nitarika anay tamin'nizao asa fikarohana izao. Raha tontosa an-tsakany sy an-davany izy ankehitriny, dia noho ny fanekenao nandray am-pitiavana anay tamin'ny fitsrana sy ny fanitsiana ary ny fanorotoroana samihafa ny tokony hatao. Mankasitraka, mankatelina indrindra tompoko. Andriamanitra anie hamaly fitia sy homba anao sy ny ankohonanao hatrany

amin'izay rehetra atao. Handidy hahita ny vaniny, hikapa hahita ny tonony anie ianao, tsy ilaozan'ny soa sy ny tsara, ary ho lava andro iainana indrindra tompoko.

Tsy hadino ny misaotra ireo mpampianatra mpanabe rehetra ao amin'ny Sampana Teny Malagasy, eto amin'ny "Ecole Normale Supérieure". Nikolokolo sy nanabe anay ianareo. Tsy nikely soroka nizara sy nanome fahaizana amampahalalana ho anay. Andriamanitra anie homba anareo tsirairay avy. Ho aminareo rehetra anie ny andon'ny lanitra sy ny tsiron'ny tany.

Tsy azo dinganina ny fisaorana an-dRamatoa RABENJA Solomon, izay angady nananana sy vy nahitana ny akora notrandrahana. Nanaiky nandray anay tamim-pitiavana, naira-niasa. Tsy nanosi-bohon-tanana, raha nandombaravarana azy izahay. Nandany fotoana tamin'ireo dinika tsy maintsy natao. Misaotra betsaka tompoko. Ho tratra izay ela indrindra anie ianao, hifanantitra amin'ny zanaka aman-jafy. Hotahin'Andriamanitra mandrakariva.

Fisaorana feno ihany koa no atolotra ny Ray mpiahy anay andiany VAHATRA, dia Andriamatoa RAKOTOARISON Angelot Louis Richard, miaraka amin'ireo mpiara-mianatra amin'izany andiany izany, nifampizara ny soa sy ny tsara nandritra ny fotoana niarahana teto amin'ny sekoly. Andriamanitra anie hamaly soa anareo hatrany.

Farany, nefa tsy ny kely indrindra dia ny fisaorana ny nahitana masoandro, ny iray tampo ary ny vady aman-janaka. Tsaroana ny fampaherezana sy ny fitondrana amam-bavaka nataonareo. Andriamanitra anie hanefa izay irinareo tsirairay avy.

Ny fisaorana toy ny fary lava vany, ka tsy lany hamamiana. Maro ireo mbola tsy voatonona teto, kanefa nanampy anay na an-kolaka na mivantana. Sitraka sy telina ireny tompoko. Andriamanitra hitsinjo anareo.

Eto m-pamaranana, dia tolorana fankasitrahana ianareo rehetra manatrika izao fanohanana am-pahibemaso izao. Hery lehibe ho anay ny fahatongavanareo manotrana. Misaotra indrindra tompoko.

RASOLOARISOA Claudine.

FANONDROAN-TAKILA

Teny fisaorana	I
Fanondroan-takila.....	IV
Lisitry ny sary	XII
Fanalavan-teny	XIII
Teny fampidirana	1
01 Sehetra nirotsahana	1
02 Lohatenin'ny asa fikarohana	1
03 Anton'ny safidy	1
04 Ny fikarohana efa vita	1
05 Zava-kendrena	2
06 Petraka olana	2
07 Petra-kevitra	2
08 Ny fomba nanatanterahana ny asa.....	2
09 Ny olana nosetraina	3
10 Vahaolana noraaisina.....	3
11 Ny haitsikera nampiasaina	3
12 Fetran'ny asa.....	4
13 Drafitra ankapobeny	4

Fizarana I: RABENJA Solomon, mpanoratra mpanabe iray amin'ireo kintan'ny taon-jato faha XX	6
---	---

Toko I: Ny fiaimpiainan'ny mpanoratra ankapobeny amin'ny maha -olon-tsotra azy...	6
1- Ny loharano nipoirany sy ny fiankohonany	7
2- Ny fifandraisany tamin'ny ankohonany sy ny fianakaviany	8
3- Ny fiaimpiainany teo amin'ny sehatry ny finoana sy ny fiarahamonina	14

Toko II: Fiaimpiainany amin'ny maha-mpanoratra azy	16
1- Ny fototra niavian'ny talentany sy ny fomba famoronany	16
2- Ny mpanakanto nifandray taminy sy ny fikambanana nisy azy.....	19
3- Ny amboaran-tononkalo <i>AKO SY ANTISO</i> indray mitopy.....	23

Toko III: Ireo zava-nisy teto amin'ny firenena niako teo amin'ny asa soratry RABENJA	
Solomon	26
1- Ny Repobilika I: 1960-1972	27
11- Ny teti-pitondrana.....	27
12- Ny toe-karena sy ny fiainam-piarahamonina	30
13- Ny kolon-tsaina sy ny fampianarana	33
2- Ny Repobilika II: 1972-1991.....	33
21- Vanim-potoana: 1972-1975.....	34
211- Ny teti-pitondrana	34
212- Ny toe-karena sy ny fiainam-piarahamonina	35
213- Ny kolon-tsaina sy ny fampianarana	35
22- Vanim-potoana: 1975-1991.....	36
221- Ny teti-pitondrana	36
222- Ny toe-karena sy ny fiainam-piarahamonina	37
223- Ny kolon-tsaina sy ny fampianarana	39
3- Ny Repobilika III, tapany I: 1991-1996	41
31- Ny teti-pitondrana.....	42
32- Ny toe-karena sy ny fiainam-piarahamonina	45
33- Ny kolon-tsaina sy ny fampianarana	48
FEHINY	50

Fizarana II:reo endri-panabeazana tarafina ao amin'ny Amboaran-tononkalo <i>AKO SY ANTISO</i>	52
--	----

Toko I :Fanabeazana ny olona ho tia Tanindrazana	52
1- Fampahalalana ny hasarobidin'ny Tanindrazana	53

2- Fampitiavana ireo nentin-drazana.....	59
3- Fanandratana ny hasin'ny Teny Malagasy.....	66

Toko II: Fanabeazana ny olona hiaro ny fahafahana efa azony.....	74
1-Fametrahana izay tsara an'ny tena ho fototra.....	74
2- Famakiana bantsilana ny hevi-petsin'ireo mpanjana-tany vaovao.....	81
3- Fampahafantarana ny taranaka aty aoriana ny lanjan'ny tolona nimatesan'ireo zoky teo aloha	88

Toko III: Fanabeazana atolotry ny mpanoratra hiatrehana ny zava-tsarotra eo amin'ny fiainana	92
1- Fiantorahana amin'ny hery heverina fa manaisotra izay mitambesatra.....	92
2- Fanomezan-toerana manokana ny hira eo amin'ny fiainana	100
3- Fandanjalanjana ny tokony hataon'ny mpiara-belona	105
FEHINY.....	113

Fizarana III: Fomba nentin 'ny mpanoratra naneho ny fanabeazana tao amin'ny amboara <i>AKO SY ANTSO</i>	115
--	------------

Toko I: Fomba fanoratra	115
1-Ny filalaovana amin'ny endrika	116
11- Fampiasana ny endrika andinin-tononkalo	116
12-Fanomezan-danja ireo mari-pijanonan-tsoratra vitsivitsy	123
121-Ny faingo (,).....	123
122-Ny teboka roa (:)	125
123-Ny teboka telo (...).....	125
124-Ny tsoraka (!)	126
125-Ny baraingo (?)	127
13- Fandokoana amin'ny alalan'ny rima.....	128
131-Rima mifanjohy	129
132-Rima mifaningotra	130

133-Rima mifangaro	132
2- Ny filalaovana amin'ny teny	133
21- Ny mpanampy	133
22- Ny teny savily	137
23-Ny mpampiankina	140
24- Ny teny mandidy	141
25-Ny voambolana tranainy	143
26- Ny voambolana milaza tsangan-kevitra	144
27-Ny voambolana mitory fahatsaran'ny zava-boary	147
28- Ny voambolana avy ao amin'ny Baiboly	148
3-Ny filalaovana amin'ny sarin-teny	149
31- Ny tamberina	149
32- Ny fanovana endri-javatra	166
33-Ny sarin-teny hafa	174

Toko II: Ireo lohahevitra ao amin'ny fandaharam-pianarana any amin'ny “Lycée” hita taratra ao amin'ny *AKO SY ANTSO*.....

1-Ho an'ny kilasy faharoa.....	187
11- Ny fandrosoana	187
111-Ireo adidy sy andraikitra ny tsirairay amin'ny fampandrosoana	187
112-Ny fitiavana sy fifehezana ary fanajana ny tena	189
1121-Eo amin'ny hevitra	189
1122-Eo amin'ny kolon-tsaina	191
12- Ny Fahafahana.....	192
121-Ny endrika isehoan'ny fahafahana miteny.....	192
122-Ny endrika isehoan'ny fahafahana manaja ny zon'olombelona	194
2-Ho an'ny kilasy voalohany.....	195
21-Ny Fahefana amam-pitondrana.....	195
211- Ny Fahefana amam-pitondrana jadona, manosy ny maha Malagasy.....	195
212- Ny Fahefana amam-pitondrana jadona mampijaly ny tia tanindrazana.....	198
22 Ny Hasina	200

221-Ny Hasina ananan'ny soratra	200
222 Ny Hasina ananan'ny hira.....	201
223-Ny Hasina ananan'ny fitiavana ny olon-tiana	202
224 -Ny Hasina ananan'ny zava-boary.....	204
3- Ho an'ny kilasy famaranana	205
31 -Ny lanjan'ny Marina sy ny Rariny	205
32 -Ny fitsimbinana ny aina	206
321- Fiombonam-pon'ny mpivady miandrindra ny fiavian'ny menaky ny ainy eto an-tany	207
322-Fanabeazana sy fikolokoloana ny sombiniaina amin'ny maha olona feno azy.....	208
323-Fahafoizan'ny ray aman-dreny izay rehetra ananany.....	208
33-Ny hery inoana fa mitantana ny fiainana.....	209
34- Ireo karazan-kery mifaningotra amin'ny zotram-piainana.....	211
341- Ny Lahatra	211
342 -Ny Vintana.....	213
343 -Ny Anjara.....	214
344 -Ny Tendry	215
 Toko III Santionana takela-panomanan-desona miainga amin'ny asa soratry RABENJA Solomon.....	 216
1-Ho an'ny kilasy faharoa	217
2-Ho an'ny kilasy voalohany.....	225
3-Ho an'ny kilasy famaranana.....	236
 TENY FAMARANANA	 244
IREO LOHARANO NANOVOZAN-KEVITRA	247
LISITRY NY SARY	IX
FANALAVAN-TENY	X
TOVANA	XI

LISITRY NY SARY

Sary 1: RABENJA Solomon	I
Sary2: RABENJA Solomon mivady, androm-pahalebiazana	8a
Sary 3: RABENJA Solomon sy ny zanany mianadahy	8b
Sary 4: RABENJA Solomon mivady sy ny zafikeliny	8d
Sary 5: RABENJA Solomon sy ny fianakaviany	8e
Sary 6: RABENJA Solomon sy ireo mpikambana niaraka taminy tao amin'ny FFKM (1966-1967)	14a
Sary 7: RABENJA Solomon sy ireo mpikambana niaraka taminy tao amin'ny UPEM (23 Septembre 1962)	22a
Sary 8: RABENJA Solomon mivady, fony tanora ahitana an-dRamatoa vadiny mitafy lamba	63a

FANALAVAN-TENY

and.: andininy

tak.: takila

v.a: vondrona ambara

TENY FAMPIDIRANA

Ato amin'ny Sampana Teny Malagasy nanarahana fiofanana, dia malalaka ny sehatra azo irotsahana. Samy manana ny hanitra ho azy avokoa izy rehetra ireo, na ny Antrôpôlôjia, na ny Literatiora, na ny Riba na ny Haifampianarana.

01- Sehatra nirotsahana

Ny nahasarika anay manokana dia ny fikarohana momba ny literatiora an-tsoratra, izay mirona amin'ny lafiny fanabeazana.

02- Lohatenin'ny asa fikarohana

Mba ho fandraisanay anjara eo amin'izany sehatry ny fanabeazana izany, dia nomena ny lohateny hoe: **“Ny fanabeazana tarafina ao amin'ny Amboaran-tononkalo AKO SY ANTSO”** ity asa fikarohana ity.

03- Anton'ny safidy

Ny anton'ny nanosika anay hirona amin'izao asa fikarohana izao dia: ny fahatsapana fa manan-karena tarakevitra ny asa soratr'ity mpanoratra ity, ary mifanaraka amin'izao vaninandro ankehitriny izao, ka tokony hofohazina. Eo koa ny fahitana ny maha mbola vitsy mpitrandraka ny lohahevitra mikasika ny fanabeazana. Araka izany, dia raisinay ho adidy sy andraikitra ny fitaizana ny toe-tsaina sy ny toe-po, ary ny toe-panahin'ny mpamaky ho amin'ny tsara.

04- Ny fikarohana efa vita

Amin'ny maha asa soratra mahaliana ny tononkalon-dRABENJA Solomon, dia efa nisy mpikaroka nialoha anay nandalina izany, dia **Ramatoa RAHELIARIMALALA Constance**. Ny lohahevitra nanompanany ny asa fikarohany dia :**“Ny fitiavana tarafina ao amin'ny asa soratry RABENJA Solomon”**, tamin'ny volana Desambra 1996.

05- Zava-kendrena

Isan'ireo mpanoratra namelo- maso ny Tenim-pirenena sy ny maha Malagasy RABENJA Solomon. Koa ny tanjona kendrenay amin'ity asa fikarohana ity, dia ny hampahafantatra amin'ny mpamaky ny fisian'izany olomangam-pirenena izany, hanandratra ihany koa ny asa sorany mba hiely patrana sy ho fanta-daza eo amin'ny sehatry ny zava-kanto sy ny fampianarana. Heverinay fa ho anisan'ny fitaovana mahomby hoenti-manabe ny tanora any amin'ny "Lycée" ireo asa sorany, ka hitondra fanavaozana sy fanatsarana ny fampianarana ny Teny Malagasy.

06-Petraka olana

Ny fanabeazana dia fitaizana sy famolavolana ny maha olona feno amin'ny ara-batana, ara-tsaina ary ara-panahy. Mandringa anefa izany amin'izao andro ankehitriny izao, fa toa ny ara-tsaina ihany no omena lanja-betsaka.

07-Petra-kevitra

Raha samy mahazo ny anjarany anefa ny fanabeazana ny vatana, ny saina ary ny fanahy dia ho tsara kokoa ny vokatry azo.

08- Ny fomba nanatanterahana ny asa

Nandalo dingana maromaro izahay. Nanatona ny mpampianatra mpitarika, nanoro hevitra ny amin'izay mpanoratra azo anaovana fanadihadiana. Rehefa tapa-kevitra, dia nanatona ny olona akaiky ny mpanoratra dia Ramatoa RABENJA Solomon, andefimandrin'ny mpanoratra. Nifanakalo hevitra taminy izahay tany an-tokantranony, ary niezaka nanangona ireo tahirin-tsoratra natolony tamim-pitiavana tokoa. Noho ny akora efa voatonta ho boky, dia nanomboka namaky sy nanasokajy ireo tarakevitra mikasika ny fanabeazana voarakitra tao. Rehefa nazava ny lohahevitra nodinihina, dia namaky boky nifanandrify

tamin'izany, ary nanangana ny drafitra. Tsy ilaozana olana anefa ny fanatontosana izany rehetra izany.

09- Olana nosetraina

Tsy ampy ny tahirin-kevitra teo am-pelan-tanana hanohanana ny fanadihadiana, ka betsaka ny fotoana lanilany foana. Nisy tamin'ireo lohahevitra sasantsasany nohadihadiana aza no zara fa nahitana tahirin-kevitra mifanandrify aminy. Vitsivitsy ihany koa ireo olon-kafa ivelan'ny fianakavian'ny mpanoratra afaka nampahafantatra anay ny mombamomba azy sy ny asa sorany. Tsy nijanom-potsiny anefa fa nisy ny ezaka natao.

10- Vahaolana noraisina

Niverimberina tany an-tokantranon'ny vadin'ny mpanoratra izahay nanadihady. Nanome fotoana betsaka azo niresahana mivantana taminay ny tenany. Ankoatra izany, dia niezaka nanatona ny tranom-boky samihafa ary namaky boky sy tahirin-kevitra isan-karazany na momba ny ny literatiora ankapobeny izany, na momba ny haitsikera mba hitsilo ny dia. Teo rahateo koa ireo asa fikarohana vitan'ny teo aloha ka niompana amin'ny fanadihadiana mpanoratra na asa soratra.

11- Ny haitsikera nampiasaina

Ny haitsikera ara-tantaram-piainan'ny mpanoratra no nampiharina. Anisan'ny nanaraka io haitsikera io i Hyppolite TAINÉ. Hoy izy araka ny hita ao amin'ny *Sociologie de la littérature* nosoratan'ny R. ESCARPIT: **“Ny firazanana na ny loharano nipoirana, ny tontolo iainana ary ny vanimpotoana, ireo antokon-javatra telo ireo no miteraka ny asa soratra”**¹. Mitovy amin'izay lalan-tsaina izay ny voalazan'i J.P. WEBER ao amin'ny *Génèse de l'oeuvre poétique* manao hoe: **“Misy fifandraisany akaiky ny**

¹ (R.) ESCARPIT, *Sociologie de la littérature*, PUF, Collection « Que sais-je ? », 1958, 127p : « (...) dans la doctrine de TAINÉ : la race, le milieu, le moment, c'est la convergence de trois facteurs qui détermine le phénomène littéraire. », tak.9

tarakevitra ijoroan'ny mpanoratra sy ny fiainany.”² Manantitra izany i Samuel RAJAONA hoe: **“Ny fandalinana ny tantaram-piainan'ny mpanoratra dia hanampy ny mpamaky amin'ny fanakarana ny hevidalina voarakitra ao”³**

Nampiharina tamin'izao asa fikarohana izao ihany koa ny haitsikera ara-tantara. Tsy afaka misaraka mantsy ny literatiora sy ny zava-misy arapiaraha-monina. Ireny no manetsika ny fanahin'ny mpanoratra handrafitra asa soratra. Hoy i Lucien GOLDMANN: **“Tsy misy mihitsy fifanoherana ao amin'ny fifandraisana akaiky hita amin'ny asa famoronana sy ny zava-misy eo amin'ny fiarahamonina.”⁴**

12 -Fetran'ny asa

Mbola misy asa soratra maro novokarin-dRABENJA Solomon, fa izay hita tao amin'ny *AKO SY ANTISO* ihany no nokirakiraina. Izay miompana amin'ny fanabeazana ihany ary ny hahatonga ny amboara ho fitaovana hakana tahirin-kevitra ampiasaina any amin'ny “Lycée” no nasongadina indrindra.

13 -Drafitra ankapobeny

Nohadihadina tamin'izao asa fikarohana izao ny lohahevitra momba ny **“Ny fanabeazana tarafina ao amin'ny Amboaran-tononkalo *AKO SY ANTISO.*”**

² (J.P.) WEBER, *Génèse de l'œuvre poétique*, librairie Gallimard, Paris, 1960 : « Il semble qu'il existe un rapport essentiel entre le thème du poète et sa vie. » tak.507

³ (E.) RAHAROLAHY, *Erika*, « Teny fanolorana », imprimerie d'ouvrages éducatifs, librairie mixte, Antananarivo, 1976, tak.15

⁴ (L) GOLDMANN, *Marxisme et sciences Humaines*, Editions Galimard, Saint AMAND, Paris 1970 : « Il n'y a aucune contradiction entre l'existence d'une relation étroite de la création littéraire avec la réalité sociale. », tak.58

Tao amin'ny fizarana voalohany no nandinihana fa RABENJA Solomon, dia anisan'ireo mpanoratra mpanabe, kintan'ny taon-jato faha XX. Natao tamin'izany ny filazalazana ny fiaimpiainan'ny mpanoratra amin'ny maha olon-tsotra azy, ny fiaimpiainany amin'ny maha mpanoratra azy, ary ny famahavahana ireo zava-nisy niako teo amin'ny asa sorany. Nojerena tao amin'ny fizarana faharoa kosa ireo endri-panabeazana tarafina ao amin'ny amboaran-tononkalo *AKO SY ANTISO*. Novelabelarina tamin'izany ny mikasika ny fanabeazana ny olona ho tia tanindrazana, ny fanabeazana ny olona hiaro ny fahafahana efa azony, ary ny fanabeazana atolotry ny mpanoratra hiatrehana ny zava-tsarotra eo amin'ny fiainana. Nojerena tao amin'ny fizarana fahatelo ny fomba nentin'ny mpanoratra naneho ny fanabeazana tao amin'ny amboara *AKO SY ANTISO*. Ny fomba fanoratra, ireo lohahevitra ao amin'ny fandaharam-pianaran'ny "Lycée" hita taratra ao amin'ny *AKO SY ANTISO*, ary santionana takela-panomanan-desona miainga avy amin'ny asa soratry RABENJA Solomon no namaranana ny asa.

FIZARANA I: RABENJA
SOLOMON, MPANORATRA
MPANABE IRAY AMIN'IREO
KINTAN'NY TAON-JATO
FAHA XX

Fizarana I: RABENJA Solomon, mpanoratra mpanabe iray amin'ireo kintan'ny taon-jato faha XX

Mpanoratra iray tsy dia fanta-daza loatra, nefa nanana ny naha-izy azy teo amin'ny sehatry ny literatiora RABENJA Solomon. Ireo asa sorany voarakitra ao amin'ny amboaran-tononkalo *AKO SY ANTISO* ⁽⁵⁾ no anisan'ny manaporofo sy manasongadina izany talenta nananany izany. Omen-danja ny fahalalana ny fiainan'ny mpanoratra manokana; izay manampy amin'ny fanakarana ny hevitra arosomy ao anaty asa soratra sy ny fiainan'ny mpanoratra ⁽⁶⁾. Tahaka ny olon-drehetra ny mpanoratra, ary manana ny fiainany manokana. Mba hamantarana misimisy kokoa ity mpanankanto ity àry, dia hofantarina ny fiampianany ankapobeny amin'ny maha-olon-tsotra azy.

Toko I: Fiampianan'ny mpanoratra ankapobeny amin'ny maha-olon-tsotra azy

Hoy i Charles RAVOAJANAHARY:

"Tsy nitsontsorika avy any an-danitra ny haisoratra sy ny mpanoratra azy. Olombelona niara-niaina amin'ny olona mpiray tanindrazana aminy ny mpanoratra, taratry ny fiainany no avoakany, ny vetsojetsom-pony, ny hetahetam-panahiny, ny fisaintsainany, izay tsy maintsy misy iraisany amin'ny mpiara-belona aminy na dia manana ny maha-tena azy manokana aza izy (7)".

Ny horesahina voalohany dia ny loharano nipoirany sy ny fiankohonany, ny fifandraisany tamin'izany sy ny fianakaviany, ary ny fiampianany teo amin'ny sehatry ny finoana sy ny fiarahamonina.

⁵ Vondrona ambara anaovana fanadihadiana

⁶ WEBER, *Genèse de l'œuvre poétique*, Editions Gallimard, Paris, 1960 : « (...) Il existe un rapport essentiel entre le thème du poète et sa vie » tak 507

⁷ (Ch), RAVOAJANAHARY, « Ny literatiora malagasy », *Fanasina*, lah.539,1968

1) Ny loharano nipoirany sy ny fiankohonany

RABENJA Bernard sy RALALAHARISOA Louissette no masoandro amam-bolan-dRABENJA RANAIVO HARISEHENO Solomon mpanoratra. Teraka tamin'ny 14 jolay 1940 tany Maintirano ny lehilahy. Lahimatoa sady zokiny indrindra amin'izy dimy mianadahy iray tampo ny tenany. Avy any Andranovelona akaikin'i Mahitsy, lalana mankany Mahajanga ny rainy; ny reniny indray dia terak'Anjozorobe. Mpampianatra tamin'ny sekolim-panjakana ambaratonga voalohany tao Ambatomasina Ambato-Boëni faritanin'i Mahajanga teo aloha io rainy io. Mpikarakara tokantrano kosa ny reniny. Marihina fa efa samy nodimandry avokoa ireo Ray aman-drenin'ny mpanoratra sy ny tenany. Ny 02 Desambra 1996 teo amin'ny faha enina amby dimampolo taonany no nandao izao fiainana izao RABENJA Solomon. Raha toy izay no azo ambara momba ny loharano nipoirany, mba ahoana kosa ny amin'ny fiankohonany?

Zava-droa loha no holazaina eto dia ny fahazazany tanilan'ireo Ray aman-dreniny, sy ny fahalebiazany tao an-tokantranony. Ny ankohonan'ny Ray aman-dreny no seha-panabeazana voalohany mamolavola ny olona iray. Eo no fotoana andraisana ny fitaizana tokony hiainana rahatrizay. Tsy izany ihany fa eo koa no fanovozana sy fianohana ireo tambitamby sy safosafo ary ny fahafenoan'ny fitiavan'ny Ray aman-dreny. Tsy afaka nivalampatra firy tamin'ireny anefa RABENJA Solomon. Noho ny fianarana mantsy, dia vao roa ambin'ny folo taona monja izy dia votery nisara-toerana tamin'ireo Ray aman-dreniny sy ny mpiray tampo taminy. Ny ambaratonga voalohany dia vitany tany an-tsiraka, fa ny dingana manaraka rehetra notohizany taty Antananarivo, fony izy kilasimandry tao Ambohijatovo avaratra. Nanamarika ny fiainam-pahazazany izany ny embona sy hanina ary ny alahelo ireo niteraka sy ny mpiray tampo izay tsy maintsy nilaozana.

Nandroso ny fotoana, tsy ela dia nigadona ny vanim-potoanan'ny fahatanorana izay nitsirian'ny fitiavana. Tojo ny olon-tiany RABENJA Solomon, niroso tamin'ny fanambadiana, nampakatra an-dRamatoa RAMIARANDRAISOA Simone ho vadiny. Zanaka vavin-dRAKOTOARIJAONA sy RAMIARANDRAISOA Lucienne ny zazavavy. Avy any Miadampahonina Miantso Andranovelona ny rafozan-dahiny. Ny vavy kosa dia avy etsy Ambohimiamasoandro Ambohimanga Rova. Tsara ho fantatra fa efa samy nodimandry koa ireo rafozan'ny mpanoratra ireo. Ny volana Septambra 1967 no nanamasinana ny fanambadian'izy mivady. Nomen'Andriamanitra zaza mianadahy RABENJA Solomon mivady dia :RANDRIANASOLOHARIJAONA Mamy ny lahy; ny vavy indray dia nangolainy amin'ny hoe: RABENJA Ny Soa Tiana Norohasina. Efa samy lehibe ary manana ny tokantranony avy izy dahy ankehitriny. Izy telo mianadahy dia i Mialy sy i Dina ary i Aro no zafikeliny. Ramatoa RABENJA Simone andefimandrin'ny mpanoratra dia mpampianatra toa azy ihany. Ny taranja Fizika sy Simia no notanany. Mpampianatry ny Sekolim-panjakana ambaratonga faharoa izy. Amin'izao fotoana izao dia efa misotro ronono ny tenany eo amin'ny raharaha-panjakana. Mbola manohy ny asa fampianarany kosa izy ao amin'ny "Collège Fanilo" Analamahitsy, izay tsy lavitra ny toeram-ponenany.

Hanohizana ny fandalinana ny tantaram-piainan'ity mpanoratra ity, dia hofantarina ny fifandraisany tamin'ny ankohonany sy ny fianakaviany.

2) Ny fifandraisany tamin'ny ankohonany sy ny fianakaviany

Nisahana andraikitra roa makadiro RABENJA Solomon tao an-tokantranony: vady, sady raim-pianakaviana ny tenany.

Amin'ny maha-lehilahy manambady azy, dia nezahiny hatrany ny hahasambatra ny vadiny. Ny vady mantsy aminy, dia namana akaiky sady mpanolo-tsaina manokana. Efa zatra nipetra-drery ny tenany, fony izy mpitovo, hany ka tsy nisy raharaha fanaom-behivavy nanano-sarotra azy.

SARY 2 : RABENJA Solomon mivady , androm-pahalebiazana



Sary 3: RABENJA Solomon sy ny zanany mianadahy



Sary 4: RABENJA Solomon mivady sy ny zafikeliny



Sary 5: RABENJA Solomon sy ny fianakaviany



Nifanampy sy nifanohana tamim-badiny izy tamin'ireny. Na fanasan-damba, na fipasohana na fandrahoan-tsakafo, sns, dia nandraisany anjara avokoa. Ny mamorona nahandro mbola tsy fahita, miaraka amin'ny ankohonany, dia mahafinaritra azy tokoa. Santionany ny fanaovana lasopy katsaka ampiarahana amin'ny bolety trondro. Mikasika izany resaka sakafo izany ihany, dia ny nahandro Malagasy toy ny ravin-toto sy henakisoa miaraka amin'ny lasary be sakay no tena ankafiziny indrindra (⁸).

Lehilahy “tia haingo” RABENJA Solomon. Tsy tiany ho latsa-danja raha mitaha amin'ny vehivavy hafa ny vadiny. Vatrany ny mampihaingo ny vadiny amin'ireo karazam-pitafiana heveriny fa mendrika azy. Anisan'izany ny lamba maha-malagasy rehefa mianjaika. Miezaka manome fahafahampo ny safidim-badiny anefa izy amin'ireny (⁹). Toetra iray maneho ny maha-izy azy an-dRABENJA Solomon ihany koa ny fanajana ny fotoana nifanomezana. Misy sampona manjo azy, matoa izy taraiky. Tsy tantiny ny ampiandrasina, tsy fombany ny mandiso fotoana. Araka ny voalaza tetsy ambony, amin'izay zavatra ataony dia ny vadiny no voalohany fakany hevitra. I Clarisse RATSIFANDRIHAMANANA aza dia loa-bolana mihitsy nilaza fa “mpitan-tsoroka” an-dRABENJA Solomon ny vadiny (¹⁰)

Raim-pianakaviana tia sy sarotiny amin'ny fitaizan-janaka ny mpanoratra. Na dia tanora herotreronny aza izy dia nahatarafana fahamatoran-tsaina tokoa. Tsy namela ho irery ny vadiny izy teo ampiatrehana ny tebitebin-tsaina sy ny hirifirin'ny reny mihetsi-jaza, hiteraka ny voalohan'ainy. Ny tononkalo noforoniny, mitondra ny lohateny hoe: “Teo aho” no manamafy izany:

“Teo aho anaka!

Tonga mba hitsena anao

⁸ Resadresaka nifanaovana tamin-dRamatoa RABENJA Simone tany an-tranony ny 09 Martsa 2010

⁹ Resadresaka nifanaovana tamin-dRamatoa RABENJA Simone tany an-tranony ny 09 Martsa 2010

¹⁰ V.a tak.6

Sy nanotrana an'i Neny

Teo anivon'ny taraina...

(...)”(11)

Hentitra ny fifandraisany tamin'ireo menaky ny ainy. Samy tsy nankasitrahany, na ny zanany, na ny vadiny, manao teny vosobosotra na fitenin-jatovo tao an-tranony.

Akaikin'ny fony mandrakariva ihany koa ny zanany, na teo amin'ny fahakeliny na izy ireo efa mahatsangy no ary. Mavesatra ny alahelony, mitamberina ny fahatsiarovany ny lasa rehetra raha tsy manoloana ny masony ireo sombiniainy. Izany no hita ato amin'ity tononkalo mitondra ny lohateny hoe:”Taratasy” ity.

“Eto am-panoratana eto...asa ho’aho fa hafahafa

ny fitepotepom-poko:

(...)

Amin'ny sasany no marina, fa:”ny lavitry ny maso,

tena lavitry ny fo”.

(...)

Ry solontenanay hiampita sady hiara-konina aminy:

Aza misy hanalana

Izao hitanao izao...Ny fandriana, kilalao ireto sarisary maminy

(...)12

¹¹ V.a tak 66

¹² V.a tak 120-121

Akaikin'ny fony, tahaka ireo naterany ihany ny zafiny. Fanaony ny niresadresaka sy nifanakalo hevitra tamin'izy ireo. Nanana ny heviny manokana taminy ireo kisarisary fanaon-jafikeliny. Tandindon'ny ho avy sy ny misy no nandraisany azy. Izany no hita ao amin'ny tononkalo mitondra ny lohateny hoe: "Sarisary"

"Voninkazo, alaala,
ony kely, tanimbary,
vorona tsizarizary
omby vitsy anaty vala:
narafidrafitra hanjary
ho fisiana anankiray,
ratsiratsy taminay:
nefa taminao dia: sary,
sarin'ny tontolonao:
tontolo tian-kasolo
ity tontolo bobongolo,
ho tontolo vaovao" ⁽¹³⁾

Tsy nijanona fotsiny teo anivon'ny ankohonany ny fahaiza-mifandray tao amin'ny mpanoratra, fa nipaka hatrany amin'ireo lafin-kavana samihafa.

Lehilahy antra sy tia havana ity mpanakanto ity. Ny nanehoany izany dia ny fanampiana ireo fianakaviany hitany fa sahirana. Tsy nitazam-potsiny

¹³ V.a tak. 155

ny fahoriana sy ny fahantrana nianjady tamin'izy ireny izy; ka nanao izay
tratra ny ainy hanampiana ireo tra-pahavoazana. Ny tononkalo
hoe: "voady" no anambarany izany fihetseham-pony izany

" (...)

Entiko eo an-tongotrao

izay hery am-pelatanako

hahafahana manavao

ny fari-piainan'ireo havako

isalobom-pahantrana

Sy tenain'ny fahoriana

Sao ny asako hahitana

Sombin-danitra hitsikiana"⁽¹⁴⁾

Ankoatra ny fanampiana ireo tsy manana, dia niara-niombona
hafaliana sy alahelo tamin'ireo fianakaviany koa ny mpanoratra. Na an-
kasoavana na an-karatsiana, dia nijoro teo foana ny tenany. Amin'ireny
fotoana fankalazana ny tsingerin-taona nahaterahana ireny ohatra, dia
mahavatra mamorona tononkalo izy. Firarian-tsoa goavana ho an'ilay
tompom-pety no avoitrany ao anatin'izany; Ny tononkalo mitondra ny
lohateny hoe: "Taom-pahatsirovana" no anisan'ny maneho izany.

"(...)

Ho tena sangany olona

Sarotro fialofan'ny trotraka manahy!

¹⁴ V.a tak.15

ho maitso famololona

(...)

Dia hitsingeringerina

ny taom-pahatsiarovana ho fifaliana hatrany

(...)

Tratràra ny ela, letsy!

Izay mifofo antsika: handrorona hiletsy”.⁽¹⁵⁾

Teo amin’ny fahoriana indray, dia ny tononkalo hatrany no nandoarany ny alahelo nameno ny fon’izy mianakavy. Izany no hita ao amin’ny tononkalo manao hoe:”Ny fahorianay”. Nosoratany io tononkalo io noho ny fahabangana nisy tao anatin’ny fianakaviany, namoizany ny zana-kavany anankiray.

“(…)

Hitako izahay:

ny vadiko, ireo zanako,

ny zandriko, ny havako

sy ireo sakaizanay...

trotrak’alahelo...”⁽¹⁶⁾

Ny fifandraisana tsara nisy teo amin’ny ankohonan’ny mpanoratra sy ny fianakaviany, dia samy mitory ny maha-olom-banona azy. Izany fahaiza-

¹⁵ V.a tak 144

¹⁶ V.a.tak 111

miaina nananany izany no hiampitantsika amin'ny fiaimpiainany teo amin'ny sehatry ny finoana sy ny fiarahamonina.

3)Ny fiaimpiainany teo amin'ny sehatry ny finoana sy ny fiarahamonina

Mino sy manaiky ny “Trinite” na ny “Telo izay iray” dia ny finoana an’Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina RABENJA Solomon sy ny fianakaviany. Kristianina mpanaraka ny fivavahana protestanta amin'ny FJKM (¹⁷) ry zareo.

Tany am-piandohana, dia tao amin'ny FJKM Avaratr’Andohalo no toerana nanovozany finoana. Taty aoriana vao nifindra tao amin'ny FJKM Analamahitsy izy mianakavy, nanohy izany fanompoana masina izany. Ramatoa vadiny sisa ankehitriny no mivavaka ao. Anisan’ireo kristianina nanana andraikitra lehibe tao am-piangonana RABENJA Solomon. Mpandray ny Fanasan’ny Tompo sady Diakona ny tenany. Mpikambana teo anivon’ny FFKM (¹⁸), hany ka tsy mahagaga raha tao amin'ny FAFFIP (¹⁹) no nisantarany niasa ny taona 1963. Izany ny momba ny finoany.

Ny sekoly no manaraka itarafana ny fivelarany amin'ny fiainany. Rehefa nisantatra ny fianarana ambaratonga voalohany tao Ambatomasina Ambato Boëni izy, dia namarana izany tao Andriba-Maevatanana. Ny nahatonga izany dia noho ny fifindran-toerana teo amin'ny asan-drainy. Araka ny efa voalaza teo aloha, dia tao amin'ny Sekoly Protestanta Ambohijatovo avaratra no nosafidin’ireo Ray aman-dreniny hanohizany ny fianarany. Ny taona 1952 ka hatramin’ny 1960 no nandrantoany fahalalana tao, sy nahakilasimandry azy tao. Roa taona taorian’io, dia nifindra nianatra tao amin'ny Lycée RABEARIVELO izy. Nipaka hatrany amin'ny ambaratonga ambony ny fikaroham-pahalalana nataony. Ny Sampana Teny sy

¹⁷ Fiangonan’i Jesoa Kristy eto Madagasikara

¹⁸ Fiombonan’ny Fiangonana Kristianina eto Madagasikara

¹⁹ Fiombonan’ny Asa Fanasoavan’ny Fiangonana Iombonan’ny Protestanta

Sary 6: RABENJA Solomon sy ny mpikambana niaraka taminy tao amin'ny FFKM (1966-1967)



Lahabolana ary Riba Malagasy na ny STELARIM no sampam-pianarana nohalalininy.

Ny mari-pahaizana nananany nandritra ny fotoana nianarany no hasian-teny manaraka. Anisan'ny mpianatra mazoto izy. Saika nananany avokoa ireo mari-pahaizana nisy tamin'izany fotoana izany dia ny C.E.P.E. na ny "Certificat d'Etudes Primaires Elémentaires", izay namarana ny ambaratonga voalohany. Tao ihany koa izany C.E.S.D. izany na ny "Certificat d'Etudes du Second Degré", ny B.E.P.C. na ny "Brevet d'Etudes du Premier Cycle". Ny "Baccalauréat première partie" sy ny "Baccalauréat deuxième partie" dia samy azony avokoa. Na dia teo aza ny fikirizany sy ny finiavany hanatratra ny « licence » teny amin'ny ambaratonga ambony, dia tsy nambinina izy. Namirapiratra kosa anefa ny finiavana nasehony teo amin'ny asa niandraiketany.

Marihina fa talohan'ny nandalinan-dRABENJA Solomon ny fianarany teny Ankatso, dia efa nampianatra tao amin'ny FAFFIP ⁽²⁰⁾ ny tenany tamin'ny taona 1963. Tsy naharitra anefa izany, fa ny taona 1968 indray ny lehilahy dia efa voaray hiasa tamin'ny "Service de l'Enregistrement et des Timbres" tany Toamasina. Noho ny toe-draharaham-pirenena ny taona 1972 anefa, dia voatery niverina teto Antananarivo izy mianakavy. Ramatoa vadiny rahateo nahazo fifindran-toerana hiasa teto Antananarivo indray. Izany fifamahofahoan-javatra izany no nanapahany hevitra hiala tsy ho mpiasam-panjakana intsony. Hany ka, tao amin'ny Sekoly Protestanta Paul Minault Androhibe no nandaniany ny androan-tokom-piainany teo amin'ny sehatry ny fampianarana. Ny Sekoly I.E.C. ⁽²¹⁾ Anosy sy Ampandrana ihany koa no fanampin'izany. Vao mainka nampiroborobo ny fitiavany ny mahamalagasy ireny. Ny fiaimpiainany amin'ny maha-mpanoratra azy indray no horesahina amin'ny fanadihadiana manaraka.

²⁰ Cf Supra note N°19 tak.14

²¹ Institut d'Etude Chrétien

Toko II: Fiaimpiainany amin'ny maha-mpanoratra azy

Ny taona 1956 no nanombohan-dRABENJA Solomon nanoratra, fony izy nianatra sady kilasimandry tao Ambohitato-Avaratra. Ny tena nanavanana azy dia ny fanoratana tononkalo. Mba hahafahana mamantatra misimisy kokoa ny fiaimpiainany amin'ny maha-mpanoratra azy, dia ndeha hofantarina ny fototra niavian'ny talentany sy ny fomba famoronany, ny mpanankanto nifandray taminy sy ny fikambanana nisy azy, ary ny amboaran-tononkalo *AKO SY ANTISO* indray mitopy.

1) Ny fototra niavian'ny talentany sy ny fomba famoronany

Azo lazaina fa misy ampahany nolovaina avy tamin-drainy ihany ny maha-mpanoratra an-dRABENJA Solomon. Anisan'ny mpanoratra tantara filalao an-tsehatra RABENJA Bernard rainy. Efa mpisehatra tamin'ireny tantara ireny RABENJA Solomon fahazaza. Ny tantara toy ny "Lova navelan' i Dada", ny "Hafatr'i Neny" no efa nolalao viny.

Rehefa nianatra taty Antananarivo ny tenany, vao mainka nampiroborobo sy namolavola ny talenta tao anatin'ny fiainany tao amin'ny kilasimandry. Fanaony niaraka tamin'ireo namany vitsivitsy ny mamerimberina miantsa ireo asa soratr'i S.BEM na RANDRIANASOLO. Ny tantara somary poezia toy ny: "Tsy nataoko izao ry Dada", "Tarangana nefa voatsangana", no tena tsy afaka am-bavan'izy rehetra ⁽²²⁾. Marihina fa ny anarany hoe RABENJA Solomon no nahafantaran'ny olona ity mpanankanto ity teo amin'ny sehatry ny literatiora.

Ny sampam-pianarana nosafidiny harahina teny amin'ny ambaratonga ambony ihany koa no vao mainka nanabe voho ny talenta sy ny fitiavany ny kanto izay efa tao anatin'ny. Nifantoka tanteraka tamin'ny fandalinana ny taranja ny Teny Malagasy RABENJA Solomon. Izany hoe: ny

²² Constance RAHELIARIMALALA, *Mémoire de CAPEN, Ny fitiavana tarafina ao amin'ny asa soratry RABENJA Solomon*, Boky 2, Antananarivo, Décembre 1996, tak.19

Sampana Teny sy Lahabolana ary Riba Malagasy na ny STELARIM no nimasoany ny taona 1973.

Ny asa nataony ka nampaharitra ny tenany, nandritra ny androm-piainany rahateo, dia ny fampianarana ny taranja Malagasy. Nampitombo avo roa heny ny fandalany ny literatiara izany.

Tsy izany ihany, fa ny asa soratra nankafiziny tamin'ireo mpanoratra samihafa, na ny teratany na vahiny famakiny, dia namolavola sy nampitombo ny fankafizany ny kanto.

Teo amin'ireo mpanoratra Malagasy ankoatra, izay efa voalaza fa tiany, dia ny asa soratry Ny Avana RAMANANTOANINA sy RABEARIVELO no nambabo ny fony. Asa soratra "Romantika", mihira sy miventy ireo alahelo tsy fanta-piaviana. Tsy vitsy tamin'ireo mpanoratra Malagasy niaina tao anatin'ny vanim-potoana fiforetana anaty, teo anelanelan'ny taona 1922 ka hatramin'ny 1929 teo ho eo, no voasarik'io firehana vaovao io. Tsy ambakan'izany ny fankafizany ny asa soratry ry Clarisse RATSIFANDRIAMANANA, Rado, Fredy RAJAOFERA mbamin'i ENER Lalandy, sns izay angady nananany sy vy nahitany ny fahaizany nanoratra.

Ireo mpanoratra vahiny nanovozan'ireo mpanoratra Malagasy aingam-panahy tamin'ny firehana "Romantisma" ihany koa no niantorahan'ny fitiavan-dRABENJA Solomon. Ny nalaza tamin'ireny dia i LAMARTINE sy i Alfred de MUSSET.

Mbola misy ankoatra ireo no nanovozany aingam-panahy, dia ny asa soratr'i CHE LAN VIEN izay novakiny, ka namoronany ilay tononkalo hoe: "Ny Reny any Vietnam"²³. Na dia tsy nanatri-maso ny ady niseho mivantana tany aza ny tenany, dia toy ny nahita sy nanoloana ireo adin-tsaina amam-panahy manjo ny vehivavy any. Tebiteby mandrakariva no

²³ V.a tak.75

mameno ny fon-dreny, alahelo tsy hita lany eo am-pamoizana ireo menaky ny ainy lavo an-tany fiadiana.

Amin'ny ankapobeny, izay no azo amintinana fohy ny mikasika ny loharano nipoiran'ny fototra niavian'ny talentan'ity mpanakanto ity. Ndeha hirosoana indray ny amin'ny fomba famoronany.

Miankina amin'ny toe-java-mitranga ny fomba iray famoronany tononkalo. Tantely amam-bahona moa ny fiainana, ka ifandimbiasan'ny soa sy ny ratsy, ny fifaliana sy ny fahoriana. Arakaraka ireny fisehoan-javatra ireny ny endriky ny asa soratra vokarin-dRABENJA Solomon. Santionany amin'ireo manambara fifaliana amin'ny fanorenan-tokantrano, ka mirary soa sy fiadanana amin'ny tokantrano vao ny hoe:"Tso-drano"²⁴. Firariantsoa nahatratra ny tsingerin-taona kosa ny hoe:"Taom-pahatsiarovana"²⁵. Ny mirakitra alahelo noho ny voina mianjady amin'ny fianakaviana kosa dia ny tononkalo mitondra ny lohateny hoe:"Ny fahorianay"²⁶. Ny "Saona"²⁷ mampiseho ny alahelo noho ny fahafoizantenan'ireo tanora maty ho an'ny tanindrazana ny taona 1972. Ny hoe:"Matokia"²⁸ indray dia ny fampieritreretana ireo maty fanahy sahy namono an-dRATSIMANDRAVA. Tsy ho faty ao am-pon'ny Malagasy tsy akory ny ran'ity olomanga ity latsaka teo am-panefana adidy.

Indraindray dia avy amin'ny faniriana na fangatahan'ny manodidina azy koa no hamoronany. Ny hira fanevan'ny"Collège Fanilo" mitondra ny lohateny hoe:"Fanilo"²⁹ ohatra dia anisan'ny diam-penin-dRABENJA Solomon ny tonony.

²⁴ V.a tak.141

²⁵ V.a tak144

²⁶ V.a tak 110-111

²⁷ V.a tak 88

²⁸ V.a tak 100-101

²⁹ V.a tak 67

Manaraka izany, dia manao fikarohana manokana mihitsy izy. Araka ny tahiry nasehon-dramatoa RABENJA Simone anay, dia mitady karazantenany maro karazana, mitovitovy fanononana izy. Angoniny ireny ka ataony ho akora ampiasainy amin'ny fandrafetana sora-kanto.

Rehefa mahatsangana tononkalo indray izy, dia ny vadiny no asainy mamaky sy mandinika izay voasorany voalohany. Anontaniany izay madilana tokony hofenoina, na mibiloka tokony hahitsy Ramatoa RABENJA Simone. Raha tsy misy ny tomika, dia i Tiana zanany no ampiantsainy ireo. Famolavolana ny ankohonany hiombom-po aminy tia zava-kanto no kendreny amin'izany. Ireo mpanoratra manodidina an-dRABENJA Solomon dia nahatsikaritra izany;" Nahafaly ny nahita fa tsy fahatsaran-tarehy sy fahavitrihana ihany akory i Simone vadiny, fa tena mpitan-tsoroka azy teo amin'ny talentany... ary ny feon'i Tiana, zanany, miantsa ny tononkalony, dia tombondahiny sarobidy, mandrisika azy hanatevina foana ny efa voasorany!"³⁰

Raha aravona izay hita tato amin'ny tapany voalohany izay dia hita fa saika nahaforonan-dRABENJA Solomon tononkalo avokoa ireo zava-dehibe nisongadina amin'ny fiainany na ny fiainan'ny fiaraha-monina manodidina azy, hatramin'ireo toe-java-dehibe nitranga teo amin'ny fiainam-pirenena. Iza avy indray àry ireo mpanakanto nifandray taminy sy ny fikambanana nisy azy?

2) Ny mpanakanto nifandray taminy sy ny fikambanana nisy azy

Teo amin'ny fanoratana tononkalo no nampalaza an-dRABENJA Solomon. Ambara fa anisan'ireo nitantsoroka azy i Clarisse RATSIFANDRIHAMANANA. Nitety ny lafy valon'ny Nosy izy ireo. Tonga

³⁰ V.a tak 6

hatrany Mahajanga, Fianarantsoa ary Ambositra ⁽³¹⁾). Tafara-dalana taminy teo amin'ny sehatry ny fanoratana ihany koa i Fredy RAJAOFERA.

Ny fanoratany tao amin'ny gazety "HEHY", izay niandraiketan'ANDRIAMANANTENA mirahalahy ⁽³²⁾ ihany koa, no nampisy fifankahazoana akaiky teo amin'izy ireo. Saika nankafizin-dRADO avokoa ireo asa sorany noho ny hakantony. Zary kofehy nampifamatotra ireo samy mpanantalenta izany. Loabolana mihitsy i RADO nilaza hoe:

"Tsy laza masaka izany na laza manta [...] fa RABENJA Solomon no mpanoratra tian-dRADO indrindra" ⁽³³⁾.

Rehefa nirotsaka ho mpikambana tao amin'ny UPEM ⁽³⁴⁾ ny tenany ny taona 1962, vao mainka nitombo ireo mpanoratra nanana fifandraisana taminy. Anisan'ireny, ry RAKOTOMALALA Henri, RAKOTOSON Emeralda, RAHAJARISON Emilson ⁽³⁵⁾ ary ireo maro hafa tsy voatonona.

Maro tamin'ireo tononkalo noforonin_dRABENJA Solomon koa no nokaloin'ireo mpihira malaza fahizay. Tsy afaka am-bavan'ny maro izy ireny, fa nanakoako eran'ny Nosy. Ny nisongadina tamin'izany dia ny tononkalo hoe "Ireo masonao", "Tafandria mandry" izay samy nohirain'ny tarika NOELSON Lalao. Ny hafa toy ny "Mbola hisy" kosa dia noventesin'i Rémi ANDRIANTSOAVINA, ary "Ny feonao" indray dia nokaloin'ny tarika Ny Nanahary ⁽³⁶⁾. Ankoatra ny "Fanilo" izay hira fanevan'ny "Collège Fanilo".

Ireo no fantatra mazava, fa asa sorany nofolahina ho tononkira, ka nindramin'ireto tarika mpihira ireto.

³¹ Gazety *Valiha*, lah.60, Asabotsy 22 Febroary 1997

³² Celestin ANDRIAMANANTENA sy Georges ANDRIAMANANTENA (Rado)

³³ V.a tak. 2

³⁴ Union de Poètes et Ecrivains Malgaches

³⁵ Cf Supra, note n°22, tak. 16

³⁶ Cf Supra note n°31, tak.20

Araka ny fantatra, dia olon'ny hira RABENJA Solomon; izany angamba no nahatonga ny tononkalony ho mora navadika ho hira.

Ankoatra ireo, manana ny lanjany lehibe eo amin'ny mpanoratra ny fanehoany ny talentany an-gazety. Tsara homarihina, fa ny gazety "Le courrier de Madagascar" tamin'izany no nisantarany namoahana ireo asa sorany ⁽³⁷⁾.

Niitatra tsikelikely tamin'ny gazety "Hehy", "Imongo vaovao", ny "Valiha" izany sora-kantony izany ⁽³⁸⁾. Taty aoriana, dia efa naparitaka tamin'ny Revio "Tatamo" ihany koa ireo asany. Tsy nohiraina sy nijanona tanaty gazety fotsiny anefa ireny haisoratra noforoniny ireny, fa nipaka hatrany amin'ny boky fampianarana, toy ny "Fary Mamy" kilasy faha 6 sy ny "Fary Mamy" kilasy faha 11 ⁽³⁹⁾

Ny fifandraisany tamin'ireo mpanoratra samihafa manodidina azy, sy ireo fitaovan-tserasera marobe afaka nikorinan'ny peniny, no toy ny zezika nampiroborobo ny fahaizany.

Vokatr'izany, maro ireo karazam-pifaninanana nandraisany anjara izay nahazoany loka ny ankamaroany. Ny nisongadina tamin'izany dia ny niatrehany ilay fifaninanana famoronan-kira ho an'ny fandriampahalemana nokarakarain'ny tanànan'Antananarivo renivohitra, tamin'ny taona 1986 ka nahazoany loka. Teo koa ny fankalazana ny fahazato taonan'ny mpanoratra Ny Avana RAMANANTOANINA ny taona 1991 izay nandraisany anjara, ka izy no nandrombaka ny amboara. Ny nikarakara ny hetsika tamin'ity indray mitoraka ity dia ny Edisiona LOVA sy BMOI na ny Banque Malgache de l'Océan Indien. Farany dia ny fifanintsanana RANTO 95, novolavolain'ny

³⁷ Ibid n°31, tak 20

³⁸ Ibid n°31, tak 20

³⁹ RABENJA Solomon Mpanoratra-Fantatrao ve? Tantaram-piainany. Angona nomen-dRamatoa RABENJA Simone ny 09 Martsa 2010

oniversiten'Antananarivo tamin'ny taona 1995, mbola ny asa sorany ihany koa no nahafapo ny rehetra.

Mifamatotra tamin'ireny fifaninana nataony ireny ny fivoriana natrehany tamin'ny fikambanana nisy azy.

Mpikambana tao amin'ny UPEM ⁽⁴⁰⁾ ny mpanoratra. Ireo fifaninanana sy loka samihafa azony, dia vao mainka nampisondrotra avo ny lazany teo amin'ny sehatry ny literatiora. Ireny rehetra ireny mitambatra, no anisan'ny nanendrena azy hisolo tena an'i Madagasikara hanatrika ireo fihaonambe iraisam-pirenena natao tany ivelany. Santionan'ireo fivoriana efa natrehiny, dia izay notanterahina tany Moscou (URSS) ny taona 1976. Ankoatra izany, ny notontosaina tany Wraclaw (Pologne) tamin'ny taona 1978, ary farany dia ny kongresin'ny PAWA ⁽⁴¹⁾ natao tany (Ghana) ny taona 1988. Ireo no nisongadina tamin'ny fivoriana natrehiny tany ivelany. Ny teto an-toerana kosa dia ny faritra andrefana toa an'i Mahajanga, Soavinandriana no nandehanany. Miampy an'i Fianarantsoa sy Ambositra, araka ny efa hita tetsy ambony.

Nirotsaka ho isan'ny mpandrafitra ny AJEM ⁽⁴²⁾ koa ny tenany izay teo ambany fitantanana'i Fredy RAJAOFERA. Matihanina tao amin'ny KOMAHAA ⁽⁴³⁾ koa ny lehilahy, fony ry Clarisse RATSIFANDRIHAMANANA sy René ANDRIAMALALA na Ener Lalandy niandraikitra izany. Farany, teo amin'ny sehatry ny politika, dia olon'ny AKFM ⁽⁴⁴⁾ ny lehilahy, ary amin'ny mahanoratra azy, dia ny FIFAMIRE ⁽⁴⁵⁾ no nirotsahany. Izany filazana ny fikambanana nisy azy izany no hirosoana amin'ny amboaran-tononkalo AKO SY ANTISO indray mitopy.

⁴⁰ Cf Supra note n°34, tak.20

⁴¹ Pan African Writers' Association na Fikambanan'ny mpanoratra ao anatin'ny Afrika

⁴² Association des Journalistes et Ecrivains de Madagascar

⁴³ Komity Malagasy misahana ny Haisoratra Afro-Aziatika

⁴⁴ Antokon'ny Kongresin'ny Fahaleovan-tenan'i Madagasikara

⁴⁵ Fikambanan'ny Mpanoratra sy ny Artista Mlaro ny REvolisiona

Sary 7: RABENJA Solomon sy ireo mpikambana niaraka taminy tao amin'ny UPEM (23 Septembre 1962)



3) Ny amboaran-tononkalo AKO SY ANTISO indray mitopy

Boky kelikely miloko manga tanora manopy fotsy ny *AKO SY ANTISO*. Ny sarin'ny mpanoratra no mipetaka voalohany eo amin'ny fonony aloha sy aoriana. Ny Edisiona Soimanga no nandavorary ny fanontana azy. Ny volana Novambra 2003 no nivoahan'ny amboara *AKO SY ANTISO* voalohany ho boky.

Tononkalo miisa efapolo amby zato (140) no mivondrona ato amin'ity horonam-boky kely ity. Izany rehetra izany dia ialohavan'ny tenin'ireo mpanakanto malaza toa an-dRADO, sy Clarisse RATSIFANDRIHAMANANA. Manelanelana sy mamarana ny fahitan'ireo mpanoratra kalaza ireo ity vaingan'asa soratra ity, dia ny mpanoratra izy tenany no manambara sy milaza fohifohy ny dikan'ny lohateny hoe: *AKO SY ANTISO*, ary manentana ny Malagasy tsy an-kanavaka ho tia sy handala mandrakariva ny Teny Malagasy. Antitranterina amin'izany fa:

“Ao amin’io Teny Malagasy io no miAKO horenesintsika izay mandova ny rafi-pisainana navelany, [...] dia ho amin’ny fampifanarahana ireny indrindra no hiANTISO ny tsirairay hitondra ny fitiavany, ny heriny, ny fahaiza-manaony fa tsy hanafatra foana isan’andro izao ireo karazan-kevitra tsy nahombiazana fonosin’ny tenim-bahiny”. ⁽⁴⁶⁾

AKO SY ANTISO mba hisarihana antsika Malagasy hanao an-tampon-doha ny fitiavana sy ny fanajana ny Teny Malagasy, ary izay maha isika antsika no isan'ny namoahana ity asa soratra ity. Ny fankamamiana sy ny fanandratana ny hasin'ny Teny Malagasy dia hanarenana sy hanorenana ny firenena.

Ankoatra izany, dia ny fitiavan-tanindrazana koa no tarakevitra mibahana manerana ny asa soratra. Misy ampahany ihany tononkalo izay

⁴⁶ V.a tak.3

manentana ny vahoaka Malagasy hifankatia ka hamerina hampanjaka indray ny fihavanana sy ny firaisan-kina. Soatoavina mampiavaka ny Malagasy eo imason'izao tontolo izao izany.

Fanampin'izany ny tokony hiarovana fatratra ny fahafahana efa azo, amin'ny fandalana hatrany ny fanaovana ny Marina sy ny Rariny manoloana ny fanjanahan-tany amin'ny endriny vaovao, sy ny fitiavam-bola tafahoatra. Mba hihazonana ny fiandrianam-pirenena tsy hihozongozona, dia beazina ny olona hankamamy ny asa. Io mantsy no mamaritra ny maha-olom-banona. Raha izay no filazan'ny mpanoratra mikasika ny boky, manao ahoana kosa no fahitan-dRADO an'izany RABENJA Solomon izany?

I RADO no mpanoratra efa ela nihetezana nifandray akaiky taminy:

"Efa tany amin'ny efa_polo taona mahery no nahafantarako ny asa sorany." ⁽⁴⁷⁾.

Tsy izany ihany, fa anisan'ireo mpanoratra tena nankafizin-dRado ny tenany:

"Nisy vitsy ihany mantsy ireo tanora vao nisondrotra tato aoriana no sitrako, nefa tsy nampihetsika ny maha-lohalaharana an-dRABENJA Solomon tao amiko izany" ⁽⁴⁸⁾.

Tsapany ny fitiavan-tanindrazana mivaivay tao anatin'ity Poeta ity, ny fankamamiany ny soatoavina maha-malagasy, ary ny fiarovany ny fiandrianam-pirenena manoloana ny fibosesik'ireo zava-bahiny avy any ivelany. Farany, izay miverimberina matetika, dia ny fanomezany hasina ny harena fonosin'ny Teny Malagasy. Miezonezina ny fomba fanoratany

⁴⁷ V.a. tak.2

⁴⁸ Ibid n°47, tak24

amin'ny fomba kanto amin'ny maha-mpampianatra ny taranja Malagasy azy. Toy izao no fanambarany azy:

"Mpampianatra Malagasy ny lehilahy ka mainka mivaingambaingana ery ny tiany hambara rehetra amin'izato fomba fanoratra tsy misy diso sy maha te hanana" (⁴⁹).

"Akondro masaka ifotony" mihitsy aza no anoharan-dRado ny tononkalony. Mba ahoana kosa ny fiheveran'i Clarisse RATSIFANDRIHAMANANA azy?

Mpanoratra tsy zovina taminy RABENJA Solomon. Olon'ny serasera ny lehilahy taminy. Mazoto sy manam-pikirizana amin'izay ataony. Niezaka nampivelatra ny talentany tamin'ny fandalinana ny haisoratra ny hafa. Tsy an'iza izany haisoratra anisan'ny nodininy izany, fa ireo zava-bitan'i Clarisse RATSIFANDRIHAMANANA ihany.

Nody ventiny ny rano nantsakainy ankehitriny tamin'ny fivoahan'ity amboara *AKO SY ANTISO* ity. Mitory ny hasoan'ny zava-bitany ho toy ny voankazo masaka ifotony mampilendalenda, maha te hihinana. Henoy ange ny fandokafan'i Clarisse RATSIFANDRIHAMANANA azy hoe:

"Maka tsiron'iretsy voankazo masaka ifotony kosa ireto tononkalon-dRABENJA Solomon, ka satry ihany hitelina azy" (⁵⁰)

Raha aravona ireo voalaza ireo, dia ny hitaiza sy hanolokolo ny Teny Malagasy maminy, ka hampielany izany manerana ny Nosy sy eran'izao tontolo izao no masaka tao am-pony. Hoy mantsy izy manamafy izany: **"Tsy maintsy tezaina sy kolokoloina, tiavina ny tenin'ny tena mba hanomezany**

⁴⁹ Ibid n°47, tak 24

⁵⁰ V.a tak 6

sy hanolorany antsika izay maha-isika antsika eo anivon'izao tontolo izao". ⁽⁵¹⁾

Raha izay àry no azo ambara amin'ny ankapobeny momba ny fiainan-dRABENJA Solomon mpanoratra, inona kosa ireo zava-misy teo amiin'ny fiainam-pirenena nanako tany anaty asa sorany?

Toko III: Ireo zava-nisy teto amin'ny firenena niako teo amin'ny asa soratry RABENJA Solomon

Manana anjara toerana lehibe amin'ny fanakarana ireo hevitra tian'ny mpanoratra hampitaina ao amin'ny asa soratra ny fahalalana ny zava-nisy nifandimby nolalovan'ny firenena. Hoy I (A.) WELLEK sy (A.) WARREN manambara izany:

"Ny mpanoratra dia olon'ny fiaraha-monina, mpitatitra ny zava-misy arantara sy ara-piaraha-monina, taratry ny taon-jato sy ny fiaraha-monina izay misy azy" ⁽⁵²⁾

Mba hahamarim-pototra ny fanadihadiana àry, dia handeha hanaovana topy maso fohy ireo zava-nisy nitranga ka nisongadina teto amin'ny fiainam-pirenena, ary nanako tany amin'ny literatiora.

Marihina ety am-piandohana anefa, fa ireo zava-nisy tamin'ny vanimpotoana niainan'ny mpanoratra nandritra ny Repobilika telo nifandimby ihany no horesahina etoana:

- Ny Repobilika I: 1960-1972
- Ny Repobilika II: 1972-1991
- Ny Repobilika III, tapany I: 1991-1996

⁵¹ V.a tak 3

⁵² (A.) WELLEK et (A.) WARREN, La théorie littéraire, ed Seuil, coll. Poétique, Paris 1971, p.30 : « L'écrivain est aussi citoyen*...*porteur des vérités historiques et sociales... il doit être représentatif du siècle et de la société auxquels il appartient »

1) **Ny Repobilika I: 1960-1972**

Mifamatotra amin'ny zava-misy any ivelany izay miseho eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ny zava-mitranga eto an-toerana. Fa ny hasianteny, dia ny mikasika ny teti-pitondrana, ny toe-karena sy ny fiainam-piaramonina ary ny kolon-tsaina sy ny fampianarana. Hanombohana ny fandalinana ny teti-pitondrana.

11- Ny teti-pitondrana

Tany ivelany dia fifandonana ara-ideôlojika teo amin'ny Amerikana sy ny Rosiana no niseho. Nifanandrina ny firenena kapitalista notarihin'ny Amerikana andaniny, sy ny firehana sôsialista notantanin'ny Rosiana ankilany. Ireo tany vao avy nozanahina no tena lasibatra tamin'izany. Hita taratra tany amin'ireo firenena vao nisandratra ny ady an-trano sy ny korontana. Mitatitra izany ity ampahan-dahatsoratra an-gazety iray manao hoe:

“Kongo, Shypra, Vietnam, Azia atsimo antsinanana, Kioba; izany no anaran-tany rentsika matetika. Any no misy ny rà mandrika, ary any no ifandonan'ny herim-pirenena roa izay minia miki-py eo anatrehan'ny fanirian'ny vahoaka”⁽⁵³⁾

Manoloana izany, niezaka ireo tany Afrikana hiaro ny fahaleovantenany, ary tsy mitsahatra nangataka fahafahana ho an'ireo mbola tsy nahazo. Toy izao no fanambaran'ny gazety *Imongo vaovao* azy:

“Androm-pifohazan'i Afrika marina ny taona 1960 ka dia mihetsika koa ankehitriny ireo izay noheverina ho bonaika”^{.54}

Fanampin'izany dia nohamafisin-dry zareo fotsy hoditra tanteraka ny fanavakavaham-bolon-koditra sy izay mety ho fanoherana faratampony ny mainty hoditra dia ny “Apartheid” izany. Ny fototra ijoroany dia ny

⁵³ *Imongovaovao*, lah 2535, 15 ôktobra 1964

⁵⁴ *Imongovaovao*, lah 1734, Janoary 1962

fanavahana ny mponina araka ny karazany sy ny volon-kodiny ary ny fahalalana ananany. Fitahirizana ny toetra manokana sy ny maha-izy azy avy ireo ankolafy tsirairay. Sarahina ara-bolon-koditra noho izany ny fampandrosoana, satria hono, tsy tokony hifangaro ny ràny tompo sy ny an'ny Mpanompo araka ny Soratra Masina. Nambarany fa miverimberina ao amin'ny Baiboly izany tenin'Andriamanitra izany. Raha mifangaro mantsy ny ràny mpanompo sy ny an'ny tompo, dia hihalevona izy roa, indrindra fa ny an'ny tompo.

Tany Etazonia aza, dia voalaza ho nisy mihitsy hôtely tsy azon'ny Mainty idirana. Ny fiara fitateram-bahoaka dia nisy ny voatokana ho an'ny Mainty hoditra irery ihany. Tsy mahagaga raha nitsangana nanohitra ireny i “Pasteur Martin Luther King” tany Amerika; ary i Nelson Mandela kosa no nitarika ny fanoherana izany tao Afrika atsimo. Nanaitra ireo Mainty erantany hanohitra ny fisian' izany toe-javatra izany. Fa mba nanao ahoana kosa àry ny toe-java-nitranga teto an-toerana?

Saika olona tanan-kavanan' ny Frantsay no teo anivon'ny fitondrana. Nirona betsaka kokoa tamin'ny tandrefana i Madagasikara. Andriamatoa Philibert TSIRANANA avy amin'ny antoko P.S.D ⁽⁵⁵⁾ no mpitondra nandritra ity Repobilika I ity. Nohamafisiny tamin'ny kabary nataony ny taona 1961 izany manao hoe:

“Vazimba no razana niavian'ny Malagasy rehetra, ka dia iray loharano nipoirana isika rehetra, ka aoka samy hihevitra ny tenantsika ho mpirahalany, mitovy zo ao anatin'ny fianakaviambe iray ny maha-malagasy ⁽⁵⁶⁾

⁵⁵ Parti Social Démocrate

⁵⁶ *Vaovao*, lah 646, 02 May 1969

Tato anatin'ity vanim-potoana ity koa no niforonan'ny antoko A.K.F.M. (⁵⁷), izay notarihan'i Pasteur Richard ANDRIAMANJATO. Na ny P.S.D, na ny A.K.F.M. dia samy nisafidy ny sori-dalana sôsialista, saingy tsy nitovy ny zavatra nokendreny. Nivoy ny "sôsialisma siantifika" ny A.K.F.M. Ny tanjony tamin'ny pôlitika teto an-toerana dia ny fahalalahana sy ny fahefam-bahoaka ary ny haha-laika ny fampianarana. Ny handraisan'ny fanjakana an-tanana ny fitaovam-pamokarana kosa no noheveriny mikasika ny toe-karena.

Ny antoko P.S.D. indray, dia ny "Sôsialisma tena malagasy" no nijoroany. Ny hampifandrindra ny zava-misy eto an-toerana, tsy misy ifandraisany amin'ny marksisma no kendreny. Tsy miandany amin'ny adin-tsaranga izany, saingy manohitra ny fitsentsefana eo amin'ny samy mpiara-belona.

Marihina fa ny PSD no nahataona olona betsaka raha mitaha tamin'ny AKFM izay nifintina teto Antananarivo fotsiny.

Ny hery fahatelo nisongadina dia ry zareo mpitondra fivavahana zezoita. Ny lahatsoratra an-gazety navoakany no nampiasainy hanabeazana ny vahoaka. Samy tsy nahomby anefa zany rehetra izany, satria na dia teo aza ny fahasahian'ireto farany nanohitra ireo tsy nety nataon'ny mpitondra, dia tsy nahitam-baliny. Nanantena zava-baovao ny vahoaka rehefa azo ny fahaleovan-tena ny 26 jona 1960. Mampalahelo anefa ny fibahan-toeran'ireo vazaha tamin'ny seha-pitantanana rehetra. Toa vola-kankafotra ka ny omaly tsy miova ny zava-misy. Henika azy ireo ny fifidianana ny Repobilika, ny minisitara fototra momba ny vola, hatrany amin'ny fampianarana.

Hoy ny gazety iray tsy miankina maneho izany:

⁵⁷ Cf Supra n° 44,tak 22

“Atahorana vahiny daholo izay rehetra tian-katao ao an-tokantranon’ny tena, ka manjary tsy mahaleo tena, ka anarany fotsiny tahaka ny fatambary fahavaratra sis any hoe: “tokantrano mahaleo tena, fa ny vahiny ihany no toavin-teny” (⁵⁸)

Izany fisehoan-javatra izany no hanafaingana ny firodanan’ity Repoblika I ity, izay inoana fa hanana ny fiatraikany eo amin’ny toe-karena sy ny fiainam-piarahamonina.

12- Ny toe-karena sy ny fiainam-piarahamonina

Raha ny toe-karena iraisam-pirenena no resahina, dia nivaky roa izao tontolo izao. Andaniny, ireo Eoropeanina manan-karena, ankilany ireo tany mahantra vao avy nahazo fahaleovan-tena. Ny fahosana ara-toe-karen’ireo tany mahantra vao mainka nampahazo vahana ireo firenena matanjaka. Fanjanahana ara-toe-karena vaovao miseho amin’ny endrika maizimaizina mody miendrika fanampiana na fampisamboram-bola na fampirisihina hiditra ho mpikambana ao amin’ny Varotra lombonana no asainy atao. Fitsentsefana ankolaka, izay tsy misy tombony ho an’ireo firenena vao avy nahazo fahaleovan-tena mihitsy ireo zavatra nataony ireo. Ny harena ankibon’ny tanin’izy ireo indray aza no trandrahany hanefana ny trosany. Izany no niseho tany ivelany. Hidirana indray izao ny zava-misy teto antoerana.

Na dia nahazo fahaleovan-tena aza i Madagasikara dia mbola ny renivola frantsay sy ny fikambanam-barotry ny mpanjanaka ihany no nibahan-toerana tamin’ny toe-karena malagasy. Ny anton’izany moa dia ny mbola fanekena ny hiara-dia amin’ny “Reny malala frantsay”. Nanamafy orina izany koa ilay fandresena 83% azon’ny “Eny”, tamin’ny fitsapan-kevi-bahoaka notontosaina tamin’ny 28 Septambra 1958. Midika izany, fa mbola hitohy hatrany ny fiarahan-dalan’ny Frantsay sy ny Malagasy hiara-hiasa.

⁵⁸ Gazety *Hehy*, 13 Martsa 1964

Nanampy trotraka anefa ny fiankinan-dohan'ny toe-karena tamin'ny tany ivelany. Ny fandoavana latsakemboka be ho fidirana ho mpikambana ao amin'ny Varotra lombonana Eropeanina no fototr'izany. Na dia izany ny endriky ny zava-nisy, dia niezaka hatrany hanao izay hahavoky ny vahoaka tao aminy ny mpitondra. Ny paikady naroso dia “Ny pôlitikan'ny kibo” (⁵⁹)

Nitombo avo roa heny koa ny fahantram-bahoaka noho ilay tetik'asa dimy taona izay niatomboka ny taona 1964 ary nifarana ny taona 1969. Mifono fanararaotana izany ka notoherin'ny olona tamin'ny fanelezana peta-drindrina nanerana an'Antananarivo. Ny vontloatiny dia ny fanafoanana tsy misy hataka andro ilay tetik'asa. Ny 04 Febroary 1969 no nitrangan'izany rehetra izany. Nanamafy izany koa ny gazety *MARESAKA*, izay namaky bantsilana fa: **“Ny loha vazaha no namorona azy”** (⁶⁰). Hanako any amin'ny fiainam-piaraha-monina izany fitotonganana izany.

Tany Frantsa dia niala teo amin'ny fitondrana ny jeneraly De Gaulle tamin'ny taona 1969. Maro tamin'ireo Frantsay naneho ny heviny no tsy nankasitraka intsony ny fitondrany tamin'izay fomba noheveriny fa hanarenany ny toe-kareny. Raha nikasa ny hitondra ny paikadiny izy ny 10, 11 Mey 1968, dia fitokonana no nasetrin'ny Frantsay izany. An-tapitrisany izy ireo no nirotsaka an-dalambe nandà io fangatahany io. Ny sorisorin'ny mpiasa no tena nahatonga ny korontana. Nitokona koa ny mpianatra. Nanampy trotraka ny disadisa isan-karazany mikasika ny tsy fisian'ny filaminana teo amin'ny fiarahamonina. Voatery nanao fitsapan-kevi-bahoaka ny mpitondra. Nandresy ny “Tsia”, izay midika ho fialany teo amin'ny fitondrana. Nampita izany ny gazety *ISAN'ANDRO* manao hoe:

“Misy lesona azo tsoahana tamin'ny zava-nitranga tany Frantsa iny” (⁶¹).

⁵⁹ Lesona 3ème année 2007, « Histoires des idées »

⁶⁰ Gazety *MARESAKA*, nivoaka ny 08 Febroary 1969

⁶¹ Gazety *ISAN'ANDRO*, lah. 6775, nivoaka ny 31 Mey 1968

Io fisehoan-javatra io no nanaitra ny sain'ny Malagasy, fa hay azo atao tsara ny manongana ny rafi-panjakana rehefa miray hina ny vahoaka. Mitondra antsika hiampita amin'ny zava-misy eto Madagasikara izany.

Raha nahazo fahaleovan-tena ny Malagasy ny taona 1960, dia niandrandra fiovana ny vahoaka. Niredareda tao anatin'ny rehetra ny afon'ny fitiavan-tanindrazana. Niharatsy anefa ny fiainam-piarahamonina, satria ny zava-nisy tamin'ny andron'ny fanjanahan-tany ihany no niverina. Niakatra ny hetra nalain'ny fanjakana. Nitobaka, kanefa nihanisondro-bidy ny vokatry ny orinasa frantsay. Ny mpitondra fanjakana sy ny mpiasam-panjakana ihany no nanana fahefa-nividy nahatakatra ireny vokatra ireny. Nitombo ny elanelana nampisaraka ny tanàn-dehibe sy ny ambanivohitra. Hoy ny hiakan'ny vahoaka, araka ny nitateran'i SPENCENSKY azy manao hoe:

“ Ny fahaleovan-tena dia fahaleovan-tenan'ny mpiasam-panjakana fa tsy anay”.⁽⁶²⁾

Ankoatra izany dia nahatezitra ny vahoaka ny kabarin'ny filoha TSIRANANA. Nolazainy tamin'izany mantsy, fa isan'ny foko fahasivy ambin'ny folo ny Frantsay, ary mitovy zo amin'ny teratany Malagasy.

Manaraka izany, nananosarotra tamin'ny ankamaroan'ny Malagasy ny fitadiavana asa, satria ireo olona akaiky ny Frantsay sy ny mpitondra ihany no mora nahazo izany. Vokany, nitombo izaitsizy ny tsy an'asa, indrindra fa ny tanora, hany ka niforona ny ZOAM na ireo Zatovo Ory Asa Malagasy tamin'ny taona 1969.

Ratsy ny fandehan'ny toe-karena sy ny fiainam-piarahamonina teto. Ho toy inona ny fisehony eo amin'ny lafiny kolon-tsaina sy ny fampianarana?

⁶² Lesona « Histoires des idées », 3^{ème} année ny 18 Jolay 2007

13) Ny kolon-tsaina sy ny fampianarana

Nihaniverina tsikelikely tamin'ny fitafiana nentim-paharazana ny lehilahy sy ny vehivavy. Efa niezaka niteny Malagasy ireo mpianatra tany amin'ny Lycéem_panjakana mba hanehoany ny maha Malagasy azy.

Toa nandeha ila ihany anefa izany, satria mbola notazonina sy nohatevenina hatrany ny Teny frantsay. Ny fandaharam-pampianarana rehetra, dia mbola ny an'ny Frantsay hatrany no notohizana na dia mody nampiana teny Malagasy kely fotsiny aza. Ny endri-panadinana sy ny mari-pahaizana dia mbola ny an'ny Frantsay no notanana, satria tsy mbola niova ny votoatim-pampianarana. Tsy nifanaraka tamin'ny zava-nisy teto antoerana koa izany. Natsangana ny oniversiten'Antananarivo, izay nasalotra ny anaran'Ingahy "Charles De Gaulle". Anisan'ny Teny ôfisialy ny Teny frantsay, hany ka nihisatra ny fanagasiana. Tetsy andaniny, tsy maharaka ny isan'ny mpianatra ny mpampianatra misy, sady tsizarizary ny fitaovana nentina nampianatra. Ankilany, tsy misy asa nomena ireo tanora nahavita fianarana. Vokany, vitsy tamin'ireo zanak'olona sahirana no nahatody fianarana hatramin'ny farany.

Ireo fahadisoam-panantenan' ny vahoaka ireo no hitarika ny fianjeran'nity Repobilika I ity, ka hirosoana amin'ny Repobilika II.

2)Ny Repobilika II:1972-1991

Rava ny Repobilika I, rehefa tsy nifanaraka tamin'ny filan'ny vahoaka Malagasy. Ny mpanjana-tany foana no nahazo vahana teo amin'ny lafimpiaiana rehetra. Nihoapampana ny fahatram-bahoaka. Teraka ny Repobilika II, izay mizara roa, raha ny toe-draharaham-pirenena no zohina: ny Repobilika II, tapany I: 1972-1975 sy ny Repobilika II, tapany II: 1975-1991. Hojerena mifanesy ireo zava-nisy nifandimby nandritra ireo vanimpotoana roa sosona ireo.

21) Vanim-potoana 1972-1975

Na dia fotoana fohy ihany aza ity vanim-potoana ity dia nahatsapana ny hery vaikan'ny zava-niseho tany ivelany sy teto an-toerana. Voakasik'izany avokoa ny lafiny teti-pitondrana, toe-karena sy ny fiainam-piaramonina ary ny kolon-tsaina sy ny fampianarana.

211) Ny teti-pitondrana

Teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, dia mbola nitohy hatrany ny fanavakavaham-bolon-koditra sy ny endri-panjanahana amin'ny endriny vaovao. Natsangana tany La Haye (Pays-Bas) ny Fitsarana Iraisam-pirenena hamaizana izay mbola nanohy izany.

Maro tamin'ireo firenena vao avy nozanahana no nametraka mpitondra miaramila hitantana ny tany sy ny fanjakana. Anisan'izany i Madagasikara, i Cuba ary i Cambodge, sns. Ireo mpitondra miaramila ireo dia saika nanaraka ny firehana sôsialista avokoa. Izay no ankapoben'ny zava-nisy teo amin'ny iraisam-pirenena. Fa mba toy inona ny zava-nitranga teto an-toerana?

Noho ny raharahan'ny 13 Mey 1972, izay nahafatesan'olona marobe nanohitra ny fitondrana tao amin'ny Repobilika I, dia voatery tsy maintsy nanolotra ny fitondrana tamin'ny miaramila ny filoha TSIRANANA. Koa ny jeneraly RAMANANTSOA no nandray an-tanana ny fahefana feno hitantana ny raharaham-pirenena ny 18 Mey 1972. Governemanta teknisiana izay niombonan'ny miaramila sy ny sivily no najorony. Nanamarika ny fitondrany ny fanafoanana ny karatra isan-dahy, niampy ny fanomezan-danja ny fokonolona. Napetraka hisahana izany, ho Minisitry ny Atitany, ny Kolonely Richard RATSIMANDRAVA. Ny olan'ny fokontany no novahany voalohany. Teto koa no nisantaran'ny fanjakana naka tsikelikely ho eo ampelan-tanany ireo orinasa vahiny. Niteraka lonilony teo amin'ireo olona

very tombon-tsoa izany fepetra vaovao noraisin'ny mpitondra fanjakana izany. Tsy nahavaha olana anefa ny jeneraly RAMANANTSOA, ka voatery nametra-pialana ny 25 Janoary 1975. Nanahy ny mety ho fipoahan'ny ady an-trano mantsy izy. Noho izany, natolony ny Kolonely Richard RATSIMANDRAVA ny fahefana hitondra ny tany sy ny fanjakana ny 06 Febroary 1975. Mampalahelo anefa, fa tsy niherina akory ny andro nandraisan'ny Kolonely io fahefana io, dia maty nisy namono teny Ambohitovo izy ny 11 Febroary 1975.

Hita araka izany fa nafampana tokoa ny toe-draharaha pôlitika teto Madagasikara. Mba nanao ahoana kosa ny sehatry ny toe-karena sy ny fiainam-piaraha-monina?

212)Ny toe-karena sy ny fiainam-piarahamonina

Ny firosoana mankany amin'ny fanagasiana no tanjona. Hita hatrany amin'ny sehatry ny fambolena sy fiompiana izany. Tantsaha rahateo ny ankamaroan'ny Malagasy ka mora ny fanentanana. Nifanandrify tamin'ny fakan'ny fanjakana an-tanana ireo tany tsara sy be velarana teo ampelatanan'ny voanjo koa ny raharaha. Izay hampandroso ny toe-karena sy tsy hiankinany intsony amin'ny any ivelany no nokendreny. Fiainam-piarahamonina toy inona no hita?

Na dia nanao ezaka aza ny fanjakana vaovao nijoro, dia mbola nitohy hatrany ny fikoroson'ny fiainan'olona. Nananontanona ny adim-poko ka nanainga ny vahoaka hijery ifotony ny zava-manahirana ny fanjakana mba hiaroka vahaolana handaminana izany. Hita araka izany, fa zava-manahirana no nifamahofaho teo amin'ny fiainan'ny vahoaka. Andeha indray hojerena ny mikasika ny kolon-tsaina sy ny fampianarana.

213)Ny kolon-tsaina sy ny fampianarana

Ny fanandratana ny maha-Malagasy sy ny fanagasiana ny fampianarana hatrany no nironana teto. Nisy fiantraikany, tsy teo amin'ny

rafi-piarahamonina ihany, fa hatrany amin'ny fomba amam-pahendrena Malagasy mihitsy ny fanomezan-danja ny vola. Mitatitra izany i Emilson Daniel ANDRIAMALALA manao hoe:

“Noho ny fitiavam-bola tafahoatra nentintsika namono ny tena fisainana Malagasy dia nanjary nanana izao toetra hafahafa izao isika: mitangorona fa tsy miray”⁽⁶³⁾

Nihanahazo vahana koa ny fakan-tahaka teo amin'ny fomba amam-piaina tandrefana toy ny fihetsika, fitafy, fiteny⁽⁶⁴⁾.

Noho ireo rehetra ireo nifamahofaho be loatra teo amin'ny fiainan'ny Malagasy, dia hanahirana ny fiainana, satria tsy mora ny lalana ho any amin'ny fampandrosoana izay efa imatimatesan'ny rehetra.

Ny fifamahofahon'izany rehetra izany no ho taratra ato amin'ny vanim-potoanan'ny 1975-1991.

22) Vanim-potoana :1975-1991

Taorian'ny nahafatesan-dRATSIMANDRAVA, dia naverina ho eo am-pelan-tanan'ny miaramila indray ny fitantanana ny fiainam-pirenena. Koa mbola hojerena miandalana ny fivoaran'ny zava-nisy teo amin'ny teti-pitondrana, ny toe-karena, ny fiainam-piarahamonina ary ny kolon-tsaina sy ny fampianarana.

221)Ny teti-pitondrana

Ny jeneraly Gilles ANDRIAMAHAZO no nandray indray ny fitondrana. Noho ny zava-nisy voalaza tetsy aloha, dia nampiharina teto Madagasikara ny lalànan'ny tany misy hotakotaka. Voarara ny fivorivorianana, na andro na alina. Tao anatin'izany fotoana fohy izany koa anefa no nanomanana ny

⁶³ (E.D.) ANDRIAMALALA, *Ny Fanagasiana*, Antananarivo, 1974, tak.54

⁶⁴ (H.) DESCHAMPS, *Histoire de Madagascar*, tak. 312

fifidianana izay ho filoham-pirenena vaovao, sy nandrafetana ny lalàm-panorenana hampijoroana ny Repobilika II. Nandresy ny “ENY”, izay midika fa nanaiky an-dRATSIRAKA Didier ho filohan’ny Repobilika II ny vahoaka, sady nankato ny lalàm-panorenana vaovao. Ny 21 Desambra 1975 no nanaovana io fitsapan-kevi-bahoaka io, ka ny 30 Desambra 1975 ihany dia efa nandray ny fitondrana tamin’ny fomba ôfisialy ny filoham-pirenena vaovao.

Ny sori-dalana Sôsialisma Revôlisiônnera araka ny Boky Mena no fototra niorenan’ity fitondran-dRATSIRAKA ity.

Navondrony ho ao anatin’ny Manda Tehezana Miaro ny Tolom-piavotana ireo antoko pôlitika nisy tamin’izany. Ireo filohan’antoko kosa dia nataony ho Mpanolo-tsaina Avon’ny Tolom-piavotana izay fantatra tamin’ny anarana hoe: C.S.R. ⁽⁶⁵⁾.

Ny zava-dehibe nimasoan’ity sori-dalana ity dia ny fanomezana fahefana ny vahoaka. Nitsangana ny V.I.P. ⁽⁶⁶⁾ iza hisahana ny fitsinjaram-pahefana isaky ny Fokontany, Firaisana, Fivondronana ary Faritany.

Nisokatra tamin’ny fifandraisana tamin’ny vazan-tany efatra ny pôlitika narahan’ity Repobilika II ity. Io ilay antsoina hoe: “Politique tous azimuts”.

Raha ireo zava-baovao ireo no nisongadina teo amin’ny tetipitondrana, toe-karena sy fiainam-piarahamonina manao ahoana no hifanandrify amin’izany?

222)Ny toe-karena sy ny fiainam-piarahamonina

Ezaka ho fanatsarana ny fambolena no nibahan-toerana teto. Maro ny toho-drano sy ny lakan-drano namboarina mba hanondrahana ireo

⁶⁵ Conseil Suprême de la Révolution

⁶⁶ Vondrom-bahoaka Itsinjaram-Pahefana

toeram-pambolena nisy. Niroborobo ny fampiasana ireo masinina isan-karazany toy ny angadin'omby sy ny tirakitera. Nahavita asa haingana sy nanamora ny fanangonam-bokatra ny fampiasana ireny fitaovana ireny. Mba hahafahan'ny tantsaha manana fitaovana maharaka ny toetr'andro, dia natsangana ny B.T.M. na ny Bankin'ny Tantsaha Mpamokatra mba hisamborany vola amin'ny zanany ambany dia ambany.

Anisan'ny nanamarika ity sori-dalana Sôsialista ity koa ny fampivondronana ny olona hiditra anaty kaoperativa. Ankoatra izay, saika nalain'ny fanjakana ho eo am-pelan-tanany avokoa ny fanalahidin'ny famokarana, tamin'ny alalan'ny fananganana ny SINPA na ny Société d'Intérêt National des Produits Agricoles. Ny hialana amin'ny mpijirika nany mpanelanelana no anton'izany. Ny banky, ny trano fiantohana samihafa, ny famatsiana solika ary ny jiro sy rano dia samy nalainy avokoa.

Ny tena zava-dehibe nisongadina tamin'ity vanim-potoana ity koa, dia ny fialana tao anatin'ny "faribola franc" ka nananganana ny Banky Foiben' I Madagasikara hisahana ny fiantohana ny vola Malagasy.

Marihina fa tsara ireo fepetra ireo, saingy maro ny fanakantsakanana sy fanelingelenana nataon'ireo orinasa vaventy very tombon-tsoa. Hanao ahoana ny fiainam-piarahamonina eo anatrehan'izany zava-nisy izany?

Naverina tamin'ny fokonolona indray ny fitantanana ny faritra misy azy. Nampanatonina ny vahoaka ny toeram-pitsaboana tamin'ny alalan'ny fanorenana tobim-pahasalamana hatrany ambanivohitra.

Natsangana ihany koa ny Ministeran' ny mponina hikarakara ireo vahoaka madinika, indrindra ireo zatovo tsy an'asa. Nihatsara ny fiainan'izy ireo. Niova ho Tanora Tonga Saina na T.T.S. ny anarany. Niova koa anefa ny toetrany satria lasa mpihetraketraka tamin'ny olona sendra nandalo teny amin'ny tobin'i "Pochard" ry zareo. Izany no nahatonga ny mpanao haiady "Kung Fu" hanafika azy. Niditra an-tsehatra ny fanjakana niaro ireo

zatovony, ary nandripaka ny mpanao “Kung Fu”. Tetsy ankilany, nihanikoroso hatrany ny fiainan’ny mponina. Nanjaka ny varo-maizina, ny tsy fisian’ny kojakoja fototra ilaina andavanandro. Anisan’ireny ny menaka, ny savony, ny vary, sns. Raha sendra nahita izany aza, dia novidin-dafo, na nilaharana, ary voafetra ny anjara azon’ny tokantrano tsirairay izay voatsinjara arakaraka ny isan’ny olona iray trano.

Tetsy andininy vokatr’izany, nihabetsaka ireo mpivarobarotra kely, izay taratry ny fahantran’ny ny vahoaka Malagasy. **“Ny asa soratra moa dia teraka avy amin’ny fandinihana ny zava-misy”** ⁽⁶⁷⁾. Koa izany indrindra no nahatonga an’lly ⁽⁶⁸⁾ haneho ato anatin’ny tantara mitondra ny lohateny hoe: “Mikatsaka ny fiadanana” ny fahasahiranana manjo ny vahoaka Malagasy. Nahazo vahana ny varobarotra kely nataon’ireo olona sahirana ara-pivelomana. Ary raha mba sendra nanam-bola kely avy eo, dia mivarilavo indray amin’ny faharatsiam-pitondran-tena. Raha toy izany ny mikasika ny toe-karena sy ny fiainam-piaraha-monina, inona indray no hiseho ao amin’ny kolon-tsaina sy ny fampianarana ?

223)Ny kolon-tsaina sy ny fampianarana

Teo amin’ny resaka kolon-tsaina manokana, dia nentanina ny Malagasy handala ny maha-izy azy. Natsangana ny Ministeran’ny Kolon-tsaina sy ny Fanolokoloana ny Zava-kanto Revôlisiônera. Nomen-danja ireo fomba amam-panao Malagasy isam-paritra toy ny: Fitampoha, Sambatra, Tsangantsaina sns. Nofohazina ireo dihy maneho ny maha Malagasy tahaka ny vako-drazana. Hampivelarana izany rehetra izany no nananganana ny VAREMA na ny Vondron’ny Artista REVôlisiônera Malagasy.

⁶⁷ (M.) KHRAPTCHENKO, *La personnalité de l'écrivain et l'évolution de la littérature*, Editions du Progrès, Moscou, 1974 : « La conception d'une œuvre a le plus souvent son origine dans l'observation de la réalité »

⁶⁸ RALAISAHOLIMANANA Louïs Dominique no tena anarany

Nanomboka teto dia voarara ny fanondranana ireo haren-tsaina Malagasy vokatry ny kolon-tsaina ho any ivelany. Nohatevenina sy nokarakaraina ireo trano fitahirizam-bakoka sy ireo toerana manan-tantara mba hahafantaran'ny taranaka aty aoriana ny Fiandrianam-pirenena Malagasy nisy tany aloha.

Natsangana ny Tranom-bokim-pirenena mba hahafahan'ny vahoaka Malagasy mamaky boky sy mandalina tsara ny fahalalana ny tantaram-pireneny. Hanana ny akony eo amin'ny fampianarana izany famelomamaso indray ny maha Malagasy izany.

Anisan'ny nampirodana ny Repobilika I ny taona 1972 ny tolobahoaka nitaky ny Fanagasiana. Nanomboka teto dia niezaka ny mpitondra fanjakana nanao izay hamahoahana sy hanagasiana ny fampianarana. Nosokafana sy naporitaka manerana ny Nosy ireo sekoly marobe. Ny Sekoly Fanabeazana Fototra na SFF dia natao isaky ny fokontany. Ireo Sekoly Ambaratonga Faharoa Fototra na SAFF kosa dia najoro isaky ny Firaiana, ary ny Sekoly Ambaratonga Faharoa Manokana na SAFM dia naorina isampivondronana. Ny oniversite indray dia natsangana tany amin'ny renivohiparitany enina.

Tsy nisy foto-drafitr'asa maty paika anefa nampiarahan-dalana tamin'izany fanovana izany. Hany ka toa nandeha ila ny ezaka natao. Nofanina tanatina fotoana fohy monja ireo mpampianatra nasaina nandray an-tanana ny fampianarana, toy ireo zatovo vao afaka bakalorea na ireo mpanao fanompoam-pirenena ivelan'ny tafika (Service National) izany. Tetsy ankilany, tsy maharaka ny filan'ny mpianatra ireo fitaovana nilaina, tahaka ny efitrano, solaitra be, dabilio, sns.

Ny Fanagasiana nantenaina dia nivaona tamin'izay noheverina. Tsy ampy fanomanana mialoha moa, ka zary fandikana voambolana frantsay ho amin'ny Teny Malagasy no nandraisana ny hoe:"Fanagasiana". Tetsy andaniny, ny rafi-pampianarana tamin'ny andron'ny fanjanahan-tany ihany

no mbola notohizana. Tsy mahagaga raha ratsy ny fandraisan'ny mpianatra sy ny Ray aman-dreny ny fanagasiana. Notsaraina ho olona tsy nandalina ny Teny Malagasy akory ireo nasaina nandika teny satria voambolana hafahafa no noforoniny hampiasaina hoenti-mampianatra. Nisy gazety aza sahy naneho ny fahadisoam-panantenany mikasika ity fandraisana ny fanagasiana ity hoe:

“Tsy mba nitaky ny fanagasiana ny fampianarana izahay raha nampoizinay ho toy izao no fandehany [...] olona tsy nianatra Teny malagasy no asaina mamorona karazan-teny mampivadika ati-doha ny ankizy ao amin'ny boky ianarany.” ⁽⁶⁹⁾

Ny zanaky ny mpitondra sy ireo manan-katao dia nalefany nianatra tamin'ireo sekoly tsy miankina an-doavam-bola lafo, ary nomaniny handranto fianarana any am-pita avy eo. Miharihary amin'izany fa toa tetidratsy hiankinan'ny fampianarana ny zaza Malagasy amin'ny rafipampianaran'ny mpanjanaka no natao. Toa nisy olona nahay nanararaotra ny tsy fahalavorarian'ny fanagasiana mba hamerenana indray ny pôlitikampampianaran'ny mpanjanatany.

Na dia te hampanjaka ny tena fahafahana aza ny mpitondra fanjakana teto, dia maro ireo mpamingampingana teny an-dalana rehetra teny nisakana ny diany. Tsy tafavoaka araka ny tokony ho izy izany ny fandraisana ny fanagasiana, hany ka toa very momoka ireo ezaka mba natao. Hampanahy ny ho fizotry ny zava-misy ao amin'ny Repobilika III, tapany I raha izany.

3) Ny Repobilika III, tapany I: 1991-1996

Nafanafana ny toe-javatra nitranga naneran-tany, izay nivotra haingana dia haingana. Tany amin'ireo firenena lehibe no nipoiran'ny

⁶⁹ Gazety *Maresaka*, nivoaka ny 05 Mey 1976

fiovana goavana, ary niantraika hatraty amin'ireo firenena andalam-pandrosoana. Ny lafiny teti-pitondrana, ny toe-karena sy ny fiainam-piarahamonina ary ny kolon-tsaina sy ny fampianarana no tena lasibatra tamin'izany. Hijerena ifotony ny toe-draharaha, dia ireo lafin-javatra ireo no hanaovana topy maso fohy.

31) Ny teti-pitondrana

Tany ivelany, niaina tao anatin'ny tebiteby, ary niantrana am-bava basy ny ankamaroan'ny vahoaka isam-pirenena noho ny fifanoherana pôlitika. Niditra nandamina tany amin'ny firenena nisehoan'ny korontana ny tafika misatro-mangan'ny Firenena Mikambana. Ny hampandry tany no anton'izany. Vaky ny ady teo amin'ny Amerikana sy ny Irakianina ny taona 1991, tany amin'ny faritr'I Golfe Persique. Nanahy ny hipoahan'ny ady lehibe III ny vondrom-pirenena maneran-tany toy ny Vondrona Eoropeana, ny Rosiana, ny Arabo, ny Afrikana, sns. Nanao fivoriam-be tsy ara-potoana ny Firenena Mikambana hitady ny fomba hamahana ny olana. Betsaka ireo firenena nanampy ny Amerikana hiara-hanamontsana ireo fitaovam-piadiana mahery vaika teo am-pelan-tanan'Irak.

Nodoran'ny miaramila Irakianina ny tobin-tsolintaniny tao Koweit ho setrin'izany. Hiantraika eo amin'ny fiainam-pirenena maneran-tany izany toe-javatra izany, ary handoto ny tontolo iainana ihany koa. Rehefa voafehy ny toe-draharaha, dia nametrahana sampam-pitsikilovana iraisam-pirenena tany Irak.

Taty Eoropa atsinanana kosa, nanomboka nitsoka tany amin'ireo firenena nandala ny foto-kevitra sôsialista ny demôkrasia. Ho an'I Rosia manokana dia nivoy ny pôlitika vaovaon'ny fanalalahana sy ny fanavaozana ny toe-karena ary ny fitantanan-draharaham-panjakana ny filoha Mickaël

GORBATCHEV. “Perestroika” ⁽⁷⁰⁾ sy “Glasnost” ⁽⁷¹⁾ no anarana nisaloran’io pôlitika vaovao io.

Ankoatra izany, vokatr’ilay fihaonam-be natao tany Parisy ny taona 1990, dia saika nikorontana avokoa ireo firenena kôminista maro tany Erôpa atsinanana. Santionany ny niseho tany Tchecoslovaquie, Roumanie, sns. Nitambatra kosa anefa ny RFA ⁽⁷²⁾ sy ny RDA ⁽⁷³⁾ ny taona 1990 rehefa noravana ny rindran’i Berlin.

Taty Madagasikara indray, dia nohindraindraina ny Fiovam-penitra mahery vaika tamin’ny fanarahana an-tsakany sy an-davany ny sori-dalana sôsialista Malagasy araka ny Boky Mena. Fialana amin’ny fahantrana sy fampitovian-tsaranga no lalana hahatratrarana izany. Ny tarigetra nokendrena dia ny hoe: “Tanin-drazana, Tolom-piavotana, Fahafahana”. Nifanohitra tanteraka tamin’ny zava-nokatsahina anefa ny nitranga. Vokany, nidina an-dalambe ny vahoaka notronin’ireo mpanao pôlitika samihafa fa handrava ny fitondran-dRATSIRAKA. Nandray anjara tamin’ity fitokonana ity, rehefa mety ho hery velona teto amin’ny firenena: na mpiasam-panjakana, na mpiasa tsy miankina, na ireo mpiasan’ny orinasa afa-kaba, hatramin’ny mpianatry ny ambaratonga ambony dia samy nandray anjara tamin’izany fitakiana izany avokoa.

Ny 10 Aogositra 1991 no nanaovana ny “Diaben’ny fahafahana” teny lavoloha. Tifitra variraraka sy fanapoahana grenady no nitsena ireo mpitolona. Ny naratra naratra, ny maty maty. Ho fanoherana ny fitakian’ny Herivelona nanerana ny faritany, dia nijoro ny Federalista sy ny M.M.S.M. Tsy nahomby anefa izany, fa rava ihany ny governemantan’ny Repobilika II, notarihan’ny Praiministra RAMAHATRA Victor.

⁷⁰ « Restruction de la Société civile Soviétique dans le sens de la libération », Dictionnaire Hachette, Ed.illustrée 2003

⁷¹ « Transparence des institutions, des structures bureautiques » Dictionnaire Hachette, Ed. illustrée 2003.

⁷² République Fédérale d’Allemagne.

⁷³ République Démocratique d’Allemagne

Mbola nijanona ho filoha RATSIRAKA Didier taorian'io famonoana olona mahatsiravina nataony io. Ny fihaonana an-databatra boribory sy ny fanapahan-kevitra noraisina tamin'ny "Fifanarahana niarahana nanaiky ny 31 Ôktôbra 1991" n any "Convention du 31 Octobre 1991" no nametra izany. Io fihaonana io dia vokatry ny fanerena nataon'ireo vahiny avy any ivelany. Ny Raiamandreny avy ao amin'ny FFKM ⁽⁷⁴⁾ kosa no mpanelanelana. Tao amin'ny Hôtel PANORAMA, teny Andrainarivo no nanatanterahana ireo fihaonana rehetra ireo.

Tsy nahavaha olana anefa izany. Mbola nanohy ny fitokonana hatrany ny vahoaka na dia efa niova ho Andriamatoa Guy Willy RAZANAMASY aza ny Praiministra. Notendrena ho Praiministra lefiny kosa Andriamatoa Francisque RAVONY. Napetraka ho Filohan'ny Fahefana Avom-panjakana indray ny Profesora ZAFY Albert. Andriamatoa isany: ANDRIAMANJATO Richard, Manandafy RAKOTONIRINA, no natao mpitarika ny fampandrosoana ny toe-karena sy ny sôsialy. Nampandraiketina ny tany amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana na ny H.C.C. ⁽⁷⁵⁾, Andriamatoa Norbert Lala RATSIRAHONANA. Ny Ministry ny toe-karena kosa dia Andriamatoa Marson Evariste. Valo ambin'ny folo volana no naharetan'io teteza-mita niaraha-nitantana io. Tao anatin'izany fotoana izany no namolavolana ny fitsapan-kevi-bahoaka handaniana ny volavolam-dalàm-panorenan'ny Repobilika III sy nikarakarana ny fifidianana izay ho filoha hitantana azy. Marihina fa iray voalohany no natao mialoha.

Lany ho filoham-pirenena ny prôfesa ZAFY Albert ny taona 1993. Raha vao tonga teo amin'ny fitondrana izy, dia nialany tanteraka ny sori-dalana sôsialista. Nirosoany kosa ny foto-kevitry ny fanalalahana na ny "liberalisme". Ny tarigetra novoiziny dia ny hoe: "Tanindrazana, Tolom-piavotana, Fahamarinana". Tafajoro ny Repobilika III, Andriamatoa

⁷⁴ Cf Supra note N°18, tak 14

⁷⁵ Haute Cour Constitutionnelle

RAVONY no lasa praiministra. Tsy nitovy fomba fijery loatra anefa izy sy ny filoham-pirenena. Nanova lalàm-panorenana hahazo manendry praiministra izay tiany hiaraka aminy ny filoha. Nohafoheziny ho dimy taona ny fotoam-paharetan'ny filoha ary indroa ihany no mahazo mirotsaka hofidina amin'izany andraikitra izany. Nanaiky ireo rehetra ireo ny Solombavam-bahoaka. Rehefa izany dia nosoloin'ny ny Filoha ZAFY Albert an' Ingahy Emmanuel RAKOTOVAHINY ny praiministra Francisque RAVONY. Tsy nahatapitra ny fe-potoana maha filoha azy anefa ny Prôfesa ZAFY Albert, fa nanaovan'ny Solombavam-bahoaka fitsipaham-pitokisana. Vokany, niato tamin'ny maha filoha azy ny tenany ny taona 1995. Andriamatoa Norbert Lala RATSIRAHONANA no nitondra ny governemanta mandra-pahavitan'ny fifidianana izay ho filoham-pirenena vaovao. Izany hoe: niverina fanindroany ny teteza-mita. Niverina teo amin'ny fitondrana indray ny Amiraly RATSIRAKA rehefa lany tamin'ny fitsapan-kevi-bahoaka. Nampanantena ny vahoaka Malagasy izy fa hivimbina zava-baovao ho an'ny firenena. Hisy fiantraikany eo amin'ny toe-karena sy ny fiainam-piarahamonina izany fahasahiranana ara-pôlitika nisesisesy izany.

32) Ny toe-karena sy ny fiainam-piarahamonina

Fiaraha-miasa tamin'ny tany ivelany no nataon'ny mpitondra. Toe-karena Malagasy miankin-doha no hita nandritra ny fifandimbiasam-pahefana. Tao an-tsain'ny mpitondra ihany ny hanatsara ny lafiny toe-karena, saingy nandamoka ny fomba nanatanterahany azy. Henjana ny fepetra notakin'ireo mpamatsy vola iraisam-pirenena. Fomba fiasa manararaotra ny fahaporetan'ny tany mahantra no nampihariny. Isan'izany ny fanalalahana ny tsenam-barotra, sy ny tsy maintsy hisintahan'ny Fanjakana amin'ireo orinasa mpamokatra. Manginy fotsiny, izay niteraka fahasorenana ho an'ny besinimaro, ny fampihenana ny kitapom-bolampanjakana momba ny karaman'ireo fônksiônera. Nahena toy izany koa ny teti-bola mikasika ny fahasalamana sy ny natokana ho an'ny fampianarana.

Ankoatra izany, dia ny fanitsiana ara-drafitra sy ny fanafoanana ny fanampin'ny Fanjakana tamin'ny fanamaivanana ny vidin'entana ilaina andavanandro no pôlitikan-toe-karena voatery narahina.

Vao mainka nihalatsaka an-katerena lalina ny toe-karena malagasy. Ireto misy ohatra na santionana orinasam-panjakana voatery nisintahany: ny SOTEMA, ny SOLIMA izay niova ho SHELL, TOTAL, GALANA, JOVENNA, ny BFV lasa BFV Société Générale, ny BTM nanjary BOA ary ny BNI niova ho BNI Crédit Lyonnais.

Marihina fa tamin'ny nitarihan'ny prôfesa ZAFY Albert, dia nisokatra tamin'ny fiaraha-miasa tamin'ireo firenena nanolo-tanana azy koa I Madagasikara. Ny famatsiam-bola mirazotra na ny “financement parallèle” no pôlitika nampihariny. Tsy nahafaly ny Mpamatsy Vola Iraisam-pirenena izany fanapahan-kevitra izany. Notapahiny ny famatsiam-bola ho an'I Madagasikara noho izany. Niteraka savorovoro teo amin'ny samy mpitondra io toe-java-nitranga io. Ho setrin'izany, dia ny hetra sy ny haban-tseranana no nampitomboina mba hamenoana ny kitapom-bolam-panjakana. Nasiana ny TVA na ny “Taxes sur les Valeurs Ajoutées », nalaina tamin'ireo orinasa. Natao nitsingevana ny sandam-bola malagasy (⁷⁶), koa dia niakatra zato isan-jato ny vidin'entana. Nimenomenona ny vahoaka satria nanararaotra ny mpivarotra. Ny mpividy teto no nizaka ny tsy eran'ny ainy. Tsapa tamin'izany fa tsy voafehin'ny Fanjakana mihitsy ny fanaraha-maso ny fisondrotry ny vidim-piainana. Tsy vitsy tamin'ireo mpaninjara ihany koa no naira-nikaikaika tamin'ny vahoaka madinika nisedra izany toe-javatra izany.

Nanampy trotraka io fahavoazana io koa ny fisian'ireo loza voajanahary indroa miantoana nahazo ny nosintsika. Voalohany, ny haintany nanjo ny mponina tany atsimo tamin'ny taona 1992. Tsy nisy

⁷⁶ Système de flottement

orana nilatsaka, hany ka tsy nisy fambolena vanona. Mosarena sy “kere” ny mponina tany. Maty ny biby fiompy toy ny akoho amam-borona, ny osy aman’ondry ary ny omby. Matin-kanohanana toy izany koa ny vahoaka. Fahasahiranam-be ho an’ny Fanjakana ny fiatrehana izany. Faharoa, nandalo ny volana Febroary 1994 ny rivo-doza “Gerald”, izay nitondra faharavana sy fahasimbana tsy hita noanoa. Ny tanàna sy ny foto-drafitrasa samihafa no tena voa mafy. Nahitana fahasimbana betsaka ny faritanin’ i Toamasina sy Antananarivo. Tapaka ny lalana, ary maro tamin’ireo tetezana no nopaohin’ny rano noho ny fiakaran’ny renirano. Potika tsy nisy noraisina toraka izany koa ireo voly fihinana sy fanondrana antoky ny fiainan’ny mponina andavanandro sy fidiram-bolan’ny firenena. Tena latsaka an-katerena tokoa ny firenena. Ho ratsy ny fiantraikan’izany eo amin’ny fiainam-piarahamonina.

Nihasarotra tokoa ny fiainan’ny vahoaka. Nitotongana izaitsizy ny harin-karena faobe. Nitombo ny vidim-piainana. Niakatra ny vidin’ny solika teo amin’ny tsena iraisam-pirenena. Nanaraka izany fiakaran’ny izany ny saran-dalana sy ny vidin’entana rehetra. Tsy hay lazaina intsony koa ny fidangan’ny hetra nalain’ny Fanjakana. Sarotra ny fitadiavana asa. Tsy mifanaraka tamin’ny fahaizana nananana ny karama. Kivy ireo Ray aman-dreny tamin’ny fampianarana ireo sombiniainy noho ny afitsok’ireo mpanam-bola manakarama varimasaka ny manam-pahaizana Malagasy. Nanjaka tanteraka tamin’ny fanararaotana, na mpanam-bola vahiny, na teratany, na tompona orinasa. Mba niezaka hamorona asa ho an’ny tanora ihany ny Fanjakana, fa tsy naharaka ny tinady ny tolotra.

Nanjaka ny tsindrihazolena, ny kolikoly sy ny fahafantarana olona. Hita tany amin’ireo sampan-draharaha samihafa sy birao maro ny tsootra. Tsy vita eo no ho eo ny taratasy karakaraina raha tsy manam-bola. Nampiraviravy tanana ny vahoaka izany haratsiana izany. Nahazo vahana koa ny asan-jiolahy. Nirongatra ny mpangalatra sy ny mpandroba. Ny

didin'ny be sandry sy ny mpanam-bola no nanjaka. Very hasina ny fihavanana sy ny fifampitokisana. Rava ny fifampitsimbinana. Potika ny soatoavina naha Malagasy ny Malagasy. Tsy misy ny fifanajana eo amin'ny samy mpiara-monina. Ny lainga sy ny fifanaratsiana ary ny fifandrafiana no nahazo vahana. Niezaka handamina ihany ny fanjakana, saingy niala maina. Nihanitombo isa ny mahantra sy ny mihinana tapa-kibo. Niparitaka ny fitaovam-piadiana. Nirongatra ny vono olona sy ireo asa fampihorohoroana. Nandry an-driran'antsy ny mponina, na an-tanàndehibe na ambanivohitra. Nitombo ny elanelana teo amin'ny manana sy ny mahantra.

Fahasahiranana goavana no niainan'ny besinimaro tato amin'ity vanim-potoana ity. Hanao ahoana ny kolon-tsaina sy ny fampianarana manoloana izany?

34) Ny kolon-tsaina sy ny fampianarana

Ny fahapotehan'ny soatoavina noho ny faharatsian'ny fiainam-piarahamonina no nisongadina teto. Ny fitiavam-bola sy ny fitiavan-tena no nanjaka. Voavidim-bola ny Marina sy ny Rariny. Rava ilay fihavanana nanamarika ny maha izy azy ny Malagasy. Potika ny fifampitokisana, samy maka ho azy ny olona.

Nisedra olana ny fampianarana ambaratonga I sy II nanomboka teto. Ireo sekoly lavitra ny renivohitra no tena voa mafy indrindra: tsy ampy mantsy ny mpampianatra sy ny fitaovana. Misy aza toerana tsy ahitana mpampianatra mihitsy fa efitrano fotsiny. Tsy tamana amin'ny toerana saro-dalana sady lavitry ny tanàndehibe ny ankamaroan'ny mpampianatra. Eo koa ny tsy fisian'ny herin'aratra, na tsena, na tobim-pahasalamana any amin'ireny toerana ireny. Vokany, rehefa tsy ampy ny mpampianatra, dia tsizarizary ihany koa ny fahalalana voarain'ny ankizy any amin'ireny faritra lavitra andriana ireny.

Misy elanelana izany ny fari-pahalalan'ny ankizy monina an-tanàndehibe sy ny an'ny ankizy any ambanivohitra. Ankoatra izany, tsy ampy koa ny fitaovana teo am-pelan-tanan'ny mpampianatra tany ambanivohitra mba hampitany fahalalana, hany ka tsy mandeha amin'ny tokony ho izy ny asa fampianarana.

Ny tena nametraka olana goavana nanampy ireo , dia ny fiverenana indray amin'ny fampiasana ny teny frantsay ho teny enti-mampianatra. Voakina mafy moa ny fanagasiana ny fampianarana tao amin'ny Repobilika II, araka ny efa voalaza. Ny manahirana anefa, dia tsy voafolaka ny teny frantsay ho an'ireo mpampianatra na mpianatra efa niaina ny fanagasiana, hany ka nitera-pahasahiranana ny fampitana sy ny fandraisana ny lesona amin'ny teny frantsay. Sahirana ny rehetra teo anatrehan'izany fiovaovana samihafa izany.

Maro tamin'ireo sekoly naorina manerana ny Nosy no voatery nakatona tsikelikely noho izany fahasahiranana izany. Ireo natsangana tato anatin'ny Repobilika III no tena lasibatra. Tsy araky ny fanjakana ny fanarenana azy ireny. Na dia nanao ezaka tamin'ny fandraisana mpampianatra vaovao aza ny mpitondra, dia tsy nahavaha olana firy izany.

Ho an'ireo mpianatra teny amin'ny ambaratonga ambony indray, dia olana ara-pedagôjika sy ara-piaramonina no nibahan-toerana. Tsy ampy ireo fitaovana nandraisam-pahalalana, sady tsizarizary ny toeram-ponenana ho an'ny mpianatra. Etsy ankilany, nidangana izaitsizy ny vidimpiainana, niakatra ny saran-dalana. Etsy andaniny anefa, tsy nitsahanisondrotra ny saran'ny fampitaovana ilain'ny mpianatra. Ny hoentimanana tsy maharaka ny fahefa-mividy. Raha mba te hamorona asa mahaleo tena indray, dia tsy ampy ny teo am-pelan-tana'ireo tanora nahavita fianarana.

Nanao fitakiana ihany ry zareo, fa toa tsy ren'ny mpitondra ny antsoantsony. Nampihena ny risi-pon'ireo zaza Malagasy ho tia fianarana izany tsy fanomezan-danja ny manam-pahaizana izany.

Ndeha ary hofehezina ireo hevi-dehibe nisongadina tato amin'ity fizarana voalohany ity.

FEHINY

Mizara telo miavaka tsara ireo toko hita ato amin'ity fizarana voalohany ity. Tao amin'ny toko voalohany no nilazalazana ny fiaimpiainan-dRABENJA Solomon amin'ny maha-olon-tsotra azy. Ny toko faharoa kosa no niresahana ny fiaimpiainany amin'ny maha-mpanoratra azy. Ny toko fahatelo no namahavahana ireo zava-nisy nifandimby niako teo amin'ny asa sorany. Ireo toko telo ireo no nitarafana fa anisan'ireo mpanoratra mpanabe, kintan'ny taon-jato faha XX ity mpanoratra ity.

Ny nanamarika ny toko voalohany dia ny firesahana ny loharano nipoirany, ny fifandraisany tamin'ny ankohonany sy ny fianakaviany, ary ny fiaimpiainany teo amin'ny sehatry ny finoana sy ny fiarahamonina.

Ny toko faharoa kosa no nandinihana ny fiaimpiainany amin'ny maha-mpanoratra azy. Ny fototra niavian'ny talentany sy ny fomba famoronany no nofantarina tamin'izany. Tsy izany ihany, fa nojerena koa ireo mpanankanto nifandray taminy sy ny fikambanana nisy azy; ary farany no namelabelarana fohy ny amboaran-tonokalo *AKO SY ANTSO* indray mitopy.

Ny toko fahatelo sady farany moa no nanehoana ireo zava-nisy nifandimby teo amin'ny fiainam-pirenena nandritra ny Repobilika telo nifandimby. Ny lafiny teti-pitondrana, ny toe-karena sy ny fiainam-piarahamonina ary ny kolon-tsaina sy ny fampianarana no nifandimbiasana nojerena. Marihina anefa fa izay zava-nitranga tao anatin'ny Repobilika fahatelo, tapany voalohany ihany no nohalalinina.

Hanako any amin'ny asa soratry ny mpanoratra ireny toe-java-nitranga ireny satria:

“Ny mpanoratra dia mpamohitra ny ambany maso tsy hita (...) mpanambara ny zava-misy”⁽⁷⁷⁾

Ho tsapa mivaingana ato ireo zava-nanahirana nolalovan'ny firenena sy ireo ezaka nentina namahana ireo olana nisy na teo amin'ny mpitondra, na teo amin'ny vahoaka. Eto koa no hanovozana lesona hoenti-manarina izay lesoka hanatsarana ny fiainan-ko avin'ny tsirairay sy ny an'ny firenena manontolo.

⁷⁷ Nalisoa RAVALITERA, *Aingam-pivoarana*, gazetin'ny FIMPATEMA, lah 6, tak.50

**FIZARANA II: IREO ENDRI-
PANABEAZANA TARAFINA
AO AMIN'NY AMBOARAN-
TONONKALO AKO SY
ANTSO**

Fizarana II: Ireo endri-panabeazana tarafina ao amin'ny Amboaran-tononkalo *AKO SY ANTSO*

Maro ireo tarakevitra azo tovozina ato amin'ity amboaran-tononkalo AKO SY ANTSO ity⁷⁸. Ny hosinganina manokana dia ny mikasika ny « Fanabeazana ». Mitana anjara toerana lehibe amin'ny famolavolana ny maha- olona mantsy izy io. Manomboka eo amin'ny fahazazana ny « Fanabeazana », ary miainga eo anivon'ny fianakaviana. Manamafy izany i Régis RAJEMISA RAOLISON manao hoe : **« Ny Fanabeazana dia fanolokoloana ny zaza mba hanomezana azy toetra tsara ka hahatonga azy ho lehibe, ho olom-banona. Zava-tsarotra, ary manomboka indrindra eo amin'ny fianakaviana ny fanabeazana ny zaza »**⁷⁹. Lafin-javatra telo no hanompanana ny fanadihadiana ato amin'ity fizarana faharoa ity dia : ny fanabeazana ny olona ho tia tanindrazana sy ny fanabeazana ny olona hiaro ny fahafahana efa azony, ary ny fanabeazana atolotry ny mpanoratra hiatrehana ny zava-tsarotra eo amin'ny fiainana

Toko I : Fanabeazana ny olona ho tia Tanindrazana

Mila fitaizana sy fikoloana ao am-pon'ny vahoaka ny fitiavan-tanindrazana, fa tsy tongatonga ho azy. Manana anjara biriky goavana amin'izany tanjona izany ny mpanoratra, noho izy mpitarika sady mpanabe ireo mpiray tanindrazana aminy. Hoy i Lila RATSIFANDRIHAMANANA milaza izany : **« Ny mpanoratra indrindra no andrasana hitarika, ho lohalaharana, ho fanoitra eo amin'ny fanefena ny toe-tsain'ny mpiara-belona »**⁸⁰. Koa ny fanabeazana ny olona ho tia Tanindrazana tovozina ato amin'ny asa soratry RABENJA Solomon, dia miompana amin'ny

⁷⁸ Cf Supra note N°5 tak.6

⁷⁹ (R.R) RAOLISON, *Rakibolana Malagasy*, Ambozontany Fianarantsoa, 1985, tak.210

⁸⁰ Rary RANTO 95, tak.11

fampahalalana ny hasarobidin'ny Tanindrazana sy ny fampitiavana ireo nentin-drazana ary ny fanandratana ny hasin'ny Teny Malagasy.

1) Fampahalalana ny hasarobidin'ny Tanindrazana

Nanana ny lanjany tokoa teo amin'ny fisainana malagasy ny fiheverana ny tanindrazana. Saika miresaka momba izany ny ankamaroan'ireo mpanoratra. Anisan'ireny RABENJA Solomon, izay nampahafantatra tamin'ny alalan'ireo asa sorany ny hasarobidin'ny Tanindrazana.

Ara-piforonan-teny, ny teny hoe: "Tanindrazana" dia teny roa natambatra avy amin'ny "tany" sy ny "razana", izay midika fa ny tany an'ny razana. Ny razana izay fototra nipoiran'ny taranaka mifandimby sady tompoan'ny tany. Tsy mifanalavitra amin'izany ny voalazan-dRADO ao amin'ilay tononkalony mitondra ny lohateny hoe:"Gasikarako"⁸¹:

"Fa hatramin'ny fahagola, tany ambadiky ny tazako

Dia ianao no anjara tany izay natolotra ny razako

Ianao no lova soa sarobidy mba nananany

Dia ianao, ry Gasikara, ilay napetrany ho an-janany."

Ambarany amin'izany, fa i Madagasikara no zara tanin'ny Malagasy, sady anjara lovany.

Ny *Rakibolana Malagasy*, raha mamaritra ny tanindrazana dia manao hoe:"Ny tanindrazana dia tany niavian'ireo razana ary ilevenany"⁸². Asongadiny amin'izany, ny maha fiandohana sy fiafarana ny tanindrazana. Miombom-pijery amin'izany RABENJA Solomon amin'ny asa sorany mitondra ny lohateny hoe: "Gasikarako"⁸³

⁸¹ RADO, « Gasikarako », Zo,1996,tak.21-22 and.2

⁸² (R.R) RAOLISON, Rakibolana malagasy, Ambozontany, Fianarantsoa, 1995 tak.924

⁸³ V.a tak 11, and 1

“Vovoka no niandohana sady mbola hodiana koa!

Ary izao inoako marina fa ny vovoka niaviako

Sady mbola iverenako dia taminao tokoa

Ry Gasikara tanindrazako! Ry Gasikara Tany Tiako!

Manan-danja izay rehetra mahakasika ny tanindrazana, hatramin’izay heverina ho bitika indrindra, dia ny vovoka izany. Misy ifandraisany amin’ny finoana kristianina izany fomba fandinika izany. Ny Baiboly mantsy dia manambara hoe:”Ary vovo-tany no namoronan’i Jehovah Andriamanitra ny olona”⁸⁴, ary koa: “fa vovoka hianao, ary hiverina ho amin’ny vovoka indray”⁸⁵. Milaza ny asam-paharian’Andriamanitra ny fiainan-janak’olombelona izany, dia ny amin’ny fiandohany sy ny fiafarany. Mbola manamafy izany koa ny voasoratra amin’ny hoe: “Raha tsy misy ianao”⁸⁶

“Tiako i Dada, tiako i Neny!

Ny razambeko: tena mamiko!

Saingy tsy ho nisy ireny

Raha tsy nisy ianao ry taniko!”

Mibaribary araka io tononkalo io, fa fototry ny fisian’ny fianakaviana ny tany. Tsy izany ihany fa fitaovana nentina namolavolana ny rafi-batana sy ny safidy izay maha-izy azy ny tena, ary mpitahiry ny tavony ny tany . Mbola io tononkalo eo ambony io no maneho izany:

“Novolaina taminao

ny rafi-batako tontolo,

⁸⁴ « Genesisy 2⁷ » *Ny Baiboly*, Fikambanana Mampielany Baiboly, 1986, tak.6

⁸⁵ « Genesisy 3¹⁹ », *Ny Baiboly*, Fikambanana Mampielany Baiboly, 1986, tak.7

⁸⁶ *V.a* tak.21 and 1

sy izay rehetra anatiko ao:

novelominao daholo.

Ianao no kibo nitahiry:

ny tavony sarobidiko,

sady faka nampitsiry

ny tsanganan'ny safidiko”⁸⁷

Ny olona tsy manana tanindrazana dia “very hasina”, satria tsy manan-kifaharana eo amin'ny fiainana. Izany tranga izany no hita ato amin'ny tononkalo hoe: “Aza tsiniana”⁸⁸

(...)

“Ny olona levona tsy mba manana:

na tany na fasana na tantara;

tsy misy hifikirana, hifaharana,

hoenti-milaza sy manambara

ny izao sy izaon'ny fiaviana.”

(...)

Araka ny fantatra, ny fasana dia mpandroba ny aina. Tsy azo avalana rano anefa ny faty, fa tsy maintsy alevina ao aminy. Noho izany, zava-dehibe ny fisian'ny fasana, ka tsy tokony hozimbazimbaina.

⁸⁷ Ibid note N°86, tak 54, and 2-3

⁸⁸ V.a tak.133 and.2

Hampieritreretana ny olona sahy manao tsinontsinona ny fasana no nahatonga an-dRABENJA Solomon hiventy ny hoe: “Aza manozona”⁸⁹:

“Nahoana no latsalatsaina,

ompaina sy tevatevaina

(...)

Nahoana no tsinitsiniana

lazaina ho mpandroba ny tiana,

‘reo fasana mety hiampofo

ny vatana efa niofo”

(...)

Azo tsoahana avy amin’io asa soratra io koa fa anisan’ny fitiavantanindrazana ny fanajana ny fasana.

Fanampin’izany, raha toa misy ny faharesena an-tanin’olona, dia ny tanindrazana no fiavotana noho ireo harena ananany. Milaza izany ny tononkalo hoe: “Ity Nosintsika ity”⁹⁰

“(…)

Ity nosintsika ity manan-javatra omena: hamafana fahoriana

(...)

maha-olon’ny olona; na ny hazo, na ny ao ambany tany

ananantsika be dia be... hanarenam-pirenena”

⁸⁹ V.a tak 53 and. 1-2

⁹⁰ V.a tak 30 and.3-4

Araka izany, zava-dehibe ny fodiana an-tanindrazana. Ireo tafasaraka na voageja an-tanin'olona, dia nahatsapa izany. Maneho fifaliana sy fahafahana ary fananan-jo ny fitodiana amin'ny tany niaviana. Ny tononkalo "Aza tsiniana"⁹¹ no ahitana izany:

"(...)

Ny mody amin'ny toerana nisarohana

no mamy indrindra sy fifaliana

fa, hananan-jo sy fahafahana"

(...)

Tamin'ny andron'ny fanjanahan-tany, dia marina tamin'ireo mpikambana tao amin'ny Vy Vato Sakelika na ny V.V.S izany toe-javatra izany, satria niainany. Ny tononkalon'Ny Avana RAMANANTOANINA hoe "Izay sambo izay"⁹² ohatra, dia maneho fa fahasambarana ny fodiana an-tanindrazana:

"Mba sambatra ho'aho iry sambo iry,

Fa lalan'ny mody mankany aminay;

Fa reraka kosa ity tenako ity

Fa voro-mifatotra, latsaka an-kay"

Etsy andanin'izany, hamafisin'ny mpanoratra fa miainga eo anivon'ny tanindrazana ny fandrosoana na ny fivoarana kendrena. Ny tononkalo hoe: "Aza tsiniana"⁹³ no mitatitra izany:

"Ny faka mitsimoka mamololona:

⁹¹ V.a tak.133 and.2

⁹² Ny AVANA RAMANANTOANINA, « Izay sambo izay », *Ny Ranovelona*, lah.13, Avril 1926

⁹³ Ibid note 86, tak.54, and. 1

ny tany no masaka fa tsy ngazana.

Tsy afa-mivoatra ny zanak’olona

raha tafasaraka tanindrazana

fa, ao voatahiry ny tena aina,”

Etsy ankilany, ho an’ny Malagasy, na inona na inona zava-baovao mitranga amin’ny toerana mety hisy ny tenany, ny embona sy ny hanina ary ny fitiavana ny tany nahabe dia tsy ho levona mandrakizay ao aminy. Mitanisa izany ny tononkalo hoe: “Tsy afa-mandao”⁹⁴

“Ka na inona vao

narentiny teny:

tsy afa-mandao

ilay fireneny,

izay lapa sy lasin’

ny mandrakizainy

ny fo Malagasy

Fa zava-tsy hainy

ny hoe hanadino ny tany lalainy”.

Ireo voalaza ireo, dia manokatra ny saina hahalala fa zava-tsarobidy ny Tanindrazana. Harena nolovaina avy tamin’ny razana izy. Fiandohana sady fiafaran’ny taranaka mifandimby. Mampanan-kasina ny fananana azy, satria azo ifaharana amin’ny andro mahory ireo harena ao aminy. Miteraka fifaliana sy fahafahana ary fahasambaranana ho an’izay tafasaraka taminy, ny

⁹⁴ V.a tak.132 and.3

fodiany an-tanindrazana indray. Fototry ny fianakaviana ny tanindrazana, sady mpitahiry ireo zava-masina, dia ny tavony sy ny taolam-balo. Anisan'ny fototra ijoroan'ny sata Malagasy ireo. Hisarihana ny saina amin'ny fampitiavana ny nentin-drazana ireo voatanisa ireo.

2) Fampitiavana ireo nentin-drazana

Tahaka ny mponina any amin'ny firenena rehetra eto ambonin'ny tany, dia mba manana izay nentin-drazany ny Malagasy. lavahany amin'ny besinimaro izany, ary tabiha sy reharehany fatratra. Nohajainy tsara izany fomba amam-panaony izany taloha, saingy ankehitriny dia toa mihalefy tsikelikely ny fankamamiana azy. Maro ireo antony mahatonga izany; koa ny tanjona hokendrena dia ny hamerina indray ny fampitiavana ireny soatoavina niainana fahiny ireny.

Anisan'ireo fositra mikiky ny tsy firaharahana ireo lovasoa napetraky ny razana ireo ny fianarana. Izany no ahariharin'ny mpanoratra ao amin'ny tononkalony hoe : “Fivoarana”⁹⁵:

“Saingy hoe nianatra, dia maika ery hiteny:

fa tokony harodana

hongotana, hototofana

ny fototra iorenan'ny fomban-tanintsika”

(...)

Ny tarazo navelan'ny rafi-pampianarana tamin'ny fanjanahan-tany no tiana havoitra amin'izany. Araka izao itateran'I Fety Michel azy izao:
“Mampalahelo anefa, fa hatramin'ny nampidirana ny fanabeazana

⁹⁵ V.a tak.33 and.1

frantsay teto Madagasikara izay dia hita fa mihena hatrany izany fiheveran'ny Malagasy ny "fanahy maha olona" izany".⁹⁶

Manamafy izany i Emilson Daniel ANDRIAMALALA ao amin'Ny *Fanagasiana* hoe: **"[...], azo atao ny milaza fa ny Fianarana no fiasana voalohany sady mivantana nentina handrava ny fisainana Malagasy".⁹⁷**

Teo ihany koa ny fandraisana vilana ny atao hoe: "Fandrosoana". Mamotsipotsitra izany RABENJA Solomon ao amin'ny asa sorany "Fivoarana"⁹⁸ ihany:

"Saingy hoe mandroso dia maika ery hanebaka,

fa, hono, lany andro

tsy fampiseho masoandro

irony fahendrena, finoana tamin-drazana,

dia ny an'ny vahiny no dirina hanabeazana:

hatramin'ny anarana, fisaina, firesaka."

Mamehy izany ny tenin'i FETY Michel hoe: **"[...], eny izay rehetra nanamarika ny maha-malagasy azy dia samy nohabokaina sy nokilasina ho mariky ny tsy fandrosoana daholo [...]. Izany fanabokabokana ny fomba amam-panao Malagasy izany no nahatonga ny taranaka taty aoriana ho niendaka tsikelikely tamin'ny maha Malagasy azy."⁹⁹**

Eo koa ny fakan-tahaka be fahatany izay zava-bahiny avy any ivelany. Tsy nisy ny fandinihana sy ny fandanjalanjana ny mety sy ny tsy mety, ny

⁹⁶ FETY MICHEL, *Fanabeazana sy Fiainam-pirenena*, Imarivolanitra, 1985

⁹⁷ (ED) ANDRIAMALALA, *Ny Fanagasiana*, Librairie Mixte, Mars 2005, tak.13

⁹⁸ Ibid note N° 94 tak.58 and.2

⁹⁹ FETY Michel, *Nahoana no avondrona ho fokonolona isika*, tak.10

tsara sy ny ratsy. Ny tononkalo hoe: “Teny sy Riba”¹⁰⁰ no anehoan’ny mpanoratra azy:

“Noraisina teto tsy nozehena

ny teny sy riban’ny tany vaventy,

ka nampandefarina ny an’ny tena

fa dodon-kandramby ny vao sy mirenty.”

Milaza ny heviny mikasika izany i Emilson Daniel ANDRIAMALALA hoe: **“Raha tsy ny fakan-tahaka no hamarina ity firenena ity any an-kady, dia io no hanavotra azy.”**¹⁰¹

Farany, ny resabe sy ny fitiavam-bola manarona ny Rariny tsy hitranga. Ny hafatry RABENJA Solomon ao amin’ilay diam-peniny hoe: “Ho an’ny rehetra”¹⁰² no maneho izany:

“(…)

sy resaka poaka aty,

no amonosam-pintana:

ho toto mahafaty.

Ny tsy mahatsiaro tena,

voavidiny, namboariny,

no azony kolena

hanototra ny rariny.”

¹⁰⁰ V.a , tak.157 and.1

¹⁰¹ (ED) .ANDRIAMALALA, *Ilay vohitry ny nofy*, Librairie Mixte, juin 2007, tak.54

¹⁰² V.a, tak 79 and.1,2

Ireo voalaza ireo àry no hita fa namotika ny maha Malagasy, araka ny *AKO SY ANTISO*. Hofantarina indray izao ny tokony hatao ho fampitiavana ireo nentin-drazana.

Na dia niserana ihany aza ny nahitan'ity tovolahy Malagasy ity ny taovolo sy ny lamba nisaloran' ny olon-tiany, dia nambabo ny fony ny hatsarana miavaka tazany. Toy izao no andokoan-dRABENJA Solomon izany fihetseham-pony sodoka izany, ao amin'ilay asa sorany manao hoe: "Izay nentin-drazanao"¹⁰³

"Fa niserana ihany

no mba nahitako anao

(...)

ary tena nahasondriana

Ilay lamba sy taovolo

nentinao nampihaingo nofo

sy nandravaka ny tany."

Avoitrany, fa raha vao topaza-maso ny lamba sy ny taovolo Malagasy, dia efa miharihary ny hatsarany. Izany no hitaomana ny Malagasy ankehitriny hankafy ny nentin-drazany.

Ankoatra ny maha haingo ny lamba, dia fitaovana fiarovana amin'ny danik'andro mahamay sy ny hatsiaka mampangovitra izy, ary indrindra koa

¹⁰³ *V.a*, tak.36 and.1,2

natao hirakofana sy hitaizana zaza. Ny tononkalo hoe: “Ny lamban’i Neny”¹⁰⁴ no mitantara izany:

“Kanefa manko Neny!

tsy sitrakao navela

hisetra samy irery ny fiaina-manavia,

ka nokobonina ela

tanaty lambanao ilay vatako malia;

dia lamba nibabena

ity silaky ny aina tsy foy nofihinina.

Lamba namefena

ny taratra nandoro sy herin’ny ririnina

nanafika hampivika

ny rafitra marefo nampitohy antsika.”

Hita ao amin’io tononkalo io koa, fa toy ny kofehy mampifaningoatra ny fifankatiavan’ny reny sy ny zanaka ny lamba. Izany fampiasana azy izany no tokony hanomezan-danja azy hatrany, ka hikajiana fatratra ny nentin-drazana. Ny tononkalo hoe: “Izay nentin-drazanao”¹⁰⁵ dia mitaona ny mpamaky tsy hanolo na hanary, fa vao mainka aza hitaona ireo namany hankafy ny lova soany.

“Ary izao no faniriana:

enga anie ny randram-bao,

¹⁰⁴ V.σ tak 129, and.2

¹⁰⁵ Ibid note n°102, tak 61, and.3

Sary 8: RABENJA Solomon mivady , fony tanora ahitana an-dRamatoa vadiny mitafy lamba.



tsy hanoloana, tsy hanariana izay nentin-drazanao,

fa vao mainka hotandrovina:

mba hitaomana 'reo namana

izay nilefa sy nanodina

ny lova soa tamin-drazana.”

Manaraka izany, mila fantarina daholo ny zava-misy rehetra mba hanamafisana sy hanatsarana izay efa an'ny tena, mba hifanaraka amin'ny zava-baovao. Ny tononkalo mitondra ny lohateny hoe: “Fivoarana”¹⁰⁶ no manambara izany:

“(…)

Fantarina daholo

ny misy manontolo:

hoenti-manamafy sy manatsara hatrany

izay mety ho an'ny tena.”

Mba tsy hahalefy ny nentin-drazana àry, dia ilaina ny hanakaikhezana azy. Raha misy ny zava-tsarotra lalovana eo amin'ny fiainana, ka sanatria misy ny fahalavoana ohatra, dia ny riba no mampiarina sy manitsy ny dia. Manentana ny mpamaky ho tia sy tsy hanao an-tsirambina ny lova soa navelan'ny razany ny tononkalo hoe: “Teny sy Riba”:¹⁰⁷

“Tomory ny teny sy ireo ribantsika

manangana anao ho mason-doria:

ao ny ody folak'izay mampivika

¹⁰⁶ Ibid note n°95 tak 59 and.3

¹⁰⁷ Ibid note n°100 tak.61 and.5

sy solom-pivoy an-drano maria.”

Mbola antso ho an’ny rehetra mba hanome aina sy ho tia indray ireo soatoavina hadinodino ihany koa no ventessin’ny tononkalo hoe: ny “Teny”¹⁰⁸

“Ny hainteny nampalesin’

ny mpandrany feo sy loko, mpanakanto ho tonga lafatra,

mbola manitra fitiavana, mamerovero fihavanana.

Ny ohabolana, kabary: tanisain-ko mahatofoka,

miantso antsika nanadino ny soatoavina ananana

velona miombon-tany ary maty miombom-bovoka.”

Mba hanamorana ny fanatontosana ny fampitiavana ireo nentin-drazana, dia mila fanabeazana feno: ara-batana, ara-tsaina ary ara-panahy ny olona tsirairay. Raha misy mandringa ny iray amin’ireo, dia ho sarotra ny fampitana. Araka ny tononkalo hoe: “Atolotro ho anao”¹⁰⁹:

“Tsy ampy raha vatana fotsiny,

no beazina, hokolokoloina;

no tonon’ireo rotsirotsiny

narafiny hitovy fioina:

tena nitaiza tokoa

ny saina haroro-pitrebona,

hitohizam-panahy sosoa

¹⁰⁸ V.a, tak.167 and.2

¹⁰⁹ V.a, tak.118 and.2

manavaka ny olombelona.”

Ny fahafenoan’ny fitaizana omena ireo singa telo mandrafitra ny maha-olona eo anivon’ny fiaraha-monina ireo mantsy, no tena fanabeazana. Ambaran’ny Rakibolana *Pluridictionnaire* fa:

“Ny fanabeazana dia fampianarana ireo fitsipi-pitondran-tenan’ny fiarahamonina sy famolavolana ny toetra ara-batana, ara-pahaiza-miaina ary ara-tsaina izay mandrafitra ny maha-izy azy ny tena.”¹¹⁰

Noresahina tamin’ny fampitiavana ireo nentin-drazana ny antony mahatonga ny fihenana-danja’ny fankamamiana ireo soatoavina maha Malagasy, sy ny tokony hatao handalana sy hanarenana azy. Ndeha hiampitana indray izao ny fanandratana ny hasin’ny Teny Malagasy.

3) Fanandratana ny hasin’ny Teny Malagasy

Tahaka ny zava-manana aina ny Teny, mety ho simba na ho faty, raha tsy misy ny fikolokoloana sy ny fampiasana azy. Tsapan-dRABENJA Solomon izany fisehoan-javatra izany amin’ny maha-mpanoratra azy ka nanambarany fa: **“Mivoatra noho izany ny teniny: mety hivelatra hatrany, mety ho rava sy tsy ho velona ihany koa.”¹¹¹** Mba hahafahana manandratra ny tenin’ny tena àry dia: **“Tsy maintsy tezaina sy kolokoloina, tiavina ny tenin’ny tena mba hanomezany sy hanolorany antsika izay maha-isika antsika.”¹¹²**

Nihanahazo vahana teto Mdagasikara ny teny frantsay noho ny fanjanahan-tany. Ny hanapotika sy ny handevona ny Teny Malagasy no zava-nokendreny. Hatramin’izany no efa nandraisana ny Teny frantsay ho tenim-pirenena. Vokany, nihanitombo ny hasina nananany. Fa ny Teny

¹¹⁰ *PLURIDITIONNAIRE*, Editions Larousse, Imprimerie Berger, 19 Levrault Nancy, 1977 : « L’
éducation c’est l’enseignement des règles de conduites sociales et formations des facultés
physiques, morales et intellectuelles qui président à la formation de la personnalité. »

¹¹¹ Ibid note n°42, tak.22

¹¹² Ibid note n°46, tak.23

Malagasy kosa atahorana ho levona. Mba hampieritreretana ireo mpiray tanindrazana hiaro ny teniny tsy ho simban'ny teny vahiny no namakian-dRABENJA Solomon bantsilana ny teti-dratsin'ny mpanjanaka. Ny tononkalo mitondra ny lohateny hoe: "Akoholahy veta"¹¹³ no ahitana izany:

"Akoholahy veta! Mazava' ty tetika

hoenti-mandevona, hoenti-mamentika,

hoenti-mandevina an'ivon'ny lasy:

ny soa sy ny kanton'ilay Teny Gasy.

Tandritandremo fandrao tafahoatra

ity paik'adinareo be fandoatra,

ka hatramin'ny Zon'ity Firenena

no atao telimoka, tadiavin-kosena."

Ny fahafantarana ireo anjara asan'ny Teny sy ny fampiasana azy dia miaro azy amin'ny fahalovana. Teny mahalaza ny tian-kambara ny Teny Malagasy. Fitaovam-pifandraisana mahomby raha ifampiresahana, satria ahafahana mitory fitiavana amin'ny olon-tiana sy anambarana ireo teny mamy manamafy orina ny fiarahana. Ny tononkalo hoe:"Enga anie"¹¹⁴

"Enga anie irony teny

nivetsoana ny olon-tiana: ho malala mandra-maty

nanandratana fitia vaky felana tanaty,

hotsaroana ombieny ombieny,

¹¹³ V.a, tak.123-124 and 5-6

¹¹⁴ V.a, tak.98 and 1

(...)

ireny teny mamy ireny no hanamafy indray ny vona
nanakambana anareo.”

Manaraka izany, fitaovam-panovozam-pahalalana hamantarana ny
zava-misy manodidina koa ny Teny. Ahatarafana izany ny tononkalo hoe:
“Ny Tenintsika”¹¹⁵:

“Fony ianao hamantatra

izao tontolo izao,

hanandrana, hisantatra

izay raketiny ao,

dia teny tsara tefy,

teny mafy fototra:

tsatsoin-tsy mety lefy,

alevin-tsy voatotoatra,

no nomeko anao:

hameno fo sy saina,

hataonao kilalao,

hamaky hehy ny aina.”

Tsy izany ihany, fa lakolosy natao hamohazana sy hamelomana ny
fihetseham-po tsy hay nohadinoina tamin’ny fotoana lasa izay nokobonina
ny Teny. Ny tononkalo hoe:”Ny Tenintsika”¹¹⁶ ihany no mitatitra izany:

¹¹⁵ *V.a*, tak.99 and 1

“Fony aho hamelona
ny angolam-piontanana,
nanondraka hampitrebona
izay nirin-kotanana,
dia teny sarobidy,
(...)
no nandrindrako ireny
ho fiainan-tsy voafetra:
hanaitra sy hampiteny
ny lasako rehetra.”

Ankoatra izany ,amin’ny alalan’ny teny no nahafahana nitahiry ireo soatoavina sy lahabolana isan-karazany . Manasongadina izany ny tononkalo hoe : « Teny »¹¹⁷

« Ny hain-teny nampalesin’

ny mpandrany feo sy loko, mpanankanto tonga lafatra,

mbola manitra fitiavana, mamerovero fihavanana.

Ny ohabolana, kabary: tanisain-ko mahatofoka,

miantso antsika nanadino ny soatoavina ananana:

velona miombon-tany ary maty miombom-bovoka

Mpandranto miara-dia isika,

¹¹⁶ Ibid note n°115 tak.68 and.2

¹¹⁷ V.a, tak.167-168 and.2

ka miray vatsy hatrany.”

Tsy ny soatoavina sy ny literatiora ihany anefa no noraiketiny, fa mbola ao ireo noheverina ho zava-masina indrindra eo amin’ny fiainan’ny tsirairay. Maneho izany ny diam-peniny hoe:”Tsy hoe”.¹¹⁸

“Ireo soratsorany tsy mino fandavana

natsangan’ny fony vontom-pitiavana,

tsy hoe tononkalo meva firindra:

fa teny mirakitra ny masina indrindra.”

Amin’ny maha-mpanoratra mpanabe an-dRABENJA Solomon, dia tsy mahagaga raha mahatsapa ny mahakanto sy mahalalin-kevitra ny Teny Malagasy izy. Nahaforona zava-kanto betsaka vita tamin’ny alalan’io teny io mantsy ny tenany. Koa arakaraka ny fandinihana sy ny fikirakirana nataony, no vao mainka nampitombo hasina ny tenin-drazany. Manamafy izany ny tononkalo hoe:”Anjaranay”.¹¹⁹

“reo soratrao miaingitra: voasikotra, voatefy,

ho hatsarana fenon’ny endrika amam-bika:

no nandanjako, nianarako nandrefy

ny halalin-kevitra anaty tenintsika.”

Na dia sarotra raisina aza ny tenin-drazana, ny zava-boalazany kosa mambabo ny tena manontolo. Vokany, lasa mifampitaiza ny taranaka sy ny teny. Io tononkalo eo ambony io ihany no manantitra izany:

“Resinao ny saina, ny sy ny fanahy,

¹¹⁸ V.a, tak 105 and.4

¹¹⁹ V.,a tak.128 and 1

(...)

ry Teny Malagasiko, na dia sarotra aza

(...)

Anjaranay mpandova ny mety hotezaina

sy tena hitaiza koa ny Tenindrazantsika.”¹²⁰

Fehezin’ny mpanoratra izany rehetra izany amin’ny hoe:”**Tsy fitaovana enti-mifandray eo amin’ny fiaraha-monina fotsiny ny teny, fa fitehirizana sy fiarovana sy fampiroboroboana izay sarobidy sy masina indrindra ananan’ny olona sy ny firenena manana sy mampiasa azy.**”¹²¹

Ireo anjara asa tanan’ny teny sy toetra ananany ireo no tokony tsy hanaovana tsinontsinona ny Teny Malagasy, ka hindramana ny tenin’ny hafa hilazan-javatra, na tokony hanakalozana ny tenin-drazana amin’izay endrika fanampiana mifona hevitra maizimaizina avy any ivelany. Manentana ny Malagasy hijoro hiaro ny teniny tsy ho simba ny tononkalo hoe:”Aoka ho lozako”.¹²²

“Koa: Aoka ho lozako ry teniko,

raha koboniko sy afeniko

ka akako ny an’ny hafa:

na mikalo na mitafa

ny fisiana sy hanitrao

(...)

¹²⁰ Ibid note n°119 tak.70 and.2-4

¹²¹ Ibid note n°42, tak.22

¹²² V.a tak.40 and.2-3

Aoka ho lozako, anteriko
raha toa ianao ry teniko
no avelako hotsindriany
amin'ireto fanampiany.”

Manoloana ny fanaratsiana ataon'ny sasany handevonana ny tenin-drazana, dia ny tononkalo “Tsy hirodana”¹²³ no nentin-dRABENJA Solomon hitaomana sy hanentanana ny Malagasy hanana fahasahiana hiaro hatrany ny teniny:

“Hetraketraka , esom-bolana,
ompa ratsy variraraka
no nafafiny andevonana
ny tenin-drazan'ny voazanaka.

Tsy sendrasendran'ny tantara
no nampisy an'izy ireny,
fa ady fiady ny anjara
raha tsy tiana ny hoseny.”

Ny fahalalana ny zava-drehetra misy dia fitaovana ahafahana manatsara izay ananana. Mitarika ny saina ho amin'izany ny tononkalo hoe:
“Fivoarana”¹²⁴

“(…)

¹²³ V.σ tak.84 and.1-5

¹²⁴ Ibid note n° 95 tak.59 and.3

Fantarina daholo

ny misy manontolo:

hoenti-manamafy sy manatsara hatrany

izay mety ho an'ny tena.”

Ny tanjona dia ny hampielany ny Teny Malagasy manerana ny Nosy. Mila finivana sy fitiavana avy amin'ny tsirairay anefa ny fanatanterahana izany. Manentana ho amin'izany ny asa soratra hoe: “Sila-betsovetso”¹²⁵

“Ampio finivana

ny herin'ny fitiavana

dia mijoroa marina:

hiaraka manarina

ny teny mamy,tiana

tetehin-kotsindriana,

ka tsy ho afa-po

raha tsy efa to:

manerana ny lasy

ny teny Malagasy.”

Araka izany, fanandratana ny tenin-drazana ny fitiavana mampiasa sy mampielany azy manerana ny Nosy. Eo koa ny fiarovana azy tsy ho voatsindrin'ireo zava-baovao avy any ivelany.

¹²⁵ V.a tak71-72 and.4

Raha fintinina ny voalaza mikasika ny fanabeazana ny olona ho tia Tanindrazana, dia miainga avy amin'ny fampahalalana ny hasin'izany tanindrazana izany, ary amin'ny fitiavana sy fiarovana ireo fomba amampy maha Malagasy. Manampy izany, ny fahaizana manandratra avo ny hasin'ny tenin-drazana.

Hirosoana amin'ny fanadihadiana manaraka indray izao, ny fanabeazana ny olona hiaro ny fahafahana efa azony.

Toko II: Fanabeazana ny olona hiaro ny fahafahana efa azony

Zava-dehibe ny fahafahana, indrindra ho an'ireo tany vao avy nahazo fahaleovan-tena. Ny fananan'ny firenena tsirairay fahafahana no fototra mampandroso sy mampivelatra azy amin'ny lafim-piainana rehetra. Tsy mora anefa ny fampanjakana ny tena fahafahana, satria marobe ireo fahavalo manodidina azy. Ho an'ny amboaran-tononkalo *AKO SY ANTISO* manokana, dia ny fametrahana izay tsara an'ny tena ho fototra, sy ny famakiana bantsilana ny hevi-petsin'ireo mpanjana-tany vaovao, ary ny fampahafantarana ny taranaka aty aoriana ny lanjan'ny tolona nimatesan'ireo zoky teo aloha, no filamatra amin'ny fanabeazana ny olona hiaro ny fahafahana efa azony.

1- Fametrahana izay tsara an'ny tena ho fototra

Tsy mena-mitaha amin'ireo firenena mitovy aminy i Madagasikara, fa manana ny maha izy azy manokana. Ireo raki-tsarobidy nentin-drazany izay hita tamin'ny fanadihadiana teo aloha no manapororo izany. Noho ny fidiran'ny fanjanahan-tany teto amin'ny Nosy anefa, dia voahosihosy ireo hasina nanandratra azy ireo. Hany ka, na azo aza ny fahaleovan-tena, mbola nibahan-toerana teo amin'ny fiainan'ny mponina ny tarazo ratsy navelan'ny mpanjanaka. Nahatonga ny firenena tsy ho tafarina, fa niankin-doha mandrakariva tamin'ny tany ivelany izany toe-javatra izany hatramin'izao. Koa ny fametrahana izay tsara an'ny tena ho fototra no

heverina fa anisan'ny hiaro ny fahafahana efa azo. Manamafy izany RAHAJA ao amin'ny *AMBIOKA* hoe:

“Tsy maintsy manasina ny ribany ny Malagasy raha te ho firenena mahatsangy no ary”.¹²⁶

Mba hahafahana mametraka izany tsara an'ny tena izany anefa, dia mila harodana ny rafitra napetraky ny hafa, izay nampizarazara ny samy Malagasy. Teti-panorona nampiasain'ny mpanjanaka an-taona maro nanapotehana ny firaisam-pirenena Malagasy, ny teny filamatra hoe: “zarazarao hanjakana”.

Raha tiana àry ny hampanjaka ny tena fahafahana, dia mila toherina an-kitsirano io fomba fiheverana efa lomorina io. Mitari-dalana hanohitra ny tononkalo hoe: “Fandrodana”¹²⁷

“Kanefa hioitra tsy vonon-kandefitra
amin'izay ho tantarany ireo niondana tànana:
tsy maintsy voarodana ireo efitrefitra
natsangan'ny vitsy hitokantokanana”

Rehefa rava izay heverina fa manelingelina ny fahafahana, dia tohizana sy hatsaraina ireo naorin'ny teo aloha. Araka ny tononkalo hoe: “Ho an'ny tanindrazana”¹²⁸

“Ary ireny no nandrary izao fiainantsika izao!

Ary isika no mpanohy mba ho mendrika ny anarany!

Ny aoriansika koa: hanatsara izay hatao

ho lovany ho doria hahafeno ny hasambarany!”

¹²⁶ RAHAJA, *Ambioka*, lah.40, Novambra 2001

¹²⁷ V.a tak.103 and.4

¹²⁸ V.a tak.89 and.6

Ny fanoroana ny taranaka aty aoriana tsy hanitsakitsaka ny Marina sy Rariny no tarigetra hotratrarina. Izany no hita ao amin'ny tononkalo mitondra ny lohateny hoe: "Fara hafatra"¹²⁹

"Atoroy an'izy ireo ny tarigetra nofaritako:

hahafahany manitsy izay mba asa kely vitako.

Ambarao an'izy ireo fa tsy mendrika ny hiaina

ny manitsaka ny Marina sy ny Rariny ao an-tsaina."

Trotrona am-bavaka ny Malagasy mba hiombona sy hifankatia, ho mpirahalany mianala. Mitarika ho amin'izany ny tonom-bavaka hoe: "Tompo ô! Omeo anay"¹³⁰

"(...)

Koa Tompo ô! Omeo anay:

fo mahay miray

hanjakan'ny fifandefarana,

ka ny olona manerana

ity nosy mamy ity:

ho mpirahalany, mpifankatia

(...)

Tompo ô! Omeo anay

Omeo ny Malagasy rehetra:

fo mahay miray

¹²⁹ V.a, tak.16 and.3

¹³⁰ V.a, tak.27 and.2

araka ny sitrakao fa tsy noho ny terisetra”

Mba hivoarana, ka ahafahana miaro ny zo maha olona, dia mila mifanampy sy mifanohana amin’ny tsara ny Malagasy. Soatoavina mampalaza azy fatratra izany. Hoy RABENJA Solomon mivetso izany ao amin’ny “Fanilo”¹³¹

“Raha fiainana tsy ifanampiana

ifampizarana ny tsara indrindra

tsy ampy hivoarana sy hikajiana

ny zo maha-olona fanindrahindra.”

Hoy ny oha-pitenenana : « Ny fanahy no olona.” Koa na eo aza ny fahaizana amam-pahalalana, dia tsy ampy hitondrana tena ireo, raha tsy misy ny fananam-panahy. Io tononkalo eo ambony io ihany no mampibaribary izany:

“Raha fahaizana sy fahalalana

tsy fehezim-panahy ifankatiavana

tsy ampy handevonana fahadalana

mitady handetsy ny hasim-piniavana.”¹³²

Ilaina ny fandrosoana, saingy ny fandraisana azy dia tsy tokony hoentina hamono na handevona ny an’ny tena. Hoy ny “Antson’I Dada”¹³³

“Tsy laviko anaka:

“Ilaina dia ilaina

¹³¹ V.a, tak.67 and.4

¹³² Ibid note n°131 tak.77 and.1

¹³³ V.a tak.78 and.3

ny zezi-pandrosoana...”

...raha tsy hamonoana

ny vololon’ain’

ny tsiry misandrahaka!”

Ny Ray aman-dreny no mpanoro lalana ny zanany amin’ny tokony hataony rehetra eo amin’ny fiainana. Ny fiarovana ny nentin-drazana dia porofon’ny fitiavana azy ireo. Manamafy izany hatrany ny: “Antson’i Dada”

134

“Raha tia ahy ianao:

aoka tsy ho rendrika

ny maha-isika antsika,

ary aza dia mandika

randran-tsy manendrika

sao ho lozanao!”

Handresen-dahatra ireo efa nihodina nanaraka ny zava-bahiny, dia ny fanajana ny an’ny tena ihany no kofehy itaomana azy ireny hiverina. Maneho izany ny tononkalo hoe: “Izay nentin-drazanao”¹³⁵

“Ary izao no faniriana:

enga anie ny randram-bao,

tsy hanoloana, tsy hanariana

izay nentin-drazanao,

¹³⁴ Ibid note n°133, tak.77 and.4

¹³⁵ Ibid note n°103, tak.62 and.3

fa vao mainka hotandrovina!

mba hitaomana'reo namana

izay nilefa sy nanodina

ny lova soa tamin-drazana.”

Porofoina amin'izy ireo ihany koa, fa ny finiavana sy ny fikirizana ary ny hambo nananan'ny razana teo aloha, no nahavitana izao endrika sy bikan'Antananarivo izao. Manoritsoritra izany ny voalazan'ny tononkalo hoe: “Antananarivo”¹³⁶

“Ny hatsebohan'ireo razantsika,

ny fikirizan'ireo teo aloha,

ny finiavan-tsy nety nivika,

ny tena finoana namàna ny fo;

ny andro sy taona nisosa tsy niato,

ny hambo nanentana ny isan-toko,

ny tsiky fanandratr'ireo mpanakanto:

no hery nandrafitra sady nandoko

ny bika sy endrik'Antananarivo.”

Hita amin'ny alalan'io tononkalo io, fa ny herim-po nananan'ny Malagasy no nahafahany nanangana ny tanànanany.

¹³⁶ V.a, tak.134 and 1

Tsy levona ireny lasa tsara an'ny tena ireny, fa voatahirin'ny fahatsiarovana sy voarakitra an-kira. Izany no ampahatsiahivin'ny tononkalo hoe: "Tadidy mivena"¹³⁷

"Tsy ny lasa no mivava

na ny nisy no efa rava,

fa ny herin'ny tsiaro no fenjain'ny hira maro:

samy mamy, sarobidy,

ka mivena ny tadidy."

Na inona àry toe-javatra sarotra mety holalovana, ny fanajana izay ananan'ny tena ihany no mitondra vahaolana, ka mila akaikizina. Mitaona antsika hanantateraka izany ny voalazan'ny "Teny sy Riba"¹³⁸

"Tomory ny teny sy ireo ribantsika

manangana anao ho mason-doria:

ao ny ody folak'izay mampivika

sy solom-pivoy an-drano maria."

Tsy mora ny fametrahana ny tsara an'ny tena ho fototra. Tsy maintsy harodana mantsy ireo efa nisy mety hanelingelina. Rehefa tontosa izany, vao apetraka tsikelikely amin'ny alalan'ny fanoroana sy ny fitrotoana ambavaka, ny fitarihana ny olona hametraka izay ananany ho laharam-pahamehana. Ary ireo zava-bita no hoentina handresy lahatra ireo taranaka aty aoriana. Ahoana àry ny fomba hamakiana bantsilana ny hevypetsin'ireo mpanjana-tany vaovao?

¹³⁷ V.σ tak.136 and.1

¹³⁸ Ibid note n°100, tak.61 and.5

2- Famakiana bantsilana ny hevi-petsin'ireo mpanjana-tany vaovao.

Tsy nahafaly ireo zatra manjakazaka an-tanin'olona ny fanomezana fahaleovan-tena ireo tany vao avy nozanahana. Hany ka, toa tsy mitsahamikaroka fomba maro izy ireo hanohizany izany amin'ny fomba vaovao ny teti-panjanahany indray.

Ao ny sasany mody manolotra fanampiana na vola be, izay mifono hevitra ambadika. Hoentina hanakombom-bava sy hampandainga ny tany tratra aoriana tsy hilaza ny marina sy tsy hampijoro ny rariny izany. Mamotsipotsitra izany ny :” Aro riaka”¹³⁹

“Omeny fanampiana:

mba hiavotan-tena

ny tany, firenena

mbola tratra aoriana.

Vola an-tapitrisa

atolony ho ainga

atolony hampandainga

(...)

Fa aro riaka ireny:

tsy ahafahana miteny

¹³⁹ V.a tak.39 and.1,2,3

ny rariny sy marina!”

Io fomba fampiasam-bola sy fanambazana harena io hatrany, no fitaovana entin’ireo mpanjana-pirenena hamitahana ny tany tiany hozanahana amin’ny fomba sy tetika vaovao. Hamafisin’ny tononkalo:”Ho an’ny rehetra”¹⁴⁰ izany toe-javatra izany:

“Mamafy sy manamby

vola be sy harena,

ireo mpitao ady

mpanjana-pirenena.”

(...)

Tsy mionona amin’ireo voalaza ireo ny mpanjanaka, fa mbola manao ronono an-tavy amin’ny resaka “poaka aty” hamitahana ny tany madinika. Ny “Ho an’ny rehetra”¹⁴¹ ihany no mitatitra izany:

“(…)

dia volana sy kintana

sy resaka poaka aty

no amonosam-pintana

ho toto mahafaty”

Etsy ankilany, manao izay hampisara-bazana ny Malagasy ireo mpangoron-karena, amin’ny fananganany riba itokantokanana. Mody miseho ho Ray aman-dreny mpandambolambo izy amin’izay. Tsy ampy toy

¹⁴⁰ Ibid note n°102, tak.61 and 1 tapany 1

¹⁴¹ Ibid note n°102, tak.61 and 1 tapany 2

inona anefa, dia tsy mena-mivadika indray. Ny diam-penin-dRABENJA Solomon hoe: “Ny Ray aman-dreny”¹⁴² no ahitana izany:

“Ny Ray aman-dreny?

Tsy toy ireny

mpangoron-karena: manangana riba itokantokanana,

dia mody mamafy teny manaitra fandambolamboana,

Kanefa avy eo: ianao no tsipahiny toy ilay nilakanana.”

Eo koa ny fandrohizany ny firenena amin’ny endrika mody fanampiana misy fifanarahana. Ireny anefa dia mandentika ny firenena tsy ho tafarina intsony. Ahariharin’ny tonokalo hoe: “Ho zazakely”¹⁴³ izany teti-dratsy izany:

“Omeny izao sy izao

arahim-pifanekena

kanefa hatramin’izao

tsy maharin-tena...

Ireny anie ilay tetika

kobonim-panampiana:

tamaniny hilentika

tozoin’ny fahoriana.”

¹⁴² V.a tak.162-163, and.2

¹⁴³ V.a, tak.169-172 and.4

Ny tena loza dia ny fahaizan'ireny mpanjanaka ireny mampiadry ny samy firenena. Avy eo anefa, dia izy no mody mirotsaka ho mpampihavana! Io tononkalo eo ambony io ihany no mivetso izany:

“Ampiadiany hifandripaka

ny atsy ampitantsika atsy:

dia mody eo...mamitsapitsaka...

Vao mitsofoka mamatsy

ny amin'izao sy izao heveriny

ho an'ireo tsy manan-tsiny(?)

dia mody miasa...mody seriny

mandamina ...nefa izay no iriny.”¹⁴⁴

Ny vato misakana ny fandriampahalemana sy ny fiombonana dia ny rafitra hafahafa, miangatra, mbola mangeja ireo firenena samihafa maneran-tany. “Ny hira ho an'ny fandriampahalemana”¹⁴⁵ no mikalo izany:

“Tsy ampy ho fahalemana raha ady ihany

no tsy hapoaka intsony ho fitsimbinana aina.

Raha mbola misy koa, rafitra any ho any

miangatra, mamonja ny fo, fanahy sy saina,

ho nofinofy antoandro izany fiadanana

an'ivom-pahalemana, hiraiana lambanana.”

¹⁴⁴ Ibid note n°143 tak.83 and 7

¹⁴⁵ V.a, tak.137 and.3

Na eo aza anefa ireo hevi-petsy nataon'ireo mpanjanaka ireo, raha miara-mientana ny rehetra tsy hangataka fanampiana avy any ivelany intsony, dia ho foana ny tarazon'ny tsy fisiana. Ny fahaizana mihafy amin'izay kely eo am-pelan-tanana no hitondra fahasambarana. Hoy RABENJA Solomon: "Mino aho"¹⁴⁶

"Izaho mino,

fa raha mientana daholo

ny fotsy sy ny maitsovalo,

miara-miezaka, mioitra,

manao sakafo ambany foitra,

dia ho foana tsy hisy intsony

irony hata-tava irony.

Fa ny herin-tena ihany

no hanongotra amin-tany

ny tarazon-tsy fisiana

ary hampisy aoriana

ny salohin'ny fahasambarana,

ho tambim-bidin-kasasarana."

Manoloana ny tsy mety natao, izay niteraka tsy fahombiazana, raha tiana ny ho mpandresy, dia ny fahaizana mitraka hisedra hatrany ny zavamisy no fanafody. Hoy ny mpanoratra: "Fiainana"¹⁴⁷ izany:

¹⁴⁶ V.a, tak.47 and.2

¹⁴⁷ V.a, tak.52 and.1

“Ny rano efa raraka tsy fandroaka!

Ny ravi-nihintsana ho maina ihany!

Ny very fanahy no mitana saoka,

fa ny te ho mpandresy: mitraka hatrany!”

Ny hambom-po no maha olona ny olona. Eo anatrehan’ny faharesena eo amin’ny fiainana, ny fahaizana mamolaka azy no mahatonga ny zo sy ny satan’ny firenena ho voaaro. “Fenitra”¹⁴⁸ ho an’ny olo-miaina izany ny fananana azy:

“Ny fahaiza-mamolaka ny hambom-po

raha tojo sy sendra izay faharesena:

no tena fiarovana irony zo,

sy ny sata aman-kasin’ny firenena.”

Hery lehibe miaro ny fahafahan’ny firenena ny finjavana hanohitra ireo herisetram-panjanahana. Ahatarafana izany ny tononkalo hoe: “Zovy”¹⁴⁹

“(…)

Na zovy ianao hibahana

ny eza-panafahana

natomboka hatrizay:

hiala maina indray.

Na inon-koa hihatra,

¹⁴⁸ V.a, tak.106

¹⁴⁹ V.a, tak.108

na vono izay na ratra:

tsy hisy hahatosika,

tsy hisy hahapotika

ny finiaavanay...

na Zovy ianao izay!”

Mbola io finiaavana io hatrany no vahaolana ambara fa ahafahana miaro ny rafitra tian-kajoro. Manentana ho amin’izany ny mpanoratra, ka manao hoe: “Sahia”¹⁵⁰

“Ingao ny finiaavana,

ka ento miaro ny rafitra tiana

izato fitiavana

ny Tanindrazana. Tsy misy andriana

anie ny laka-mivadika:

ho kotsa avokoa tsy misy ho afa-maina!

Sahia àry miatrika

ny adidy miandry ny olo-misaina.”

Mba tsy hahavanona ireny tetika mandroba firenena ireny, dia mila hamafisina ny fihavanana izay mampiray ny Malagasy. Havaozina ihany koa ny sata sy ny rafitra mampifandray izao tontolo izao “Ovana”¹⁵¹, hoy ny hetahetan’ny mpanoratra:

“Ny fihavanana tsimbinin-kaharitra,

¹⁵⁰ V.a, tak.109 and.3

¹⁵¹ V.a, tak.68 and.3-4

hanambatra antsika ho tokana ihany:

tsy vitan-kabary sy 'zay lahaparitra.

Tsy maintsy ovàna ny sata sy rafitra,

sy seha-pifandraisan'ny mponin'ny tany,

dia samy hanjaka, hiadam-pinaritra!”

Hita teo fa tsy mety afa-po amin'ny zava-panaony ireo mpanjana-pirenena, fa mitady fomba vaovao hatrany hanatanterahany ny teti-dratsiny. Ny fanoheran'ny isam-pirenena tsy an-kanavaka ny hevi-petsy kotrehiny ihany no hahafongana ny fanjakazakana an-tanin'olona.

Ho fanamafisana orina ny fahafahana efa azo, dia ny fampahafatarana ny taranaka aty aoriana ny lanjan'ny tolona nimatesan'ireo zoky teo aloha ihany koa no tokony hatao.

3- Fampahafantarana ny taranaka aty aoriana ny lanjan'ny tolona nimatesan'ireo zoky teo aloha

Tsy mora ny zava-nihatra sy nahatra tamin'ireo Malagasy tamin'ny andron'ny fanjanahan-tany. Nozakainy ireny mba hiainantsika taranaka aty aoriana fiainana tsaratsara kokoa noho izay nodiavin'izy ireo. Ny havesatry ny fitiavan-tanindrazana tao am-pony no nanosika azy hanao ireny. Manasongadina ny zava-misy niainan'ny Malagasy tamin'izany, ny tononkalo “Ho an'ny Tanindrazana”:¹⁵²

“Nosotroiny, notaperiny, tsy navelany ho antsika:

ny mangidy sy mangeroka tamin-tolom-panafahana,

¹⁵² V.a, tak.89 and 1

na ny kapo-pijaliana, na ny rà najininika

rehefa ho an'ny Tanindrazana: tsy mba nisy nihatahana.”

Ny hamerina indray ny fiandrianam-pirenena very no zava-dehibe nimatesan'ireo razantsika.

Marobe ny fijaliana niaretany tamin'izany. Santionany: ny kapoka mangirifiry, ny fampidirana am-ponja, ny fanaovana sesitany. Teo koa ny fierena isan'alina. Mihatra amana aina avokoa ireny rehetra ireny. Mitanisa izany hatrany io tononkalo “Ho an'ny Tanindrazana”¹⁵³ io:

“(…)

na ny kapo-pijaliana, na ny rà najininika

(…)

Na ny tany nidabohana, na ny fasa-nilevenana,

na ny fonja, sesitany, na ny alina nierena,

Samy afaka milaza, fa: taminy ny famerenana

ny fiandrianam-pirenena no voaloham-pahendrena.”

Manamafy ireo fijaliana sesilany nahatra tamin'ireo razantsika ny voambaran'ny tononkalo “Tsy hifarana”¹⁵⁴, ary mamelona ny hambom-pon'ireo taranaka aty aoriana tsy hihemotra na inon-kidona na inon-kihatra:

“Tsia...

Tsy ny ràny niaviako

¹⁵³ Ibid note n°152 tak.88 and 1-3

¹⁵⁴ V.a, tak.85 and 1

nalatsako hamonto tany,
no hampihemotra ny diako:
tsy hanohy izay ombàny.”

(...)

Tsy iray na roa ny Malagasy novonoina tamin’izany fomba feno habibiana izany, fa an’alinalina. Nisy tamin’izy ireny no notifirina, tao ny navalana rano. Ny tononkalo “Aza kivy! Mahareza!”¹⁵⁵ no mampatsiaro izany:

“Dia tsaroana ny andro lasa namonoana an-kitsirano

Malagasy an’alinalina raha nitaky fahafahana...

Nisy tao ny notifirina ary koa navalan-drano...

habibiana tsotra, ho’aho, haromotana, halefahana”

Anisan’ny fijaliana tsy tantin’ny Malagasy ny fanokana-monina. Niaretany anefa izany, raha toa ka hitondra fahafahana ho azy sy ny taranany. Hoy ny mpanoratra: “Tsy maninona”¹⁵⁶

“Raha fanokana-monina

tsy ahitana ny olon-tiana

no didy mba tononina:

tsy maninona ihafiana,

fa izay no lalana ety

¹⁵⁵ V.a, tak.56 and 1

¹⁵⁶ V.a, tak.112 and.1

ho an'ny arabe mankeny.

Ny herinay tsy hiletsy

fa hitombo zato heny.”

Tsy mora ireny toe-javatra nolalovan'ny Malagasy tamin'ny fanjanahan-tany ireny. Ny fahatsiarovana tsy maty vonoina no mamohafoha azy ao am-pon'ny taranaka aty afara. Araka ny tononkalo hoe: “Samy hafa ve?”¹⁵⁷:

“Raha an-tapitrisa no maty vonoina

halatsaka rà hamonto ny tany:

olo-mahery tsy hay hadinoina

no anarana omena izany olona izany.”

Koa na dia efa navalon'ny ela aza ireny rehetra ireny, dia irariana tsy hijanona ho teny fotsiny fa ho tonga loharanon-kery hanohizan'ny aty aoriana ny tolona nataon'ny teo aloha. Izany no “Hetaheta”¹⁵⁸ tokony ho ao anatin'ny Malagasy ankehitriny:

“Enga ireny rehetra ireny

tsy hijanona ho teny,

ka tsy hanana ny satany!

Fa ny asa no hanandratany

ireny tora-po natolony

izay natosaky ny molony,

¹⁵⁷ V.a, tak.81 and 2

¹⁵⁸ V.a, tak.115-116 and.3

ho fanohizana ny TOLONA

vaky maso, mamololona!”

Tsy takatry ny saina hoeritreretina ny herim-po nananan’ireo Malagasy tia tanindrazana, tamin’ny andron’ny fanjanahan-tany, ka nahazoany niaritra ireo karazam-pijaliana mafy indrindra. Teo koa ny fahasahiana lehibe nanolorany ny ainy mba ho sorona. Sarobidy sy masina izany rehetra izany, ka tokony hotsaroana mandrakariva, ary hotohizana. Fanabeazana hiatrehana ny zava-tsarotra eo amin’ny fiainana indray izao no atolotry ny mpanoratra.

Toko III: Fanabeazana atolotry ny mpanoratra hiatrehana ny zava-tsarotra eo amin’ny fiainana

Manana anjara asa lehibe eo amin’ny fiainan’ny ny fiarahamonina ny asa soratry ny mpanoratra. Tsy nentina hilaza ny zava-misy fotsiny izy, fa natao hitaizana ny sain’ny mpamaky ihany koa. Mitatitra izany i Charles RAVOAJANAHARY manao hoe: **“Mitaiza ny sain’ny mpiara-belona ny literatiora.”**¹⁵⁹, ho an-dRABENJA Solomon dia ny fiantorahana amin’ny hery heverina fa manaisotra izay mitambesatra sy ny fanomezan-toerana manokana ny hira eo amin’ny fiainana ary ny fandanjalanjana ny tokony hataon’ny mpiara-belona no fanabeazana atolony ao amin’ny amboara AKO SY ANTISO.

1- Fiantorahana amin’ny hery heverina fa manaisotra izay mitambesatra

Ny fiainana an-tany dia tsy ilaozan-javatra mampalahelo sy mampisento. “Aiza anefa no ahitana ny fiononana sy ny fanafody tadiavin’ny miloloha lanitra rehetra? Ao amin’ny zava-boahary, hoy i Fredy

¹⁵⁹ Charles RAVOAJANAHARY, *Literatiora ho fitaizan-tsaina*

RAJAOFERA”¹⁶⁰. Miombon-kevitra amin’izany , RABENJA Solomon, izay anisan’ireo mpanoratra iray mpankafy ny zavaboary. Aminy, ny fandrenesana ny hasoan’ny antsam-borona mikalo amin’ilay mody masoandro iny, dia manaisotra ny sento. Ny tononkalo “Ny feonao”¹⁶¹ no manambara izany:

“Mahasondriana ahy ery ny antsam-boro-mikalo
sy misangy rantsan-kazo amin’ilay masoandro mody.
Satriko ery ho eo foana! Satriko eny tsy handao
fa hianoka ny hasoany: ody sento fanafody.”

Eo anatrehan’ireo jaly sy lonjony manodidina ny fiainan-
dRaolombelona, ka mampitomany sy mandratra azy, dia ny kintana no
antsoiny hanafoana ny tarainany. Izy hatrany no iangaviany hanasitrana ny
ratrany. Mamboraka izany vetso izany ny tononkalo hoe: “Faniriana”¹⁶²

“Raha toa ka azo atao

ry kintana irony:

foany sy alao

ny jaly sy lonjony

manesika ny jeriko

handrotsaka tomany

Sitranonao ny feriko

manaintaina hatrany...”

¹⁶⁰ Siméon RAJAONA, *Takelaka Notsongaina 1*, Ambozontany, Fianarantsoa 1972, tak.120

¹⁶¹ *V.a*, tak.18 and.1

¹⁶² *V.a*, tak.20 and.2

Ny fitandrovana ny haja, no manery ny zanaka sy ny Ray aman-dreny tsy maintsy hisara-toerana. Hany ka, ny volana sy ny kintana no nanjary nanolorana ny vavaka sy ny faniriana ho an'ilay reniny nilaozana. Araka ny tsiahin'ny mpanoratra hoe: "Dia nilaozany"¹⁶³

"Dia nilaozany ny akaniny... ary lasa izy niataka,

tsy nanopy maso intsony ity tanànanany hatry ny ela...

Ny volana sy kinta-marô no nanolorany ny vavaka

sy ny fanirian'ny fony ho an-dreniny tavela...

Dia nilaozany ny akany, tsy noho ny herin'ny harena"

fa noho ny haja lolohavina, tsy zaka kosa raha hosena.

Ho an'ity Poeta ity, dia sarobidy ny fifandimbiasan'ny andro sy ny alina. Natao hanatrika ny taraina sy hanony ny saina ny alina. Ny maraina kosa no antenainy hitondra fiononana sy hanome izay ilaina ary hampiombona. Mamerina manantitra izany ny tononkalo hoe: "Faniriana"¹⁶⁴

"Ry alina mangina!

Atreho ny fitarainako,

tovy ny irina

hanony ny fisainako.

Hafaro ny maraina

hivimbim-piononana

hitondra izay ilaina,

¹⁶³ V.α, tak.50 and.2

¹⁶⁴ Ibid note n°162, tak 93 and.3

hanolo-piombonana.”

Ny alina dia fotoana fatoriana sady fialan-tsasatry ny miaina. Eo no anovozam-pifaliana sy hery vao indray hiatrehana ny ampitso. Mampita izany ny mpanoratra amin’ily tononkalo hoe: “Tafandria mandry”¹⁶⁵

“Ka ny alina hatoriana

hisakelika ho anao,

amboaram-pifaliana

sy fehezan-kery vao.

Dia veloma mbola hifoha

hoy ny vetsy-paniriana!

Tafandria mandry koa!

Mandrapahaona aoriana.”

Ny alina dia fotoam-pialan-tsasatra ho an’ny miaina. Hanadinoana ny zava-mitranga nandritry ny andro; ka mahatonga ny antsoina hoe “misarim-pandravana.” Mitroto aina vao hiarenan’ny mpivahiny àna ny maraina. Izany no hita ao amin’ny tononkalo hoe: “Andrasako eto”¹⁶⁶

“Andrasako eto ihany ny fahataperanao

ry alina mikitroka: misarim-pandravana.

Ho avy ny maraina hitroto aina vao:

hiarina, hitraka ny mpivahiny àna.”

¹⁶⁵ V.a, tak.173 and.2

¹⁶⁶ V.a, tak.77 and.1

Hery voajanahary ao anatin'ny olona ny fanantenana. Sampin'ny velona no iantsoan'ny mpanoratra azy, noho izy manankery afaka handevona ny hakiviana sy ny halemena. Milaza izany ny tonokalo hoe: "Ny fanantenana"¹⁶⁷

""(...)

Fanantenana! Sampin'ny velona!

Tsy maty vonoina anatin'ny tena

fa hany mahery afa-mandevona

ny hakaviana sy ny halemena."

Raha tojo faharesena eo amin'ny fiainana, fitaovana mahomby hiarovana ny zo sy ny sata aman-kasin'ny firenena ny fahaiza-mamolaka ny hambom-po. Izany no "Fenitra"¹⁶⁸

""Ny fahaiza-mamolaka ny hambom-po

raha tojo sy sedra izay faharesena:

no tena fiarovana irony zo,

sy ny sata aman-kasin'ny firenena."

Tsy mahavita tena ny zanak'olombelona fa tokony hiantehitra amin'Andriamanitra Ilay Nahary azy, indrindra eo anoloan'ny fahanterana sy ny fahantrana. Ny fiantsoantsoana ny anaran'Andriamanitra no antenaina hitondra famonjena ho azy ireo sy ny firenena. Maneho izany taraina izany ny tononkalo hoe: "Any ho any kosa..."¹⁶⁹

"Saingy any ho any kosa

¹⁶⁷ V.a, tak.38 and 1 tapany 2

¹⁶⁸ V.a, tak.106

¹⁶⁹ V.a, tak.28-29 and.2

misy tokotanin-danitra:

feno antitra sy osa

miantsoantso an'Andriamanitra

mba hitondra famonjena

sy 'zay zara fanambinana

ho an'ny tany, firenena

tojo tosika am-pidinana.”

Toraka izany, ireo milonjy sy mavesatra entana izay mitoloko sy mitebiteby eo an-tanim-piadiana, dia miandrindra hatrany ny fiavian'ny Mpamonjy. Mangetaheta aina sy hery vao aminy izy ireo.” “Ao”sy “Eo”¹⁷⁰, hoy ny hetahetany:

“Fa “AO” anatin'ny fisoko,

(...)

feno setroka toloko,

sy tebitebim-po lalina.

“EO” an-tanim-piadiana

Vonton-drà mijininika,

(..)

AO sy EO raha sitrakao

no hanasako Anao Mpamonjy;

¹⁷⁰ V.a, tak.31 and.2-3

Dia ento ny aina sy hery vao:

ho an'ny maro izay milonjy

entana mamaky tratra;"

Mbola manamafy izay voalazan'ny tononkalo "Ao" sy "Eo" ny ambaran'ny "Tolory toky"¹⁷¹

"Koa tongava ry Mpamonjy

ho an'ny mponina mahantra,

fa mitady Anao 'zahay.

Tolory toky ny milonjy

entana mamaky tratra,

sy lazon'ady mahamay.

Amen!"

Be fiantra sy fitiavana ny Tompo izay fitalahoana. Mahery ka afaka mitsabo ny ratran'ny nofo sy ny ratram-panahy. Manolotra fanambinana ho an'ireo manana fo ninia nanosy fahamarinana sy nandà hifankatia. Mandray ny vavak'ireo mangetaheta te hiarina ao anatin'ny fijaliana mba hahatsiaro tena. Mampipololoatra izany toe-javatra izany ny tononkalo hoe:"Vavaka"¹⁷²

"Tompo ô!

Niempaka indray

ny hoditry ny feriko,

¹⁷¹ V.a, tak.44 and.3

¹⁷² V.a, tak.43 and.1-2

K'injao mivaivay

(...)

Ry Tompo be fiantra,

midina lanao etoana

hitsabo ny fanahy

(...)

Ry Tompoko Mahery,

ny Fitiavanao miavosa

hitsabo izato fery.

Tompo ô!

Tolory fanambinana

ny fonay ninia

nanosy fahamarinana

nandà hifankatia!

Dia aoka lanao handray

ny vavakay maniry

hiarina indray.

Ka ny hirifirin'

ny jaly izay ilomana

(...)

ho fatana hanakonana

fahatsiarovantena”

Novetsoin-dRABENJA Solomon, fa manala sy manamaivana ny zava-tsarotra lalovana ny fiantorahana amin’ny herin’ny zavaboary, ny herin’ny tena, ary ny fianteherana amin’Andriamanitra. Hanohizana ny fanadihadiana dia ny fanomezan-toerana manokana ny hira eo amin’ny fiainana no hirosoana.

2- Fanomezan-toerana manokana ny hira eo amin’ny fiainana

Manan-kery tsy takatry ny sain’ny mpanoratra teo amin’ny fiainany ny hira. Fony izy tafasaraka tamin’ireo nahitany masoandro sy ireo mpiray tampo taminy, dia ny hira no fitaovana nanadinoany ny fijaliany. Mirakitra izany ny tononkalo hoe: “Mbola hisy”¹⁷³

“I Neny sy i Dada tsaroako

ry zandry tsy hadinoko roy,

(...)

ka satry hiainga avy hatrany

hihoatra ny havoana ny tena

mba hody aminao ry akany.

¹⁷³ V.a, tak.45 and.2-3

Kanefa mijaly ny saiko
fa tsy afa-manotra ny tenako,
ny sisa mba hirahiraiko!
mbola hisy andro hiverenako
ka tsy hahatsiarovako intsony
'ty jaly mandreraka ny aiko:"

(...)

Amin'ity mpanoratra mpanabe ity, na tantely na vahona dia samy mety holalovana, kanefa rehefa hira no kaloina, dia hirindra ho azy ny fiainana. Ireo heverina ho zava-mangidy indrindra aza dia ho tonga matsatso. Miventy izany ny tenany ao amin'ny tononkalo hoe:"Ity hira ity"¹⁷⁴

"Tantely amam-bahona
ny fiainana...ekena...

(...)

Ity hira ity kaloina
hamerina ny rindra.
Hatsatso tsy tsatsoina
izay mangidy indrindra."

¹⁷⁴ V.a, tak.149 and.2

Zava-dalina, rotsirotsy mitondra hafaliana no raketin'ny hira. Any andakira sy amin'ny alina no ahatsapana izany. Mitondra antsika ho amin'izany ny "Sila-betsovetso"¹⁷⁵

"Renesiko andakira

ny redoredon-kira

mifono zava-dalina,

mandrotsy izato alina

'zay ifalianao,

(...)"

Heverina ho mateza noho ny fehezam-boninkazo sy ny ranomaso ny amboaran-kira, ka mendrika hahatsiarovana ireo havana efa nodimandry. Hoy RABENJA Solomon: "Fa tononkira tsotra"¹⁷⁶

"Tsy fehezam-boninkazo mety tsy ho izy intsony,

no apetraka ho anao, ry niala sasatra efa tony.

Tsy ranomaso noho ny lasa mety maina tsy maharitra,

no amboara aterinay, ry nantenaina ho voninahitra:

fa, tononkira tsotra ihany nampalesin'ny atifo,

tsy ho vasoky ny taona sady koa tsy mety lo."

Hery sy tanjaka ho an'izay trotraka ny hira, mba hiatrehana ny ampitso sy ny asa vaovao. Hoy ny tononkalo: "Risika"¹⁷⁷

"Trotratrotrotraka ianao ka te hanovo hery indray

¹⁷⁵ V.a, tak.71 and.1

¹⁷⁶ V.a, tak.14 and.4

¹⁷⁷ V.a, tak.107

ho enti-miatrika ny ampitso, ho an'ny asa vaovao?

-ndeha reneso sy rontsony ny hirantsika fahizay

fa hitombo avo heny ny tanjaky ny tenanao.”

Mamelona sy mampaharitra ny fitiavana ihany koa ny hira.
Mampitraka raha sendra ny sento tsy zaka. Ahitana izany ny tononkalo “Ny hira”¹⁷⁸

“Ny hasim-pitiavana

tiana haharitra

(...)

mitaky, mitady

hira ivelomana

(...)

Ny voaviraviran’

ny sento tsy zaka,

rehefa mihira

tsy maintsy mitraka:”

Mameno ny banga sy manolo ny very ary izay tsy azo amboarina ny hira. Mamehy izany rehetra izany, io tononkalo eo ambony io ihany:

“Tsy feno mihitsy

ny fo sy ny saina

¹⁷⁸ V.a, tak.122 and.1-2

raha toa ka tsy misy

ny hira hohiraina

(...)

Ny hira no hery,

fitiavana marina

manolo ny very

sy tsy azo amboarina.” (...) ¹⁷⁹

Ho an’ireo mpifankatia, ny kalo no hanoherana ny fakam-panahy izay mitady handavo ny hasin’ny tena. Ampirisihana ny rehetra hivetso: “Ny kalontsika” ¹⁸⁰

“Ny hira narafitra ho azy sy ho ahy:

no kalom-pitiavan-tsy resy resena,

dia kalo hanoherana fakam-panahy

mitady handavo ny hasin’ny tena.”

Tsapa fa ny hira dia manamaivana ny alahelo. Sady mandrindra ny fiainana izy, no manome hery sy tanjaka hiatrehana ny ho avy. Mamelona sy mikolo ny fitiavana mba haharitra rahateo. Miaro amin’ny fakam-panahy ihany koa. Inona indray àry no azo resahina mikasika ny fandanjalanjana ny tokony hataon’ny mpiara-belona?

¹⁷⁹ Ibid note n°178, tak 103, and.3,4

¹⁸⁰ V.a, tak.150 and.2

3- Ny fandanjalanjana ny tokony hataon'ny mpiara-belona

Maro ankehitriny ny olona tsy mahalala intsony ny hasina ananan'ny fanambadiana. Toa tsy mampaninona azy ireo velively ny mihevitra ny fanambadiana ho tahaka ny kilalao. Mila lanjalanjana izany fihetsika izany, satria tsy tsianjery ny fifanekena, ary tsy mba fampindrana na fanakalo ny olo-malala. Manitsy ny fiheverana mety ho diso ny mpanoratra amin'ny tononkalo hoe: "Olo-malala"¹⁸¹

"Tsy tsianjery anterina etsy, anterina eroa
ny fifanekena;

(...)

Tsy mba fampindrana na fanakalo
ny olo-malala!"

Mba hahatonga ny fitiavana haharitra, dia ilaina ny fifankahafantarana eo amin'ireo olon-droa hivady. Voahaja mandra-maty amin'izay ny teny nifanolorana. Manoro hevitra ny tononkalo hoe: "Saika"¹⁸²

"Ireny rehetra rehetra ireny no nitambatra ho avana

ka nahaiza-nifamantatra, nifamotorana fitiavana:

hanajana mandra-maty ny teny izay nifanolorana."

Zava-mangidy ho an'ilay mbola tia ny fampirafesana ataon'ny olontiana. Tsy mahagaga ny Ntaolo raha loa-bolana hoe: "Ny todim-pitia manodiava". Mafy ny iharan'izany toe-javatra izany; ka nahatonga ny mpanoratra hanao hoe: "Ny mangidy indrindra"¹⁸³

"Izay mangidy indrindra ozonin-tsy ho tsaroana

¹⁸¹ V.a, tak.37, and.2

¹⁸² V.a, tak.102 and.4

¹⁸³ V.a, tak.35

ny fon'ny olon-tiana mitia fitiavan-droa.

Tsy sitraka hosotroina: ny rano namonoana

ny afo nantenaina hamana ny ati-fo.”

Na dia misy aza ny faharavam-pitiavana, teo amin'ireo mpifankatia, mila tandremana tsy ho tafahoatra loatra ny vava atao amin'ny namana. Tsy fomba fanaon'ny Ntaolo sady tsy ahitana ny soa any aoriana mantsy ny vava ratsy. Hoy ny tononkalo: “Tandremo”¹⁸⁴

“(…)

Ry vorona lasa nihoatra,

tsy sitraka intsony hiverina:

tandremo fa andrao tafahoatra

ny lanjan'ny vava aterina.

Tsy fomba fanao, eny, izany

raha tiana ho soa ny aoriana: ”

(…)

Hoy ny Soratra Masina: “Ny fitiavam-bola no fototry ny ratsy rehetra.” Mora andairan'ny lainga ny olona tia vola loatra. Mampibaribary izany ny tononkalo hoe: “Aro riaka”¹⁸⁵

“Vola an-tapitrisa

atolony ho ainga

¹⁸⁴ V.α, tak.34 and.2

¹⁸⁵ Ibid note n°139, tak.81 and.2

atolony hampandainga

sy hampandry adrisa.”

Zava-doza ho an’ny firenena ny voka-dratsin’ny fitiavam-bola. Manototra ny Rariny tsy hipoitra, sady manafoana ny maha izy azy ny hasina maha olona ny herin’ny vola. Mamotsipotsitra izany ny mpanoratra ao amin’ny tononkalo hoe: “Ho an’ny rehetra”¹⁸⁶

“Ny tsy mahatsiaro tena,

voavidiny, namboariny,

no azony kolena

hanototra ny rariny.

Tsy olona ireny

fa baingan-tany izao:

voabaikony hiteny

ny sitrany hatao.”

Toe-tsaina nentin’ny mpanjanaka hanjanaka ny Malagasy ny fanomezany tombony ara-bola ireo mpila handitra taminy. Aoka hotsaroana anefa fa na oviana na oviana, tsy ny vola no mamaritra ny maha-olona fa ny asa. Io fitiavam-bola io aza dia mety mbola hamono ny fitiavana. Izany no dradraina amin’ny tononkalo hoe: “Tsy ny vola”¹⁸⁷

“Hodradraiko tsy hiato, horenesin’ireo mbola

voapempon’ny mpangorona

nozanahin’ny mpitsentsitra. Na oviana tsy ny vola

¹⁸⁶ Ibid note n°102 tak.61 and.2

¹⁸⁷ V.a, tak.13

no mamaritra ny olona

(...)

Ny asa no ananan-jo, mampitovy ny miaina

Fa raha vokatra lanjaina amim-bola no lazaina

ho ny tena maha olona:

hatramin'ny fitiavana aza hovonoiny an-karanany,

(...)”

Toetra malaky mahazo ny olona ny manavakavaka. Mbola maro ankehitriny ireo olona mbola mifikitra amin'izany, ka tsy te hiombona amin'ireo hitany fa tra-pahoriana. Vokany, sarotra ny mety hisian'ny fifanampiana, na dia eo aza ny fahatsapana fa samy hody vovoka avokoa. Mampieritreritra ny mpamaky ny mpanoratra ka manontany hoe: “Rahoviana”¹⁸⁸

“Tsy izy rehetra,

fa azo isaina

ireo manan-tsaina,

no te-hampitoetra

ny fitoviana.

Fa hoe tena ratsy

ny miombona vatsy

amy tra-pahoriana.

¹⁸⁸ V.a, tak.46

Avakavahana

tsy tian-karahana,

kanefa dia samy

ho vovoka ihany.

Asa rahoviana

ny fifanampiana?”

Mazàna tsy mifanaraka amin’izay zava-nosainina ny zava-misy. Miteraka fahasorenana ho an’ireo izay tsy mahazaka izany, ka mahatonga azy ireny hanozona ny fandaharana. Ny toky sy ny dina anefa tsy azo somparana. Hoy ny mpanoratra mampionona: “Aza hisaonana aho”¹⁸⁹

“Hisy ny andro hitondra avy any

ny fiantsoana handaozako anao,

hampody ny nofoko ho vovo-tany

“mba hampirindra izao hita izao.”

Ary aza manozona izay fandaharana:

“‘Ilay lahin-jiron’ny toky sy dina

hivela ho anao... tsy azo somparana

tsy hefa vonoina... tsy lany laniana.”

¹⁸⁹ V.a, tak.104 and.1-2

Araka izany, mila fitandremana ny teny hatao, satria loza mitatao ho an'ny fiaraha-monina ny ozona. Ho setrin'izany dia fisaorana no hapololotra. Noho izany: "Aza manozona"¹⁹⁰

"Koa tandremo ny teny atao

fa tena loza mety hitatao...

Misaora ny lanitra ambony

dia aza manozona intsony!"

Raha vao hiakatra ny fitondrana ny mpitondra, dia ny filaminana no ambentin-teniny. Tsy voahaja anefa izany rehefa mby eo izy ireny. Manaporofa izany ny fisian'ny zara vilana sy ny fanambotriana ny vahoaka, ary manginy fotsiny ny fanosihosena ny lalàna velona. Izany no itaoman'ny Poeta ny saina hanao hoe: "Ovana"¹⁹¹

"Be ny mirehaka ho tia filaminana

mandray familiana, mandray fahefana...

Kinanjy mihitsy manao zara vilana,

mambotry vahoaka, manosy lalàna."

Amin'izao fotoana izao, dia mihamahazo vahana ny tsy fahamarinana sy ny fiainana samy maka ho azy eo amin'ny fiaraha-monina. Tsy hita firy intsony ny fihavanana sy ny fifampitsimbinana. Ilo tsy fandrarakana toy ny zava-masina anefa ny fiombonana ka tokony homen-kaja. Mba hamerenana indray ny hasin'ireo soatoavina ireo àry, dia ny hetaheta hanompo fahamarinana sy handala fihavanana ary hitsimbina ny hafa no

¹⁹⁰ Ibid note n°86 tak.54 and.6

¹⁹¹ Ibid note n°151 tak.87 and.2

tokony ho vavaka anaty hasandratry ny tsirairay. Mitarika antsika ny mpanoratra hanao “vavaka anaty”:¹⁹²

“Hivavaka ao anaty? Hanompo fahamarinana?

Handala fihavanana?

Handà ny tena hatrany raha asa hitsimbinana

ny ory sy tsy manana?

Ilo tsy fandrarakana, masina, hajaina:

Kotsa miara-kotsa, maina miara-maina. »

Na eo aza ny alahelo sy ny fijaliana noho ny embona malala, ny fahendrena dia ny fitalahoana amin’ily Mahalala ny zava-drehetra hiaro sy hanafana ny fifankatiavana. Araka izao « Tonom-bavaka »¹⁹³ izao :

« Aminao Ry Mahalala

ny alahelo izay ilomako

sy ny jaly itolomako

noho ny embona malala :

Aminao no italahoko

ny herin-tsandrino mahay

miaro ilay fitiavanay :

solom-patam-pamindroako ! »

Amin’ny maha-mpampianatra sady mpanabe an-dRABENJA Solomon, dia tsy hadinony ny manafatra ny mpianatra, fa lova sarobidy ho azy ireo ny

¹⁹² V.a, tak.65 and.2

¹⁹³ V.a, tak.73 and.1

fianarana. Tsy tokony hataony an-tsirambina noho izany ireo ezaka rehetra hanatontosana azy. Io mantsy no fomba iray hoentina mihary any aoriana ka hahazoana izay kendrena. Henoy anie ny filazany azy ao amin'ny "Hira ho an'ny mpianatra"¹⁹⁴

"(...)

Ary izay no ianarana

mba hananam-pahalalana,

mba hanana fahaizana: hoenti-mihary aoriana.

(...)

Dieny mihiratra àry ny andro fa tsy mbola mandaviana:

velomy ny afom-pikirizana,

ary aza mety vizana

(...)

Izay voarakitry ny saina:

tsy efan'iza horobaina

fa anao mandrakizay."

Tsy mandeha mizotra ho azy toa lakan-jejo ny fiainana an-tany. Misy fomba fihetsika takina amin'ny sokajin'olona rehetra ao anatin'ny fiaraha-monina. Miankina amin'izay anjara toerana misy ny tsirairay izay ny andrasana aminy. Ho an'ny mpafankatia manokana, dia ny fanajana ny fifanekena no zava-dehibe. Ho an'ny rehetra tsy an-kanavaka kosa, dia ny fahalalana fa fositra manimba ny tena sy ny firenena ny fitiavam-bola sy ny fanavakavahana, ny fitenenan-dratsy, ary ny fitsitokotokoana, ka tokony

¹⁹⁴ V.a, tak.138

hialana. Ny filamatra dia ny fiankinana amin'ilay Tompon'ny hery. Raha mpitondra fanjakana indray no hasian-teny, dia ny fanalavirany ny fitiavan-tena sy ny fanamparam-pahefana tafahoatra amin'ny vahoaka no tokony ho tarigetrany. Farany ho an'ny mpianatra, amin'ny maha-mpanabe ny mpanoratra, dia ny filofosana hatrany amin'ny fianarana no tokony hikirizana. Ho tsara sy ho azo antoka amin'izay ny hananan'ny mpianatra fiainana mampiratra any aoriana.

FEHINY

Tahaka ny fizarana teo alohany, dia misy toko telo miavaka tsara ity fizarana faharoa ity. Izany dia manasongadina ireo endri-panabeazana tarafina ao amin'ny Amboaran-tononkalo *AKO SY ANTISO*. Ambarany ao amin'ny toko voalohany ny mikasika ny fanabeazana ny olona ho tia tanindrazana. Resahina amin'izany ny fampahalalana ny hasarobidin'ny Tanindrazana, ny fampitiavana ireo nentin-drazana ary ny fanandratana ny hasin'ny Teny Malagasy.

Manantitra ny fanabeazana ny olona hiaro ny fahafahana efa azony ny toko faharoa. Ny fametrahana izay tsara an'ny tena ho fototra, sy ny famakiana bantsilana ny hevi-petsin'ireo mpanjana-tany vaovao, ary ny fampahafantarana ny taranaka aty aoriana ny lanjan'ny tolona nimatesan'ireo zoky teo aloha no vontoatiny.

Ary atolotry ny mpanoratra ao amin'ny toko fahatelo ny fanabeazana hiatrehana ny zava-tsarotra eo amin'ny fiainana. Ny fiantorahana amin'ny hery heverina fa manaisotra izay mitambesatra, ny fanomezan-toerana toerana manokana ny hira eo amin'ny fiainana, ary ny fandanjalanjana ny tokony hataon'ny mpiara-belona no vahaolana arosomy amin'izany.

Ny fizarana fahatelo amin'ny fanadihadiana no hijerena ny fomba nentin'ny mpanoratra nanehoana ny fanabeazana tao amin'ny ambarantononkalo *AKO SY ANTSO*.

**FIZARANA III: FOMBA
NENTIN 'NY MPANORATRA
NANEHO NY
FANABEAZANA TAO
AMIN'NY AMBOARA *AKO*
*SY ANTSO***

Fizarana III: Fomba nentin 'ny mpanoratra naneho ny fanabeazana tao amin'ny amboara *AKO SY ANTSO*

Ny fikarohana dia tsy mijanona fotsiny amin'ny fanadihadiana tara-kevitra, fa nijery ny lafiny fanehoan-kevitra koa. Manambara izany i G. BACHELARD araka ny itateran'i Siméon RAJAONA hoe: **“Eo amin'ny literatiora, ny asa soratra dia zavakanto vita amin'ny teny, fa tsy amin'ny hevitra na fihetseham-po. Ary ny tena ifanavahan'ny mpanoratra dia tsy izay lazainy loatra, fa ny fomba filazany izany.”**¹⁹⁵ Manana anjara toerana lehibe amin'ny fikarohana hatao izany ny fanehoan-kevitra. Ny fomba fanoratra, ny fifandraisan'ny tara-kevitra ao amin'ny amboara sy ny fandaharam-pianarana any amin'ny “Lycée”, ary santionana takelapanomanan-desona no hasongadina amin'ity fizarana fahatelo ity.

Toko I: Ny fomba fanoratra

Manana ny lanjany manokana amin'ny fampitana ny hafatra mankany amin'ny mpamaky ny fomba fanoratra. Manamafy izany ny voalazan'i Siméon RAJAONA hoe :**“(…) ny fahaiza-manoratra eo amin'ny literatiora (…)** tena **vontoatin-javatra mihitsy.”**¹⁹⁶ Singanina hohadihadiana àry ny filalaovana amin'ny endrika, ny filalaovana amin'ny teny, ary ny filalaovana amin'ny sarin-teny.

¹⁹⁵ Teny taterin' i Siméon RAJAONA, *Ny zava-kanto vita amin'ny teny*, G.BACHELARD: “C'est l'expression, plus encore que la pensée, qui doit se révéler originale. », tak.14

¹⁹⁶ Siméon RAJAONA, *Takelaka Notsongaina 2*, natonta fanindroany, Ambozontany, Fianarantsoa, 1972, tak.22

1- Ny filalaovana amin'ny endrika

Araka ny fandinihan'i ROBBE-GRILLET dia: **“Ao amin'ny endrika no itoeran'ny hevitra, ny hevi-dalina. Izany hoe ny tena vontoatiny.”**¹⁹⁷ Maro samihafa ireo endrika isehoan'ny rafi-tononkalon-dRABENJA Solomon. Porofon'ny hamaroan'ny tara-kevitra mety ho hita ao amin'ny asa sorany izany. Fa ny hasian-teny manokana dia izay mifandray amin'ny lohahevitra fanabeazana. Ny mampiavaka ny asa soratry RABENJA Solomon dia ny fampiasana ny endrika andinin-tononkalo, ny fanomezan-danja an'ireo mari-pijanonan-tsoratra vitsivitsy ary ny fandokoana amin'ny alalan'ny rima.

11- Fampiasana ny endrika andinin-tononkalo

Andalana maromaro mitambatra no manome andininy. Andininy iray na mihoatra no mandrafitra ny tononkalo iray. Amin'ny ankapobeny, dia mampiasa andinin-tononkalo tokana, fohy, ny tenany rehefa hanome torohevitra tsotra, mivantana ho an'ny mpamaky hiatrehana olana, na hanitsian-kevitra, na hanambarana tsy fetezan-javatra tsotra fotsiny izao.

Ity tononkalo mitondra ny lohateny hoe: “Tsy ny vola” ity, dia manitsy ny toe-tsain'ny olona tsy hirona amin'ny fitiavam-bola tafahoatra. Ny asa no mamaritra ny maha olona fa tsy ny vola. Hatramin'ny fitiavana aza mety ho fongana noho io fitiavam-bola io:

“Hodradraiko tsy hiato, horenesin'ireo mbola

voapempon'ny mpangorona

Nozanahin'ny mpitsentsitra. Na oviana tsy ny vola

no mamaritra ny olona.

¹⁹⁷ ROBBE-GRILLET, *Pour un nouveau roman*, Editions de Minuit, Paris, 1963 : « (...) c'est aussi dans leur forme que réside leur sens, leur signification profonde, c'est-à-dire leur contenu », tak.61

Ny asa no ananan-jo, mampitovy ny miaina

miavotra sy miombon-tolona.

Fa raha vokatra lanjaina amim-bola no lazaina

ho ny tena maha olona:

Hatramin'ny fitiavana aza hovonoiny ankaranany,

tsy hahita ny masoandrony, tsy hahazo ny anjarany.” (v.a tak.13)

Fanitsiana azo raisina: tsy tokony hatao ho zava-dehibe eo amin'ny fiainana ny fitiavam-bola tafahoatra. Andinin-tononkalo tokana, fohy no manambara izany.

Ny tononkalo “Fenitra” indray, dia manolo-tsaina ho an'ireo mahatsiaro tena fa resy eo amin'ny fiainana:

“Ny fahaiza-mamolaka ny hambom-po

raha tojo sy sendra izay faharesena:

no tena fiarovana irony zo,

sy ny sata aman-kasin'ny firenena.”

(v.a tak.106)

Ny vaha-olana dia ny fahaizana mamolaka ny hambom-po. Raha izany no tanteraka, ny zo sy ny satan'ny firenena aza dia ho voaro avokoa. Andinin-tononkalo tokana, fohy hatrany no nanoloran'ny mpanoratra ny toroheviny.

Ny voarakitra ao amin'ny “Ny mangidy indrindra”, dia ny filazana an-kitsirano ny ngidin'ny fampirafesana ataon'ny olon-tiana amin'ilay mbola tia:

“Izay mangidy indrindra ozonin-tsy ho tsaroana

ny fon'ny olon-tiana mitia fitiavan-droa.

Tsy sitraka hosotroina: ny rano namonoana

ny afo nantenaina hamana ny ati-fo”

(v.a tak.35)

Toetra tsy mendrika, ka tokony hialana izany mizara fitiavana izany. Io andinin-tononkalo tokana, fohy io no nanomezan-dRABENJA Solomon tsiny ny olona manana fiainana tahaka izany.

Andinin-tononkalo roa na mihoatra, na andinin-tononkalo tokana lava be indray no hamahavahan'ny mpanoratra ny heviny, hitantarany ny zava-nisy, ary hitarihany ny sain'ny olona ho amin'ny tsara. Mivalampatra kokoa ny fanehoan-keviny.

Mamelabelatra ny anjara asan'ny teny, ny tononkalo: “Ny Tenintsika”

“Fony ianao hamantatra

izao tontolo izao,

hanandrana, hisantatra

izay raketiny ao,

dia teny tsara tefy

dia teny mafy fototra :

tsatsoin-tsy mety lefy,

alevin-tsy voatototra,

no nomeko anao:

hameno fo sy saina,

hataonao kilalao,

hamaky hehy ny aina.

Fony aho hamelona
ny angolam-piontanana,
nanondraka hampitrebona
izay nirin-kotanana,
dia teny sarobidy,
tenin'olon'afaka:
gadrain-tsy voahidy
kapain-tsy voatapaka
no nandrindrako ireny
ho fiainanan-tsy voafetra:
hanaitra sy hampiteny
ny lasako rehetra.”

(v.a tak.99)

Hampahalala ny Malagasy ny anjara asan'ny teny no tanjona kendren'ny mpanoratra amin'io tononkalo io, sady hanabe ny olona ho tia ny Teny Malagasy ihany koa. Andinin-tononkalo roa no nanehoany ny fitaomana.

Mamahavaha ireo zava-mafy nahatra tamin'ireo zoky teo aloha niaro ny fahafahana ho an'ny tanindrazana RABENJA Solomon. Manoritsoritra ny zava-misy ny tononkalo: “Ho an'ny Tanindrazana”

“Nosotroiny, notaperiny, tsy navelany ho antsika:
ny mangidy sy mangeroka tamin-tolom-panafahana,
na ny kapo-pijaliana, na ny rà najininika
rehefa ho an’ny Tanindrazana: tsy mba nisy niatahana.

Tsy ny miaina no tsy mamy, na ny tena no tsy tiana,
fa ny herin’ny fitiavana dia mitaky ny andrafetana
soatoavin-kivelaran’ny taranaka aoriana:
amin’izay vao tena mamy sy tena fy ny mangetana

Na ny tany nidabohana, na ny fasa-nilevenana,
na ny fonja, sesitany, na ny alina nierena,
samy afaka milaza, fa: taminy ny famerenanana
ny fiandrianam-pirenena no voaloham-pahendrena.

Na ireto mbola velona: sisam-paty sy forohana,
vatolahin’ny finoana sy fitiavan-tanindrazana
mbola indreo mamelon-tsoratra, fa ny ady nirobohana
no adidy masina indrindra tsy nanavahana karazana.

Ary ny hira notononina tamin-tolo-novandrinina
ve tsy hasim-panandratana tsy azon'iza ongotana?
Tokana ny foto-kevitra sy ny tanjo-nobanjinina!
na ny aina aza afoy raha izay no fanavotana!

Ary ireny no nandrary izao fiainantsika izao!
Ary isika no mpanohy mba ho mendrika ny anarany!
Ny aoriansika koa: hanatsara izay hatao
Ho lovany ho doria hahafeno ny hasambarany!
(v.a tak.89)

Mitaona ny taranaka aty aoriana hiaro ny fahafahana efa azo ny
Poeta. Andinin-tononkalo enina no nampiasainy.

Amin'ny maha-mpanoratra mpanabe an-dRABENJA Solomon, dia tsy
hadinony ny mampirisika ny mpianatra hianatra mafy. Milaza izany ny
tononkalo: "Hira ho an'ny mpianatra"

"Tsy miangatra Andriamanitra
ka misy izay voaozona hitrongy lalandava!
Nomeny antsika ny hery hahafahana mandranitra ny saina
tselatra hamahàna: irony sakantsakan-dava
eny an-dalam-pivoarana.
Ary izay no ianarana:
mba hananam-pahalalana,

mba hananana fahaizana : hoentin-mihary aoriana.

Ny mitomany zafy tsy aman-janaka: manko moa hadalana!

Dieny mihiratra àry ny andro fa tsy mbola mandaviana:

Velomy ny afom-pikirizana,

ary aza mety vizana

ny mitsakotsako hatrany

ny natolotra anareo: hahazoana izay kendrena.

Fa ny harena be mandifotra: mora kila, mora lany

raha tsy manana fanahy, raha tsy manam-pahendrena

Izay voarakitry ny saina:

tsy efan'iza horobaina

fa anao mandrakizay.

Ny fahavelomana àry ve tsy toy ny tenina maniry:

ka ny vao hatrany no mitsiry handimby indray

izay napolaky ny anjarany? Ivereno ireo tahiry

nozarain'ny mpampianatra:

mba hoentina mamantatra,

sy hoentina manakatra

ny fiainan-tonga lafatra.

(v.a tak.138)

Io tononkalo andininy tokana, nefa lava io, no nanazavan'ny mpanoratra ny hasarobidin'ny fianarana, mba handresen-dahatra ny mpianatra hilofo hatrany.

Santonana hevitra noraiketin'ny endri-tononkalo miankina amin'ny andininy ireo voalaza ireo. Ny tononkalo andininy fohy no nanomezan'ny mpanoratra fanitsian-kevitra sy torohevitra tsotra, ary nampibaribariany ny toetra tsy mendrika ilana fiovana. Ireo endri-tononkalo misy andininy roa na mihoatra, ary ireo endri-tononkalo tokana andininy lava no nentiny nampahafantarana ny zava-misy manodidina, ny tantaram-pirenena, ary nanentanany ny amin'ny tokony hatao. Arakaraka ny halavan'ny tononkalo araka izany ny zava-boalazany: tononkalo fohy, hevitra mifintina; tononkalo lava, hevitra mivelatra. Ankoatra izany, amin'ny maha-literatiora ny asa soratra, dia tsy natao hanitaram-pahalalana sy hanabeazana fotsiny ireo endri-tononkalo noforonin-dRABENJA Solomon, fa nentiny hampialana voly ny mpamaky ihany koa.

12-Fanomezan-danja an'ireo mari-pijanonan-tsoratra vitsivitsy

Tsapa, fa anisan'ny manome endrika ny tononkalony ihany koa ny mari-piatona nampiasainy. Tsy azo atao ambanin-javatra ny fandinihana azy ireny. Mari-pijanonan-tsoratra vitsivitsy no hojerena: ny faingo, ny teboka roa, ny teboka telo, ny tsoraka, ary ny baraingo.

121-Ny faingo (,)

Fahita matetika ao amin'ny tononkalony ny faingo. Nataony hitanisan-javatra izany. Ao amin'ny tononkalo "Antananarivo", dia ny faingo no manelanelana ny fitanisany ny herim-po nananan'ireo razana nanangana an'Antananarivo, sy nandrafitra azy hanana izao bika aman'endriny izao:

"Ny hatsembohan'ireo razantsika,

ny fikirizan'ireo teo aloha,
ny finiavan-tsy nety nivika,
ny tena finoana namàna ny fo;
ny andro sy taona nisosa tsy niato,
ny hambo nanentana ny isan-toko,
ny tsiky fanadratr'ireo mpanakanto:
no hery nanandrafitra sady nandoko
ny bika sy endrik'Antananarivo.”

(v.a tak. 134-135 and.1)

Ny fitanisany ireo hery ireo amin'ny antsipirihany, dia nataony hanentanana ny Malagasy ankehitriny hazoto hiasa ho an'ny tanindrazana.

Mbola ny faingo hatrany hatrany no mari-piatona nampiasainy betsaka ao amin'ny tononkalo: “Ity Nosintsika ity”

“N'inon'inona ilaina: na firaisan-kina izany,
na herim-po, na fihavanana, na ny fomba, fahendrena
maha-olon'ny olona; na ny hazo, na ny ao ambany tany
ananantsika be dia be... hanarenam-pirenena.

(v.a tak.30 and 4)

Ny hamaroan'ny faingo ao amin'io tononkalo io, dia mampivohitra ireo soatoavina Malagasy sy ireo harena voajanahary ananan'ny Nosy. Firenena manana ny maha-izy azy izany i Madagasikara, ka tsy tokony hiankin-doha amin'ny any ivelany. Ahafahana mivelona sy manarina ny firenena tsara ireo soatoavina sy harena voajanahary ananany ireo.

Hanentana ny olona ho tia tanindrazana sy hiasa bebe kokoa ho an'ny firenena ny fahalalana izany.

122- Ny teboka roa (:)

Natao hanazavana sy/na hamelabelarana ny teny eo alohany ny fisiany. Raha io tononkalo eo ambony io ihany no raisina, ny teny hoe:"n'inon'inona ilaina" alohan'ny teboka roa, dia manambara fa misy eto amin'ity Madagasikara ity avokoa ireo harena maro tsy ho voatanisa. Manamarika izany fahabetsahany izany moa ny fisian'ny teboka telo ao amin'ny hoe:" ananantsika be dia be... hanarenam-pirenena" (v.a tak.30, and 4)

Manaraka izany, "Ho avy ny maraina hitrotra aina vao", ny teny mialoha ny teboka roa, ao amin'ny tononkalo "Andrasako eto":

"(...)

Ho avy ny maraina hitrotra aina vao:

hiarina, hitraka ny mpivahiny àna."

Tsy ilaozan-java-manahirana ny fiainana. Ny maraina anefa afaka manome hery hiarenana sy hitrakana. Ny teboka roa no nentin'ny mpanoratra nanazava izany.

123- Ny teboka telo (...)

Ny teboka telo dia natao hampieritreretana ny mpamaky, hanohizany an-tsaina ny fihetseham-po tsy nambara an-tsoratra.

Mitarika ny mpamaky haka an-tsaina ireo fomba feno habibiana nandripahan'ny mpanjanan-tany ireo Malagasy fahiny nitaky fahafahana ny teboka telo, ao amin'ny tononkalo: "Aza kivy! Mahereza! "

“Dia tsaroana ny andro lasa namonoana an-kitsirano

Malagasy an’alinalina raha nitaky fahafahana...

Nisy tao ny notifirina ary koa navalan-drano...

habibiana tsotra, ho’aho, haromontana halefahana.”

(v.a tak.56 and 1)

Miverina indroa ny teboka telo amin’io tononkalo:” aza kivy! Mahereza!” io. Manantitra ny hamafin’ny fampijaliana nahazo ireo tia tanindrazana izany.

Nampiasa teboka telo indroa miantaona indray ny mpanoratra, mba hampivohirana ny hery vaikan’ny embom-pahatsiarovana ao amin’ny tononkalo:”Fa embona”

“Fa embona foana no avy misovoka,
manafika hatrany amin’ny ati-fanahy...

Ny saina miampita... ny nofo torovoka
anatin’ny fota-mandrevon’ny tsiahy!”

(v.a tak 64 and 3)

124- Ny tsoraka (!)

Ny tsoraka dia maneho ny fihetseham-po: hafaliana, fitiavana, alahelo, hakiviana, fankahalana, sns; amin’ny toe-javatra mitranga eo amin’ny fiainana.

Amin’ity tononkalo ny “Fiainana” ity, dia fitaomana ny mpamaky tsy ho kivy fa hitraka hatrany no ataon’ny mpanoratra. Tamin’ny alalan’ny fampiasana ny tsoraka isaky ny faran’ny andalana no nanaovany izany.

“Ny rano efa raraka tsy fandraoka!

Ny ravi-nihintsana ho maina ihany!

Ny very fanahy no mitana saoka,

fa ny te-ho mpandresy: mitraka hatrany!”

(v.a tak.52 and 1)

Ao amin’ny “Gasikarako” indray, dia fanabeazana ny mpamaky ho tia ny tanindrazana, izay sady fiandohana no fiafarana no ataony. Avoitran’ny fampiasany ny tsoraka izany:

“Vovoka no niandohana sady mbola hodiana koa!

Ary izao inoakao marina fa ny vovoka niaviako

sady mbola hiverenanko dia taminao tokoa

ry Gasikara tanindrazako! Ry Gasikara Tany tiako! “

(v.a tak.11 and 1)

125- Ny baraingo (?)

Natao hanontaniana sy hanadihadiana ny anton’ny trangan-javatra ny fisiany.

Ohatra 1: “Tandremo”

“Ry vorona mba nantenaina

ho namana mpiara-mikalo:

nahoana no dia noratraina,

navela hijaly...himalo

ny fo efa zary nonenana?

Inona e no ratsy natao

fa lalina ity elanelana

mampisaraka antsika ohatra izao? ”

(v.a tak 34, and 1)

Ny antony nahatonga ny fandratrana sy ny fijaliana ary ny fisarahana teo amin’ireo mpifankatia no tiana ho fantatra, ka asongadina amin’ny fampiasana ny baraingo.

Ohatra 2: “Aza manozona”

“Nahoana no latsalatsaina,

ompaina sy tevatavaina,

tsy mba toloram-pitiavana

ny fasana misy ny havana?”

(v.a tak 53 and 1)

Ny baraingo no entina hanadihady ny antony mahatonga ireo toetra tsy mendrika, izay ataon’ny olona sasany amin’ny fiheverana ny fasana ao amin’io tononkalo eo ambony io ihany.

Hita, fa nanampy tamin’ny fanakarana ny hevitra tian’ny mpanoratra hampitaina amin’ny mpamaky ireo mari-piatoana nampiasaina tao anaty asa soratra.

13- Fandokoana amin’ny alalan’ny rima

Tsy latsa-danja noho izany anefa ny fandokoana amin’ny alalan’ny rima. Araka an’i MAZALEYRAT: **“Ny rima dia fitovian’ny feo am-**

paran’andalana amin’ny zana-peo mitondra ny tsindrim-peo farany sy ny teny manaraka azy.”¹⁹⁸

Amin’ny ankapobeny, dia roa karazana ny rima fampiasan-dRABENJA Solomon raha ny laharam-pisehoany no andiniana ny asa sorany. Ao ny rima mifanjohy, manana endrika aabb, ary ny rima mifaningotra miseho amin’ny endrika abab. Indraindray anefa, arakaraka ny hevitra tian’ny mpanoratra hampitaina, dia ampifangarony ao anaty asa soratra iray ireo karazana rima ireo.

131- Ny rima mifanjohy aabb

Mampiasa rima mifanjohy ny tenany, rehefa hanolotra sy hanohana hevitra tokana sady tsy miovaova. Izany no hita ao amin’ny tononkalo hoe: “Aoka ho lozako”

“N’ionon’iona holazaina	a
sy dokam-barotra hodradraina:	a
n’ionon’iona hozaraina	a
handrendrehana ny saina	a
ho ny lalam-pandrosoana,	b
nefa tevan-kamonoana	b
handevenana ny teniko,	d
izao hatrany no averiko:	d
Tsy azon’iza n’iza hosena	e
ny fanahin’ny firenena	e

¹⁹⁸ MAZALEYRAT, Élément de métrique française, coll U, 2^{ème} Edition, Armand Colin, Paris 1974 : « Homophonie de la dernière voyelle accentuée ainsi que des phonèmes qui suivent. »

(v.a, tak.40 and 1)

Fa na inona zavatra holazaina sy hodradraina, ka handrebirebena ny saina ho mitondra mankany amin'ny fandrosoana, nefa vao mainka mamono ny Teny Malagasy, dia lavin'ny mpanoratra hatramin'ny farany izany. Rima mifanjohy no ihazonany izany heviny izany.

Tsy voatery hifanaraka amin'ny zavatra sainina ny fihetsika hita ety ivelany. Tsy rehefa hata-maso tsy mety miala akory dia teti-dratsy avokoa. Mifanohitra amin'izany aza no miseho, satria ny hata-maso dia mety hidika ihany koa ho fitoriana fihavanana. Rima mifanjohy no nentin'ny mpanoratra hanitsiana izany fahadisoam-piheverana izany, ao amin'ny tononkalo: "Tsy hoe..."

"Tsy hoe fikatsahana fanambakana, **a**

na koa teti-dratsy hampitony filàna, **a**

ireo hata-maso tsy nety niala: **a**

fa fihavanana mihanta sahala." **a**

(v.a, tak.105 and 1)

Araka ireo, ny rima mifanjohy dia natao hitarihana ny olona hanana fahamatoran-kevitra, sy hanitsiana ny fomba fisainana izay tsy mahita afa-tsy ny lafy ratsin'ny fiainana.

132- Ny rima mifaningotra abab

Entin'ny mpanoratra mampifamatotra ny anton-javatra sy ny vokany ny rima mifaningotra.

Mafy ny didy nampiharina ireo mpanjanaka tamin'ny Malagasy fahiny; vao mainka anefa nampitombo hery azy ireo ny fihafiana niaretany. Toe-

javatra mampifamatotra ny antony sy ny vokany toy izany, no avoitran'ny rima mifaningotra, ao amin'ny tononkalo: "Tsy maninona"

"Raha fanokana-monina	a
tsy ahitana ny olon-tiana	b
no didy mba tononina:	a
tsy maninona ihafiana,	b
fa izay no lalana ety	d
ho an'ny arabe mankeny.	e
Ny herinay tsy hiletsy	d
fa hitombo zato heny."	e

(v.a, tak.112 and 1)

Na dia manana fikasana, te hampangina ny hirahirany rehetra ao anatin'ny aza ny mpanoratra; ny setrasetrany fitia nolalovany tsy mampitsahatra ny fitarainany. Rima mifaningotra no mandoko izany toe-javatra tsy mety mitony izany, ao amin'ny tononkalo: "Tiako hangina"

"Tiako hangina anatiko ao ny hirahirahirako rehetra	a
dia 'reo hira nitahiry ny vololon'ny fiainako	b
dia ny fiainako tetoana tsy mba nohalavirin-tsetra	a
setrasetrany fitia loharanon'ny tarainako"	b

(v.a, tak.41 and 1)

Nentina nampitana fifandimbiasana anton-javatra sy vokany araka izany ny rima mifaningotra.

133- Ny rima mifangaro

Indraindray ampifangaroin'ny mpanoratra ireo karazana rima ireo, hanehoany rafi-pisainana roa mifanohitra.

Ho an'ireo nandia fianarana, dia toa tsy tsara intsony ny fomban-tany. Ho an'ireo Malagasy sasany mbola mitazona ny nentin-drazana kosa, dia tokony mbola hohalalinina ny fototra iorenan'ny famban-tanintsika. Rima mifangaro no maneho izany rafi-pisainana roa mifanohitra izany, ao amin'ny tononkalo: "Fivoarana"

"Saingy hoe nianatra, dia maika ery hiteny:	a
fa tokony harodana	b
hongotana, hototofana	b
ny fototra iorenan'ny fomban-tanintsika	d
Halalino ihany... fandrao mba misy dika	d
ny hasina voarakitra anatin'izy ireny"	a

(v.a, tak.33 and 1)

Mazàna dia ny tsy fisiana na ny setrasetra no handaozana ny akany. Toe-javatra hafa mihitsy anefa, dia ny hambo no nahatonga ny fialana. Rima mifangaro no mitatitra izany trangan-javatra mifanohitra mety hitranga eo amin'ny fiainana izany, araka ny tononkalo: "Dia nilaozany"

"Dia nilaozany ny akany raha mbola reno tory	a
sy tao anaty nofinofy ilay trano bongo keliny	b
tsy mba noho ny tsy fisiana na ny setrasetra akory	a
no nanainga izany diany sy nanohina ny eritreriny	b
fa ilay hambo maha olona, tsy diso toerana no injao	d

niredareda sy nivay ka nanosika azy handao.”

d

(v.a, tak.50 and 1)

Fiheverana roa mifanipaka no abaribarin’ny rima mifangaro eo.

FEHINY:

Nibahan-toerana tamin’ny filalaovana amin’ny endrika ny: fijerena ny rafitra andinin-tononkalo, ny fampiasana mari-piatoana, ary ny fikirakirana ny rima. Tsy latsa-danja amin’ireo ihany koa ny filalaovana amin’ny teny.

2- Ny filalaovana amin’ny teny

Amin’ny ankapobeny, dia Teny Malagasy ranoiray no nandrafetan-dRABENJA Solomon ny asa sorany, voarakitra ao amin’ny amboara AKO SY ANTISO. Santionany ihany amin’izay voam-bolana miresaka momba ny fanabeazana no hojerena dia: ny filalaovana amin’ny mpanampy , amin’ny teny savily, amin’ny mpampiankina, amin’ny teny mandidy, amina voambolana tranainy sy maneho trangan-kevitra, voambolana mitory fahatsaran’ny zava-boary, ary avy ao amin’ny Baiboly.

21-Ny mpanampy

Miankina amin’ny trangan-javatra miseho amin’ny fiainana ny karazana mpanampy ampiasain’ny mpanoratra. Ny misongadina amin’izany, dia ny mpanampy “aoka” sy “enga anie”.

- **Ny mpanampy “Aoka”**

Ao amin’ny tononkalo: “Aza hisaonana”, ny mpanampy “Aoka” no nentin’ily nandao namepetra ilay nilaozana mba tsy hitsetra na dia kely akory aza raha misy ny fisarahana indray andro any:

“Hisy ny andro hitondra avy any

ny fiantsoana handaozako ano,

hampody ny nofoko ho vovo-tany

“mba hampirindra izao hita izao.”

(...)

Aoka ny tsetra tsy hatehika akory

ny fo ‘zay nomena ho ahy ho doria”

(...)

(v.a, tak.104 and 1 sy 3)

Fiantsoana loza ho an’ny tena, raha toa minia manosihosy ny hasin’ny
Teny malagasy , ka manakalo azy amin’ny hafa no avoitran’ny mpanampy
“Aoka”, ao amin’ny tononkalo “Aoka ho lozako”

“Koa: Aoka ho lozako ry teniko,

raha koboniko sy afeniko

ka akako ny an’ny hafa:

na mikalo na mitafa

ny fisiana sy hanitrao,”

(...)

(v.a, tak.40 and 3)

Fiangaviana hanadino ny hadisoana sy ny heloka tsy nahy kosa no
ambaran’ny mpanampy “Aoka” ao amin’ny tononkalo “Tonom-bavaka”

“Raha misy hadisoana,

sy ny heloka tsy nahy

noho ny maha-olona ahy...

aoka ireny tsy ho tsaroana.”

(...)

(v.a, tak.73 and 2)

Fanehoam-pitiavana ny Ray niteraka sady fiangaviana tsy handrendrika ny maha malagasy no ventessin’ny mpanampy “Aoka” ao amin’ny tononkalo: “Antson’i Dada”

“Raha tia ahy ianao:

aoka tsy tsy ho rendrika

ny maha-isika antsika,”

(...)

(v.a, tak.78 and 4)

Farany, fanerena ankolaka ny saina mba hahay hamakafaka sy handinika amin’izay hatao no abaribarin’ny mpanampy “Aoka” ao amin’ny tononkalo “Sahia”

“Ry tompon-tsafidy:

aoka ho mailo! Ary aoka ho tsaroana,

fa tsy azo amidy

ny zo maha-olona (...)”

(v.a, tak.109 and 2)

FEHINY

Miankina amin'ny toe-javatra miseho: fanerena ankolaka na fandrarana miharo fiangaviana, izany no raketin'ny mpanampy "Aoka"

- Ny mpanampy "enga anie"

Mampipololotra ny firariana ny hiverenan'ny hazavana sy ny hafanana efa nisy teto amin'ny tanindrazana ho tonga otrikaina ny mpanampy "enga anie" ao amin'ny tononkalo "Hetaheta".

"Enga anie ilay hazavana

sy ny herin-kafanana,

nanjopiaka teto an-taniko

(...)

mba hanjary otrikaina

(...)

(v.a, tak.115-116 and 1)

Mbola io mpanampy "enga anie" io ihany no nentin'ny mpanoratra hirariana soa ny tarigetra notrotroina tam-panahy, mba hitondra soa sy fanambinana ary hafaliana ho an'ireo mpiray tanindrazana aminy. Mitatitra izany ny tononkalo "Tsy ho afa-maina"

"Ho anareo Rahalahy:

enga anie ny tarigetra

notrotroina tam-panahy,

notohan'ny rehetra,

tsy ho diso fanambinana,

ka ny tsikin-dohataona:

hitsikiana, hifamihinana,

sy hanesorantsika saona.”

(v.a, tak.87 and 3)

Faniriana ny tsy hanadinoana ny teny namborahana fitiavana tamin’ny olon-tiana, na inona na inona, no anterin’ny mpanampy “enga anie”, ao amin’ny tononkalo “Enga anie” ihany:

“Enga anie irony teny

nivetsoana ny olon-tiana: ho malala mandra-maty

nanandratana fitia vaky felana tanaty,

ho tsaroana ombieny ombieny,

ka na inona hifafy, n’inon’inon-koa hidona

ireny teny mamy ireny no hanamafy indray ny vona

nanakambana anareo.”

(v.a, tak.98 and 1)

Hita fa firarian-tsoa hatrany no hevitra mafonja novoizin’ny mpanampy “enga anie”.

22- Ny teny savily

Iray amin’ireo sokajin-teny nandravahan’ny mpanoratra ny asa sorany ny teny savily. Ara-pamaritana: **“Ny teny savily dia teny kely, na**

andian-teny miray toerana na misara-droa mampifandray ara-drafitra sy ara-kevitra fehezan-kevitra roa na mihoatra”.¹⁹⁹

Fa ny teny savily “Tsy ...fa” no hotsongaina manokana.

Ao amin’ny tonokalo “Olo-malala », ny teny savily “Tsy ...fa” no mitondra fanitsian-kevitra amin’ny fiheverana fa tsy kilalao toy ny kanety akory izany fanambadiana izany. Ny tena izy mantsy dia fitiavana maharitra mandrakizay no mitoetra ao aminy:

“ <u>Tsy</u> toy ny kanety fanao kilalao	}	hevitra diso
ny fanambadiana,		
(...)		
<u>fa</u> ilay “tena izy” ho mandrakizay...	}	fanitsian-kevitra
Fitiava-maharitra”		
(v.a, tak.37 and 1)		

Mbola fanitsian-kevitra hatrany no havoitran’ny tononkalo “Ho mandrakizay”, satria tsy hambo na ebo miserana ihany ny fitiavana olontiana, fa natao haharitra ho mandrakizay.

<u>Tsy</u> hambo na ebo	}	hevitra diso
mivelona anio		
<u>fa</u> afon-dolo jebo:	}	fanitsian-kevitra
tsy ravan-tadio		

¹⁹⁹ Lesona « Fanadihadiana momba ny « Teny savily” nataon’Andriamatoa RANAIVOSOA A. Désiré, 3^{ème} année, taom-pianarana 2007

izay fitiavako izay,

ka ho mandrakizay.”

(v.a, tak.117 and 3)

Toraka izany, tsy ny mivoatra no tsy tiana, fa ny handrapadrappa-poana fandrosoana mety hanenenana any aoriana no fanitsiana aroson’ny teny savily “Tsy...fa “ ao amin’ny tononkalo « Ny fanilontsika »

(...)

« Tsy ny mivoatra no tsy tiana,	}	hevitra diso
Fa: ny lailain’amiana		

No hanenenana atsy aoriana,	}	fanitsian-kevitra
raha mandadilady foana		
Handrapadrappa-pandrosoana!		

(...)

(v.a, tak.166)

Amin-dRABENJA Solomon, dia tsy fitadiavana tombon-tsoa ny famoronana tononkalo fa fanolorana ny tsara sy ny soa. Mamehy izany ny teny savily:”Tsy ...fa”, ao amin’ny asa soratra “Fanomezana”

“(…)

<u>tsy</u> fitadiavan-tombontsoa,	}	hevitra diso

<u>fa</u> fanolorana ny tsara,	}	fanitsian-kevitra
fanomezana ny soa		
(...)		
Ity tononkalo ity,		
(...)		

(v.a, tak. 174, 175 and 3)

Fanitsian-kevitra no azo andravanana ny hevitra noraketin’ny teny savily “Tsy...fa”. Hojerena manaraka ny fikirakirana ny mpampiankina.

23- Ny mpampiankina

Ny mpampiankina “raha” dia manasongadina fa anisan’ny tsy ahafahana mivoatra ny fanalavirana ny tanindrazana, araka ny tononkalo: “Aza tsiniana”

“(…)

Tsy afa-mivoatra ny zanak’olona,

raha tafasaraka tanindrazana:”

(…)

(v.a, tak.133 and 1)

Iankinan’ny fivoarana sy ny fikajiana ny zo maha-olona ny fifanampiana. Ny mpampiankina “raha” no manantitra izany ao amin’ny tononkalo “Fanilo”.

“Raha fiainana tsy ifanampiana

ifampizarana ny tsara indrindra

tsy ampy hivoarana sy hikajiana

ny zo maha-olona fanindrahindra. »

(v.a, tak.67 and 4)

Fepetra no mibahan-toerana avoitran'ny mpampiankina “raha” tamin'ireo tononkalo teo ambony ireo.

Manana ny anjara toerany tahaka izany koa ny teny mandidy.

24- Ny teny mandidy

Ao amin'ny tononkalo “Sahia”, dia teny mandidy no nentin'ny mpanoratra mampirisika ny olona hiaro ny rafitra tiany hanjaka eo amin'ny tanindrazany, sady hanentanana ny olona hanao ny adidiny.

“Ingao ny finiaavana,

ka ento miaro ny rafitra tiana

izato fitiavana

ny Tanindrazana (...)

(...)

Sahia àry matrika

ny adidy miandry ny olo-misaina.”

(v.a, tak.109 and 3)

Teny mandidy hatrany no nangatahan'ny mpanoratra ny fitiavana mba hanenika ny olombelona rehetra, sy hirariany ny hiavian'ny Mpamonjy ho an'ny mponina mahantra, ka hanolorany toky ho an'ireo izay milonjy

entana mamaky tratra. Ahitana izany ny voarakitra ao amin'ny tononkalo
“Tolory toky”

“Ataovy henika fitia

Ny olombelona rehetra

(...)

Koa tongava ry Mpamonjy

ho an'ny mponina mahantra,

(...)

Tolory toky ny milonjy

entana mamaky tratra,”

(...)

(v.a, tak.44 and 1 sy 3)

Manoloana ny teti-dratsin'ireo mpanjana-tany vaovao, dia teny mandidy no itarihan'ny mpanoratra ny mpamaky handinika ireo fihetsika nampiasainy, ka nahombiazany tamin'izany, ao amin'ny tononkalo “Ho zazakely”

“Halalino izay lazainy

sy ny ambadika nipoaka

(...)

An-jato taonany no lany:

nahombiazany avokoa.”

(v.a, tak.169-172 and 8)

Mibaiko sady manentana amin'izay tokony hatao manoloana ny zavamisy ny teny mandidy.

Manana ny anjara toerany amin'ny fanadihadiana ihany koa ny fampiasana ny voambolana tranainy.

25- Ny voambolana tranainy

Manaporofo ny harenan'ny Teny malagasy sady fiarovana azy tsy ho faty no namohazan'ny mpanoratra ireny voambolana tranainy ireny ho ao anaty asa sorany. Indreto misy santionany vitsivitsy notsongaina:

“handrorona”

“Tsy misy izay voaozona: hiletsy sy handrorona”

(v.a, tak.33 and 3)

Araka ny Rakibolana dia “hietry laharana” na “hitambotsitra” no heviny. Tsy eken'ny fisainana malagasy izany mandrorona izany. Koa manentana ny mpanoratra mba handrosoana hatrany.

Ao koa ny voambolana hoe: “**Mandaviana**”, izay tsy fampiasa andavanandro loatra intsony.

“(…)

Dieny mihiratra àry ny andro fa tsy mbola mandaviana:

Velomy ny afom-pikirizana,

(…)

(…) Ivereno ireo tahiry

nozarain'ny mpampianatra:

(...)”

(v.a, tak.138)

“Andro merika” na “mandavenona” no heviny. Mampirisika hatrany ny mpianatra hikiry amin’ny fianarana ny mpanoratra, dieny mbola tsy misy ny olana.

Ny “**nampidraiko**” indray dia midika hoe: “izay mampanano sarotra ny fandehanana”. Tsy ho levona akory ny maha-Malagasy na dia maro aza ny toe-javatra mety hampidraiko azy, araka ny tononkalo “Tsy hirodana”

“n’inon’inona kanefa

nampidraiko, nampivika;

tena ao fa tsy milefa

ny maha-Malagasy antsika”

(v.a, tak.84 and 4)

26- Ny voambolana milaza tsangan-kevitra

Misy ampahany amin’ireo voambolana namoronan-dRABENJA Solomon tononkalo ireo ny milaza tsangan-kevitra nijoroan’ny fiarahamonina ntaolo. Ny malaza amin’izany dia ny milaza ny “fanahy, ny Marina ary ny Rariny”.

Ny fanahy

Toetra soa maneho ny fahaiza-mitondra tena eo anivon’ny mpiarabelona ny fananam-panahy. Ao amin’ny tononkalo “Fanilo” dia manambara ny mpanoratra, fa raha tsy fehezim-panahy ny fahaizana sy ny fahalalana dia tsy mahalevona fahadalana.

“Raha ny fahaizana sy fahalalana

tsy fehezim-panahy ifankatiavana

tsy ampy handevonana fahadalana

mitady handetsy ny hasim-piniavana”.

(v.a, tak.67 and 1)

Harena sy fananana koa amin’ny Malagasy ny fanahy, satria izy no ahafahana mandala ny rariny. Mivoitra izany ao amin’ny tononkalo “Teny sy Riba”.

“(…)

ny antsika tsy vatana no tena fananana

fa ny fanahy: mandala ny rariny”

(…)

(v.a, tak.157 and 3)

Ny marina

Anisan’ny filamatry ny fiaraha-monina ny fanaovana ny marina. Tsy ny olon-drehetra anefa no mandala azy, fa ireo izay manam-panahy ihany. Manamafy izany ny tononkalo: “Ovana”

“(…)

Tsy ny olon-drehetra izay manan-tsaina

No manam-panahy handala ny marina!”

(…)

(v.a, tak.68 and 1)

Na dia tsy mora aza ny fanaovana ny marina, dia tokony holalaina hatrany izany. Hita izany, ao amin’ny tononkalo: “Aleo tsy miteny”.

“Fa famoizana ny tena izay antsoina ho fitiavana,

(...)

filolohavana ny Rariny! Fandalana koa ny Marina!”

(v.a, tak.57 and 3)

Ny Rariny

Zava-droa loha miara-dalana mandrakariva ny Marina sy ny Rariny. Ity farany ity mantsy no maneho ny marina hita maso. Noho ny herin’ny fitiavam-bola tafahoatra anefa dia tsy voateny mazava ny rariny sy ny marina. Miventy izany ny tononkalo: “Aro riaka”

“Vola an-tapitrisa

atolony ho ainga

(...)

Fa aro riaka ireny:

tsy ahafahana miteny

ny rariny sy marina!”

(v.a, tak.39 and 2 sy 3)

Tsy misehoseho ny Marina sy ny Rariny, nefa dia azo andrasana tsara, araka ny tononkalo hoe: “Andrasaka eto”

“Andrasako eto koa ny tsy noheverinao

(...)

Ny Marina sy Rariny mamitsapitsaka ao”

(...)

(v.a, tak.77 and 3)

Manaporofo ireo voambolana ireo fa nankamamy sy tsy nanary ny maha-Malagasy azy ny mpanoratra. Te hitaona ny hafa aza ny tenany mba hiara-manandratra aminy ireny fehendrena navelan'ny razana ireny.

27- Ny voambolana mitory ny fahatsaran'ny zava-boary

Poeta mpankafy ny zava-boary, na eny amin'ny lanitra ambony, na ety ambonin'ny tany RABENJA Solomon.

Toy izao ny fandokoana izany fankafizany zava-boary eny an-danitra izany, ao amin'ny tononkalo "Faniriana":

"(...)

ry volana baliaka

tongava na iraho

ny taratrao sariaka

(...)

(v.a, tak.20 and 1)

Tahaka izany koa no hita ao amin'ny tononkalo: "Ity Nosintsika ity"

"Iny mangan-danitra iny sy ny rahona tinafiny

ny tsikim-bolam-peno manondratondraka fitiavana.

(...)

(v.a, tak.30 and 2)

Tsy latsa-danja noho izany ny fikaloany ireo zava-boary fahita ety ambonin'ny tany, ao amin'io tononkalo eo ambony io ihany.

"Ireo sakelikelin'ony mitety lemaka sy harana,

ny tafia amam-binany: fifamotoana amin-tiana”

(v.a, tak.30 and 3)

Fahafinaretan’ny mpanoratra hatrany koa ny fandrenesany ny antsam-borona mikoalo. Ny tononkalo:” Ny feonao” no mampita izany:

“Mahasondriana ahy ery ny antsam-boro-mikalo”

(...)

(v.a, tak.18 and 1)

Ireny voambolana mandoko ny zava-boary ireny, dia midika fa soa sy meva ny Nosintsika, ary manana ny maha-izy azy. Mitaona ny saina hitia sy hiaro ny tanindrazana araka izany, ny fampiasan’ny mpanoratra azy ireny ao anaty asa soratra.

28- Ny voambolana avy ao amin’ny Baiboly

Amin’ny maha-kristianina ny mpanoratra, dia nampiasa voambolana avy ao amin’ny Baiboly ny tenany. Ireto misy ohatra vitsivitsy amin’izany:

“Andriamanitra”, v.a tak.153 sy 127

“Tompo”, v.a tak.27

“Kanana”, v.a tak.151

“vavaka”, v.a tak.151

“lanitra”, v.a tak.84

“afobe”, v.a tak.84

“Mpamonjy”, v.a tak.44 ...

Maneho ny maha-olona nandray fitaizana feno ny mpanoratra ireo voambolana nofantenany nandravahana ny asa sorany ireo.

Hita nisongadina tamin'ny filalaovana ny teny, fa ny mpanampy no nentin'ny mpanoratra nanabe ny olona hahay hionona sy hirary soa. Ny teny savily kosa no manitsy ny hevi-diso mety hitranga. Ny mpampiankina indray no manamafy, fa misy fepetra ny lalana mankany amin'ny fampandrosoana ny firenena. Ankoatra izany, ny teny mandidy no mibaiko sy manentana ary mampianatra ny olona amin'ny tokony hataony. Ny fampiasana ireo voambolana tranainy sy milaza tsangan-kevitra ary mitory ny fahatsaran'ny zavaboary, dia mitaona ny olona hitia ny nentin –drazany, ary hamelona indray ny fitiavan-tanindrazana marina. Farany, ireo voambolana notovozina avy ao amin'ny Baiboly no mameno ny fitaizana maha olona feno ny olona. Ny fanabeazana ara-panahy mantsy no mampiavaka ny olona amin'ny zava-boary hafa.

Ny filalaovana amin'ny sarin-teny indray no hanohizana ny fanadihadiana.

3- Ny filalaovana amin'ny sarin-teny

Mba hahakanto ny asa soratra, dia misy ny fiezahan'ny mpanoratra haneho hevitra mihataka amin'ny andavanandro amin'ny alalan'ny filalaovana sarin-teny. Azo sokajiana telo ireo karazana sarin-teny nandokoan-dRABENJA ny asa sorany dia: ny tamberina, ny fanovana endrin-javatra ary ireo sarin-teny hafa.

31- Ny tamberina

Sarin-teny mateti-piherina saika manavanana ny poeta maro amin'ny asa soratra ny fampiasana tamberina. Samy ahitana santionany amin'ny asa soratry RABENJA Solomon, na ny tamberim-peo, na ny tamberin-drenifeo, na ny tamberim-boan-teny, hatramin'ny tamberim-pototeny sy ny tamberin-drafi-pehezanteny.

O *Ny tamberin-jana-peo na “assonance”*

Miankina amin’ny hevitra sy ny hafatra tian’ny mpanoratra hampitaina ny tamberin-jana-peo nampiasainy:

➤ Ny tamberin-jana-peo |u|

Ao amin’ny tononkalo: “Tomoetra eto ihany”, dia ny tamberin-jana-peo |u|no nentin’ny mpanoratra milaza toetr’andro ratsy, ka nampamohafoha ny lasa tsy azo nototofana:

“Mijo ny oram-baventy... Kotsa ny tena rehetra...

Jemby ny maso mitady toeran-kialokalofana!

Masiaka ny riaka eto ambany: mivena sy tsy tafatoetra...

Tsaroako ny zavatra lasa, mipoitra tsy azo totofana!

(v.a, tak.42 and 3)

Ny mpandinika sasany toa an-dry FONAGY dia manambara fa:”**ny zana-peo |u| dia maneho ny haratsiana**”²⁰⁰

Manaraka izany, mampipololotra ny embona lalina ho an’ireo izay tafasaraka amin’ny Ray aman-dreniny sy ireo mpiray tampo aminy, ary ny havany ny tamberin-jana-peo |u|, ao amin’ny tononkalo “Mbola hisy”:

“I Neny sy i Dada tsaroako,

ry zandry tsy hadinoko roy,

ny havana tsy eo anoloako”

(...)

(v.a, tak.45 and 2)

²⁰⁰ FONAGY, *la vive voix*, Payot, 1983 : « Le |u| plus amer », tak.69

Ao amin'ny tononkalo "Fara hafatra" indray, dia manantitra sy mampahatsiaro hatrany ny tamberin-jana-peo |u|, fa ny ratsy atao dia manody mandrakariva izay nanao azy:

"N'ingon'ingona hataony iza_o no_o ataovy ho_o tsar_oany:

Raha mandr_ora mitsilany izy ihany no_o ho_o vo_oany! "

(...)

(v.a, tak.16 and 4)

Tokony hitandrina sy hahay handanjanja izay hataony izany ny tsirairay eo amin'ny fiainana.

Amin'ny ankapobeny, dia embona sy fahatsiarovana ny zava-nisy teo amin'ny lafy ratsin'ny fiainana, ary fananarana ny amin'ny tokony hatao no nasongadin'ny tamberin-jana-peo |u|.

➤ Ny tamberin-jana-peo |i|

Ny tamberin-jana-peo |i| kosa ao amin'ny tononkalo "Tiako ianao" no nentin'ny mpanoratra naneho ny fitiavana mivaivay tao am-pon'ilay tia ho an'ny olon-tiany:

"Tiako ianao, i_ri_ko

ho sombi_n'ny fanah_ik_o

handri_si_ka ny di_ak_o

an-tany i_zay hitsah_ik_o..."

(...)

(v.a, tak.22-23 and 1)

Araka an'i FONAGY ihany, **“ny zana-peo |i| dia mitory hatsarana”**²⁰¹

Ao amin'ny tononkalo: “Tompo ô! Omeo anay”, ny tamberin-jana-peo |i|no nanambaran'ny mpanoratra ny fifalian'ny Malagasy noho ny fiarenan'ny tanindrazany indray.

“Fifaliana tsy hay lazaina?

tsy voafaritry ny saina

no nentina

nanehoana

firavoana

fa niarina ka tazana

ilay nosy tanindrazana.”

(...)

(v.a, tak.27 and 2)

Toraka izany koa, ao amin'ny tononkalo “Ity Nosintsika ity”, ny tamberin-jana-peo |i| no mampibaribary an'ireo zava-tsoa ananan'ny firenena:

“Ity nosintsika ity tsy ny hoe ny karankaina,

ka ny akata sy ny tsilo no atsimoky ny tany

(...)

N'inon'inona ilaina: na firaisan-kina izany

(...)

²⁰¹ FONAGY, op-cit, tak.150, « ... le |i|... plus gai (...) »

ananantsika be dia be... hanarenam-pirenena”

(v.a, tak.30 and 1 sy 4)

Mitarika ny saina hitia ny tanindrazana izany.

Ny zava-nisy teo amin’ny lafy tsaran’ny fiainana no navoitran’ny tamberin-jana-peo |i|.

o *Ny tamberin-drenifeo na “allitération”*

Ny tamberin-drenifeo am-paran-tenda “h” an-dohan’andalana mifanesy no hita ao amin’ny tononkalo: “Vetson’i Dada”

“Anaka!

Hitady anao ny fahatsiarovana!

Hanontany anao ny lasa! Hiantso anao mangina i Dada!

Hitomany anao i Neny... Sento sisa mba tsikovana:

hanafana izato fatana ngolin’embo-mampibada.”

(v.a, tak.82, 83 and 5)

Mampivoitra ny alahelo sy ny fahatsiarovana mameno ny fon’ireo nahitana masoandro lavitry ny sombiniainy ny tamberin-drenifeo “h” amin’io tononkalo eo ambony io.

Ny tamberin-drenifeo an’orona “n” an-dohan’andalana mifanesy kosa no mibahana ao amin’ny tononkalo: “Ho veliranontsika”

“Na ny dina nifanaovana, na ny adiadintsika,

na ny avona sy hambo izay niainana hatrizay,

na ny oroka efa maina: samy te hamikavika

ny fisarahana omaly ho fiombonana indray.”

(v.a, tak.95 and 4)

Na dia teo aza ny adiady sy ny avona ary ny hambo, izay mety ho nampisaraka ireo mpifankatia, dia mbola maharitra hatrany ny fiombonany. Ny tamberin-drenifeo “n” no mitanisa amin’ny antsipiriany ireny fifamahofahoan-javatra mitranga ireny, ary mihazona ny fiombonana haharitra.

Tamberin-drenifeo roa sosona no mandravaka ny tononkalo “Mbola misy” dia ny tamberin-drenifeo amolotra “m” an-doham-boantenany mifanesy, sy ny tamberin-drenifeo am-paran-tenda “h”.

“Mbola misy! Tena maro: ankizilahy sy ankizivavy

amin’izao tontolo izao

miandry t̃anana hitsotra,

miandry hetsika hampizotra

ny fihodin’ny tantara.

Miandry hiaka hanambara...

Ka ny olona mandreny

Hamerimberina ombieny:

“Ny fiarovana tanteraka

ny zon’ny zaza izay nateraka””

(v.a, tak.96, 97 and 5)

Ny tamberin-drenifeo amolotra “m” mifanesy amin’ny andian-teny “Mbola misy” amin’io tononkalo io, dia maneho ny fahabetsahan’ireo ankizy mbola voageja, tsy mba manan-jo hivelatra. Etsy an-daniny, manantitra ny hanafainganana ny hetsika hanavotana azy ireny ny fisian’ny

tamberin-drenifeo am-paran-tenda “h” amin’ny “hetsika hampizotra” sy ny “hiaka hanambara”.

Arahina tamberim-boan-teny na “anaphore” amin’ny teny hoe: “miandry” ireo tamberin-drenifeo roa ireo. Vao mainka manamafy sy mandondona ny fanafainganana ny hetsika hanavotana ireo ankizy tsy manan-jo ny fiarahan-dalan’ny tamberin-drenifeo sy ny tamberim-boan-teny ao amin’io tononkalo “Mbola misy” io.

Fanamafisan-kevitra na filazan-javatra amin’ny antsipiriany, na fanafainganana hetsika tian-kotratarina no novoizin’ny tamberin-drenifeo.

O *Ny tamberim-boan-teny na “anaphore”*

Mampitovy lanja ny fitiavana ny Ray sy ny Reny niteraka ny tamberim-boan-teny “tiako”, ao amin’ny tononkalo: “Raha tsy nisy ianao”.

“Tiako i Dada, tiako i Neny! “

(...)

(v.a, tak.21 and 1)

Ny tamberim-boan-teny an-dohan’andalana isan’andininy “andrasako eto”, amin’ny tononkalo “andrasako eto” ihany, dia maneho fa zava-droa loha mifanohitra no mifandimby mitranga eo amin’ny fiainan-janak’olombelona dia ny alina sy ny maraina, ary ny oram-batravatra sy ny andro tsara:

“Andrasako eto ihany ny fahataperanao

ry alina mikitroka: misari-pandravana

Ho avy ny maraina hitroto aina vao:

hiarina, hitraka ny mpivahiny àna.

Andrasako eto ihany ry oram-batravatra

ny andro tsara tony: nahatakao ny diako.

Ho maina ireo naolana... hanolotra ny ratra!

Hiraona fahafahana ny sampan'andro tiako”

(...)

(v.a, tak.77 and 1 sy 2)

Ao amin'ny tononkalo “Ririnina ô!” ny tamberim-boan-teny an-dohan'andalana isan'andiny “Ririnina ô!”, dia mampiseho ny herin'ny ririnina, izay afaka mitondra hatsitsiaka, fitoniana ary tonon-taona vaovao.

“Ririnina ô!

Ny erikerikao

mampihanjaka ny taho,

(...)

hitondra hatsitsiaka

an-tsain'ireo mitady

hifamono an'ady

Ririnina ô!

foany toy ny ravina

nahintsanao tetoana

(...)

mba hampitonitony:
ny ràny misendaotra,
sy ny hambo tafahoatra

Ririnina ô!

(...)

Ny loza mitatao
an-dohan'ny miaina

(...)

Tolory lohataona

(...)

(v.a, tak.62)

Farany, ny tamberim-boan-teny “Hitako” an-dohan’andalana isan’andiny ao amin’ny tononkalo “Ny fahorianay”, dia mampibaribary ny havesatry ny alahelon’ny tsirairay avy isam-batan’olona ao anatin’ny fianakaviana noho ny fahabangana misy. Iray vatsy iray aina mantsy izy mianakavy miombom-pahoriana:

“Hitako ny zandriko:

mangia ny fokofokony

(...)

mibanjina ny toerana:

hitelina...handrovitra

‘lay “LALA” fanaperana...

Hitako ny vadiny:

misento toran-tany

miantsoantso an-janany

(...)

nibanjina ny làlana

ny lalamben’ny maty...

(...)

Hitako ireo zokiny

tsy mbola vory saina

(...)

Ny ranomaso latsaka

(...)

fa tsy eo ny ankiray

Hitako ny raiko:

tenain’ny fahoriana...

(...)

tomany ny andevenana

‘ lay miaramilakeliny

Hitako izahay

(...)

trotrak'alahelo

(v.a, tak.110-111)

Fehezina amin'ny fampitovian-danja ny fitiavana ny Ray aman-dReny, na fampifanatrehana toe-javatra roa mifanohitra nefa mifandimby mpiseho eo amin'ny fiainana, ary ny fanantitranterana fanamaivanana toe-javatra iray na vao mainka fanomezan-danja azy no ventessin'ny tamberim-boantenany.

O *Ny tamberim-pototeny na "polyptote"*

Tamberim-pototeny no nentin-dRABENJA Solomon naneho ny havesatry ny ratram-po navelan'ny olon-tiana mitia fitiavan-droa, ao amin'ny tononkalo: "Ny mangidy indrindra".

"Izay mangidy indrindra ozonin-tsy hotsaroana

ny fon'ny olon-tiana mitia fitiavan-droa."

(...)

(v.a, tak.35)

Fananarana hataho-tody indray no fonosin'ny tamberim-pototeny ao amin'ny tononkalo: "Fara hafatra"

"N'inon'inona hataony izao no ataovy ho tsaroany:

Raha mandrora mitsilany izy ihany no ho voany! "

(v.a, tak.16 and 4)

Soatoavina tokony hohajaina teo amin'ny Ntaolo ny fahatahorana ny today, fa sady fahendrena izany no antoky ny filaminan'ny fiaraha-monina.

Ao amin'ny tononkalo “Ny kalontsika” no anandratan'ny mpanoratra amin'ny alalan'ny tamberim-pototeny, fa manana hasina afaka handresy sy hanohitra fakam-panahy ny hira:

“Ny hira narafitra ho azy sy ho ahy:

No kalom-pitiavan-tsy resy resena,

Dia kalo hanoherana fakam-panahy”

(...)

(v.a, tak.150 and 2)

Ny tamberim-boan-teny “kalo”, ao amin'io tononkalo io ihany, no toa vao mainka manamafy izany hery ananan'ny hira izany. Ny fiarahan-dalan'ny tamberim-pototeny amin'ny tamberim-boan-teny izany no mampivaingana ny hery ananan'ny hira.

Mampiseho hatrany ny hery ananan'ny hira: mandrindra sy mampihena ny ngidin'ny fiainana ny tamberim-pototeny hita ao amin'ny tononkalo: “Ity hira ity”

“Tantely amam-bahona

ny fiainana... ekena...

(...)

Ity hira ity kaloina

hamerina ny rindra.

Hatsatso tsy tsatsoina

izay mangidy indrindra.”

(v.a, tak.149 and 2)

Miankina amin'ny toe-javatra mitranga ny fampiasana tamberim-pototeny: mety ho fananarana na fanamafisan-kevitra.

O *Ny tamberin-drafi-pehezanteny na “parallélisme »*

Ara-pamaritana dia: « **sarin-teny ahitana fehezan-teny roa na mihoatra mifanesy, na tsy mifanesy fa mitovy tsinjara toerana ao anaty ampahan-dahatsoratra, ka mifamaly amin'ny vanim-pehezan-teny rehetra ».**²⁰²

Ao amin'ny tononkalo “Tiako hangina” dia fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mitovy hevitra no nampiasain'ny mpanoratra, mba hanambarany ny fitiavany fahanginana tamin'ireo hirahirany mitahiry ny fiainany sy ireo teny mitanisa ny fahoriana tsy tiany horenesina akory.

| |Tiako hangina anatiko ao | ny hirahirako rehetra

1

2

dia 'reo hira mitahiry | ny vololon'ny fiainako | |

3

4

(...)

| |Tiako hangina anatiko ao | tsy horenesinao fitsaika

1

2

ny fianjeran'ireo teniko | mitanisa fahoriana | |

3

4

²⁰² Siméon RAJAONA, *Ny zava-kanto vita amin'ny teny*, natonta fanindroany, Editions Ambozontany, Analamahitsy- Antananarivo, 2006, tak.122

(...)

(v.a, tak.41 and 1 sy 2)

Marihina fa arahina tamberim-boan-teny “Tiako hangina” io tamberin-drafi-pehezanteny io, hany ka vao mainka misongadina ny fitiavana te hangina.

Arakaraka ny toe-javatra lalovana eo amin’ny fiainana, dia misy fotoana liana fahanginana. Ny fiarahan-dalan’ny tamberin-drafi-pehezanteny sy tamberim-boan-teny dia manome lanja izany fahanginana izany eto.

Fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mandravan-kevitra kosa no hita ao amin’ny tononkalo: “Ny hiran’ny foko”:

| |Tsy mety mitony ny hiran’ny foko|

1

Na efa nadio ny rano nitany. | |

2

| |Tsy eto ny tanin’ny fanadinoana|

1

Na dia nangina ny akoralava... | |

2

(v.a, tak.164 and 1, 2)

Manasongadina ny tamberin-drafi-pehezan-teny, fa tsy misy ny fandinoana raha mbola eto an-tany. Izany no mahatonga ny tsy fitoniana izay mamohafoha mandrakariva ny lasa. Aravon’ny fehezan-teny mifamaly

rafitra, mitovy vahana ireo izany, fa ny fahatsiarovana dia tandra vadin-koditry ny fiainan-janak’olombelona.

Sarobidy ny aina, ka ny olona iray, na an-tapitrisa no ampahoriana na koa vonoina, dia samy tsy rariny. Fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mitovy hevitra no nampiasain’ny mpanoratra nanambarana izany ao amin’ny tononkalo: “Samy hafa ve?”

| | Raha olona iray no ampahoriana, |

1

gejaina, velezina ho tapitra aina: | |

2

(...)

| | Raha an-tapitrisa no vonoina |

1

halatsaka rà hamonto ny tany: | |

2

(...)

(v.a, tak.81 and 1, 2)

Samy fitaovam-pifandraisana, na ny teny na ny feo, hanehoampitiavana na handrindrana ny finiavana sy ny “hasin-jo” ambony indrindra. Amin’ny alalan’ny fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mitovy hevitra indray no mbola nanandratan-dRABENJA Solomon izany hasin’ny teny sy ny feo izany, ao amin’ny tononkalo: “Enga anie”

“| | Enga anie irony teny |

1

nivetsoana ny olon-tiana: | ho malala mandra-maty |

2

3

nanandratana fitia | vaky felana tanaty |

4

5

Ho tsaroana ombieny ombieny | |

6

| | enga anie irony feo: |

1

akoran'aina te hitepo, | saikin-kira te handrindra |

2

3

finiavan-tsara ladina, | hasin-jo ambony indrindra |

4

5

horenesina mazàna: | |

6

(...)

(v.a, tak.98 and 1 sy 2)

Ao amin'ny tononkalo: "Ny Tenintsika" dia tamberin-drafi-pehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mitovy hevitra hatrany no nampahafantaran'ny mpanoratra ny mpamaky ny anjara asan'ny teny dia ny : maha fitaovam-panovozam-pahalalana sy fanehoana fihetseham-po azy. Ny toetrany kosa dia tsara, mafy, tsy mety lefy, manome fahafahana.

Fony ianao hamantatra	Fony aho hamelona
1	1
izao tontolo izao,	ny angolam-piontanana
2	2
hanandrana, hisantatra	nanondraka, hampitrebona
3	3
izay raketiny ao	izay nirin-kotanana
4	4
dia teny tsara tefy,	dia teny sarobidy
5	5
teny mafy fototra	tenin'olona afaka
6	6
tsatsoin-tsy mety lefy	gadrain-tsy voahidy
7	7
alevin-tsy voatotoatra	kapain-tsy voatapaka
8	8
no nomeko anao:	no nandridrako ireny
9	9
(...)	(...)

(v.a, tak.99 and 1 sy 2)

FEHINY

Faniriana fahanginana miredareda tao anatin'ny mpanoratra sy fanamafisana fa sy afaka misaraka amin'ny fiainan'ny olona ny fahatsiarovana, no navoitran'ny fampiasana tamberin-drafi-pehezan-teny. Ankoatra izany, nahatsapa ihany koa RABENJA Solomon, fa manana ny hasiny manokana ny aina teo amin'ny Malagasy. Hany ka na olona iray na an-tapitrisa no novonoina noho ny fitiavany ny tanindrazany, dia tsy Rariny

izany. Farany, zava-dehibe ny anjara asan'ny teny sy ny toetrany, satria sady mampifandray ny olona samy olona izy, no fitaovana ahazoana mampita ny fitiavana amam-pihetseham-po ary fanovozam-pahalalana rahateo. Ireo no azo andravonana ny filalaovana amin'ny tamberin-drafi-pehezan-teny. Aorinan'izao fanadihadiana ny tamberina izao, dia ny fampiasana ireo sarin-teny fanovana endri-javatra indray no hovelabelarina manaraka.

32- Ny fanovana endri-javatra

Anisan'ny sarin-teny malaza ny fanovana endri-javatra. Maro ireo mpandinika sy mpanoratra miombon-kevitra, fa ny fanovana endri-javatra no “mpanjakan'ny sarin-teny”. RABENJA Solomon, dia anankiray amin'ireo poeta nahafolaka izany fomba filazan-javatra izany, ka ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana ary ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fanafiana toetry ny anoharana ny oharina no betsaka nampitany ny fanabezana ho an'ny mpamaky.

➤ *Fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana*

Amin'ity karazany ity, dia samy mifanatrika eo avokoa na ny oharina na ny anoharana. Amin'izany, ny oharina dia tsy iza akory fa ilay anoharana ihany. Izany hoe ny oharina dia mitana anjara asa lazaina, ary ny anoharana kosa no enti-milaza.

Ao amin'ny tononkalo “Ny hira”:

“Ny hira no hery,

L EM

fitiavana marina

EM

manolo ny very

sy tsy azo amboarina”

(...)

(v.a, tak.122 and 4)

Fanovana endrin-javatra azo avy amin’ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana no hita amin’io tononkalo eo ambony io. Tokana ny oharina dia ny “hira”, fa ny anoharana kosa indroa miantaona dia ny “hery” sy ny “fitiavana”. Iray sehan-kevitra ireo anoharana ireo na dia samy hafa aza, satria na ny “hery” na ny “fitiavana”, dia samy manambara zavatra tsy hita maso sady tsy azo tsapain-tanana, nefa kosa manana fiantraikany. Tokantsoritra izany ny fanovana endri-javatra miseho eto.

Mifintina ny fomba filazan-javatra, saingy mivelatra ny hevitra amampihetseham-po raketiny. Tsy ilaozan-javatra manahirana ny fiainana, izay mety mahakivy sy mahaketraka ka mandreraka sy mahavery fanantenana. Ny fikaloana ny hira anefa dia ahazoana manolo ny hery lany, sy mahavery dia, mamboatra ny tsy nety nitranga. Otronin’ny fitiavana marina izany rehetra izany, vao mainka manome lanja ny hira, hahatonga azy ho fitaovana hahafahana miatrika ny zava-manahirana eo amin’ny fiainana. Ny fanantitraterana ny fitiavana amin’ny teny hoe: “marina”, na ny fisian’ny “famaritana mandeha ho azy” na “Redondance poétique” no manasongadina bebe kokoa ny lanjan’ny hira amin’ity fomba filazan-javatra mampiasa ny fanovana endri-javatra azo avy amin’ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana ity.

Fanabeazana azo raisina: mpanampy amin’ny zava-tsarotra lalovana eo amin’ny fiainana ny hira.

Fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana arahina “périphrase” ihany koa no asongadin'ny tononkalo “Fanomezana”:

“Ianao ilay fanahy

L EM

Nahafeno ahy ho olona,”

(...)

(v.a, tak.174, 175, and)

Voamarika ao amin'ny vondrona ambara, fa tononkalo nataon'ny mpanoratra ho am-badiny ity tononkalo ity. Tsara hosoritana ny mety ho anton'ny nampiasan-dRABENJA Solomon ny mpisolo tena laharana faharoa “ianaos”. Tononkalo miavaka ity tononkalo ity, satria ifampiresahany mivantany amim-badiny. Ka ny oharina voalaza eto izany, dia tsy iza tsy akory fa ny andefimandrin'ny mpanoratra ihany. Ny mpisolo tena “ianaos” no manondro izany. Ny anoharana indray dia “ilay fanahy”. Arahina “périphrase” na sarin-teny ilazana amin'ny teny maro “nahafeno ahy ho olona”, ho amin'ny teny tokana hoe: “ maha olona” io fanovana endri-javatra io. Manana hevitra maro ny “fanahy”. Amin'ny Malagasy manokana, dia nanondroana ny toetra tsara nasehon'ny olona iray tamin'ny fifandraisany tamin'ny hafa ny fananam-panahy. Amin'ny fivavahana kristianina kosa, ny fanahy, dia ilay ambaratonga ambony indrindra mameno ny maha-olona, ankoatra ny vatana sy ny saina. Ity filazana farany ity no toa mifandraika amin'ny fiheveran' ny mpanoratra. Ny Baiboly dia manamafy fa ny lehilahy sy ny vehivavy miaraka no maneho ny nahafenoan'ny endrik'olombelona nataon'Andriamanitra. Noho ny fitaizana ara-panahy azon'ny mpanoratra, dia tsapany ny fahabangana lehibe raha tsy eo ny vadiny. Manana anjara toerana lehibe eo amin'ny fiainany ny vadiny ary mpanampy tandrify azy. Io mpisolo tena

nampiasainy io koa, dia manasongadina, fa ny vehivavy vady rehetra dia tokony ho mpanampy mameno ny banga eo amin'ny lehilahy vadiny avokoa.

Mifintina ny fomba filazan-javatra, saingy mivelatra kosa ny angolan-kevitra amam-pihetseham-po raketin'izany fomba filazan-javatra izany, mba hitaomana ny olona manambady rehetra hanome lanja sy hasina ny vadiny sy ny fanambadiany eo amin'ny fiainan-tokantranony avy.

Ao amin'ny tononkalo “Raha tsy nisy ianao”, dia fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana, maro sosona, arahina famaritana mandeha ho azy na “redondance poétique” no tsikaritra:

“Ianao no kibo nitahiry

L EM

ny tavony sarobidiko,

sady faka mampitsiry

EM

ny tsanganan'ny safidiko.”

(v.a, tak.21 and 3)

Tsy inona akory ny oharina, fa ny anoharana ihany. Mifintina ny fomba filazan-javatra, fa mivelatra kosa ny hevitra amam-pihetseham-po fonosiny. Raha vakina manontolo ny tononkalo, dia tsapa fa ny tanindrazana na i Madagasikara no tondroin'ny mpisolo tena laharana faharoa “ianaos”, izay oharina tokana hita ao amin'io tononkalo io. Anankiroa kosa ny anoharana dia ny “kibo” sy ny “faka”. Seha-kevitra samy hafa na dia mifanesy sy mifampiditra aza no misy ireo fanovana endri-javatra ireo: ny voalohany dia milaza fari-batana amin'ny

tenan’olombelona; ny faharoa kosa dia miresaka zava-maniry. Maro soritra, araka izany ny fanovana endri-javatra hita eto. Misy famaritana mandeha ho azy: “nitahiry” sy “nampitsiry” eo amin’ireo anoharana roa ireo dia ny hoe: “kibo nitahiry” sy ny “faka nampitsiry”. Ny kibo izany no toerana misy ny tavony izay ipetrahana sy iveloman’ny zaza, raha mbola any am-bohoka izy. Rehefa teraka soa aman-tsara anefa ny zaza, dia tsy maintsy alevina ao anaty tany ilay tavony teo. Amin’izay fotoana izay, ny toerana na ny faritra nandevenana ilay tavony, dia anisan’ny antsoina hoe: tanindrazana ihany koa, satria mitahiry ilay fototra naha-olona. Fanampin’izany, tsy mitahiry fe mitahiry ny raki-tsarobidy fotsiny ny tanindrazana, fa mamolavola ny maha olona ny olona ihany koa. Miankina betsaka amin’izay zava-misy ao amin’io tany io mantsy, na ny toe-tsaina na ny kolon-tsaina sy ny fomba amam-panaon’ny olona avy ao. Ireny no manangana ny safidiny. Ny fanovana endri-javatra azo avy amin’ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana izany amin’ity tononkalo “Raha tsy nisy ianao ity”, dia fitaomana ny Malagasy ho tia ny tanindrazany sy izay nenti-drazany; ka ny fanovana endri-javatra marososona miaraka amin’ny famaritana mandeha ho azy no manantitra izany fitaomana izany.

➤ *Fanovana endri-javatra azo avy amin’ny fanafiana toetry ny anoharana ny oharina*

Amin’ity fanovana endri-javatra ity, dia tsy eo ny anoharana, fa toetra iray ao aminy no singanina, ka atafy ny oharina. Fahita ary fampiasa matetika amin’ny fanovana endri-javatra, ity azo avy amin’ny fanafiana toetry ny anoharana ny oharina ity.

Toetra iray anisan’ny mampiavaka ny olona amin’ny zava-boahary hafa ny fananana “hambo”. Ato amin’ny tononkalo “Dia nilaozany”, dia ny fanovana endri-javatra azo avy amin’ny fanafiana toetry ny anoharana ny oharina no manasongadina izany lanjan’ny hambo izany:

“(…)

fa ilay hambo maha olona, tsy diso toerana,

no injao

niredareda sy nivay ka nanosika azy handao.”

(v.a, tak.50 and 1)

Ny “niredareda” sy “nivay” dia toetran’ny anoharana. Fanovana endri-javatra tokan-tsoritra no hita eto, satria samy seha-kevitra iray dia ny “hafanana” no misy ireo teny ireo. Ankilany, hita maso, manana loko marevaka, manintona, tsy azo tsapain-tanana, mandoro, mahamay, mahamasaka nahandro, mazava, azo atao fanilo, toy ny “afo” ny anoharana. Etsy an-daniny, tsy hita maso, tsy azo tsapain-tanana, tsy mivaingana, toetra iray ao amin’ny olombelona ny oharina dia “ilay hambo”. Ny toetra hita ao amin’ny afo no natafy ny hambo, ka nahatonga azy ho fanoitra hitarika sy hitsilo ny dia hiova lasy.

Fitarihana ny olona hanana hambo, mba hiezaka hatrany hanatsara ny fiainany no avoitran’ny fanovana endri-javatra eto. Mifintina ny fomba filazan-javatra, fa ny hevitra sy ny fihetseham-po mafonja hatrany.

Singa lehibe manasongadina ny maha firenena ny firenena iray ny Teny. Tahaka ny firenena hafa rehetra, dia manana ny Tenin-drazany ihany koa ny Malagasy.

Ao amin’ny tononkalo “Ho zazakely”, dia ny fanovana endri-javatra azo avy amin’ny fanafiana toetry ny anoharana ny oharina no nentin-dRABENJA Solomon hampirisihana ny mpamaky hitrandraka ny teniny:

“(…)

‘Ndeha hadio ny teninao,

(…)

fa voarakidrakitra ao

ny fahendrena, vaha olana.”

(v.a, tak.169-172, and 11)

Ao amin’ny “hadio ny teninao” no ilalaovan’ny mpanoratra ny fanovana endri-javatra. Ny hoe “hadio”, dia toetran’ny anoharana, filaza mandidy, mibaiko ny hijerena ifotony ny zavatra milevina ao anaty tany, mba hahalalana tsara izay fotony. Io anoharana io izany dia mety ho fakan-kazo na zava-maniry misy vodiny azo hadiana. Natafy ny anoharana”ny teninao” izany toetra izany. Ny”teninao” kosa dia mamaritra zavatra tsy hita maso, heno, tsy azo tsapain-tanana, soatoavina maneho ny maha izy azy ny firenena iray. Mba tsy hahafaty maso ny Tenin-drazana sy izay nentin-drazana rehetra, dia tokony homena hasina ny fitrandrahana tsara izany Teny izany. Tsy fahendrena fotsiny mantsy no raketiny, fa vaha olana manoloana ny zava-tsarotra lalovana ihany koa izy. Manentana ny rehetra ny mpanoratra mba ho tia sy hikajy ary hampiasa ny Tenin-drazany. Mifintina ny fomba filazan’ny mpanoratra izany fanentanana hiaro ny hasin’ny teny izany, fa mivelatra kosa ny hevitra sy ny fihetseha-po raketin’ny fanambarany.

Ny fodiana an-tanindrazana ho an’ireo izay mbola tavela any ivelany no heverina ho fanafody hampitony ny alahelony. Ny tononkalo: “Aza tsiniana” no mamohafoha amin’ny alalan’ny fanovana endri-javatra izany fitiavan-tanindrazana izany:

“(…)

Ny “Mamy ny mody” averimberina

no tena odifolaky ny an-dakira!

Koa aza tsiniana ny Malagasy

raha manina foana an'ilay tsy tazana.

Fa aminy mantsy ny tena lasy:

an'ivon'ny havana, tanindrazana.”

(v.a, tak.133 and 3)

Ny “mamy” izay toetry ny anoharany, dia ilazana zavatra hita maso, mivaingana na tsia, azo tsapain-tanana toy ny vatomamy, na tantely, na mofomamy.... Atafy ny oharina “mody”, izay tsy hita maso, tsy azo tsapain-tanana izany toetoetra mety ho hita amin'ireo zavatra voalaza teo aloha heverina ho endriky ny anoharana izany. Izany hoe omena toetra ahitana fankafizana sy fahafinaretana io voambolana “mody” io, mba hanairana ireo Malagasy mitady ho variana any ivelany any, tsy hanadino ny akany nahafoizany. Manome fahasambarana ny fodiana an-tanindrazana manakaiky ireo havana. Maneho ny fankamamiana ny tanindrazana izany, ary ny tsy hanakalozana azy amin'ny an'ny hafa.

Mifintina ny fomba filazan-javatra ny mpanoratra noho ny fampiasany sarin-teny. Mafonja hatrany kosa anefa ny hevitra sy ny fihetseham-po navoitran'ny fanovana endri-javatra nampiasainy.

FEHINY

Fomba hanamaivanana ny zavatra lalovana eo amin'ny fiainana amin'ny alalan'ny hira, fanomezana hasina hatrany ny vady sy ny fanambadiana, fitaizana ny olona hanana hambo tsara hihoirana eo amin'ny fiainana, fitiavana ny Tenin-drazana ary tsy fanadinoana ny Tanin'ny tena no masaka navoitran'ny fampiasana ireo fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana, ary ny fanafiana toetry ny anoharana ny oharina ireo.

Hamaranana ny filalaovana amin'ny sarin-teny ny fijerena ny fampiasana ireo sarin-teny hafa.

33- Ny sarin-teny hafa

Manankarena sarin-teny ny asa soratry RABENJA Solomon. Manaporofo izany ny mbola fisian'ny sarin-teny hafa, izay tsy voalaza, na tao amin'ny tamberina, na koa tao amin'ny fanovana endri-javatra. Anisan'izany ny: “paronomase”, ny “harmonie imitative”, ny “antithèse”, ny “gradation”, ary ny “metonymie”

➤ Ny “paronomase”

Sarin-teny ampifanatrehana teny roa mifanila toerana na tsia, samy hafa, saingy singam-peo iray na roa no tsy itovizany, mitovy anjara toerana anatina fehezan-teny mifanesy ary miendrika “anaphore”.

Ahatarafana izany ny tononkalo mitondra ny lahateny hoe: “Akoholahy veta”:

“Akoholahy veta! Mazava ‘ty tetika

hoenti-mandevona, hoenti-mandetika,

hoenti-mandevina anivon'ny lasy:

ny soa sy ny kanton'ilay Teny Gasy.”

(v.a, tak.123 sy 124 and.5)

“Paronomase” no nentin'ny mpanoratra manaitra ny Malagasy hiaro ny teniny, manoloana ny teti-dratsin'ireo mpanjana-pirenena. Eo amin'ny voan-teny “hoenti-mandevona” sy “hoenti-mandevina” no isehoan'izany. Milaza fanafoanana ny mandevona. Mitovy fanafenana na fanotorana kosa ny mandevina. Samy fanaovana tsinontsinona ny hasin'ny Teny Malagasy ireo toetra roa ireo, ka tokony hohalavirina. Harena sy zava-tsoa mantsy no voarakitra ao amin'ny Teny Malagasy, ka izany indrindra no tokony hitiavana sy hanomezan-kasina ny teny.

Endrika “paronomase” tahaka izay hita teo ambony ihany no asongadin’ny tononkalo “Ho zazakely”:

“Dieny mbola tsy midona

izay mikotroka any ho any,

ary mbola tsy mirona

amin’izany antambo izany

ny fisainam-ben’ny maro:

ny maha-isika antsika ihany

no trandraho sy ampiharo

hampilamina ny tany.”

(v.a, tak.169-172 and.10)

Dieny mbola tsy tonga ny antambo izay mety hitarika ny Malagasy hanary ny nentin-drazany, dia “Paronomase” eo amin’ny hoe: “mbola tsy midona” sy ny “mbola tsy mirona”, no hampitandreman’ny mpanoratra ny Malagasy tsy hanary izay maha-izy azy. Ny “midona” dia filazana zavatra iray mipoka na mipaika mafy amin-javatra iray hafa, izay mety hitera-doza raha tsy voatandrina. Koa dieny mbola tsy tonga ny loza, dia tokony hitandrina ny rehetra. Ny “mirona” kosa dia fihilanana na fitongilanana miankavia na miankavanana. Samy mitondra mankany amin’ny fahaverezan’ny maha-malagasy na ny fidonana na ny fironana. Noho izany, tokony hosorohina mialoha ny loza mitatao satria mbola misy fotoana azo araraotina.

Fanovan-javatra azo avy amin’ny fanafiana toetry ny anoharana ny oharina no miara-dalana amin’io “paronomase” io eo amin’ny:

“ny maha-isika antsika ihany

no trandraho sy ampiharo.”

Mifanesy ny fanovana endri-javatra. Ny oharina dia tokana ihany: “ny maha isika antsika.” Ny anoharana voalohany, dia ny harena an-kibon’ny tany toy ny vatosoa, na volamena, na safira, sns. Manana toetra azo trandrahana ireo. Ny fampianarana na ny fiofanana, na ny toro-hevitra samihafa kosa no mila fampiharana. Izany no anoharana faharoa. Marihina fa, samy tsy eo ireo anoharana roa ireo, fa ireo toetrany no eo. Samy zava-tsarobidy ireo anoharana manana toetra azo trandrahana sy ampiharina ireo, na dia samy hafa seha-kevitra aza. Vao mainka manamafy ny fanentanana sy ny fampirasihana avoitrany “paronomase” sy ny fanovana endri-javatra miaraka amin’ny filaza mandidy eo amin’ny: “trandraho” sy “ampiharo”. Mitaona ny Malagasy hanana fitiavana miredareda ny maha-izy azy izany rehetra izany.

➤ *“ny harmonie imitative”*

Filazan-javatra amin’ny alalan’ny feo, feon-javatra re eo amin’ny zava-boahary no nofidin’ny mpanoratra hampiasaina.

Ao amin’ny tononkalo “Fa embona”, dia “harmonie imitative” azo avy amin’ny feon’onja midoboka sy ny rivotra mitsoka no mandoko ny alahelo mafy mpahazo ny olombelona noho ny elanelan-tany:

“Midoboka ny onja dia taitra ny hanina!

Mitsoka ny rivotra dia ngoly ny saina!

Mihombo ny fery fa saro-tsitrana!

Maizina antoandro tsy misy maraina!”

(v.a, tak.64 and 5)

Tovonan'ny "allitération" azo avy amin'ny feo amolotra "m" eo amin'ny voan-teny: midoboka, mitsoka, mihombo, maizina" io "harmonie imitative" io. Vokany, miha-mavesatra ny fiantefan'ny embona. Na dia mafy aza anefa ny alahelo, dia tokony hononina ihany ny fo.

Ao amin'ny tononkalo "Tsy hifarana" dia "harmonie imitative" no mampahatsiahy ny hamafin'ny tolona nimatesan'ireo zoky teo aloha sy ny fahavononan'ireo zandry aty aoriana hanohy ny tolona:

"Tsia...

Tsy ny ràn'ny niaviako

nalatsako hamonto tany,

no hampihemotra ny diako:

tsy hanohy izay ombàny.

Tsy ny taolana napiaka,

ny dradradradra sy taraina

no hanapaka hampivika:

ny rijan'asa hovitaina."

(v.a tak 85-86 and 1)

"Harmonie imitative" azo avy amin'ny kiakiaka sy ny antsoantso ary ny gogogogon'ireo mpitolona ho amin'ny fanafahana ny tanindrazana no asongadin'ny voan-teny "dradradradra". Na dia teo aza ny rà nalatsaka sy ny taolana napiaka; tsy resin'izany ny fitiavan-tanindrazana nisy tamin'ireo Malagasy teo aloha.

Tsara halain'ny Malagasy ankehitriny tahaka izany toetra mendrika nananan'ireo Razana izany.

Manantitra ny vesatry ny alahelo tamin'ny fahafatesan'ireo tanora tia tanindrazana ny "harmonie imitative", ao amin'ny tononkalo "saona":

"Dradradradam-pitarainana! Tanim-po tsy mety hangina

no manao veloma farany ireto nofo nantenaina

ho solofo hamololona... nefa tankina sy sina...

fa vatana efa mangatsika... sisa azony nalaina ... »

(v.a, tak.88 and 2)

"Harmonie imitative" azo avy amin'ny kiakiaka sy ny antsoantso ary ny tomany mafy, noho ny fahafatesan'ireo tanora tia tanindrazana no raketin'ny voan-teny « dradradradam-pitarainana ». Vontom-pahoriana ny vahoaka malagasy, satria tanora vao herotreron'ny no lasana sahady. Izany no nitranga anefa, dia noho ny fiarovana ilay fahafahana efa azo. Tokony hanao ho zava-dehibe izany fahafahana efa azo izany koa ny tanora ankehitriny. Mafy loatra mantsy ireo efa niharetan'ireo zoky teo aloha.

➤ "ny antithèse"

Sarin-teny ampifanatrehana toe-javatra roa toa mifangarika na mifanipaka, misy ifandraisany na tsia.

Samy manana ny fiheverany mikasika ny hasina ananan'ny fasana ny olona tsirairay. Izany faha samy hafam-pijery izany no abaribarin'ny "antithèse" ao amin'ny tononkalo "Aza manozona":

"Nahoana no latsalatsaina,

Ompaina sy tevatevaina,

tsy mba toloram-pitiavana

ny fasana misy ny havana?

Nahoana no tsinitsiniana,
lazaina ho mpandroba ny tiana,
'reo fasana mety hiampofo
ny vatana efa niofo?"

(v.a, tak.53 and 1 sy 2)

Misy sokajin'olona mpanompa sy mpanazimba ny hasin'ny fasana. Ao koa anefa ireo olona efa mahatsapa ny soa azo avy aminy. "Antithèse" sy "interrogation oratoire" no nentin'ny mpanoratra naneho ireo hevitra mifanohitra ireo, mba hampieritreretana ireo manana fisainana ratsy momba ny fasana, ary hankasitrahana ireo olona manao ho zava-dehibe ny anjara asan'ny fasana.

Marihana fa anisan'ny fanabeazana ny olona ho amin'ny fitiavantanindrazana ny fanentanana azy hanome hasina ny fasana.

"Antithèse" sy "Anaphore" miaraka no misongadina amin'ity tononkalo: "Andrasako eto" ity.

"Andrasako eto" ihany ny fahataperanao

ry alina mikitroka: misarim-pandravana

Ho avy ny maraina hitroto aina vao:

hiarina, hitraka ny mpivahiny àna.

Andrasako eto ihany ry oram-batravatra

ny andro tsara tony: nahatakao ny diako.

Ho maina ireo naolana... hanolatra ny ratra!

Hiraona fahafahana ny sampan'andro tiako."

(v.α, tak.77 and 1 sy 2)

Arakaraka ny fotoana, dia toe-javatra anankiroa mifanohitra no mifandimby miseho eo amin'ny fiainan-janak'olombelona toy ny: "alina sy ny andro", "oram-batravatra sy ny andro tsara". Mampifanatrika izany toe-javatra mifangarika izany ny "antithèse". Ny "anaphore" eo amin'ny voantenany "Andrasako eto" kosa, dia manantitra ny faharetan'ny olona miandry ny fiovana entin'ny fifandimbiasana.

Samy ilaina eo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona ireo toe-javatra roa mifanohitra ireo. Koa ny fahaizan'ny mpanoratra nampiarad-alana ny "antithèse" sy ny "anaphore" ao amin'io tononkalo io, dia mitarika ny saina hankafy ny zava-boahary sy ny tontolo manodidina.

Toetra sy fiainan'olona samy hafa indray no avoitran'ny "antithèse" ao amin'ny tononkalo: "Torotoro"

"Ireo nahay niteny:

ravon-tsiky, niondam-bola!

Ny vahoaka vory teny:

tsy mihinana, ary mbola

asaina mihafy sy miharitra

fa tsy lavitra "Kanana"...

Dia ho tahaka ny any an-danitra

ny eto an-tany "fanotana"

(v.α, tak.151 and 2)

Tsy mifanaraka amin'izay zavatra soritan'ny mpitondra ny zava-misy asainy hiainan'ny vahoaka. Raha izy ireo no voky sy miadana, ny vahoaka kosa noana sy fadiranovana. Mijanona ho teny fe teny fotsiny ny fampanantenana ventesiny, satria tsy misy miantraika any amin'ny fiainam-bahoaka. Mampibaribary izany ny “antithèse” ao amin'io tononkalo io.

Toetra tsy mahomby ny fitiavan-tena, indrindra ho an'ireo mpitondra, ka tokony hialana.

Amin'ny ankapobeny dia fifanoherana eo amin'ny toetra sy ny zava-misy no vontoatin'ny “antithèse”

➤ “*ny gradation*”

Sarin-teny andaharana an-tanan-tohatra ny zavatra tanisaina na lanja miakatra na lanja midina, araka ny vahan'ny fehezan-teny na ny fonjan-kevitra.

Amin'ny alalan'ny “gradation” manao lanja miakatra no ampitan'ny tononkalo “Tsy maninona”, ny mafy niaretan'ireo tia tanindrazana.

“Raha eso, kapoka sy vono,

kizo maizina anibohana,

(...)

tsy maninona zakaina

(...)

hampitraka ny vahoaka.”

(v.a, tak.112 and 3)

Mibaribary amin'ny fampiasan'ny mpanoratra “gradation” manao lanja miakatra ny fampijaliana nahatran'ireo mpanjana-tany ireo tia

tanindrazana Malagasy: “eso, kapoka, vono, kizo maizina anibohana.” Nanana faharetana sy fiaretana anefa ireo tia tanindrazana. Toetra mendrika tokony hananan’ny taranaka aty aoriana izany tsy fahakaviana nasehon’ireo mpitolona izany.

Ao amin’ny tononkalo “Antananarivo”, dia “gradation” manao lanja midina no manoritsoritra ny ezaka nandrafetana ny tanànan’Antananarivo.

“Ny hatsembohan’ireo razantsika,

ny fikirizan’ireo teo aloha,

ny finiavan-tsy nety nivika,

(...)

ny hambo nanentana ny isan-toko,

ny tsiky fanandratr’ireo mpanankanto

no hery nandrafitra sady nandoko

ny bika sy endrik’Antananarivo.”

(v.a, tak.134, 135 and 1)

Na dia teo aza ny hareraham-batana, dia zary maivana, rehefa lavorary ny bika sy ny endriky ny tanànan’Antananarivo. Tsy mahagaga raha “gradation” manao lanja midina: “hatsembohana, fikirizana, finiavana, hambo, tsiky” no nandokoan’ny mpanoratra ny hafaliana mahita ny asa vita.

Maivana ny havizanana rehefa tanteraka soa aman-tsara izay asa nokasaina.

Tokony ho zava-dehibe amin'ny olona rehetra izany ny fandavorariana ny asa, satria sady fahafinaretana izany no fanandratana ny maha-olona.

➤ *“Métonymie” na fanovana anarana*

Fomba filazan-javatra ankolaka ampiasana ny teny manondro zavatra iray A hanondroana zavatra hafa iray B, noho ny rohin-kevitra misy eo amin'ireo zavatra roa ireo, afa-tsy ny rohim-pifanahafana.

Ao amin'ny tononkalo “Mino aho” dia “Métonymie” no nentin'ny mpanoratra milaza fa ny olona rehetra tsy an-kanavaka no tompona andraikitra amin'ny fanarenam-pirenena:

“Izaho mino,

fa raha mientana daholo

ny fotsy sy ny maitso volo,

miara-miezaka, mioitra

(...)

dia ho foana tsy hisy intsony

irony hata-dava irony.”

(...)

(v.a, tak.47 and 2)

Nasongadiny tamin'ny alalan'ny “métonymie” isehoan'ny voka-javatra misolo toerana ny teny tiana holazaina hoe:” ny rehetra tsy an-kanavaka” ny andian-teny hoe: “ny fotsy sy ny maitso volo”. Ny fiaraha-mientan'ny rehetra, na ny antitra na ny tanora, no hanafoana ny hata-dava mampiankin-doha ny firenena amin'ny any ivelany. Manaitra sady misy

lanjany kokoa ny teny hoe: "ny fotsy sy ny maitso volo" mitaha amin'ny hoe: "ny rehetra tsy an-kanavaka". Kanto ny filazan-javatra, sady manintona ny sain'ny rehetra hiezaka hanongotra ifakany ny tsy fisiana.

Mamoha ny fomba fiteny fampiasan'ny Ntaolo koa ny hoe: "ny fotsy sy ny maitso volo". Anisan'ny mitahiry ny tenin-drazana tsy ho simba na ho faty izany ny fampiasana ireo voambolana ireny ao anaty asa soratra.

Mamotsipotsitra ny teti-dratsin'ireo mpanjana-tany vaovao ny mpanoratra ao amin'ny tononkalo "Ho zazakely". Ny "métonymie" no fitaovana nampiasainy.

"Omeny izao sy izao

arahim-pifanekena

kanefa hatramin'izao

tsy maharin-tena..

Ireny anie ilay tetika

kobonim-panampiana:

tamaniny hilentika

tozoin'ny fahoriana

(v.a, tak.169-172 and 4)

Nahariharin'ny mpanoratra tamin'ny alalan'ny "métonymie" isehoan'ny ny toetra maningana misolo toerana ilay tena zavatra dia: "ny habetsahan'ny mody fanampiana tsy tambo isaina nomen'ny mpanjanaka" ny teny hoe: "izao sy izao". Maro be araka izany, ireo mody fanampiana natobaky ny mpanjanaka. Hanaronany ny teti-dratsiny no anton'izany, mba hampahomby ny tetika izay hoentiny handrebirebena ny Malagasy.

Ankolaka sady fohy ny filazan-javatra ao amin'ny hoe: "izao sy izao". Hampieritreritra ny Malagasy tsy ho voafandrika amin'ny ilay mody fanampiana sandoka". Handentika ny firenena mantsy ny fandraisana io fanomezana io.

Ao amin'ny tononkalo "Lalan'ny tantara" no ampahatsiahivin'ny mpanoratra amin'ny alalan'ny "métonymie" ny toetran'ny olona sasany mitady hamerina ny rafi-pangejana tamin'ny fanjanahan-tany.

"Ny saina tsy mitovy

tsy ifanomezan-tsiny.

Kanefa re tsarovy

ry be firesaka iny:

tsy azonao averina

hangeja anay indray,

ny rafitra naterina

ambany rangolahy."

(v.a, tak.113 and 1)

"Métonymie" isehoan'ny toetra maningana misolo toerana ilay tena olona:" mpanjana-tany vaovao na mpamadika tanindrazana" no tondroin'ny hoe: " ry be firesaka iny".

Tetika handrebirebena ny vahoaka sy hanodinkodinana ny tantaram-pirenena ny resabe, mba hahafahana miverina indray amin'ny rafitra efa lo.

Nentin'ny mpanoratra hanesoana ireo tsy mihevitra afa-tsy ny tombotsoany manokana ny hoe: "ry be firesaka iny", mba

hampitandremana ny vahoaka tsy ho voafitaka sy tsy ho voafandriky ny hevi-petsy intsony.

Voatsiahy tao anatin'ny famelabelarana ity sarin-teny hafa ity:

- Ny fampahafantarana indray ny harena sy ny hasin'ny Teny malagasy, ary ny tokony hifikirana amin'izany maha-MALAGASY izany. Nisantatra izany fanambarana izany ny “panoromase”.
- Tsy ilaozan-javatra mampalahelo ny fiainana: ny “Harmonie imitative » no mitanisa izany, dia ny alahelo noho ny elanelan-tany ary ny alahelo manoloana ny fahafatesan'ireo tanora mpitolona fahizay.
- Ny “antithèse” indray dia mampiseho ny lafy tsara sy ny lafy ratsin'ny fiainana, sady mitaona ny olona hankafy ny tsara.
- Ny “gradation” dia manamarika fa, na dia mandalo zava-tsarotra aza ny fiainana, rehefa tontosa izay nokasaina, dia fifaliana no setrin'izany.
- Farany, ny “métonymie” no mamohafoha sy mitahiry ireo voambolana fampiasan'ny Ntaolo. Miaro azy ireny tsy ho simba na ho fatifaty foana. Manaitra ny sain'ny Malagasy tsy ho voafandriky ny hevi-petsin'ireo mpanjana-tany vaovao, sady mamerina ny fampitiavana indray ny nentin-drazana.

Ny toko faharoan'ny fanadihadiana no handalinana ireo fandaharam-pianarana any amin'ny “Lycée” hita taratra ao amin'ny *AKO SY ANTISO*.

Toko II: Ireo lohahevitra ao amin'ny fandaharam-pianarana any amin'ny “Lycée” hita taratra ao amin'ny *AKO SY ANTISO*

Koa satria ny momba ny fanabeazana no ifotoran'ity asa fikarohana ity, dia tsara ny hampifandraisana azy amin'ny fandaharam-pianarana riba voasoritry ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena ho an'ireo mpianatra any amin'ny “Lycée”. Hotsinjaraina isan-kilasy araka ny ahitana azy ao amin'ny fandaharam-pianarana àry ireo lohahevitra hita ao amin'ny boky.

1- Ho an'ny kilasy faharoa

Lohahevitra anankiroa no banjinina ato amin'ny kilasy faharoa dia ny Fandrosoana sy ny Fahafahana.

11- Ny Fandrosoana

Eo amin'ny fifandraisana amin'ny fiaraha-monina, dia ny adidy sy ny andraikitra ny tsirairay amin'ny famandrosoana no haresahina. Tsy hadinoina koa ny fitiavana sy ny fifehezana ary ny fanajana ny tena.

111- Ireo adidy sy andraikitra ny tsirairay amin'ny fampandrosoana

Adidin'ny tsirairay ny mamantatra ny zava-misy rehetra manodidina azy. Hanamafisana sy hanatsarana izay efa an'ny tena no anton'izany. Maneho izany ny tononkalo: “Fivoarana”

“Tsy misy izay voaozona: hiletsy sy handrorona

Fantarina daholo

ny misy manontolo:

hoenti-manamafy sy manatsara hatrany

izay mety ho an'ny tena. Ary izay ihany

no antoka hivoarana manandra-jo ny olona.”

(v.a, tak.33 and 3)

Amin'ny maha-mpampianatra ny mpanoratra, dia tsiahiviny ny maha adidy masina ny asa fampianarana. Zava-dehibe tsy tokony hatao ambanin-javatra izany, satria heverina ho tohatra hiakarana mankany amin'ny fivoarana. Ao amin'ny tononkalo “Hira ho an'ny mpampianatra” no amehazany izany:

“(…)

Izahay kosa hanandratra:

raha tsy nisy ianao Mpampianatra

nety tohatra hiakarana,

tsy ho nisy fivoarana.”

(v.a, tak.146-147 and 5)

Ny fiezahan’ny mpianatra mafy amin’ny fianarana no hanampy azy hanjohy ny lalam-pivoarana. Tsy mamaha ny sakantsakana fotsiny mantsy ny fianarana, fa fitaovana hoenti-mihary eo amin’ny fiainana any aoriana ihany koa. Mampahafantatra ny anton’ny tsy maintsy ianarana àry ny mpanoratra ao amin’ny tononkalo “Hira ho an’ny mpianatra”:

“Tsy miangatra Andriamanitra,

ka misy izay voaozona hitrongy lalandava!

Nomeny antsika ny hery hahafahana mandranitra

ny saina tselatra hamahàna: irony sakantsakan-dava

eny an-dalam-pivoarana.

Ary izay no ianarana:

mba hananam-pahalalana

mba hananana fahaizana: hoenti-mihary aoriana

(...)

(v.a, tak.138)

Mba hampahomby ny fandrosoana, dia ny olon-drehetra tsy ankanavaka no miara-mientana sy miara-miezaka, mioitra hanongotra ny tsy fisiana. Asehon’ny mpanoratra amin’ny alalan’ny fanekem-pinoany izany fanentanana izany ao amin’ny tononkalo: “Mino aho”

“Izaho mino,

fa raha mientana daholo

ny fotsy sy ny maitso volo,

miara-miezaka, mioitra

manao sakafo ambany foitra

dia ho foana tsy hisy intsony

irony hata-dava irony.

Fa ny herin-tena ihany

no hanongotra amin-tany

ny tarazon-tsy fisiana,
ary hampisy aoriana
ny salohin'ny fahasambarana
ho tambim-bidin-kasasarana.”

(v.a, tak.47 and 2)

Amin'ny ankapobeny, ireo no adidy sy andraikitra miandry ny tsirairay hahatongavana ho any amin'ny fandrosoana. Manao ahoana indray ny fitiavana sy fifehezana ary fanajana ny tena?

112- Ny fitiavana sy fifehezana ary fanajana ny tena

Singa telo iankinan'ny fampandrosoana ny fananana ireo toetra telo ireo, izay hita taratra eo amin'ny hevitra sy ny kolon-tsaina.

1121- Eo amin'ny hevitra

Tsy hahaleo tena mihitsy ny firenena, ary tsy ho afaka handroso, raha mbola hevitra mpanjanaka no hotompoina sy havela holovain-taranaka. Na tsy misy aza ny tonga lafatra, mampandroso ny fihazonana ny maha MALAGASY. Mampirisika ny hialana amin'ny toe-tsaina lomorina ny mpanoratra, ary manentana ny mba hitiavana sy hifehezana ary hanajana izay an'ny tena. Ahatarafana izany ny tononkalo: “Ho zazakely”:

“Ho zazakely ombieny:

ny olona tezaina

ho tondro miandra reny.

Tsy misy antenaina

hitondra fiadanana:

raha hevitra mpanjanaka

no tompoin-kotanana

sy holovan-taranaka.

Tsy misy tonga lafatra!

Tsy misy ny tanteraka!

Nahoana no manafatra:

fisainana mandreraka

sy mainka mankarary.

Meteza ho Malagasy: olon-dehibe,

fa izay fitiavam-bary

tsy ilelafan-tsotrobe

(v.a, tak.169-172 and 5 sy 12)

Hevi-baovao vao nampidirin'ny mpanjanaka teto amintsika ny fitiavam-bola tafahoatra. Hevitra nentiny hanapempoana ireo Malagasy sasany marivo salosana izany. Manamafy izany i Emilson Daniel ANDRIAMALALA ao amin'ny *Ny Fanagasiana* manao hoe: **"Ny vola no fiasana nahery vaika indrindra nentin'ny mpanjanatany nandravarava ny fiaraha-miaina malagasy"**²⁰³. Teo amin'ny Malagasy, dia nanana toerana ambony lavitra noho ny vola ny asa. Tsy nidiran'ny vola an-tsehatra ny fomba famokarana, fa niankina tamin'ny fihavanana sy firaisan-kina, izay miseho amin'ny endrika valin-tanana na findramana. Mba hamerenana indray izany hasina ananan'ny asa voahosihosy izany, dia nanambara ny mpanoratra fa mamaritra ny olona ny asa sady mampanan-jo azy, ary koa mampitovy ny miaina ao anaty fiombonana. Maneho izany ny tononkalo "Tsy ny vola"

"Hodradraiko tsy hiato horenesin'ireo mbola

²⁰³ Cf supra note n° 59, tak.49

voapempon'ny mpangorona

nozanahin'ny mpitsentsitra. Na oviana tsy ny vola

no mamaritra ny olona.

Ny asa no ananan-jo, mampitovy ny miaina

miavotra sy miombon-tolona.

(...)

(v.a, tak.13)

Avy amin'ny fialana tanteraka amin'ny hevitra novolavolain'ny mpanjanaka ny fitiavana sy fifehezana ary fanajana ny tena.

1122- Eo amin'ny kolon-tsaina

Fototry ny firenena ny fananana Teny sy Riba. Raha ireo no voatazon'ny taranaka mifandimby, dia tsy ho foana ny maha izy azy. Ary na inona na inona zava-tsarotra mety holalovana, dia hanampy amin'ny famahana olana ireo. Mivoitra izany ao amin'ny tononkalo: "Teny sy Riba"

"Tomory ny teny sy ireo ribantsika

manangana anao ho mason-doria:

ao ny ody folak'izay mampivika

sy solom-pivoy an-drano maria."

(v.a, tak.157 and.5)

Irin'ny mpanoratra hotandrovina hatrany izay nentin-drazana. Mba hitaomana indray ireo efa nandao sy nanary ny lova soa tamin-drazana no anton'izany, araka ny tononkalo "Izay nentin-drazanao":

“Ary izao no faniriana:

enga anie ny randram-bao,

tsy hanoloana, tsy hanariana

izay nentin-drazanao,

fa vao mainka hotandrovina:

mba hitaomana ‘reo namana

izay nilefa sy nanodina

ny lova soa tamin-drazana.”

(v.a, tak.36 and 3)

Manamora ny fampandrosoana ny fanandratana ny toe-tsaina malagasy sy ny fomba nentim-paharazana.

Mitondra mankany amin’ny fahafahana ny fahalavorarian’ny fandrosoana.

12-Ny Fahafahana

Ambaran-dRABENJA Solomon ao anatin’ny asa sorany ny endrika isehoan’ny fahafahana sy ny dikany.

Maro ireo endrika mety hisehoan’ny fahafahana, fa ny fahafahana miteny sy manaja ny zon’olombelona araka ny ahitana azy ao amin’ny amboara *AKO SY ANTISO* ihany no hasian-teny.

121- Ny endrika isehoan’ny fahafahana miteny

Raha mbola misy ny fandraisan’ireo tany tratra aoriana ireo vola lazaina hoe: “fanampiana” avy any amin’ireo tany matanjaka, dia tsy ho voahaja na rahoviana na rahoviana ny fahafahana “miteny ny Rariny sy Marina”. Manambara izany ny tononkalo “Aro riaka”

“Omeny fanampiana:

mba hiavotan-tena

ny tany, firenena

mbola tratra aoriana

Fa aro riaka ireny:

tsy ahafahana miteny

ny rariny sy marina!”

(v.a, tak.39 and 1 sy 3)

Tsy ny fanotofana ny Rariny ihany no voka-dratsin’io lazaina fa”fanampiana” ataon’ny mpanjanaka amin’ny firenena voazanaka io, fa eo indrindra koa ny fahaverezan’ny maha olona. Lasa toy ny saribakoly mpanatanteraka ny sitrapon’ny mpanjanaka fotsiny ireo tany mifandray aminy. Hoy ny tononkalo “Ho an’ny rehetra”

“Ny tsy mahatsiaro tena,

voavidiny, namboariny,

no azony kolena

hanototra ny rariny.

Tsy olona ireny

fa baingan-tany izao:

Voabaikony hiteny

ny sitrany hatao.”

(v.a, tak.79 and 2)

122- Ny endrika isehoan'ny fahafahana manaja ny zon'olombelona

Manana ny zo tandrify azy avy ny olona tsirairay ao anaty fiaraha-monina. Ho an'ny ankizy manokana, ny tena misongadina ao amin'ny zony dia ny fahafahana milalao, miala voly ary mianatra. Ny mifanohitra amin'izany anefa mazàna no tena zava-misy iainan'ny ankizy maro maneran-tany. Ary izany dia noho ny fahantrana. Mampibaribary izany ny tononkalo “Mbola misy”:

“Mbola misy! Tena misy: ankizilahy sy ankizivavy
amin'izao tontolo izao
tsy mba afa-milalao,
tsy mba afa-miala voly,
na mba miditra an-tsekoly

Mbola misy! Tena misy ankizilahy sy ankizivavy
amin'izao tontolo izao
azo amidy sy atao
mpikarama miasa foana
na dia mbola tsy ampy taona.”

(v.a, tak.96-97 and 1 sy 3)

Mamerina amin'ny laoniny sy mampiorim-paka indray ny zo sy ny lazan'ny vahoaka avy nambaniana sy nohitsahina, ary nobotriana ny fahafahana. Maneho izany ny tononkalo “Tsy hifarana”

“Ny tsikin'androm-pahafahana
hampivelatra ny zo
hiorim-paka tsy samahana
no hampionina ny fo
Dia hitafy indray ny lazany
ny vahoaka nambaniana
nohitsahina an-tanindrazany

rehefa avy nobotriana.”

(v.a, tak.85-86 and 4)

Sarobidy ny fahafahana satria sady mariky ny fiandrianam-pirenena, no fanehoana ny maha olona, ary indrindra fanandratana ny zon’olombelona.

Ireo lohahevitra mifandraika amin’ny kilasy voalohany indray no horesahina manaraka.

2- Ho an’ny kilasy voalohany

Mivaofy ny lahahevitra ny fandaharam-pianarana, na dia tsy niniany natao aza izany, ny asa soratry RABENJA Solomon. Ho an’ny kilasy voalohany, dia ny mikasika ny Fahefana amam-pitondrana ary ny Hasina no asiana teny.

21- Ny Fahefana amam-pitondrana

Fahefana amam-pitondrana jadona, manosy ny maha Malagasy ary mampijaly ny tia tanindrazana no misy eto, araka ny fahitany azy.

211- Fahefana amam-pitondrana jadona, manosy ny maha Malagasy

Tetika efa voaoman’ny mpanjanaka ny hanapotehana hatramin’ny fakany ny soatoavin’ny tany voazanaka. Ny Teny sy ny Riba no voalohany amin’izany.

Nilofosan’ny mpanjanaka ny hamongotra sy hanafoana ny Teny Malagasy miaraka amin’ny kolontsaina raketiny. Mampiseho izany ny tononkalo “Ankoholahy veta”:

“Ankoholahy veta! Mazava ‘ty tetika

hoenti-mandevona, hoenti-mandetika,

hoenti-mandevina anivon'ny lasy:

ny soa sy ny kanton'ilay Teny Gasy.”

(v.a, tak.123-125 and 5)

Malalaka amin'ny fanaparitahana ny Teniny sy ny Ribany ny mpanjanaka. Maneho ny maha tompom-pahefana azy amin'ny tany nozanahiny izany. Voatery nampandefitra ny maha izy azy ny zanatany, ary dia nandray an-jambany ny zava-bahiny. Tsy tsapany fa izany fihetsiny izany dia mamono tsikelikely ilay maha izy azy. Mamelabelatra ny momba izany ny tononkalo: “Teny sy Riba”:

“Noraisina teto tsy nozehena

Ny teny sy riban'ny tany vaventy,

ka nampandeferina ny an'ny tena

fa dodon-kandramby ny vao sy mirenty.

Fa hoe satro-tsokina itony fiainana:

Ka satry haranitra mba tsy ho dora:

Dia nofolahina ny fo sy fisainana:

Hanaiky hovonoina tsimoramora.”

(v.a, tak.157 and 1 sy 2)

Mba hanandratana indray ireo soatoavina voahitsakitsaka, dia mampieritreritra ireo izay mirona amin'ny zava-bahiny ny mpanoratra mba handinika tsara, sao mbola manan-kolazaina aminy ihany ny Teny Malagasy. Mitaona ho amin'izany ny tononkalo ny “Teny”:

“Ary sahy hanosy hasina: ka salaka no ho saina !!!

Sao mba misy voninahitra tsy ivarotana ny tena,

Sao ny teny Malagasy mbola manan-kolazaina

amintsika izay natsangany: ho vorona fanovahena

Ny amberivatra maha-landy ... ny teny vahatra ny saina.”

(v.a, tak.167-168 and 4)

Ary ho fanoherana ny teti-dratsy rehetra izay manimba ny soatoavina, dia atao ho zava-dehibe ny fandavana ny fanampiana mifono hevitra maizimaizina. Samy sarobidy ny Tenin-drazana sy ny Tanindrazana. Ho sarotra kokoa anefa ny fanarenana iry voalohany raha sanatria ka potika sy levona. Izany no nahatonga ny mpanoratra hiteny hoe: “Aoka ho lozako”

“Aoka ho lozako, anteriko

raha toa ianao ry teniko

no avelako hotsindriany

amin’ireto fanampiany.

Raha ny tany nozanahina

mbola azonay hafahana

Raha ny teny kosa indrisy

no levonina tsy hisy:

dia hafoy mandrakizay

ny maha- Malagasy anay.

Ary izay no ianianako

Ka ananganako ny tanako.”

(v.a, tak.40 and 3)

Voahosihosin’ny mpanjanaka ny Teny sy ny Riba Malagasy. Tsy misy afa-tsy ny fanandratana sy ny fifikirana amin’ny an’ny tena, ary ny fandavana ireo sarintsarin-panampiana misy fandrika ny fanarenana izany. Tsy mora anefa ny fiatrehana izany, satria fahefana amam-pitondrana jadona, mampijaly ny tia tanindrazana no nanjaka.

**212- Fahefana amam-pitondrana jadona,
mampijaly ny tia tanindrazana**

Anisan’ny sazy henjana nampiharina’ny mpanjanaka tamin’ireo tia tanindrazana ny fanokana-monina azy ireo. Nangidy tamin’izy ireo tokoa izany, satria nahatafasaraka azy tamin’ireo olon-tiany. Tsy nahoany anefa raha izany no lalana hahatongavan’ny fireneny any amin’ny Fahafahana. Hoy ny vetsony: “Tsy maninona”

“Raha fanokana-monina

tsy ahitana ny olon-tiana

no didy mba tononina;

tsy maninona ihafiana,

fa izay no lalana ety

ho an’ny arabe mankeny.”

(...)

(v.a, tak.112 and 1)

Tsy ny fitokana-monina na ny sesitany ihany anefa no niaretany. Teo koa ny kapoka, ny vono, ny fidirana am-ponja, eny hatramin’ny fiatrehana

ny fahafatesana aza. Natrehiny am-pahavononana sy tamin-kerim-po izany rehetra izany ho fitsonjovany ny soa ho an'ny tanindrazany. Naleony izy ireo no nijaly, toy izay ny taranany rehetra aty aoriana no tsy hiaina anaty fahafahana. Tena "Ho an'ny Tanindrazana" marina no nitolomany:

"Nosotroiny, notaperiny, tsy navelany ho antsika:

Ny mangidy sy mangeroka tamin-tolom-panafahana,

Na ny kapo-pijaliana, na ny rà najininika

Rehefa ho an'ny Tanindrazana: tsy mba misy niatahana.

Na ny tany nidabohana, na ny fasa-nilevenana,

na ny fonja, sesitany, na ny alina nierena"

(...)

(v.a, tak.89 and 1 sy 3)

Tsy natao hahakivy ny fisian'izany tarehin-javatra mampalahelo izany, hoy ny mpanoratra. Ny fahafantarana izany aza no tokony ho toy ny zezika hampiroborobo ny fitiavan-tanindrazana. "Aza kivy! Mahereza!" hoy izy.

"Dia tsaroana ny andro lasa namonoana an-kitsirano

Malagasy an'alinalina raha nitaky fahafahana...

Nisy tao ny notifirina ary koa navalan-drano...

habibiana tsotra, ho'aho haromotana, halefahana."

(v.a, tak.56 and 1)

Fahefana amam-pitondrana manosihosy tanteraka ny zo maha olona no nisy teto Madagasikara nandritra ny fanjanahan-tany araka ny hita

amin'ireo andalan-tononkalo ireo. Fahefana amam-pitondrana tsy nikendry velively izay hahasoa ny vahoaka.

Toy izay ny azo lazaina momba iny lohahevitra iray tokony hohadihadiana ao amin'ny kilasy voalohany iny. Fa ndeha hojerena ny lohahevitra faharoa, dia ny momba ny Hasina izany.

22- Ny Hasina

Mialoha ny hirosoana amin'ny fanadihadiana, dia tsara ny mamaritra fohifohy ny atao hoe hasina. Amin'ny ankapobeny, ny hasina dia hery anaty heverina ho misy ao amin'ny olona, na biby amam-borona na toerana na zavatra iray. Hery anaty ahafahany manasoa ny hafa, na manao zavatra tsy vitan'ny hafa. Izany no mahatonga ny olona hatahotra sy hankatoa ary hanaja azy.

Raha ireo tononkalon-dRABENJA Solomon no dinihina dia ny fisian'ny hasina ananan'ny soratra, ny hira, ny fitiavana ny olon-tiana ary ny zavaboary no hita soritra

221- Ny hasina ananan'ny soratra

Amin-dRABENJA Solomon dia toa tsy asan'olombelona ny tononkalo atolony ho an'ny mpamaky, fa toa “sora-tononin'Andriamanitra Mahery”. Ary izany no mahatonga azy hanana hery:

- hampitraka ireo “fo very toky”, araka ny tononkalo “Ny mpanoratra”

“Sao dia sora-tononin’

Andriamanitra Mahery ity nataonao ho fanomezana,

ho an'ny fo very toky tsy nahita ny hodiavina?

Toa tsy zava-noforonina.

teto an-tanintsika mantsy ireo teny sy fehezana

nanangananao ny asa ho ny kanto ankatoavina.

(v.a, tak.139)

- handresy ny fahafatesana. Manambara izany ny tononkalo hoe: “Aza hisaonana aho”

“Satria tsy ho maty aho r’ilay nandrianiko:

Ireo nosoratako mbola hiteny,
mbola hivolana aminao sy ny taniko,
sy ho renessin’ny tsy mbola nandreny.”

(v.a, tak.104 and 6)

- Hitaiza ny taranaka mba hananany hambom-po mandrakariva. Manambara izany ny tononkalo “Anjaranay”

“reo soratrao miantsa ny soa tsy anononana:
tsy tambitamby fotsiny, tsy hisentoana intsony,
fa rary hahazina ny asam-pamoronana,
hahaizan’ny taranaka mitaiza ny hambom-pony.”

(v.a, tak.128 and 3)

222- Ny hasina ananan’ny hira

Tsy latsa-danja tamin’izay voalaza momba ny hasina nentin’ny soratra ny hasina atolotry ny hira ho an’ny mpankafy azy. Santionany vitsivitsy ireto ambaran’ny mpanoratra ireto:

- Hanovozan-kery ho an’ireo mahatsiaro tena fa trotraka, mba ho afaka hiatrika ny fiainana sy hanatanteraka ny asa aman-draharahany. Ahitana izany ny tononkalo “Risika”

“Trotratrotroka ianao ka te hanovo hery indray
hoenti-miatrika ny ampitso, ho an’ny asa vaovao?
-ndeha reneso sy rontsony ny hirantsika fahizay
fa hitombo avo heny ny tanjaky ny tenanao.”

(v.a, tak.107)

- Handrindra sy hanamaivana ny zava-mangidy miseho eo amin'ny fiainana, araka ny tononkalo "Ity hira ity":

"Tantely amam-bahona

ny fiainana... ekena...

(...)

Ity hira ity kaloina

hamerina ny rindra.

Hatsatso tsy tsatsoina

izay mangidy indrindra."

(v.a, tak.149 and 2)

- Hanoherana ny fakam-panahy mitady handavo ny hasin'ny tena eo amin'ireo mpifankatia. Hoy ny tononkalo "Ny kalontsika"

"Ny hira narafitra ho azy sy ho ahy:

no kalom-pitiavan-tsy resy resena,

dia kalo hanoherana fakam-panahy

mitady handavo ny hasin'ny tena."

(v.a, tak.150 and 2)

Manome hasina ny hira ireo hery samihafa tovozina ao aminy, arakaraka ny zava-miseho. Manana hasina toy izany koa ny fitiavana ny olon-tiana.

223- Ny hasina ananan'ny fitiavana ny olon-tiana

Samy mahalala ireo efa nitia fa zava-masina ny fitiavana ny olon-tiana, satria io hery io no mahatonga ny mpifankatia:

- Tsy hifankafoy sy hifanaja. Milaza izany ny tononkalo "Santatra"

"Tsy foiko hisaraka amiko

ka hajaiko sy kajiako
ho emboky ny ramiko
ny momba anao ry tiako!”

(v.a, tak.69 and 1)

- Hahatsapa ny maha tena iray azy roa. Io tononkalo eo ambony io ihany no manamafy izany:

“Fa aina notakarina

tan-tobin’ny fanahy,

sy nofo iray namboarina

ny nofonao sy ny ahy ... “

(v.a, tak. 69 and 4)

- Hitana sy hanaja mandrakariva ny voady nifanaovana. Ahitana izany ny tononkalo “Olo-malala”:

“Tsy tsianjery anterina etsy, anterina eroa

ny fifanekena,

tsy zarazaraina amin’ny hita avokoa

ny dina nomena:

Tsy haverina indroa na hoe hampimalo

fa tena fandala.

Tsy mba fampindrana na fanakalo

ny olo-malala!”

(v.a, tak.37 and 2)

Miantoka ny hasina amin'ny fitiavana ny olon-tiana ny fahamatoram-pitiavana eo amin'ireo olon-droa mifankatia. Misarika ny mpanoratra ihany koa ny hasina raketin'ny zavaboary.

224- Ny hasina ananan'ny zavaboary

Nankafizin-dRABENJA Solomon avokoa, na ny hasin'ny zavaboary ety ambonin'ny tany, na ireo eny amin'ny lanitra ambony.

➤ Ho an'ireo zavaboary ety ambonin'ny tany:

Ny feom-borona no miavaka, satria afaka mitondra fahafinaretana sy manala ny alahelony. Maneho izany ny tononkalo “Ny feonao”

“Mahasondriana ahy ery ny antsam-boro-mikalo

sy misangy rantsan-kazo amin'ilay masoandro mody.

Satriko eny ho eo foana! Satriko eny tsy handao

fa hianoka ny hasoany: ody sento, fanafody.”

(v.a, tak.18 and 1)

➤ Ho an'ireo zavaboary eny an-danitra avo kosa, dia azo iangaviana:

- Hanala ny alahelo ny tara-bolany miantefa ety ambonin'ny tany.

Mivetso izany ny tononkalo “Faniriana”:

“Raha mba sitrakao

ry volana baliaka

tongava na iraho

ny taratrao sariaka

hanala ny alahelo

mameno ny ati-foko”

(...)

(v.a, tak. 20 and 1)

- Hanafoana sy hanala ny jaly sy lonjony mampitomany ny kintana.

Mbola miventy izany io tononkalo eo ambony io.

“Raha toa ka azo atao

ry kintana irony:

foany sy alao

ny jaly sy lonjony

manesika ny jeriko

handrotsaka tomany”

(...)

(v.a, tak.20 and 2)

Azo amborahana sy izarana ny alahelo na ny fijaliana mitambesatra amin’ny fiainan-janak’olombelona ihany koa araka izany ny zavaboary, noho ny hasina ananany.

Hamaranana ny fifandraisan’ireo lohahevitra ao amin’ny fandaharam-pianarana hita any amin’ny “Lycée” sy ny amboara *AKO SY ANTISO* dia hojerena ny an’ny kilasy famaranana.

3- Ho an’ny kilasy famaranana

Tsy diso anjara amin’ny sangan’asan-dRABENJA Solomon ihany koa ny lohahevitra trandrahana ao amin’ny kilasy famaranana. Ny misongadina amin’izany dia: ny lanjan’ny Marina sy ny Rariny, ny fitsimbinana ny aina, ny hery inoana fa mitantana ny fiainana, ary ireo karazan-kery mifaningoatra amin’ny zotram-piainana.

31- Ny lanjan’ny Marina sy ny Rariny

Samy tsangan-kevitra nentin’ny Ntaolo niaina na ny Marina na ny Rariny. Fototra maha olona ny olona, mahatsara na maharatsy azy amin’izay ataony. Koa ny olona manitsaka azy ireo na dia mby ao an-tsainy fotsiny ihany aza, dia tsy mendrika ny hiaina. Manafatra ny mpanoratra ho an’ny taranany hoe: “Fara hafatra”

“Atoroy an’izy ireo ny tarigetra nofaritako:

hahafahany manitsy izay mba asa kely vitako,
Ambarao an'izy ireo fa tsy mendrika ny hiaina
Ny manitsaka ny Marina sy ny Rariny ao an-tsaina.”

(v.a, tak. 16 and 3)

Nahatsapa izany hasina ananan'ny Marina izany RABETAFIKA ka nampirisika hoe: **“Lazao ny marina amin'ny fanoroan-kevitra mahaso sy ny fanaovana anatra tsy mirona”**²⁰⁴

Anisan'ny marika ahafantarana ny olona tia tanindrazana ny filolohavana ny Rariny sy ny fandalana ny Marina. Tsy vita mora anefa ny fanatanterahana an'izany, fa mitaky fihafiana sy fandefarana ary fanoloran-tena. Hoy RABENJA Solomon: “Aleo tsy miteny”

“(…)

filolohavana ny Rariny! Fandalana koa ny Marina!

(…)

Izany akory tsy milaza fa tsy ho vita na oviana
ny mitia an-kitsim-po ny tany sy ny firenena.
Saingy sarotra, hoy aho, fa mitaky fihafiana,
mila saina tia mandefitra... mila fanoloran-tena.”

(v.a, tak.57 and 3 sy 5)

Nahatonga ny olona hitsimbina ny aina ny fanomezan-danja io Rariny sy Marina io.

32- Ny fitsimbinana ny aina

Maro ny endrika nisehoan'ny fitsimbinana ny aina teo amin'ny Malagasy. Santionany amin'izany ny fihetsika ataon'ny Ray aman-dreny amin'ny zanany. Mampivohitra izany ireo asa soratry RABENJA Solomon vitsivitsy:

²⁰⁴ (J). RABETAFIKA, *Mpanolo-tsaina*, lah 4, oktobra 1904

321- Fiombonam-pon'ny mpivady
miandrandra ny fiavian'ny menaky ny ainy
eto an-tany

Sarobidy ny zanaka, sady fitohizan'aina. Araka izany, ilaina dia ilaina ny fiombonam-pon'ny ray sy ny reny miaraka amin'ny fitsenana ny fahatongavan'ny menaky ny ainy eto an-tany.

Endrika iray isehoan'ny fitsimbinana ny aina izany, araka ny tononkalo hoe: “Teo aho”

“Teo aho anaka!

Tonga mba hitsena anao

sy nanotrana an'i Neny

teo anivon'ny taraina...

(...)

Ary niandry anao aho,

(...)

fa hisampana ho taho

ny tsirin'ny vololon'aiko

ka handravina sy hamony!

(v.a, tak. 66 and 1 sy 3)

**322- Fanabeazana sy fanolokoloana ny
sombiniaina amin'ny maha olona feno azy**

Anisan'ny fitsimbinana ny aina, no sady adidy sy andraikitra tokony hiantisorohan'ny ray sy ny reny niteraka rehetra koa ny fanabeazana sy ny fanolokoloana ny zanaka: na ara-batana na ara-tsaina ary indrindra arapanahy. Tsy misy azo atao latsa-danja ny fanabeazana omena azy ireo tsirairay avy, mba hampiavaka ny olona amin'ny zavaboary hafa, araka ny hevitra ny mpanoratra ao amin'ny tononkalo: "Atolotro ho anao"

"Tsy ampy raha vatana fotsiny,

no beazina, kolokoloina;

ny tonon'ireo rotsirotsiny

narafiny hitovy fioina:

tena nitaiza tokoa

ny saina haroro-pitrebona,

hitohizam-panahy soaso

manavaka ny olombelona."

(v.a, tak.118 and 2)

**323- Fahafoizan'ny ray aman-dreny izay
rehetra ananany**

Fiteny fandre matetika teo amin'ny Malagasy ny hoe: « ny zanaka no harena". Koa ny ray aman-dreny tia sy mitsinjo ny ho avin-janany, dia mahafoy izay rehetra ananany, mba hanasoavany ny taranany. Aleony izy lehibe no mihafy, toy izay ny ankizy no hangaihay. Manantitra izany ny tononkalo: "Ny Ray aman-dreny?"

“Izay mba fananany
 tam-pelan-tanany,
 tsy nisy natokany ho “azy” sy ho “anay” fa foiny avokoa
 eram-panahy sy eran’ny fo. Asa nekeny ny anananay
 anjara sahaza hoenti-miaina... dia naleony tokoa
 nihafy tanteraka toy izay ny taranany no hangaihay.
 raha sendra mitafa
 amin’olona hafa

(v.a, tak.162-163 and 1)

Ny endriky ny fitsimbinana ny aina asehon’ny mpanoratra dia miainga
 amin’ny fiombonam-pon’ny mpivady mahatsapa ny hasarobidin’ny zanaka,
 ka vonona hikelokolo azy amin’ny lafiny rehetra, ary hahafy izay rehetra
 ananana mba hahazoana taranaka vanona.

Fanehoam-pitiavana tanteraka amin’ny zanaka araka izany,
 manomboka amin’izy vao any an-kibo, ka mandra-pahalehibeny, no
 endrika ny fitsimbinana ny aina ao amin’ireo tononkalo-dRABENJA
 Solomon.

Fa mbola hita ao amin’ny tononkalon’ny mpanoratra ihany koa ny finoany
 fa misy hery mitantana ny fiainany.

33- Ny hery inoana fa mitantana ny fiainana

Tsy mizotra ho azy amin’izao ny fiainan-janak’olombelona, fa misy
 hery ivelan’ny tenany heverina fa mitantana azy. Ny lehibe amin’izany dia
 ny finoana an’Andriamanitra. Raha ny Malagasy manokana, dia
 hatramin’ny ela no efa nino ny fisian’Andriammanitra izy. Manamarina
 izany ireo ohabolana samihafa fampiasany teo amin’ny fiainana
 andavanandro, izay manambara ihany koa ny fahatakarany ny hery sy ny
 fahefana ary ny fahaizan’io Andriamanitra io. Noho izany finoany ny
 fisian’Andriamanitra izany, dia tsy nisalasala ny mpanoratra ny nangataka
 taminy ny mba hisian’ny fifandefarana sy ny fifankatiavana ary ny firaisana

eo amin'ny samy Malagasy. Maneho izany ny tonom-bavaka hoe: "Tombo
ô! Omeo anay"

"(...)

Fantatrao Andriamanitra

ny fikasana feno hanitra:

ny haha-iray

ny zanaky ny taninay!

(...)

Koa Tombo ô! Omeo anay:

fo mahay miray

hanjakan'ny fandeferana,

ka ny olona manerana

ity nosy mamy ity:

ho mpirahalaky, mpifankatia,

(...)"

(v.a, tak.27 and 2)

Ambaran'ireo antitra sy osa, ary ireo firenena sahirana, fa mpamonjy
sy mpizara fanampiana ho azy ireo io Andriamanitra io. Tsy mangina ny
antsoantsony miara-miredona ny hoe: "Any ho any kosa..."

"Saingy any ho any kosa

misy tokotanin-danitra:

feno antitra sy osa

miantsoantso an'Andriamanitra

mba hitondra famonjena

sy 'zay zara fanambinana

ho an'ny tany, firenena

tojo tosika am-pidinana."

(v.a, tak.28-29 and 2)

Nahatsapa izany i Ntaolozandriny, ka namafy hoe: **“Avy amin’Andriamanitra avokoa ny fitahiana sy ny fanambinana rehetra”**²⁰⁵

Tsy ny fitahiana sy ny fanambinana ihany anefa no avy amin’io Andriamanitra io. Izy mihitsy no fototry ny fahaveloman’ny olona, satria Izy no nanome azy fofonaina mahavelona, araka ny tononkalo “Ampihavano”

“Fofonaina mahavelona no natohokao ny olona

ry Anriamanitra Tsitoha, ry Andriamanitra Mpamorona »

(v.a, tak.126-127 and 1)

Koa satria Izy no nanome ny aina, dia ananany fahefana tanteraka izany. Hoy ny Ntaolo: **“Vodivarin’Andriamanitra ny olombelona ka izay tiany halaina no alainy, ary izay tiany havela no avelany. »**

Mibahan-toerana amin’ny finoana ny hery mitantana ny fiainana io finoana an’Andriamanitra io. Hojerena manaraka ny finoana ireo karazan-kery hafa mifaningotra amin’ny zotram-piainan’ny olombelona.

34- Ny finoana ireo karazan-kery mifaningotra amin’ny zotram-piainan’ny olombelona.

Tahaka ny olona amin’ny firenena hafa rehetra, dia mba manana izay hery heveriny fa miditra an-tsehatra eo amin’ny fiainany koa ny Malagasy. Anisan’izany ny finoana ny lahatra, ny vintana, ny anjara ary ny tendry.

.

341- Ny lahatra

Ny hoe lahatra dia ny fitondran’Andriamanitra mihatra amin’ny olombelona sy ny zavaboary tsirairay. Araka izany, dia Andriamanitra no mandahatra ny zavaboary rehetra ho isan-tokony avy, ka tsy ananan’ny olombelona safidy, sady tsy azony ovaina. Tafiditra ao anatin’ny lahatra ny

²⁰⁵ NTAOLOZANDRINY, *Fanilon’ny tanora*, lah.62 Desambra 1931

fahafatesana ho an'izay manana aina, mba hampirindra izao fiainana hita maso izao. Miventy izany ny tononkalo « Aza hisaonana aho »

“Hisy ny andro hitondra avy any
ny fiantsoana handaozako anao,

hampody ny nofoko ho vovo-tany
“mba hampirindra izao hita izao.”

Ary aza manozona izay fandaharana:”

(...)

(v.a, tak.104 and 1 sy 2)

Manamafy ny maha lahatra tsy azo ihodivirana ny fahafatesana izany i Michel ANDRIANJAFY ao amin’ny *Orimbaton’ny fiadanana*, tamin’ny nahafatesan’i Courdy ka nanao hoe: **“Mby amin’ny lahatr’Andriamanitra tampotampoka izany lehilahy izany.”**²⁰⁶

Mbola manantitra ny maha lahatra ny fahafatesana mihatra amin’ny olona iray izany ny mpanoratra, ao amin’ny tononkalo “Fa tononkira tsotra”

“Tsy fehezam-boninkazo mety halazo anio ihany
no apetraka ho anao ry efa niofo ho vovotany!
Tsy ranomaso noho ny lasa natampodin’ny fotoana
no hajozy hamonto tava, eto am-pototr’ito havoana
zary akaninao tsy fidiny noho ny lahatra tsy antsika:

(...)”

(v.a, tak. 14 and 1)

Raha tsy azo ialana sady maintsy ekena ny lahatra, manao ahoana indray ny fiheverana ny vintana?

²⁰⁶ Michel ANDRIANJAFY, *Orimbaton’ny fiadanana*, Imprimerie Takariva Antanimena, Antananarivo, 1976, , tak.146

342- Ny vintana

Finoana tafiditra teto Madagasikara nentin'ny Arabo ny finoana ny vintana. Hery inoana fa napetraky ny Zanahary teny amin'ny kintana tamin'ny fotoana nahaterahana izy io, mba hifehy sy handrindra ny fiainan-janak'olombelona iray.

Manana toetra an'ankina ny vintana: mety ho tsara na ratsy, mahery na osa. Na eo aza anefa izany toetrany izany, dia azo arenina na hatsaraina hatrany izany, amin'ny alalan'ny fanarenam-bitana na ny fiezahana amin'izay atao.

Manoloana ny fitiavan'olon-droa tsy mety mifandray tsara ohatra, dia mazàna no ailiky ny olona any amin'ny vintana foana ny tsy fetezan-javatra. Manohitra izany ny mpanoratra, ka milaza fa ny tsy fahampian'ny afom-pitiavana sy ny fikolokoloana no tsy mampiredareda ny fitia. Asehony amin'ny alalan'ny fanoharana ny voly sy ny fitia ny fanazavany. Raha tiana ny hahitam-bokatra tsara, hoy izy, dia ilaina ny fikolokoloana sy ny faharetana amin'ny fambolena, toraka izany koa ny amin'ny fitiavana. Maneho izany ny tononkalo “Ny fitia”

“Tsy ny vintana no ratsy, na miangatra ny Lanitra

fa ny afom-paharetana no tsy mety hahazo rehitra.

Toy ny voly ny fitia, ka nony injay miha-antitra:

Vao mamerovero fatratra sy vao mainka midorehitra”

(v.a, tak.12 and 5)

Manana hery afaka miaro amin'ny loza mitranga ny vintana. Fanoharana mikasika izany no avoitran'ny tononkalo “”Tomoetra eto ihany”

“Ny ravina sisa tsy kila, tsy saron’ny fanadinoana:

zary sarotra ialofana fa kotsan’ny sendrandra tsy nahy!

Ny fela-niangan’ny vintana no tazana teo anoloana

nijery ireo loko niofo... niondrika very fanahy”

(v.a, tak.42 and 1)

Tsy voatery ho avy amin’ny vintana avokoa izay tsy fetezan-javatra miseho eo amin’ny fiainana. Mety ho tompona antoka koa ny olona. Ndeha hojerena indray ny momba ny anjara.

343- Ny anjara

Ampahany azon’ny tsirairay amin’ny fizarana izay iombonany amin’ny hafa ny anjara. Manana toetra tahaka ny vintana izy. Tsy ananan’ny olona fahefana, ary tsy azony ihodivirana. Tafiditra ho isan’ny anjara koa ny fahafatesana. Manaiky ny fahafatesan’ity renim-pianakaviana ity ho anjarany ny mpanoratra, ao amin’ny tononkalo “Neny”:

“Lasa nody hiandry anay, any ambadiky ny fantatra

Ilay Neny fiangotiana nadaraboky ny anjarany...

Ngolin’embom-pitosian’ ireto nanantena fatratra:

ny hanorokoroka azy... sy hanao veloma farany ...”

(v.a, tak.80 and 1)

I Fernand KASANGA ihany koa dia manana izany fiheverana izany, araka ny voalazany hoe: **“Ny anjara dia ny mahamety maty (...) ny zavaboary”**²⁰⁷

²⁰⁷ Siméon RAJAOINA, *Takelaka Notsongaina I*, Tononkalo, Ambozontany, Fianarantsoa, 1969, tak.140.

Etsy an-kilany, eken-dRABENJA Solomon ihany koa ny maha anjara ny vady, ka mendrika hotolorana sy homena zava-tsoa. Amin'ny maha mpanoratra azy moa, dia ny sangany no heveriny fa tsara sady mendrika ho am-badiny, ka nataony “Fanomezana”

“Noho ianao... ny hadalako

folapolaka, voagia!

Ianao no nahalalako

ny hevi-dalin'ny fitia:

tsy fitadiavan-tombontsoa,

fa fanolorana ny tsara,

fanomezana ny soa

ho an'izay neken-ko anjara!

Ity tononkalo ity,

(...)

(v.a, tak.174-175 and 3)

Toy izany ny hevitra ny mpanoratra momba ny Anjara raha tarafina amin'ireo tononkalony. Ndeha hojerena farany ny momba ny Tendry.

344- Ny Tendry

Andriamanitra no tompomarika amin'ny fanendrena izay zavamiseho eo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona, ka mahatonga azy hiharan'izao sy izao. Azo lazaina araka izany, fa fahatanterahan'ny lahatra amin'ny tsirairay, izay tsy azony ialana ny Tendry.

Lazaina fa Tendry ny fotoana sy ny toerana ary ny fomba ahafatesan'ny olona iray. Tsy azo idifiana ihany koa izy araka ny tononkalo "Fa tononkira tsotra"

"Tsy fehezam-boninkazo mety halazo anio ihany

no apetraka ho anao ry efa niofo ho vovotany!

(...)

Tsy ny fiondrehanay noho ny tendry tsy idifiana,

na ny fokofokonay noho ny hola-pahoriana

izay mifaritra ao anaty: no atao ho fahatsiarovana.

(...)"

(v.a, tak.14 and 1 sy 2)

Hery mifaningotra amin'ny fiainan-janak'olombelona ny Lahatra, ny Vintana, ny Anjara ary ny Tendry. Ninoan'ny Malagasy ho toetra iombonany ny maha tsy azo ialana azy ireo anatrehan'ny fahafatesana. Na izany aza anefa, dia azo atao ny manatsara azy ireo amin'ny alalan'ny fiezahana. Azo arenina sy amboarina rahateo ny vintana. Hamaranana tanteraka izao fanadihadiana izao, dia ireo santionana takela-panomanan-desona ho an'ny mpianatry ny "Lycée" isan'ambaratonga miainga amin'ny asa soratry RABENJA Solomon no hatolotra.

Toko III: Santionana takela-panomanan-desona miainga amin'ny asa soratry RABENJA Solomon

Tsy najanona teo amin'ny fanadihadiana tara-kevitra na ny fomba fanoratry ny mpanoratra fotsiny izao asa fikarohana izao, fa neza hana ihany koa ny hahatonga ny asa soratra ho fitaovana azo kirakiraina

hampitana lesona any amin'ny mpianatry ny “Lycée”. Atolotra ho santatry ny fampiasana ny boky, ireto santionana takela-panomanan-desona ireto: takela-panomanan-desona ho an'ny kilasy faharoa, ho an'ny kilasy voalohany, ary ho an'ny kilasy famaranana.

1- Ho an'ny kilasy faharoa

Hanadihadiana ny lohatenin-desona: “Ny fitiavana sy fifehezana ary fanajana ny maha izy azy ny tena”, ao amin'ny lohahevitra momba ny Fandrosoana, ny tononkalo “Fivoarana”, v.a, tak.33

“Saingy hoe nianatra, dia maika ery hiteny:

fa tokony harodana

hongotana, hototofana

ny fototra iorenan'ny fomban-tanintsika

Halalino ihany... fandrao mba misy dika

sy hasina voarakitra anatin'izy ireny...

Saingy hoe mandroso dia maika ery hanebaka,

fa, hono lany andro

tsy fampiseho masoandro

irony fahendrena, finoana tamin-drazana,

dia ny an'ny vahiny no dirina hanabeazana:

hatramin'ny anarana, fisainana, firesaka.

Tsy misy izay voaozona: hiletsy sy handrorona.

Fantarina daholo

ny misy manontolo:

hoenti-manamafy sy manatsara hatrany

izay mety ho an'ny tena. Ary izay ihany

no antoka hivoarana manandra-jo ny olona.”

Takela-panomanan-desona

Daty

Seho: 1

Kilasy: faharoa

Faharetany: ora 2

Zana-taranja: Riba

Lohahevitra: Ny fandrosoana

Lohateny: “Ny fitiavana sy hifehezana ary fanajana ny maha izy azy ny tena”

Tanjona

- **Ara-pahalalana**: -Mpianatra mahalala mitia sy mifehy ary manaja ny maha izy azy ny tena
- **Ara-pahaiza manao**: -Mpianatra afaka mandroso soso-kevitra hitiavana sy hifehezana ary hanajana ny maha izy azy
- **Ara-toetra amam-pihetsika**: -Mpianatra tsy mora voatariky ny fomba amam-panao vahiny fa mamakafaka tsara.

-Mpianatra tia mifanakalo hevitra mikasika ny fomba hitiavana sy hifehezana ary hanajana ny an’ny tena

- Fitaovana: tononkalo “Fivoarana” in *AKO SY ANTISO*, RABENJA Solomon, tak.33
- Fanamarihana: lesona talohan’izao ny “Adidy sy ny andraikitry ny tsirairay eo amin’ny fampandrosoana”

Dingana	Fizotry ny lesona	fanamarihana
Famerenana (10 mn)	F: Iza avy ireo olona manana adidy sy andraikitra eo amin'ny fampandrosoana ny firenena? V: Ny manam-pahefana, ny manam-pahalalana, ny ray aman-dreny, ny tanora, ny mpianatra, ny olom-pirenena rehetra tsy an-kanavaka... F: omeo ny adidy sy andraikitra mifanandrify amin'ireo sokajin'olona tsirairay voalaza ireo. V: -Ny manam-pahefana: mitondra sy mitantana ary mikarakara izay hahasoana ny vahoaka eo ambany fiadidiany -ny manam-pahalalana: manoro sy mitarika ary manazava ny tokony hatao amin'ireo tsy mahalala -ny ray aman-dreny: mitaiza sy manabe ary mamelona ny zanany -ny tanora: miasa araka izay vitany mba tsy ho vesatry ny fianakaviana sy ny fiarahamonina -ny olom-pirenena tsirairay: manatanteraka an-tsakany sy an-davany ny adidy sy ny andraikitra tandrify azy.	(am-bava) (am-bava) Mpianatra maromaro no mitanisa 2 na 3 (am-bava) Valin-teny iray isaky ny Mpianatra
<u>Lesona vaovao</u>	<u>Ny fitiavana sy fifehezana ary fanajana ny maha izy azy ny tena</u>	Soratan'ny
<u>Tari-dresaka</u>	Tsy ny fanatanterahana adidy sy andraikitra ihany no iankinan'ny fandrosoana, fa ny fitiavana sy fifehezana ary fanajana ny maha izy	mpampianatra eny amin'ny solaitrabe
5mn		Tenenin'ny mpampianatra am-bava

	azy ny tena ihany koa. F: Inona avy ireo maha izy azy ny tena mitaky fitiavana sy fifehezana ary fanajana ireo, raha araka ny hevitrareo? V: ny Teny, ny Tantara, ny Tany, ny Fomba amam-panao, ny kolon-tsaina, ny harem- pirenena, sns Inty àry misy tononkalo mitondra ny lohateny hoe: "Fivoarana", nosoratan-dRABENJA Solomon, voarakitra ao amin'ny amboaran-tononkalo <i>AKO SY ANTISO</i>, takila faha 33. Hodinihintsika avy amin'io ny fomba hitiavana sy hifehezana ary hanajana izany maha izy azy ny tena izany.	am-bava am-bava am-bava
<u>Fanolorana ny tononkalo</u> 15 mn		
<u>Fandikana ny tononkalo</u> 15 mn	"Fivoarana"	Mandika ny tononkalo eny amin'ny solaitrabe ny Mpianatra iray. Ny Mpianatra sisa rehetra mandika amin'ny kahie
<u>Famakian-teny</u> 15 mn	-vakiteny mangina -vakiteny mafy, misy aina -vakiteny ataon'ny Mpianatra vitsivitsy	Aorian'ny fandikana ataon'ny Mpianatra Mpampianatra indray mandeha (2 na 3)

<u>Fanazavana ny teny sarotra</u> 10 mn	F: Inona no teny tsy mazava aminareo ao amin’ny tononkalo? V: dika, hanebaka, dirina, handrorona F: Iza no mahalala ny hevitr’ireo? <u>dika</u>= heviny, lanjany <u>hanebaka</u>=hanaratsy <u>dirina</u>= i kirizana, atao an-ditra <u>handrorona</u>= hietry laharana, hitambotsitra, hiletsy F: ampidiro ao anaty fehezanteny ny hoe mandrorona V: Mandrorona ny mpanjaka manambady ny mpanompony	am-bava Soratana eny amin’ny solaitrabe am-bava Izay tsy hain’ny mpianatra mihitsy dia atolotry ny mpampianatra Raisin’ny mpianatra ao amin’ny kahie		
<u>Fandalinana ny tononkalo</u> 30 mn	F: tsimpony ny teny na andian-teny maneho fankahalana sy tsy firaharahina ary tsy fanajana izay maha izy azy ny tena. Toraka izany koa, omeo ireo teny na andian-teny mitory fitiavana sy fifehezana ary fanajana ny maha izy azy ny tena, ao amin’io tononkalo io. <table><tr><td>Fankahalana sy tsy firaharahina ary tsy</td><td>Fitiavana sy fifehezana ary</td></tr></table>	Fankahalana sy tsy firaharahina ary tsy	Fitiavana sy fifehezana ary	Atao fafana. Miasa amin’ny vakiraoka aloha ny Mpianatra rehetra. Misy Mpianatra maromaro (4) mankeny
Fankahalana sy tsy firaharahina ary tsy	Fitiavana sy fifehezana ary			

	fanajana ny maha ziy azy ny tena	fanajana ny maha izy azy ny tena	amin'ny solaitrabe mameno ny fafana.
	“... maika ery hiteny: fa tokony harodana, hongotana, hototofana ny fototra iorenan'ny fomban- tanintsika” andalana 1-4	“”halalino ihany... fandrao mba misy dika sy hasina voarakitra anatin'izy ireny...” andalana 5-6	
	“... maika ery hanebaka, fa, hono, lany andro tsy fampiseho masoandro irony fahendrena, finoana tamin- drazana, dia ny an'ny vahiny no dirina hanabeazana” andalana 7-11	“Fantarina daholo ny misy manontolo: hoenti-manamafy sy manatsara hatrany izay mety ho an'ny tena” andalana 14- 17	
	F: Araka ny tononkalo, iza avy ireo sokajin'olona roa mora mora mirona amin'ny fankahalana sy ny tsy firaharahina ary ny tsy fanajana ny maha izy azy ny tena? V: Ny olona nianatra sy ireo efa mihevi-tena ho mandroso (andalana 1, 6) F: Inona no mety ho antony mahatonga izany fironany izany?		am-bava am-bava

<u>Fandravonana</u> 15 mn	V: ny fidiran'ny zava-bahiny nentin'ny mpanjana-tany	am-bava
	F: Inona amin'izay maha izy azy ny tena no voakasiky ny fankahalana sy ny tsy firaharahina ary ny tsy fanajana?	am-bava
	V: Ny fomban-tany, ny fahendrena, ny finoana tamin-drazana, ny fanabeazana.	am-bava
	F: Ny lafiny inona no voakasiky ny fiovana?	
	V: ny fanomezana anarana, ny fisainanana ary ny firesaka	am-bava
	F: Araka ny mpanoratra, inona no lazainy fa “antoka hivoarana manandra-jo ny olona”?	am-bava
	V: manamafy sy manatsara hatrany izay mety ho an'ny tena.	am-bava
	Tsy ny fanatanterahana ny adidy sy ny andraikitra ihany no iankinan'ny fandrosoana, fa ny fitiavana sy ny fifehezana ary ny fanajana ny an'ny tena ihany koa.	am-bava
	Manoloana ny fidiran'ny zava-bahiny eo amin'ny firenena iray, dia maika ery ireo avarapianarana sy ireo olona mihevi-tena fa efa mandroso ny mankahala sy tsy miraharaha ary tsy manaja ny: fomban-taniny, ny fahendrena sy ny finoana ary ny fomba fanabeazana teo amin'ny Ntaolo. Teo amin'ny fanomezana anarana sy ny fomba fisainana ary ny firesaka no tena nahitana fiovana.	Raisina amin'ny kahie
	Araka ny hevitra ny mpanoratra, ny fitiavana sy fifehezana ary ny fanajana ny maha izy azy ny	

	tena, dia miainga amin'ny famantarana ny zava-misy rehetra mba hanamafisana sy haanatsarana ny an'ny tena. Izany no antoka hisian'ny fivoarana.	
<u>Fampiharana</u> 15 mn	Ankoatra izay hita tao amin'ny tonokalo, milazà fomba hafa heverinao fa azo entina mitia sy mifehy ary manaja ny maha izy azy ny tena.	Ady hevitra ifanaovan'ny mpianatra eo ambany fitarihan'ny mpampianatra

2- Ho an'ny kilasy voalohany

Hodinihina amin'ity dingana ity ny lohatenin-desona mahakasika “Ny hasin’ny tanindrazana”, izay ao anatin’ny lohahevitra “Ny hasin’ny tanindrazana sy ny fahefana amam-pitondrana”. Hisintonana ny lesona amin’izany ny tononkalon-dRABENJA Solomon hoe: “Aza tsiniana”, *v.a*, tak.133

“Ny faka mitsimoka, mamololona:

ny tany no masaka fa tsy ngazana.

Tsy afa-mivoatra ny zanak’olona,

raha tafasaraka tanindrazana:

fa, ao voatahiry ny tena aina,

ny riba najoro ho fanafody:

mba hivelaran’ny fo sy saina,

ka maminy loatra izany mody.

Ny olona levona tsy mba manana:

na tany na fasana na tantara;

tsy misy hifikirana, hifaharana,

hoenti-milaza sy manambara

ny izao sy izaon’ny fiaviana.

Ny mody amin’ny toerana nisarohana

no mamy indrindra sy fifaliana:

fa, hananan-jo sy fahafahana.

Ny ngidy mafaitra tsy hay taperina

no tiana hatsora ao anaty hira!

Ny “Mamy ny mody” averimberina

no tena odifolaky ny an-dakira!

Koa aza tsiniana ny Malagasy

raha manina foana an’ilay tsy tazana

Fa aminy mantsy ny tena lasy:

an’ivon’ny havana, tanindrazana.”

Takela-panomanan-desona

Daty

Seho: 1

Kilasy : voalohany

Faharetany: ora 2

Zana-taranja: Riba

Lohahevitra: Ny hasin'ny tanindrazana sy ny fahefana amam-pitondrana

Lohateny: “Ny hasin'ny tanindrazana”

Tanjona

- **Ara-pahalalana:** -Mpianatra mahalala ny lanjan'ny hasin'ny tanindrazana
- **Ara-pahaiza manao:** -Mpianatra afaka mamaritra ireo singa fototra mampanan-kasina ny tanindrazana
- **Ara-toetra amam-pihetsika:** -Mpianatra tia sy tsy manadino ny tanindrazana
- Fitaovana: tononkalo “Aza tsiniana” in *AKO SY ANTISO*, tak.133, RABENJA Solomon.
- Fanamarihana: lesona teo aloha: “Ny toerana sy ny zava-manan-kasina

Dingana	Fizotry ny lesona	Fanamarihana
<u>Famerenana</u> 10 mn	F: inona no atao hoe: “hasina” ? V: - hery manana fahefana heverina ho misy ao amin’ny fanahy, na olona, na biby, na zavatra, na toerana iray, ka mahatonga ny hafa hanaja azy -Vola omena olona iray ho fankasitrahana ny soa vitany, ohatra manotra. -anaran-javamaniry fanao haingon-tanàna. -teny ampiasaina any am-piangonana amin’ny fotoam-pivavahana anambarana fanatitra ho fanomezam-boninahitra an’Andriamanitra. F: Milazà toerana na zavatra fantatrareo fa manana-kasina V: Fiangonana, fasana, doany, lova navelan’ny razana, ny tanindrazana, sns	am-bava am-bava Mpianatra iray valin-teny iray am-bava valin-teny iray isaky ny Mpianatra
<u>Lesona vaovao</u> <u>Tari-dresaka</u>	<u>Ny hasin’ny tanindrazana</u> Marobe tokoa ireo toerana na	Soratan’ny mpampianatra eny amin’ny solaitrabe

5 mn	zavatra izay notanisainareo teo, fa manan-kasina. Ny hojerentsika manokana anio dia ny hasin'ny tanindrazana F: Inona àry no atao hoe: “Tanindrazana”? V: Teny azo avy amin'ny teny roa natambatra hoe: “tany” sy “razana”, izay midika ho tany niaviana na nipoirana, na koa niandohan'ny razana.	am-bava am-bava
<u>Fanolorana ny tononkalo</u>	Inty àry misy tononkalo iray, mitondra ny lohateny hoe: “Aza tsiniana”, nosoratan-dRABENJA Solomon, nalaina tao amin'ny amboaran-tononkalo <i>AKO SY ANTISO</i>, takila faha 133. Hosintonintsika avy amin'io tononkalo io ny atao hoe: hasin' ny tanindrazana	am-bava
<u>Fandikana tononkalo</u> 15 mn	“Aza tsiniana”	Mandika ny tononkalo eny amin'ny solaitrabe ny Mpianatra iray. Mandika amin'ny kahie ny Mpianatra sisa.

<u>Famakian-teny</u> 15 mn	-Vakiteny mangina -Vakiteny mafy, misy aina -Vakiteny ataon'ny Mpianatra vitsivitsy	Aorian'ny fandikana ataon'ny Mpianatra Ataon'ny mpampianatra (roa na telo)
<u>Fanazavana ny teny sarotra</u> 10 mn	F: Inona avy ireo teny tsy mazava aminareo ao amin'ny tononkalo V: Aza tsiniana, mamololona, mafaitra, an-dakira, lasy F: Iza no mahalala ny hevitr'ireo? -aza tsiniana= aza haratsiana -mamololona= efa maniry tsara, efa misy raviny kely -mafaitra= tsy laitra, tsy zaka "Mangidy mafaitra ny nivakinina" "Mafaitra ny fahoriana amin'ny aretina tsy sitram-panafody."	am-bava (soratana eny amin'ny solaitrabe) am-bava Atolotry ny mpampianatra izay tsy hain'ny Mpianatra Manome ohatra amina fehezanteny

	-an-dakira= toerana lavitra, tsy taka-maso -lasy= toerana onenana, toerana ipetrahana vetivety (toy ny ataon’ny sokoty rehefa milasy) na mety honenana maharitra ihany koa.	Raisin’ny Mpianatra ao amin’ny kahie ireo teny nohazavaina ireo						
<u>Fandalinana ny tononkalo</u> 30 mn	F: manaovana fafana ahitana tsanganana roa: -tsanganana voalohany: ireo singa maneho ny hasin’ny tanindrazana -tsanganana faharoa: ny lanjan’ny singa tsirairay. <table><tr><td>Singa maneho ny hasin’ny tanindrazana</td><td>Ny lanjany</td></tr><tr><td>“riba” andalana 6</td><td>→ “fanafody” mampivelatra ny fo sy saina, andalana 6-7, mitahiry ny maha izy azy ny tanindrazana</td></tr><tr><td>“tany, fasana,</td><td>→ manome</td></tr></table>	Singa maneho ny hasin’ny tanindrazana	Ny lanjany	“riba” andalana 6	→ “fanafody” mampivelatra ny fo sy saina, andalana 6-7, mitahiry ny maha izy azy ny tanindrazana	“tany, fasana,	→ manome	Mikaroka amin’ny vakiraoka aloha ny mpianatra rehetra.
Singa maneho ny hasin’ny tanindrazana	Ny lanjany							
“riba” andalana 6	→ “fanafody” mampivelatra ny fo sy saina, andalana 6-7, mitahiry ny maha izy azy ny tanindrazana							
“tany, fasana,	→ manome							

	tantara” andalana 9 “tany” andalana 2 sy 10 “tany, tantara” andalana 10	hasina ny olona, andalana 9 → fifikirana sy fifaharana amin’ny andro maha ory, andalana 11 → “tena lasy” andalana 23 → hananan-jo sy fahafahana, andalana 16 → Manambara fiaviana andalana 13 → Mampifaly, andalana 15	
	F: Tsoahy avy amin’io fafana io ny maha-zava-dehibe ny fodiana an-tanindrazana, araka ny tononkalo V: Zava-dehibe ny fodiana an-		
			am-bava

<u>Fandravonana</u> 15 mn	tanindrazana satria: -Mampivelatra ny maha olona, ary ahafahana mifahatra sy mifikitra amin'ny riba navelan'ny razana -mampanan-jo sy fahafahana - manome fifaliana -manamaivana ny zava- mangidy F: Ahoana ihany koa no iantsoana ireo lanja omena ny tanindrazana ireo? V: Ireo no antsoina hoe: "hasin'ny tanindrazana". Ny "Tanindrazana" dia teny azo avy amin'ny fanakambanana teny anankiroa: "Tany" sy "Razana", izay midika hoe: tany niaviana na niandohan'ny razana. Mampanan-kasina ny tanindrazana ny fisian'ireo singa samihafa ao aminy, toy ny : riba, ny tany, ny fasana ary ny tantara Ny riba no miantoka ny fahaveloman'ny tanindrazana, miaro ny mponina tsy ho fefika ao anatin'ny fomba amam-	am-bava Mpianatra iray isaky ny valin-teny am-bava am-bava Soratana amin'ny kahie
--------------------------------------	--	---

	panao vahiny, ary mahatonga azy ho afaka mivelatra amin'ny lafiny rehetra. Ny tany sy ny fasana ary ny tantara no porofo mivaingana maneho ny lasa sy ny ankehitriny ary ny ho avin'ny tanindrazana. Raha sanatria tojo fahasahiranana na faharesena any an-tany hafa ny olona iray, dia ny fiverenany an-tanindrazana no vaha olana tsara indrindra. Sady fanafody araka izany ny fodiana an-tanindrazana, no loharanom-pifaliana ihany koa. Izany no midika fa manana Hasina ny tanindrazana.	
<u>Fampiharana</u> 15 mn	Manolotra tononkalo iray hafa, mbola maneho ny hasin'ny tanindrazana ao amin'ny <i>AKO SY ANTISO</i> ihany.	Soratana eny amin'ny solaitrabe. "Tsy afa-mandao" v.a, tak.132

3- Ho an'ny kilasy famaranana

Ny anjaran'ny kilasy famaranana hovelabelarina dia: “Ny lanjan'ny “fanahy” eo amin'ny fampivoarana”, izay nosintonina avy amin'ny lohahevitra “Ny fanahy”. Ifotorana andraisana ny votoatin-desona ny tononkalon-dRABENJA Solomon mitondra ny lohateny hoe: “Ovana”, v.a., tak.68

“Tsy ny vato rehetra no azo ampiasaina
hanjary handanjana ny zava-bokarina!
Tsy ny olon-drehetra izay manan-tsaina
no manam-panahy handala ny marina

Be ny mirehaka ho tia filaminana,
mandray familiana, mandray fahefana...
Kinanjo mihitsy manao zara vilana,
mambotry vahoaka, manosy lalàna.

Ny fihavanana tsimbinin-kaharitra,
hanambatra antsika ho tokana ihany:
tsy vitan-kabary sy ‘zay lahapariitra.

Tsy maintsy ovàna ny sata sy rafitra,
sy seha-pifandraisan'ny mponin'ny tany,
dia samy hanjaka, hiadam-pinaritra!

Takela-panomanan-desona

Daty

Seho: 1

Kilasy: famaranana :

Faharetany: ora 2

Zana-taranja: Riba

Lohahevitra: Ny fanahy

Lohateny: “Ny lanjan’ny “fanahy” eo amin’ny fampivoarana”

Tanjona

- **Ara-pahalalana**: -Mpianatra mahalala ny anjara toerana misy ny manam-panahy eo amin’ny fampivoarana
- **Ara-pahaiza manao**: -Mpianatra mahay manavaka ny toetran’ny olona manam-panahy
- **Ara-toetra amam-pihetsika**: -Mpianatra tia sy mandala ny fananam-panahy
- Fitaovana: tononkalo “Ovana” in *AKO SY ANTISO*, tak 68, RABENJA Solomon
- Fanamarihana: lesona talohan’izao “Famaritana samihafa ny atao hoe fanahy”

Dingana	Fizotry ny lesona	Fanamarihana
<u>Famerenana</u> 10mn	F: Ahoana ny firafitry ny teny hoe fanahy? V: Ahitana tovana famoronana anarana “f”, tovana vakiny tsy miova “an-“, ary fototeny “ahy” F: Rasao àry io teny io, dia omeo ny hasin-teny rehetra V: <u>Fanahy</u>: f-an-ahy <u>f</u>: tovana famoronana anarana, milaza fitaovana <u>an</u>: tovana vakiny tsy miova <u>ahy</u>: fototeny F: Omeo avokoa ny fanazavana izay fantatrareo mikasika izany teny “fanahy” izany. V1: - Teny azo avy amin’ny fototeny “ahy”, ahazoana ny matoanteny “manahy”, izay midika hoe: matahotra na mitebiteby eo amin’ny fitsinjovana ny ho avy. V2:- Fitaovana enti-miaina, enti-mitsapa ny atao, ny mety sy ny tsy mety. V3:- Fitaovana enti-mieritreritra izay mahatsara ny fifandraisana amin’ny mpiara-belona. V4: Fihetsika sy fitondran-tena ary toetra asehon’ny olona iray eo amin’ny manodidina azy, ka hitsarana azy	am-bava am-bava am-bava Soratan’ny Mpianatra eny amin’ny solaitrabe am-bava Valiny maromaro no andrasana Valiny iray isaky ny Mpianatra
<u>Lesona vaovao</u> <u>Tari-dresaka</u> 5mn	<u>Ny lanjan’ny “fanahy” eo amin’ny fampivoarana</u> Araka ireo famaritana samihafa hitantsika ireo, dia tsapa fa mananana anjara toerana lehibe eo amin’ny fifandraisan’ny olona samy olona ny fananam-panahy. Manana ny lanjany eo amin’ny fampivoarana ihany koa izy.	Soratan’ny mpampiana tra eny amin’ny solaitrabe

<u>Fanolorana</u> ny <u>tononkalo</u> 5mn	Inty àry misy tononkalo iray, mitondra ny lohateny hoe: “Ovana”, nosoratan-dRABENJA Solomon, nalaina tao amin’ny <i>AKO SY ANTISO</i> , takila 68, hitrandrahana izany lesona izany	am-bava Ny Mpianatra sisa rehetra mandika amin’ny kahie
<u>Fandikana</u> ny <u>tononkalo</u> 15mn	“Ovana”	Aorian’ny fandikana -ataon’ny Mpianatra
<u>Famakian-teny</u> 15mn	-Vakiteny mangina - vakiteny mafy, misy aina -vakiteny ataon’ny Mpianatra vitsivitsy	-ataon’ny mpampiana tra 2 na 3
<u>Fanazavana</u> ny <u>teny sarotra</u> 10mn	F: Inona avy ireo teny tsy mazava loatra aminareo ao amin’ny tononkalo? V: handala, lahaparitra, sata F: Iza no mahalala ny dikan’ireo?	am-bava Soratana eny amin’ny solaitrabe am-bava Izay tsy hain’ny Mpianatra mihitsy dia

Fandalinana _____ ny <u>tononkalo</u> 30mn	<u>handala</u>: ho tia <u>lahapitra</u>: resabe, lahateny mirindrarindra tsara, nefa tsy misy hevitra mafonja firy, fa toa atao amin'izay hahafinaritra fotsiny <u>Sata</u>: fomba, fanao efa raikitra ela, fomban-drazana	atolotry ny mpampiana tra Raisina ao anaty kahie
	F: Raha azonareo tsara, dia mba amorony fehezanteny iray avy?	am-bava
	<u>handala</u>: Ny olom-pirenena rehetra dia tokony handala ny fomban-taniny. <u>lahapitra</u>: Malaza amin'ny fanaovana lahapitra ny mpanao pôlitika ankehitriny <u>sata</u>: Izay miova andriana, miova sata.	raisina ao anaty kahie
	F: Araka ny tononkalo, inona no zava-mihatra amin'ny vahoaka rehefa tsy manam-panahy ny mpitondra?	am-bava
	V: Manjaka ny zara vilana, mahantra ny vahoaka, voahosy ny lalàna (andalana 7-8)	am-bava
	F: Olona manao ahoana no faritan'ny mpanoratra ho manam-panahy?	am-bava
	V: Olona mandala ny marina sy mitsimbina ny fihavanana	am-bava
	F: Inona no tian'ny tononkalo hambara amin'ny hoe: "Tsy ny olon-drehetra izay manan-tsaina no manam-panahy handala ny marina" ? andalana 3-4 V: Tsy miankina amin'ny fahaizana amam-pahalalana norantovina ny fananam-panahy.	am-bava am-bava

<u>Fandravonana</u> 15mn	F: Araka ny hevitrareo, avy aiza ny loharanon'ny fananam-panahy? V: - Avy amin'ny fitaizana azo -Avy amin'ny fandalana ny soatoavina -Avy amin'ny fahatahorana an'Andriamanitra, ny tsiny sy ny tody, sns ...	am-bava
	F: Inona no tombon-tsoa mety ho azo raha samy manam-panahy ny olon-drehetra? V: - Manjaka ny fahamarinana -Voahaja ny Rariny sy ny Hitsiny - Mihamafy orina ny fihavanana sy ny firaisan-kinan'ny mpiara-belona - Milamina ny fiarahamonina - Manjaka ny fandriam-pahalemana - Mora ny fampivoarana sy ny fampandrosoam-pirenena	am-bava Valin-teny iray isaky ny Mpianatra
	Manana anjara toerana lehibe eo amin'ny fifandraisan'ny olona samy olona ary ny fampivoarana ny fiarahamonina sy ny firenena ny fananam-panahy. Araka ny tononkalo, raha manam-panahy ny mpitondra, dia ho foana ny zara vilana, ho voahaja ny lalàna sy ny fahamarinana, ho voatandro ny Rariny sy ny Hitsiny, hihamafy orina ny fihavanana sy ny firaisan-kinan'ny mpiara-belona, hanjaka ny fandriam-pahalemana, ho resy ny fahantrana, ary dia hisy tokoa ny fivoarana eo amin'ny lafin-piainana rehetra. Tsara ho fantatra, fa tsy miankina amin'ny fahaizana amam-pahalalana akory ny fananam-panahy. Mety ho vokatry ny fitaizana nomen'ireo Ray amandreny niteraka, na avy amin'ny tahotra an'Andriamanitra, na ny tsiny sy ny tody, na koa ny fandalana ny soatoavina maha izy azy ny tena, no manefy ny olona hanam-pânahy. Araka ny mpanoratra, raha samy manao ho zava-dehibe ny fananam-panahy ny mponin'ny tany, dia hiadam-pinaritra ny olon-drehetra.	Raisina amin'ny kahie

<u>Fampiharana</u> 15 mn	F: Hazavao ny maha samy hafa ireto ohabolana ireto: “Ny fanahy no olona” sy ny hoe: “Ny fanahy no maha olona” V: Ny amin’ny hoe: “Ny fanahy no olona” dia midika fa izay toetra na fihetsika ananan’ny olona iray no mampiseho ny maha izy azy manontolo.. Fiheverana teo amin’ny Ntaolo. “Ny fanahy no maha olona” kosa dia fomba fijery vao nentin’ny fivavahana kristianina. Singa iray maneho ny fananan’ny olona hasina ny fananam-panahy;fa tsy maneho ny maha izy azy manontolo. Ankoatra ny fananam-panahy dia mbola misy zavatra hafa mety hampanan-kasina ny olona, tahaka ny fananam-bola sy fahaizana amam-pahalalana sy voninahitra. Araka izany, ny fiheverana ny fanahy dia mitovy lanja amin’ireo singa tsirairay voalaza ireo. Mampisongadina ny hasina ananan’ny olona fotsiny ihany.	Ady hevitra ifanaovan’ ny Mpianatra eo ambany fitarihan’ny mpampiana tra
-----------------------------	---	---

Nanoritsoritana ny fomba nentin’ny mpanoratra nanehoana ny fanabeazana tao amin’ny amboara *AKO SY ANTSO* ity fizarana fahatelo ity.

Nojerena tao amin’ny toko voalohany ny fomba fanoratra. Nohasinkasinina tamin’izany ny filalaovana tamin’ny endriky ny tononkalo, ny teny ary ny sarin-teny. Namaritra ireo lohahevitra tao amin’ny fandaharam-pianarana any amin’ny “lycée” hita taratra ao amin’ny

amboara ny toko faharoa. Ho an'ny kilasy faharoa, dia ny lohahevitra mikasika ny Fandrosoana sy ny Fahafahana no nasongadina. Ho an'ny kilasy voalohany, nasian-teny ny mikasika ny Fahefana amam-pitondrana ary ny Hasina. Ny lanjan'ny Marina sy ny Rariny, ny fitsimbinana ny aina, ny hery inoana fa mitantana ny fiainana, ary ireo karazan-kery mifaningoatra amin'ny zotram-piainana no navoitra ho an'ny kilasy famaranana. Nanolorana ireo santionana takela-panomanan-desona miainga amin'ny asa soratry RABENJA Solomon ny toko fahatelo. Santionana takela-panomanan-desona mikasika ny Fandrosoana ny an'ny kilasy faharoa, ny Hasina ny an'ny kilasy voalohany, ary ny Fanahy ny an'ny kilasy famaranana no namaranana azy.

TENY FAMARANANA

Eto am-pamaranana, dia tsiahivina fa literatiora an-tsoratra miompana amin'ny fanabeazana no navoitra tamin'izao asa fikarohana izao. Nosafidina manokana izany lohahevitra izany amin'ny maha mbola vitsy mpitrandraka azy, nefa dia ilaina amin'izao fotoana izao. Ankoatra izany, dia hoentina hampahafantarina ny mpamaky ny fisian'ny mpanoratra toa an-dRABENJA Solomon, izay anisan'ny namelo-maso ny tenim-pirenena ny asa fikarohana. Eo ihany koa ny faniriana hanely ny asa sorany ho fanta-daza eo amin'ny sehatry ny zava-kanto sy ny fampiaanrana mba hitondra fanavaozana sy fanatsarana.

Nandalo dingana maromaro ny fomba nentina nanatanterahana ny asa. Nanombohana azy dia ny fanatonana ny mpampianatra mpitarika, izay nanoro hevitra ny amin'ny mpanoratra azo anaovana fanadihadiana. RABENJA Solomon no mpanoratra niantefan'ny safidy. Koa rehefa tapaka ny hevitra, dia nanatona an-dRamatoa RABENJA Solomon, andefimandrin'ny mpanoratra tany an-tokatranony ny tenanay. Nifanakalo hevitra sy nidinidinika. Taorian'izay, natomboka ny famakiana sy ny fanasokajiana ireo tara-kevitra miresaka ny fanabeazana, ary novakina ny boky nifanandrify tamin'izany.

Navoitra tamin'izao fanadahadiana izao ny lohahevitra mikasika “Ny fanabeazana tarafina ao amin'ny Amboaran-tononkalo *AKO SY ANTZO*. Mizara telo miavaka tsara any famelabelarana, ary samy ahitana toko telo avy.

Nofariparitana tao amin'ny fizarana voalohany fa, RABENJA Solomon, mpanoratra mpanabe dia iray amin'ireo kintan'ny taon-jato faha XX. Nisongadina tao amin'ny toko voalohany ny fiaimpiainan'ny mpanoratra ankapobeny amin'ny maha olon-tsotra azy, ka ny loharano nipoirany sy ny fiankohonany, ny fifandraisany tamin'ny ankohonanny sy ny fianakaviany, ary ny fiaimpiainany teo amin'ny sehatry ny finoana sy ny fiarahamonina

no nasian-teny. Noresahina tao amin'ny toko faharoa ny fiaimpiainany amin'ny maha-mpanoratra azy, izay nijerena ny fototra niavian'ny talentany sy ny fomba famoronany, ny mpanankanto nifandray taminy sy ny fikambanana nisy azy, ary ny amboaran-tononkalo *AKO SY ANTISO* indray mitopy. Ireo zava-nisy nifandimby teto amin'ny firenena niako teo amin'ny asa soratry RABENJA Solomon, nanomboka ny Repobilika voalohany ny taona 1960 ka hatramin'ny Repobilika fahatelo tapany voalohany 1996 no nambara tato amin'ny toko fahatelo. Nofantenana tamin'izany ny filazalazana ny teti-pitondrana, ny toe-karena sy ny fiainam-piarahamonina ary ny kolon-tsaina sy ny fampianarana.

Nohalalinina tao amin'ny fizarana faharoa ireo endri-panabeazana tarafina ao amin'ny amboaran-tononkalo *AKO SY ANTISO*. Novoizina tao amin'ny toko voalohany ny fanabeazana ny olona ho tia tanindrazana. Ny fampahalalana ny hasarobidin'ny tanindrazana, fampitiavan ireo nentindrazana ary fanandratana ny hasin'ny Teny Malagasy no mitondra mankamin'izany. Novelabelarin'ny toko faharoa ny fanabeazana ny olona hiaro ny fahafahana efa azony. Hahatongavana amin'izany dia ny fametrahana izay tsara an'ny tena ho fototra, ny famakiana bantsilana ny hevi-petsin'ireo mpanjana-tany vaovao, ary ny fampahafantarana ny taranaka aty aoriana ny lanjan'ny tolona nimatesan 'ireo zoky teo aloha.

Fanabeazana atolotry ny mpanoratra hiatrehana ny zava-tsarotra eo amin'ny fiainana ny toko fahatelo. Ny fiantorahana amin'ny hery heverina fa manaisotra izay mitambesatra, fanomezan-toerana manokana ny hira eo amin'ny fiainana, ary ny fandanjalanjana ny tokony hataon'ny mpiarabelona no nambarany nifanesy tamin'izany.

Namakafakana ny fomba nentin'ny mpanoratra naneho izany fanabeazana tao amin'ny amboara *AKO SY ANTISO* ny fizarana fahatelo. Milaza ny fomba fanoratra amin'ny alalan'ny filalaovana ny endritononkalo, ny teny ary ny sarin-teny ny toko voalohany. Ireo lohahevitra ao amin'ny fandaharam-pianarana any amin'ny "Lycée" hita taratra ao

amin'ny *AKO SY ANTISO*, ho an'ny kilasy faharoa, voalohany ary famaranana no ambaran'ny toko faharoa. Mamarana ny fanadihadiana ireo santionana takela-panomanan-desona isan-kilasy any amin'ny "Lycée", miainga amin'ny asa soratry RABENJA Solomon ihany.

Mba hahasiantifika ny asa, dia ny haitsikera ara-tantaram-piainana narahin-dry Hyppolite TAINE sy J.P. WEBER ny haitsikera ara-tantara nozohin-dry Lucien GOLDMANN no nifotorana.

Marihina fa ny nasongadina dia ny lohahevitra miompana amin'ny fanabeazana sy ny hahatonga ny amboara ho fitaovana azo kirakiraina any amin'ny Lycée.

Na dia tsy lavorary aza izao asa fikarohana izao, dia nezahina ihany ny hanandratana avo ny asa soratry RABENJA Solomon eo amin'ny sehatry ny zava-kanto sy ny fampahafantarana azy ho anisan'ny olomangam-pirenena miaro ny maha MALAGASY sy ny Teniny, ary ny hanao izay hahatonga ny boky ho azo ampiasaina hanovozan—kevitra hampitana lesona any amin'ny "Lycée".

Amin'ny maha asa soratra mana-karena tara-kevitra ny amboara *AKO SY ANTISO*, dia mbola azo dinihina ao aminy koa ankoatra ny lohahevitra mikasika ny fitiavana sy ny fanabeazana ny anjara toeran'ny fahatsiarovana eo amin'ny fiaina-janak'olombelona, ny fiarovana ny maha Malagasy manoloana ny fanjanahan-tany amin'ny endriny vaovao. Midika izany fa mahaliana sady tsy lany hamamiana ny zava-tsoa raketin'ny amboara, ary mbola misokatra ho an'ny mpandinika aty aoriana.

IREO LOHARANO NANOVOZAN-KEVITRA

Rakibolana

- 1- ABINAL et MALZAC .*Dictionnaire Malgache-Français*. Editions
1963 Maritimes et d’Outre-Mer. Paris. 876 tak.
- 2- *Dictionnaire Hachette*. Edition illustrée
2003
- 3- *Pluridictionnaire*. Edition Larousse. Imprimerie Berger. 19 Levrault.
1977 Nancy
- 4- RAOLISON (R.R). *Rakibolana Malagasy*. Ambozontany.
1985 Fianarantsoa. 1061 tak.
- 5- RAVELOJAONA. *Firaketana ny Fiteny sy ny Zavatra Malagasy*.
1932 Imprimerie Industrielle. Antananarivo.

Boky amin’ny Teny Malagasy

- 6- ANDRIAMALALA (E.D). *Ny Fanagasiana*. Librairie Mixte. Antananarivo.
2005 59 tak.
- 7- . *Ilay vohitry ny nofy*. Librairie Mixte, Antananarivo.
2007 148 tak.
- 8- ANDRIANJAFY (M). *Oribaton’ny fiadanana*. Imprimerie Takariva.
1976 Antanimena Antananarivo. 176 tak.

- 8- FETY (M). *Nahoana no avondrona ho Fokonolona isika?* Edisiona 1975 Salohy. Antananarivo. 78 tak.
- 9- . *Fanabeazana sy fiainam-pirenena*. Imarivolanitra 1985 Antananarivo. 38 tak.
- 10- RADO [pseud] [ANDRIAMANANTENA (G)]. *Zo*. Printy MAD PRINT. 1996 Antananarivo. 219 tak.
- 11- RAHAROLAHY (E). *Erika*. Imprimerie d'ouvrages Educatifs. 1976 Librairie Mixte. Antananarivo. 204 tak.
- 12- RAJAONA (S). *Takelaka Notsongaina I*. Ambozontany. 1972 Fianarantsoa. 201 tak.
- 14- . *Takelaka Notsongaina II*. Natonta fanindroany. 1972 Ambozontany. Fianarantsoa. 561 tak.
- 15- . *Ny zava-kanto vita amin'ny teny* . Natonta 2006 fanindroany. Editions Ambozontany. Analamahitsy. Antananarivo. 124 tak.

Boky amin'ny Teny frantsay

- 16- DESCHAMPS (H). *Histoire de Madagascar. Histoire*. 1965. Rue Auguste Comte. Paris. 348 tak.
- 17- ESCARPIT (R). *Sociologie de la littérature*. PUF. Collection 1958 "Que sais-je ?" N° 777 . Paris. 127 tak.
- 18- FONAGY . *La vive voix*. Payot. Paris. 346 tak. 1983
- 19-GOLDMANN (L). *Marxisme et Sciences Humaines*. Editions Gallimard. 1970 Saint AMAND. Paris. 361 tak.
- 20- KHRAPTCHENKO (M). *La personnalité de l'écrivain et l'évolution de la littérature*. Editions du Progrès. Moscou. 498 tak. 1974
- 21- MAZALEYRAT. *Elément métrique française*. Collection U. 1974 2è Edition. Armand Colin. Paris. 127 tak.

22- ROBBE-GRILLET .*Pour un nouveau roman*. Edition de Minuit. Paris.
1968 183 tak.

23- SARTRE (J.P.) . *Qu'est-ce que la littérature ?* . Editions Gallimard.
1948 Collection Idées. Paris. 384 tak.

24- WEBER (J.P.) . *Genèse de l'oeuvre poétique*. Editions Gallimard. Paris.
1960 563 tak.

25- WELLEK (R) et WARREN (A). *La théorie littéraire*. Editions Seuil.
1971 Collection poétique. Paris. 399 tak.

Boky momba ny asa fikarohana

26- RAHELIARIMALALA (C.). *Ny fitiavana tarafina ao amin'ny asa soratry*.
1996 *RABENJA Solomon*. Boky II. 161 tak. Mémoire
de CAPEN. Antananarivo

27- RAMAHARAVOARIVELO (R.A.). *Abéline Eléonore, vehivavy poetan'ny*
2008 *fanabeazana*. 143 tak. Mémoire de
CAPEN. Antananarivo

Boky hafa

28- *Ny Baiboly*. Fikambanana Mampielany Baiboly.
1986

29- Unité d' Etude et de Recherche Pédagogiques (U.E.R.P.)

.1996-1997 Programmes Scolaires. Classe de Seconde

.1997-1998 Programmes scolaires. Classe de première

.1998-1999 Programmes scolaires. Classe Terminale A-C-D

Gazety

30- *Ambioka*. Lah.40. Novambra

2001

31- *Fanasina*. "Ny literatiora Malagasy" lah. 539

1968

32- *Fanilon'ny tanora*. Lah.62. Desambra

1931

33-*Hehy*. 13 Martsa

1964

34- *Imongo vaovao*. Lah 17. 34 Janoary

1962

35- *Imongo vaovao*. Lah 2535. 15 ôktôbra

1964

36- *Isan'andro*. Lah 6775. 31 May

1968

37- *Maresaka*. 08 Febroary

1969

38- *Maresaka*. 05 May

1976

39- *Ranovelona*. Lah 13 . Aprily

1926

40- *Valiha*. Lah 60. Asabotsy 22 Febroary

1997

41- *Vaovao*. Lah 646 . 02 May

1969

Lesona

42-“Fanadihadiana momba ny “Teny Savily”. Nataon’Andriamatoa

2007

RANAIVOSOA (A.) Désiré. 3è année

43- “Histoire des Idées”. Nataon’Andriamatoa

2007

ANDRIAMANATSILAVO (S.) 3è année

Dinidinika

44- Dinidinika nifanaovana tamin-dRamatoa RABENJA Solomon ny 06 Febroary 2009, 09 Marستا 2010, ary ny 16 May 2012, tany antokantranony.

TOVANA

LISITRY NY TOVANA

TOVANA I :Angona nomen-dRamatoa RABENJA Solomon.....	XII
TOVANA II : Mari-pankasitrahana azon-dRABENJA Solomon.....	XVI
TOVANA III : Ireo gazety milaza ny mombamomba an-dRABENJA Solomon teo amin'ny sehatry ny kanto.....	XVIII

TOVANA VOALOHANY

Angona nomen-dRamatoa RABENJA SOLOMON

RABENJA SOLOMON Mpanoratra – Fantatrao ve?

RABENJA Ranaivohariseheno Solomon no tena anarany. Ny 14 Jolay 1940 no nahaterahany tao Maintirano. RABENJA Bernard no rainy ary RALALAHARISOA Louissette no reniny. Dimy (05) mianadahy izy no zanak'izy mivady ary izy no voalohany. Manambady izy, mianadahy ny zanany ary telo kosa ny zafikeliny.

-NY FAHAZAZANY: Saika tany amin'ny Faritanin'i Mahajanga avokoa no niainany ny fahazazany manontolo: Ambatomasina (Ambato Boeni) no nisantarany ny fianarany ambaratonga I, ary nifarana tany Andriba (Maaevatanàna) izany. Manomboka eto dia efa ampoizina sahady fa ho olon'ny fifandraisana sy ny fivelarana izy atsy ho atsy noho ny fiovaovan'ny toeram-ponenany.

-NY HATANORANY: Nanohy ny fianarany teto larivo izy rehefa nahatapitra ny Ambaratonga Voalahany tany Anindrana: tao Ambohitato Avaratra (Sekoly Protestanta) aloha ary tao amin'ny Lycée J.J.RABEARIVELO tato aoriana, ary dia nipaka hatrany amin'ny Ambaratonga Ambony izany Sampana Teny sy Lahabolana ary Riba Malagasy (Oniversiten'Antananarivo).

-NY ASANY: Mpampianatra ny taranja MALAGASY tao amin'ny:

-Sekoly Paul Minault,

-Sekoly IEC Ampadrana sy Anosy,

-Sekoly ARCADE Analakely.

-NY MAHA-MPANORATRA AZY: Nanomboka nanoratra tamin'ny taona 1957, ary havanana tokoa tamin'ny famoronana Tononkalo, ka anisan'ireo nitàn-tsoroka sy nankahery azy hatrany tamin'izany ny Mpanoratra Fredy RAJAOFERA ka ireto avy no namoahany ny Asasorany:

-Gezety: HEHY, Le Courrier de Madagascar, Imongo vaovao,

-Gazety Boky: Tatamo,

-Boky: Fary Mamy (Kilasy: 6 è sy 1ère).

Maro ireo Asasorany no nokaloin'ireo Mpihira Malaza ary nanakoako eran'i Madagasikara:

-“Ny feonao” – NY NANAHAARY,

-“Tafandria mandry” – DODA,

-“Dada” – DODA,

-“Mbola hisy” – Rémi ANDRIANTSOAVINAsy ny sisa.

-NATAO HANDALA NY TENY MALAGASY satria nahatsapa ny harena sarobidy raketin'izany teny izany (hery, hevitra, fahendrena...sns)- Teny izay tsy norenesiny fotsiny fa namela **AKO** saro-kosehina tao anatin'ny sy nandrisika azy handrakitra an-tsoratra ombien'ny ombien'ny ireo bitsika samihafa nitafa tamin'ny fanahiny, ary dia “tsy mamy hanina an-tànana fotsiny” izy rehefa nitobahan'izany fahasoavana izany (fahaiza-manoratra zary talenta) fa tsy nihafahafa nizara izany tamin'ny mpiara-belona taminy. Koa tsy mahagaga raha isan'ny Mpikambana tao amin'ireto izy:

-A.J.E.M,

-Komity Malagasy misahana ny haisoratra Afro Aziatika (KOMAHAA),

-Fikambanan'ny Mpanoratra sy Artista Malagasy miasa ho an'ny Revolisiona (FIMAMIRE),

-Fikambanan'ny Poety sy Mpanoratra Malagasy (UPEM).

-Nivelatra hanerana izao tontolo izao koa ny fahalalana ny maha-Mpanoratra azy noho izy nandray anjara tamin'ny fivoriana iraisam-pirenena tany:

-Moscou (URSS) ny taona 1976,

-Wraclaw (POLOGNE) ny taona 1978,

-Accra (GHANA) tamin'ny Kongresin'ny PAWA (Pan African Writers' Association) ny taona 1988.

Tsy diso anjara tamin'ny Mpifaninana indray nihira taminy koa izy fa nahazo loka tamin'ireto Fifaninanana ireto:

-Taona 1986: Hira ho an'ny Fandriampahalemana (nampanaovin'ny Tanànan'Antananarivo),

-Taona 1991: Fankalazana ny fahazato taonan'ny Mpanoratra NY AVANA RAMANANTOANINA nampanaovin'ny Edisiona LOVA sy ny BMOI,

-Taona 1995: RANTO 95 nokarakarain'ny Oniversiten'Antananarivo.

-Avoko maniry an-tanety tokoa izy ka manaja ny tany aniriany ka tsy mahagaga raha nahasaropiaro azy ny teniny, ary sarotiny tokoa tamin'izany izy araka izao nambarany izao:

“Raha tiana ho tena soa

Hanan-jiny hololohavina

Tsy maintsy fantatra avokoa

Ny mombamomba izay tiavina”

Tsy mitsambiki-mikipy koa anefa izy na mandady hohajaina fa fitia mifamaly no iheverany hifanajana amin'ny hafa, ka hoy indrindra izy ao amin'ny amboaran-tononkalony **“AKO sy ANTISO”**.

“Izay te handrany fihavanana marina amintsika Malagasy dia tokony hanaja ny Tenintsika”.

Manana ny mari-boninahitra “Chevalier de l’Ordre National” izy.

Izay no RABENJA SOLOMON ary tamin’ny 02 Desambra 1996 izy no nodimandry.

Hoy kosa isika, raha mindrana ny tononkalony hoe:

“Ireo soratrao miantsa soa tsy anononana,

Tsy tambitamby fotsiny, tsy hisentoana intsony:

Fa RARY hahazina ny asam-pamoronana

Mitaiza ny taranaka hanana hasina ambony.”


“Ireo tononkiranao no aravakay ny akany:

Fa tokin’ny finoana, hahitana anao hatrany.”

TOVANA FAHAROA

IREO MARI-PANKASITRAHANA AZON-DRABENJA SOLOMON TEO

AMIN'NY SEHATRY NY KANTO



ONIVERSITEN'ANTANANARIVO

TOERAM-PIANARANA AMBONY MOMBA NY HAISORATRA SY NY SIANSIA MIKASIKA NY OLOMBELONA

SAMPANA TENY SY LAHABOLANA ARY RIBA MALAGASY

MARI-PANKASITRAHANA


ny *Ako sy antso*, amboaran-tononkalo

nosoratan-*Rabenja Solomon*

ambaran'ny **RANTO 95** fa **mendrika havoaka ho boky.**

Antananarivo, 11 Desambra 1995

Ny Filoha



TOVANA FAHATELO
IREO GAZETY MILAZA NY MOMBAMOMBA AN-DRABENJA
SOLOMON

MADAGASCAR MATIN

Directeur de la Publication : Jacob ANDRIAMBELO
 Rédaction et Administration :
 1, Lalana Solombavombahaky François 77
 B.P. 1370 - Tél. 212.41 - ANTANANARIVO
 Publiée par : Société Malgache de Presse
 B.P. 1630 - Tél. 204.48 - 208.20 - ANTANANARIVO

130 Fmg

Quatorzième année n° 4248
 Lundi 29 septembre 1986

SEMAINE DE LA CULTURE : C'EST PARTI !

C'est M. Le ministre des Postes et Télécommunications, M. Rakotovo-Andriantiana, assurant l'intérim du Ministère de la Culture et de l'Art Révolutionnaires qui a inauguré samedi les festivités prévues pour célébrer « La Semaine de la Culture », en présence des CSR Rakotonilina Justin et Ambramanjato Richard, des représentants du corps diplomatique, de tout le staff du MCAR et de la Bibliothèque Nationale en particulier, ainsi qu'une foule de parents, amis et connaissances des lauréats aux concours.

Dans son discours, le ministre Rakotovo-Andriantiana a rappelé que les 2 objectifs, à savoir une grande participation des jeunes, et l'expression concrète de la PAIX, à travers les productions des différents artistes ... ont été atteints avec bonheur. De plus, le MCAR va œuvrer, grâce à un plan d'action concocté par ses techniciens et qui verra sa prochaine application, de manière fort efficace, pour aider ceux qui veulent ... écrire. Il a succintement rappelé l'histoire de la Bibliothèque du temps de la colonisation, devenue à partir de 1961 la « Bibliothèque Nationale ». Quelques chiffres eloquents pour montrer que la



« Culture » se démocratise chaque jour davantage : lecteurs du Journal Officiel, 1894, lecteurs d'autres journaux : 7473, chercheurs : 2171 et les périodiques récents : 1006.

C'est la Secrétaire Générale du Ministère de la Culture et de l'Art Révolutionnaires, M. Ramilison Henri qui a procédé ensuite à la remise des prix aux lauréats de poèmes, de musique et de peintures. Le premier prix du poème sur la PAIX a été attribué à M. RABENJA Ranaivoharisoheho Solomon. C'est à partir dudit poème que M. Razafy Léonard a créé la mélodie qui lui a valu le 1er prix pour la musique. Enfin, le 1er prix de peinture a été attribué à un professionnel de la palette M. Ralaipatsa François d'Assise. Notons que l'assistance a « entendu » le fruit du double travail du poète et du musicien.

Le ministre Rakotovo-Andriantiana a ensuite procédé à l'inauguration de l'exposition sur les peintures (en particulier les tableaux des lauréats), les affiches et les journaux qui présentent, chacun à leur manière la PAIX. Ensuite, ce fut le vernissage de l'exposition sur les 25 ans de la RN, son évolution depuis l'époque coloniale, ses ambitions actuelles, toujours ... au service du plus grand nombre. Rappelons que le Ministère de la Culture et de l'Art Révolutionnaires a alloué un crédit de 4.960.000 FMG pour récompenser les concurrents qui étaient au nombre de 2.585.

Ceux qui n'ont pu assister à la démonstration de peinture ... en public pendant le week-end, peuvent encore se rattraper avec l'ultime séance du samedi 4 octobre prochain. L'après-midi du samedi, 27 septembre, a permis aux petits de voir travailler la solide équipe de marionnettistes du Ministère de la Culture et de l'Art Révolutionnaires, ce divertissement leur devenant de plus en plus familier du Jardin d'Ambohitatova. Les danses folkloriques se sont déroulées à la place Lénine à Antan-

Les lauréats des concours organisés par le MCAR. On reconnaît (de g à d) M. RAZAFY Léonard, 1er prix pour la composition musicale, M. RABENJA Ranaivoharisoheho Solomon, 1er prix « Poèmes » chantant la PAIX et M. RALAIPATSA François d'Assise, 1er prix « Peintures ».

menant comptant de nos les participants inconditionnels des instruments de musique traditionnels.

Rappelons que tous les renseignements utiles peuvent être fournis à la Direction des Arts à Antsahavoia, près des locaux de l'ambassade des Etats-Unis. Les manifestations de la Semaine de la Culture s'achèveront le 4 octobre...

RATSIVALAXA
RAHANTASOA LILIANE

SEMAINE DE LA CULTURE

MADAGASCAR MATIN

Direction de la Publication S.N.E.I.


Rédaction et Administration :
1, allée Solombavambahoaka Frantsay 77
B.P. 1570 - Tél. 212 41 - ANTANANARIVO
Publiote : Société Malgache de Publicité
B.P. 1650 - Tél. 204 48 208 39 - ANTANANARIVO

250 FMG

SEIZIÈME ANNÉE N° 4592

JEUDI 30 JUIN 1988

LA LANGUE MALGACHE UNE ENTITÉ SACRÉE ...



Unanimentement saluée comme un Chef-d'œuvre poétique, symbolique et chorégraphique, la Prestation du Groupe Artistique de PATA ou Collège Paul Minault l'autre samedi à la Tranompokonolona d'Iso-try, n'est pas près de s'effacer de la mémoire des spectateurs privilégiés qui y ont assisté. Le thème général de cette manifestation était la Défense et l'illustration de la LANGUE MALGASY à travers les œuvres de ses plus prestigieux poètes contemporains RADO ou Georges ANDRIAMANAN, TENA et Solomon RABENJA. De même, les compositions des grands noms de la Bonne Chanson Malgasy, tels Louis Rasoanaivo, Barjaona et O' Suza, ny «Antsan'ny Faravohitra», de Justin RAJORO, des VOANIO, de RADO et RAMAHEFERISON, ont transmis le MESSAGE SACRÉ en joignant à la Jeune Génération de «sanctifier» la Langue Nationale, cette LANGUE MALGASY, dont l'UNICITE à travers la Grande Ile a confon-

AUTOUR DE L'ATRE

Le foyer dans toute famille humaine représente la VIE, le symbole exact de la REALITE d'un Groupe. Pourquoi se réunit-on autour de l'ATRE? Rebutez cette Déclaration :

«EO amorom-patana ny REHITRA... An'Inona ???... Han-drehitra Afo, Hanokona ny nahandro... Hikeitrika ny sakafon... Hitanika, hanamasaka izay mety ho HERY sy AINA. Hery enti-miatrika, Hery enti-mitoloza, Hery enti-miady, enti-mandresy ary hoenti-miAINA ny ampitso sy izay rehetra fonositry...»

«REHITRA Afo Hanokona-na ??? Vain'Afo hitanachana, HANAMASAHANA ny Teny Malgasy, NY TENY MALAGASY, itay sady HERY no AINA.

HERY hoentina miatrika, hoentina mitolona, hoentina miady, hoentina mandresy... ary AINA mamelon'ny maha-MALAGASY ny Tena sy izay rehetra mety ho an'AMBADE-

KY NYHO AVINY

MALAGASY représente une FORCE, une ENERGIE. Elle est l'ÂME, la VIE de la NATION. Il s'agit de se poser la question de savoir quel est son AVENIR ? son DEVENIR ?...

HISTORIQUE

La langue malgasy a tenu contre vents et tempêtes malgré la politique chère aux colonisateurs «diviser, pour régner !» Dès la Colonisation, l'Assimilation, voire l'acculturation a été entreprise de manière insidieuse jusqu'à maintenant... Le Groupe Artistique de PATA a donc démontré par le biais de langages chorégraphiques et de Déclamations les buts des nouveaux dirigeants... dès la Loi d'Annexion.

«: NY Tantaran'ny TENY MALAGASY nanomboka tamin'ny Fanjanahan-tany ka hatramin'izao (Tetika nataon'ny mpanjanaka hamonoana AZY. Ny ADY nataon'ny Teny MALAGASY, Ny FAHAVELO-MANY, ny HATSAHANY, Ny ADY MBOLA ATAONY ankehitriny) no nascho tamin'ny vitan'ny Dia vako-drazana, ny Tononkalo tsy manampaharoa izay nitovy avy ho ny HATSA-

LA LANGUE MALGACHE UNE ENTITÉ SACRÉE ...

Suite

NY TENIDRAZAKO...
NY AKOHOLAHY VETA

Le monde littéraire malagasy reconnaît en notre RADO, un «Trésor National Vivant». (Nous empruntons cette expression aux japonais qui appellent ainsi les prestigieux acteurs de «NO» ou de «KABUKI» du théâtre japonais). Et c'est à partir de ses écrits *que la Démonstration sur la BEAUTE, l'UNICITE de la LANGUE MALAGASY... est faite.*

«Ilay toaonkalon'i RADO «NY TENIDRAZAKO» dia mancho ny HATSARA, ny KANTO INDRINDRA ao amin'ny Teny Malagasy izay miainga ary any amin'i «DADA sy NENY... Fitiavana... ZANAKA... TANORA sy TANINDRAZANA ary mifara amin'ny CIVILISATION Malagasy».

AKOHOLAHY VETA est l'oeuvre poétique de M. Solomon RABENJA. Véritable Défi à un vaste mouvement agressif (quant à reconquête de la langue française). Ce poème entend démontrer que la PERSONNALITE de notre SYSTEME ORIGINAL de COMMUNICATION ne s'en laisse pas conter ! Un simple jeu d'allitérations désigne lumineusement ledit... Mouvement. Oui AKOHOLAHY VETA c'est le Contrepied envers les avances du Coq... gaulois. Ce qui se traduit par la Mise à jour des Buts Culturels (indolores et


efficaces) à Long Terme qui se solderaient par une... Acculturation à peine perçue !

DE NOTRE UNITE...

PATA ou le Collège PAUL MINAULT, établissement confessionnel d'obédience protestante a été le CREUSET où chacun de ses ELEVES, toutes générations confondues a compris et vécu son IDENTITE de citoyen de la Grande Ile à part entière. Chacun sait qu'il est d'abord un «MALAGASY» appartenant à la NATION malagasy et FIER d'être un Ressortissant MALAGASY. C'est le magnifique MESSAGE que tous un chacun a perçu lors de la Manifestation programmée Samedi 11 Juin dernier et qui s'intitulait «Ny Hasin'ny Teny Malagasy». Elle a démontré pourquoi la Langue Malagasy est une «Entité Sacrée».

Beaucoup de parents ont déploré leur indisponibilité lors de ce spectacle hors du Commun. Qu'ils soient donc rassurés, car à la demande générale, «Ny Hasin'ny Teny Malagasy» sera de nouveau offert à l'agrément du Grand Public, Dimanche 10 Juillet, toujours dans le cadre rénové de la Tranom-pokonolona d'Isotry. Ne rater pas cette occasion de NOUS retrouver et dans Notre AME et dans notre ESPRIT !...

RATSIVALAKA
RAHANTASOA LILIANE



GAZETY LITERERA AVOAKAN'NY FIKAMBANAN'NY POETY SY MPANORATRA MALAGASY - U.P.E.M.



Ny Poety

RABENJA SOLOMON

Tsarazako izany fihahana mahafinaitra tamin'ity namana poety sy mpikabary ity. Niray fikambanana izahay tato amin'ny UPEM sy tao amin'ny FIMAMIRE. Lalana

maro no nitarahana nampiseho zavakanto; satria mpankafy kanto tokoa RABENJA Solomon. Hatrany Mahajanga, Soavinandriana, Fianarantsoa, Ambositra... notarihan'ny Clarisse Ratsifandrihamanana. Taoamin'ny UPEM indray dia efa nanatanteraka iraka tany ivelany : Accra (Ghana), solontena nanatrika ny Kongresin'ny PAWA (Pan-African Writer's Association), na Fikambana'ny Mpanoratra ao anatin'i Afrika niaraka tamin-dRafidy Ravelomanantsoa. Tsy ary voatanisa eto ny dia maro feno hirahira, fa ny tsy hadinoko indrindra dia ilay hira nosoratany hoe : «Tafandria mandry», namoronan'ny Nelson Lalao feony. Hatraiza hatraiza dia nanakoako noredonina io hira io.

Teny ny takila hilazana ny tantarany eto, ka dia nofintinina fohy toy izao izany :

- Ny tena anarany : RABENJA Ranaivoharischeno Solomon. Teraika 14 Jolay 1940 tany Maintirano

- Nianatra : Sekoly Protestanta Ambohitajovo Avaratra, Lycée Rabearivelo, Université Antananarivo sampana : Teny sy Lahabolana ary Riba, Malagasy.

- Asany : Mpampianatra Teny sy Lahabolana ary Riba malagasy.

Eo amin'ny fanoratana : Nanomboka nanoratra tamin'ny taona 1956, fony izy nianatra sady kilasimandry tao Ambohitajovo-Avaratra. Namaoka-ny asa-sorany ny Gazety : «Le courrier de Madagascar», «Hehy», «Imongo Vaovao», ny Revio «Tatamoa», «Valiha»...

Misy boky ampiasaina any am-pianarana misy asa-sorany : «Fary mamy».

Ny Fanoratana tononkalo no manavanana azy, ary azo lazaina fa nitan-tsoroka azy tamin'izany i Fredy Rajaofera.

Izany fanoratana tononkalo izany no nandraisany anjara maro tamin'ny fifaninanana, ka anisan'ny nahazoany loka :

ohatra : - Nampanaovin'ny Tanànan'Antananarivo : «Hira ho an'ny Fandriampahalemena.

- Nampanaovin'ny Edisiona «Lova».

- Nampanaovin'ny Oniversiten'Antananarivo : «Ranto 95»

FARA HAFATRA

Raha hipaika ny fotoana hiantsoana ny anarako ka handaozako ny taniko, ireo tiako sy ireo zanako : manatona, sombinaiko, mba handre ny bisibitsiko, fona hafatra aminao, fa tsy ho fona dinidinika.

Aza avela ho maty maso ireo sololo ankamamiana ! andraraho ny dinitrao dia tohano fihafiana, ampianaro an'izy ireo isan'andron'Andriamanitra ny mba ny Tanindrazany, hanjanany sombin-danitra.

Atoroy an'izy ireo ny tangetra nontanako : hahafahany manitsy izay mba asa kely vitako.

Ambarao azy koa fa tsy mendrika ny hianina ny manitsaka ny Marina sy ny Rariny ao an-tsaïna.

N'inon'nona hataony, izao no ataovy ho tsaraony : raha mandrora mitsilany, izy ihany no ho voany ! Ka tandremo ny famindra sy ny fihetsiky ny tena sao dia hitenenan-dratsy ny tany sy ny firenena.

Aza apetraka ho laraka ireny zava-nosoratako, mba topazo maso ihany fa ireo no solom-batako, solontenako mitafa, mididinika aminao.

Ny fikasako tsy tonitosa : tohizo sady tanteraho !

Aza mba mitafy saona : taratra famoizam-po ! Ny fanahy tsy mety maty ! Ny nolo ihany no ho lo ! Raha solafaka amin'izao : meteza haingana hiarina, ny fihazonana aoriana mbola hisy marimarina.

RABENJA Solomon.

Nampiavaka azy ny fandalana ny Teny sy Riba Malagasy ary tena nahasoratra azy tokoa izany, ka nahatonga azy nianatra nikabary am-panambadiana taty aoriana, satria nanterany hatrany ny tokony fandalana ny teny Malagasy, mba hitaivana azy. Fa hoy indrindra izy :

"Raha tiana ho tena soa Hanan-jiny hololohavina Tsy maintsy fantatra avokoa Ny mombamomba izay tiavina."

Hoy koa izy ao amin'ny fanolorana ny bekiny "AKO sy ANTISO" : "Marina fa tsy tenenin'ny olona firy eto ambonin'ny tany ity Teny Malagasy ity, kanefa tsy antony mihitsy iheverana azy ho faralahin-java-kokajiana. Izay tena le-handrany fihavanana marina amin-tsika Malagasy dia tokony hanaja ny Teninisika."

Nodinandry izy ny Alatsinainy 02 Desambra 1996.

Namela dindon'ny fiainany sy foto-keviny izy, izay hita taratra amin'ity tononkalo etsy anila tsy hoe : "FARA-HAFATRA". Manana mari-boninahitra : Chevalier de l'Ordre National.

Hipetraka ao amin'ny Tantaran'ny Mpanoratra malaza koa ny anaran-dRABENJA Ranaivoharischeno Solomon.

- Ener-Lalandy -

ASABOTSY 22 FEBROARY 1997

FAMINTINANA

Nasongadina tamin'izao asa fikarohana izao “Ny fanabeazana tarafina ao amin'ny amboaran-tononkalo *AKO SY ANTISO*. Entina hanabeazana ny olom-pirenena ho tia ny kanto sy ny maha izy azy, ary hanatsarana ny fampianarana ny Teny malagasy any amin'ny Lycée.

Ny haitsikera ara-tantaram-piainana narahin-dry Hyppolite TAINE sy J.P. WEBER, ary ny haitsikera ara-tantara an-dry Lucien GOLDMANN no nampiharina tamin'izany.

Mizara telo lehibe ny asa fikarohana:

- I) RABENJA Solomon, anisan'ireo mpanoratra mpanabe, kintan'ny taon-jato faha XX
- II) Ireo endri-panabeazana tarafina ao amin'ny amboara *AKO SY ANTISO*
- III) Santionana takela-panomanan-desona miainga amin'ny asa soratry RABENJA Solomon ho an'ny mpianatry ny “Lycée”

RESUME

Cette recherche est marquée par “NY fanabeazana tarafina ao amin’ny Amboaran-tononkalo AKO SY ANTISO”. Elle a pour but d’inciter les citoyens à aimer la beauté de la littérature, son identité et pour améliorer l’enseignement de la langue MALAGASY dans les Lycées.

On a appliqué dans cette recherche les critiques biographiques d’Hyppolite TAINE, J.P. WEBER et historique de Lucien GOLDMANN.

Cette recherche est divisée en trois grandes parties:

- I) RABENJA Solomon, un des écrivains éducateurs célèbre du XX siècle
- II) Les différents aspects de l’éducation vus à travers le recueil AKO SY ANTISO
- III) Exemples types de fiches de preparation pour les élèves de seconde, première et Terminale

SUMMARY

This research has been marked by “Ny fanabeazana tarafina ao amin’ny Amboaran-tononkalo AKO SY ANTISO”. Its target is to incite citizens to appreciate the beauty of the literature, its identity and also to improve the tuition of Malagasy language in high school.

We’ve applied in this research the theoric biography of Hyppolite TAINÉ, J.P. WEBER and the theoric history of Lucien GOLDMANN.

We’ve divided this research into three great parts:

- I) RABENJA Solomon, one of the famous educator writer in the twentieth century
- II) The different aspect of education that’s been reflected in the AKO SY ANTISO collection
- III) Some examples of preparation subject extracted from the book AKO SY ANTISO in high school

Anarana: RASOLOARISOA

Fanampiny: Claudine

Lohatenin'ny asa fikarohana: Ny fanabeazana tarafina ao amin'ny Amboaran-tononkalo *AKO SY ANTISO*

Isan'ny takila: 252

Isan'ny sary: 8

Famintinana

Nasongadina tamin'izao asa fikarohana izao “Ny fanabeazana tarafina ao amin'ny amboaran-tononkalo *AKO SY ANTISO*. Entina hanabeazana ny olom-pirenena ho tia ny kanto sy ny maha izy azy, ary hanatsarana ny fampianarana ny Teny malagasy any amin'ny Lycée.

Ny haitsikera ara-tantaram-piainana narahin-dry Hyppolite TAINE sy J.P. WEBER, ary ny haitsikera ara-tantara an-dry Lucien GOLDMANN no nampiharina tamin'izany.

Mizara telo lehibe ny asa fikarohana:

- I) RABENJA Solomon, anisan'ireo mpanoratra mpanabe, kintan'ny taon-jato faha XX
- II) Ireo endri-panabeazana tarafina ao amin'ny amboara *AKO SY ANTISO*
- III) Santionana takela-panomanan-desona miainga amin'ny asa soratry RABENJA Solomon ho an'ny mpianatry ny “Lycée”

Teny fototra: Fanabeazana, Fampianarana, Zava-kanto

Adiresy: Lot près de l’FJKM Ambohidrano Andrefana, Sabotsy Namehana, Antananarivo, 103

Téléphone: 033 14 806 89

Mpitarika: Andriamatoa ANDRIAMANATSILAVO Seth, Maître de conférences

